# IREO ALIN'I PISHÂWAR

**(BOKY FAHATELO)**

**3**

**Fandikana :** Maka Nirina Nicolas (Sheikh Abou Mounir)

# FAMPIDIRANA

Entina hisorohana ny fahatevenan'ny boky havoaka dia heverinay fa hanamora kokoa ny fampiasana azy, ny hitsinjarana an'ity boky nampitondraina lohateny hoe : **"Ireo Alin'i Pishâwar"** ity ho fitambaram-boky anankitelo; fa natao amin'ny fomba ahafahan'ny mpamaky hahazo sy hamaky ny boky tsirairay mba tsy hifampiankina akory amin'ireo boky anankiroa hafa namany.

**Ity boky fahatelo ity** dia mamelabelatra ireo ady hevitra samihafa an-tsoratra izay ahitana ny tsy fitovian-kevitr'ireo **"Chiites"[1]** sy ireo **"Sunnites"[2]**. Indraindray izy dia mamelabelatra ireo lohahevitra izay efa natomboka tao amin'ilay boky voalohany sy faha-II.Ireo lohahevitra samihafa ireo dia noresahina nanomboka tamin'ny fivoriana fahasivy sy fahafolo ary ny farany tamin'ireo lahadinika, ka ny ventin-kevitra tamin'izany indrindra no holazaina ato amin'ity boky ity.

Araka izany, ity boky **"Ireo Alin'i Pishâwar"** ity dia miendrika fifanakalozan-kevitra vita an-tsoratra nifanaovan'ireo manam-pahaizana "sunnites" tetsy andaniny, sy Sayyed Mouhammad al-Mousawî Shîrazî izay manam-pahaizana vao 31 taona, nonina tao Iran no tetsy ankilany. Izany lahadinika izany dia naharitra nandritra ny folo alina izay notanterahina tao Pishâwar ao India, nanomboka tamin'ny faha-27 Janoary 1927. Ireo fifanakalozan-kevitra izay natao dia fakan-tahaka iray tokoa teo amin'ny fifanajan'ny andaniny sy ny ankilany. Fa na dia teo aza ny hamafin'ny ady hevitra sy ny fisian'ireo olona miisa 200 nanatrika izany, dia tsy nisy teo amin'izy ireo akory ny fandikana ny fitsipi-pitondran-tena. Hita niharihary tanteraka ny fahombiazan'ilay lahadinika,

---

[1]Teny frantsay nadikana ny teny arabo hoe شِيعَة «Chy'at » izay midika hoe « Mpanara-dia » ka entina iantsoana ny mpino silamo mpanaraka ny antokom-pinoana islamika tarihin'ireo Olomasina Fianakavian'ny Mpaminany Mouhammad(s.a.s) izay fantatra amin'ny anarana hoe « Ahl-oul-Bayt(a.s) ».
[2]Teny frantsay avy amin'ny teny arabo hoe أهل السنّة « Ahl-ous-sounnat », izay entina iantsoana ny mpino silamo ao anatin'ny vondron'antokom-pinoana islamika izay lazaina fa mpandala ny سنّة « sunna » na ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany Mouhammad(s.a.s).

fa nony tamin'ny faran'ny fifanakalozan-kevitra dia manam-pahaizana "sunnite" iray sy manam-boninahitra hafa miisa dimy izay anisan'ireo nanatrika izany no nanambara ampahibemaso ny fanarahan'izy ireo ny antokom-pinoana tarihin'ireo Olo-masina "**Ahl-oul-Bayt(a.s)**".

Ny hany fepetra tokana napetraka mialoha ho an'ity fifanakalozan-kevitra ity dia ny mba tsy handraisana porofo avy amin'ireo boky izay tsy ankasitrahan'ireo antokom-pinoana roa tonta.Ny resaka nifanaovana moa dia natao tamin'ny fiteny persianina, izay fiteny matetika fampiasa tao an-tanànan'i Pishâwar. Mpanao gazety efatra no nandray izany an-tsoratra ka navoaka tamin'ny gazety iray, avy eo dia natonta ho boky tao Téhéran[3]. Taty aoriana, izany boky izany dia lasa foto-pampianarana.Izao fandikana an'ity boky ity izao dia niainga avy tamin'ilay boky natonta faninefany tao Téhéran tamin'ny taona 1971 izay fotoana nahafatesan'i Soultân-oul-Wâ'izîn, teo amin'ny faha-75 taonany (Allâh anie hanazava ny endriny ! ).

Na dia tampoka aza ny nanaovana izany fifanakalozan-kevitra izany, dia hita taratra hatrany ny fananan'i Soultân-oul-Wâ'izîn Chirâzî[4] fahaizana lehibe, izay nahatonga ireo fifanakalozan-kevitra voarakitra an-tsoratra ireo ho natao fakana porofo antsipiriany avy amin'ireo boky"sunnites" an-jatony izay tsy dia malaza loatra, kanefa manaporofo ny fahamarinan'ireo fototra iorenan'ny finoana "chiite".
Araka izany, dia maro ireo porofo noraisina avy amin'ny antokom-pinoana "Hanafite" izay notarihin'i Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî, sy avy amin'ny antokom-pinoana "Chafi'ite" notarihin'i Sibt Ibn al-Jawzî al-Châfi'î, sy ny hafa koa.

[3]Anaran'ny renivohitr'i Iran amin'izao fotoana izao.
[4]Ara-bakiteny izany anarana izany dia midika hoe: « Lehiben'ireo mpitory ara-pinoana ao Chiraz ».

## FIVORIANA FAHASIVY

(Ny alin'ny Zoma faha-02 Cha'abân 1345H[5].)

### Fizarana voalohany

(Hâfiz Mouhammad Rachîd, Cheikh Abdous-Salâm, Sayyed Abdoul-Hayy sy ireo manam-pahaizana maro hafa avy ao amin'ny faritry ny tanànan'i Pishawâr no nandray anjara amin'ny ady hevitra teo anatrehan'ny fivorian'ny besinimaro. Nandritra izany ady hevitra izany dia ilay manam-pahaizana Chîrâzî no nisolo tena ny "Chiisme"ary avy tamin'ny "Sunnisme" kosa dia nahitana an'i Hâfiz, Cheikh, Sayyed, ...sns)

**Cheikh** : Ianao dia mahita zavatra hanankianana foana an'ireo "Sunnites" fa tsy mba manome tsiny akory an'ireo "Chiites". Ianao dia miaro azy ireo tsy ara-drariny na dia miharihary aza ny asa ratsin'izy ireo.

**Chîrâzî** : Ny miaro ny fahamarinana no mahazatra ahy. Ilay Imâm mpitarika antsika, ny Amîr am-Mou'minîn, i 'Alî(a.s) dia nanatra an'ireo zanany, i Hassan(a.s) sy i Houssein(a.s) nanao hoe : "**Mitenena mandrakariva ny fahamarinana ary tanteraho ny asanareo amin'ny alalan'ny fahazavan'izany fahamarinana izany. Aoka ianareo hankahala ny mpanao tsy rariny ary vonjeo izay voatsindrihazolena**".

Matoa izaho no manankiana an'ireo mpanaratsy amin'ireo "Chiites" no sady miaro an'ireto farany ireto, dia noho ny antony ara-pahamarinana. Koa ny fitarainako mikasika izany dia mifototra amin'ny lojika. Vonona aho ny hihaino ny tsikera ataonareo mikasika ny faharatsian'ireo "Chiites".

<u>Aïcha dia nampangaina diso ho nijangajanga</u>

**Cheikh** : Ny tena loza amin'ireo zavatra mahameloka an'ireo "Chiites" dia ny fiampangana an'ny Oumm-oul-Mou'minîn, i Aïcha ho mpijangajanga. Ny malaza anefa dia ny fananany voninahitra manokana

[5] Nifanandrify tany ho any amin'ny daty faha-04 Febroary 1927.

noho ny fifandraisany amin'ilay Mpaminanin'(s.a.s)i Allâh no sady vady malalany. Koa avy aiza no ahafahanareo manao izany fiampangana manafintohina izany ? Moa ve izy ireo mba namaky ny sourat an-Nour (Fahazavana) ao amin'ny Kor'âny? Allâh dia nanambara hoe :

«**Ireo vehivavy ratsy ho an'ny lehilahy ratsy, ary ny lehilahy ratsy ho an'ny vehivavy ratsy.Toy izany koa, ny vehivavy tsara ho an'ny lehilahy tsara ary ny lehilahy tsara ho an'ny vehivavy tsara** »[6].

**Chîrâzî** : Voalohany, ny filazana fa ireo "Chiites" dia miampanga an'ny Oumm-oul-Mou'minîn, i Aïcha ho mpijangajanga dia tena diso tanteraka. Tsy mba ireo "Chiites" mihitsy no milaza zavatra tahaka izany. Izany filazana izany dia tena fanosoram-potaka miharihary naparitak'ireo Nawâsibe (nâsibites) sy ireo Khawârije (Khârijites) tao anatin'ny taonjato vitsivitsy talohan'izao, mba hambolena ny fikorontanana. Izy ireo no manendrikendrika an'ireo "Chiites" ho nilaza izany. Taty aoriana, ireo sasany izay tsy mba nanao fanadihadiana akory dia nanenjika an'ireo "Chiites" avy hatrany, sahala amin'io ataonareo ankehitriny io. Fa raha ianareo anefa no mamaky ireo bokin'ireo "Chiites", dia tsy ho hitanareo mihitsy izany fiampangana an'i Aïcha ho mpijangajanga izany.

## Aïcha dia nesorina tamin'ny fiampangana azy ho mpijangajanga

Eo am-pitetezana ireto boky tantara sy boky famakafakana ireto, dia ny mifanohitra amin'izany no hohitanareo fa izahay dia niaro an'i Aïcha, Oumm al-Mou'minîn amin'ny endrikendrika toy izany. Ny tena marina, dia ireo vondron'olona mpihatsaravelatsihy no nampiely io fiampangana io, tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s). Anisan'izy ireo, dia nahitana an'i Hassan Ibn Thâbit sy i Abdoullâh Ibn Oubay. Mba hiarovana azy amin'ireo fanalam-baraka ireo dia nisy andinin-tsoratra masina fito nampidinina. Ireo "Chiites" dia voarara hiampanga diso olona iray amin'ny fijangajangana na amin'ireo asa ratsy hafa, indrindra moa fa ny vadin'ilay Mpaminany(s.a.s), na i Aïcha izany na i Hafsa.

---

[6] Kor'âny 24/26

Ny mpivady dia tsy voatery ho mira lenta amin'ny fahalavorariana

Faharoan'izany, ilay andininy izay novakinareo teo dia tsy midika akory araka izany fiheveranareo azy izany. Tsy midika fa raha ny vady lahy no mpino marina, mendrika ny Paradisa dia toy izany koa ilay vehivavy vadiny, tsy very anjaram-pahasoavana miaraka aminy. Maro ireo ohatra mampiseho fa ireo mpivady dia mety ho samy manana ny ambaratongan'ny voninahiny samihafa. Nanambara izany i Allâh ao amin'ny sourat Tahrîm (Fandrarana):

«**Nataon'i Allâh fanoharana ho an'ireo tsy mpino (kâfir) ny vadin'i Noa sy ny vadin'i Lota. Teo ambany fahefan'ireo mpanomponay roa tena tsara fitondran-tena izy ireo.Namitaka avokoa izy roa ka tsy afaka nanampy teo anatrehan'i Allâh izy ireo. Ary dia voalaza hoe : "*Midira ao amin'ny Afo ianareo roavavy, miaraka amin'ireo izay miditra ao*". Ary nataon'i Allâh fanoharana ho an'ireo mpino ny vadin'i Faraona, tamin'izy niteny hoe: "*Tompo ô, anamboary trano eo akaikinao any amin'ny Paradisa aho, ka avoty amin'i Faraona sy ny asany aho ary avoty amin'ireo olona mpanao ny tsy rariny*"** »[7].

**Cheikh** : Mahavariana koa izany fifanoheran-kevitr'ireo teninao vao vetivety monja teo izany !

**Chîrâzî** : Lazao amiko azafady, izay hevitra mifanohitra.

**Cheikh** : Etsy andaniny ianao dia milaza fa ny fiampangana ny olona ho mpijangajanga dia voarara nefa etsy ankilany indray ianao dia milaza fa ireo vadin'i Noa sy Lota dia **kâfir**[8]. Moa ve tsy mifanohitra ireo fehezanteninao anankiroa ireo? Ianao dia niampanga ny vadin'ireo Mpaminany(a.s) ireo ho mpijangajanga sy kâfir !

[7] Kor'âny 66/10-11

[8] Tsy mpino na jentilisa na koa mpanohitra.

**Chîrâzî** : Ianareo ve mihevitra izany ho mifanohitra ? Ianareo dia mahalala tsara ny hevitry ny teny hoe “kâfir” voalaza amin’io andininy io.

## Ny hevitry ny **koufr**[9] nataon’ireo vadin’i Noa sy i Lota

Tena mahatalanjona ny fampifangaroanareo ny hevitry ny “koufr” sy ny fijangajangana na dia misy fahasamihafana lehibe aza izany. Ny vadin’ireo Mpaminany(s.a.s) ireo dia lavitr’izany fijangajangana izany tanteraka. Eto, ny ady hevitra dia momba ny “koufr” nataon’izy ireo. Amin’ny lafiny iray, raha ny vadin’ilay Mpaminany(s.a.s) no manao fihetsika mifanohitra amin’ireo torolalan’ilay vadiny, dia kâfir izy amin’izay fotoana izay. Amin’ny lafiny hafa, dia tsy izaho no nilaza fa izy ireo dia kâfir. Fa ny tenan’ny Kor’âny mihitsy no nanambara izany : «**Izy ireo dia nanohitra ny vadin’izy ireo**», ka ny fanoherana dia tsy midika ho fijangajangana akory ! Ny fanoherana tiana hambara dia ny tsy fankatoavana. Ny vadin’i Noa(a.s) dia nanohitra ny vadiny, izy dia niteny ratsy azy teo imasom-bahoaka. Hoy izy hoe: “**Ny vadiko dia adala. Izaho no mifanerasera aminy andro aman’alina ka haiko ny zavatra teneniko. Aoka ianareo mba tsy ho voafitak’ireo teniny ireo**”. Ny vadin’i Lota(a.s) dia matetika manambara amin’ireo vahoaka isaky ny vahiny noraisin’ilay vadiny. Izy dia manao fahadisoana amin’ny alalan’ny fitantarana ireo tsiambaratelon’ny tokantrano any amin’ireo fahavalo.

## Ny tsy finoan’ireo vehivavy dia tsy fahotan’ny vadin’izy ireo

Araka ny voalazan’ireo mpamakafaka ny Kor’âny sy ireo hadith avy amin’ireo olo-masina(a.s), ilay andininy ao amin’ny sourat-Nour (ny fahazavana) izay iankinanareo dia midika fa ireo vehivavy mpanota dia mendrika ho vadin’ireo lehilahy mpanota ary ireo lehilahy mpanota dia manana fironana mankany amin’izy ireo[10], fa ireo vehivavy madio kosa dia mendrika ho vadin’ireo lehilahy madio ary ireo lehilahy madio dia voasarika mankany amin’izy ireo[11]. Ao amin’io toko io ihany, amin’ny

[9]Ny tsy finoana na ny fanoherana.

[10]Amin’ireo vehivavy mpanota.

[11]Amin’ireo vehivavy madio, mpino.

andininy eo aloha, i Allâh dia nilaza hoe : «**Ny lehilahy mpijangajanga dia tsy hanambady afa-tsy vehivavy mpijangajanga na vehivavy mpanomposampy. Ary ny vehivavy mpijangajanga dia tsy hanambady azy raha tsy lehilahy mpijangajanga na mpanomposampy** »[12]. Izany hoe, ilay andinin-tsoratra masina izay milaza fa "**Ireo vehivavy ratsy ho an'ny lehilahy ratsy...**" dia tsy manaporofo izany teninareo izany akory.

Ny fitsikeranay an'i Aïcha dia tsy mikasika ny fitsarana an-tendrony amin'ny haja amam-boninahiny akory fa kosa mikasika ny fitondran-tenany tsy mendrika. Izy dia nanao ireo haratsiana izay tsy nisy tamin'ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s) na iray, eny fa na dia i Hafsa zanak'i Omar aza, no nahavita izany.Ankoatra izany, ny fitsekerana ataon'ny "chiite" dia miainga avy amin'ireo famakafakana naelin'ireo manam-pahaizanareo ireo ihany. Nomarihin'izy ireo tsara manko fa ity vehivavy tsy manam-pandeferana ity dia tena nahavita haratsiana lehibe tokoa.

**Cheikh** : Mendrika ho an'ny olona manana fiandrianana toa anao ve ny manendrikendrika an'ny Oumm al-Mou'minîn toy izany ?

**Chîrâzî** : Ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s) rehetra ankoatra an'ny Oumm al-Mou'minîn Khadija, dia manana ny toeram-boninahitra mitovy. Oumm Salma, Souda, Aïcha, Hafsa, Maimouna sy ireo hafa dia samy antsoina ho Oumm al-Mou'minîn avokoa. Nefa, ny fitondran-tena sy ireo tenin'i Aïcha dia miavaka tanteraka amin'ny an'ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s) hafa ireo. Averiko indray fa tsy hevitra avy aty amiko manokana no nolazaiko, fa avy amin'ny voalazan'ireo manam-pahaizanareo ireo ihany. Ireo asa soa na asa ratsy nataon'ny olona dia tsy ho takona hafenina mandrakizay. Ny marina dia tsy maintsy miseho hatrany.

[12] Kor'âny 24/3.

**Cheikh** : Na izany na tsy izany, dia tsapa fa noho izy nanohitra an'i Ali no mahatonga anareo mila voatsihary aminy amin-javatra tsy dia misy dikany loatra.

**Chîrâzî** : Misy dikany tokoa izany. Ny fanoherany an'ny Amîr al-Mou'minîn(a.s), Imâm Hassan(a.s), Imâm Houssein(a.s) sy ireo Ahloul-Bayt(a.s) dia zavatra hafa manokana. Fa izany fiainany mampalahelo izany dia efa hatramin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s). Izy dia nanana fahazarana nanafintohina sy nampahory Azy.

**Cheikh** : Tsy azo ekena ny fanambanianareo an'ny Oumm al-Mou'minîn, i Aïcha malalan'ilay Mpaminany(s.a.s) amin'ny fahasahianareo milaza fa izy dia nanafintohina Azy. Amin'ny fomba ahoana moa no hanekena izany nefa fantatra mazava izao fa izy dia namaky ao amin'ny Kor'âny masina, ny andininy manao hoe : "**Izay manisy ratsy an'i Allâh sy ilay Irany, dia voaozon'i Allâh eto an-tany sy any ankoatra, ary dia manomana famaizana mahamenatra ho azy ireo Izy**"[13]. Ahoana no ahafahany manafintohina an'ilay Mpaminany(s.a.s) ka hahatonga azy ho voaozon'i Allâh ? Izany dia fanaratsiana tanteraka avy amin'ireo "chiites"!

**Chîrâzî** : Tsy zavatra lainga akory anefa izany ! Mikasika io andininy io, dia manaiky aho fa tsy ilay Oumm al-Mou'minîn irery fotsiny fa ny rainy ihany koa, i Abou Bakr sy ireo sakaiza malaza hafa dia tokony ho samy namaky izany. Araka ny voalazan'io andininy io sy ireo hadith izay novakiko nandritra ireo alim-pivoriana teo aloha, dia fahamarinana maro no afaka miharihary amintsika raha toa isika ka manana fo madio tsy miangatra.

<u>Aïcha nampahory an'ilay Mpaminany(s.a.s) imbetsaka</u>

Ny tantara milaza fa i Aïcha dia nampahory an'ilay Mpaminany dia tsy tantara avy amin'ireo manam-pahaizana "chiites" irery fotsiny fa avy amin'ny anareo ihany koa.

---

[13] Kor'âny 33/57

Ny imâm Ghazalî ao amin'ny bokiny faha-II Ih'yâ al-Ouloum, toko faha-3, ny kitâb Adâb al-Nikâh, pejy faha-135 dia mitantara hadith maro manameloka an'i Aïcha. Ny anankiray amin'izany dia mitantara ireo ady nifanaovany tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) ka nahatonga an'i Abou Bakr niditra ho mpanelanelana. Izany tranga izany dia notantarain'ny Moulla Alî Mouttaqî ihany koa ao amin'ny Kanz al-Oummâl, boky faha-VII, pejy faha-116, i Abou Yala ao amin'ny bokiny Mousnad ary i Abou-Cheikh ao amin'ny bokiny Kitâb al-Amthâl. Voarakitr'izy ireo fa rehefa nitsidika an-janany vavy i Abou Bakr, dia nahatsikaritra izy fa nisy fifandirana teo amin'i Aïcha sy ilay Mpaminany(s.a.s). Napetraka tamin'i Abou Bakr ny fanapahan-kevitra. Naniratsira mafy an'ilay Mpaminany(s.a.s) anefa i Aïcha. Nandritra ity fihaonana ity dia niangavy an'ilay Mpaminany(s.a.s) izy mba hanao ny rariny. Izany fihetsika feno fahasahiana loatra izany no nahatezitra an'i Abou Bakr ka namelahany teha-maina mafy azy izay niafara mihitsy tamin'ny fivoahan-drà nikoriana teo amin'ny fitafiany.

Toraka izany koa, ny imâm al-Ghazalî ao amin'io toko io ihany momba ny fanambadiana sy ireo hafa dia nitantara fa tonga tao an-tranon'ny zanany vavy i Abou Bakr ka nahatsikaritra an'ilay Mpaminany(s.a.s) tezitra tamin'i Aïcha. Nanontany ny antony izany izy mba hahafahany manao ny fampihavanana. Nanontany an'i Aïcha ilay Mpaminany(s.a.s) sao izy no te hiteny voalohany. Namaly izy hoe : "**Afaka ny miteny voalohany ianao fa aoka hilaza ny marina**". Avy eo dia nanohy ny teniny ihany izy nanao hoe : "**Mihevi-tena ho Mpaminany tokoa manko ianao !** "

Izany no manaporofo fa i Aïcha dia tsy mino an'ilay Mpaminany(s.a.s) ho notendren'i Allâh. Teny feno fanambaniana toy izany no voarakitra ao amin'ireo bokinareo imbetsaka. Izany dia antony iray lehibe nampahory an'ilay Mpaminany(s.a.s).

## Tsy nahitana tantara tahaka izany ny mikasika an'ireo hafa vadin'ilay Mpaminany(s.a.s)

Hilaza angamba ianareo fa ireo manam-pahaizana sy ireo mpahay tantara avy amin'ireo antokom-pinoana roa tonta (ny "sunnisme" sy ny "chiisme") ireo dia tsy mba nahavoaray zavatra tahaka izany mikasika an'ireo vehivavy hafa vadin'ilay Mpaminany(s.a.s). Marina fa izy ireo dia tsy nitantara zavatra toy izany, eny fa na dia mikasika an'i Hafsa, zanak'i Omar aza. Noho ny antony avy amin'ny fitondran-tenan'i Aïcha ihany anefa no nahatonga azy latsa-boninahitra. Izahay moa dia tsy nilaza afa-tsy izay notantarain'ireo manam-pahaizanareo ireo ihany. Ianareo ve tsy mba namaky ireo bokin'ny imâm Ghazalî, ireo boky tantaran'i Tabarî, Mas'oudî sy Ibn A'tham Koufî... sns? Izy ireo dia samy nilazalaza ny momba azy ho toy ny olona tsy mpankato an'ilay Mpaminany(s.a.s). Nefa ianareo dia mbola tezitra hatrany noho ny tsikera ataoko mikasika ny fitondran-tenan'ilay Oumm al-Mou'minîn. Moa ve misy fahotana ratsy mihoatra ilay fijoroana nitsipaka ny didin'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s)sy ilay fijoroana nanohitra an'ny Imâm 'Alî(a.s) izay khalîfat nandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s)?

Ao amin'ny sourat al-Ahzâb (toko faha-33), i Allâh dia nilaza tamin'ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe:

«**Mijanona ianareo ao an-tokantranonareo; ary aza misehoseho tahaka ireo vehivavy tamin'ny andron'ny habadoana (talohan'ny Islam)**»[14].

Mazava ho azy fa ireo hafa vadin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia nankato an'io didy io.

[14] Kor'âny 33/33

Ilay Oumm al-Mou’minîn Souda dia tsy mba nivoaka nanao hajj na ‘oumrat akory aza

Voalaza ao amin’ireo boky Sihah sy ireo boky hafa nosoratan’ireo mpitahiry lovan-tsofina sy mpahay tantara avy aminareo fa nisy nanontany an’i Souda, vadin’ilay Mpaminany(s.a.s), nahoana izy no tsy mba nanatanteraka mihitsy ny hajj sy ny ‘oumrat. Namaly izy hoe : “**Ny antery amiko dia ny manatanteraka ny hajj sy ny ‘oumrat indray mandeha fotsiny fa tsy mihoatra izany**”. Avy eo izy dia namaky ilay andininy hoe: “**Mijanona ianareo ao an-tokantranonareo; ...**”. “**Koa mba hankatoavako an’io didy io dia tsy hivoaka ny tranoko mihitsy aho na ho ela aza araka izay azoko atao; izaho dia nanapa-kevitra ny tsy handao an’ity efitra izay nametrahan’ilay Mpaminanin’(s.a.s)i Allâh ahy ity mandra-pahafatiko**”. Izany no nataony ka ny fatiny ihany no sisa navoaka tao amin’ilay efitrano.

Souda sy Aïcha ary Oumm Salma dia samy vadin’ilay Mpaminany(s.a.s) sy renin’ireo mpino avokoa. Mazava ho azy anefa fa misy ny mahasamihafa azy ireo eo amin’ny lafiny fitondran-tenan’ny tsirairay.

Aïcha sy i Hafsa dia mendrika ny hajaina, tsy noho izy ireo zanak’i Abou Bakr sy i Omar, araka ny antony mahatonga anareo manaja azy ireo anefa; fa kosa noho izy ireo izay vadin’ilay Mpaminany(s.a.s). Na izany aza anefa, ireo vadin’ilay Mpaminany(s.a.s) rehetra dia mendrika hohajaina avokoa, raha toa izy ireo ka manam-pinoana fa ny Kor’âny masina manko dia milaza hoe:

**«Ry vadin’ilay Mpaminany! Tsy mitovy amin’ny vehivavy hafa rehetra ianareo»**[15].

---

[15] Kor’âny 33/32

## Fizarana faharoa

Aïcha nivoaka ny trano mba hiady amin'ny Imâm 'Alî(a.s)

Araka izany, i Souda dia vady mpino sy mpankato an'ilay Mpaminany(s.a.s). Aïcha kosa dia naditra sy niray hina tamin'i Talhah sy Zoubayr hiady amin'i 'Alî(a.s) ary izany no nankanesany tao Basra. Othmân Ibn Hounaif, iray amin'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s), izay notendren'i 'Alî(a.s) ho governora tao Basra, dia nosamborina. Nongotana ireo volon-dohany sy ireo volon-tsomony, nampahoriana izy ary dia noroahina niala tao an-tanàna. An-jatony mahery ny olona tsy manan-tsiny sy fadiranovana no novonoina.

Ibn al-Athîr, al-Mas'oudî, Mouhammad Ibn Jarîr al-Tabarî, Ibn Abî al-Hadîd sy ireo hafa dia samy nitantara izany tranga izany avokoa.

Taorian'izany faniratsirana izany, dia nitaingina rameva antsoina hoe Askar izy, nitafy lamba vita amin'ny hoditry ny liona, nirongo fitaovam-piadiana ary niseho teo amin'ny sahan'ady toy ny miaramila. Noho io fikomiany io dia mpino silamo an'arivony maro no namoy ny ainy. Izany finiavana mamohehatra izany ve dia tsy midika ho fitsipahany ireo didin'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s) ?

Ny tena mahagaga ihany koa dia ny nahasahiany nandray izany fanapahan-kevitra izany,tsy nisy ahiahy akory hanohitra an'i 'Alî Ibn Abî Tâlib(a.s) izay manana ireo voninahitra sy ireo fahamendrehana, araka ny voalazan'ireo manam-pahaizanareo ireo ihany imbetsaka tokoa, ka saika hahatanisa izany manontolo aza.

Toa an'ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahj-oul-Balâghat, ny imâm Fakhr-oud-Dîn al-Râzî ao amin'ny bokiny Tafsîr al-Kabîr, al-Khatîb al-Khawârizmî ao amin'ny bokiny Manâqib, ny Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat, Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi'î ao amin'ny Kifâyat al-Tâlib, toko faha-62 sy Sayyed 'Alî al-Hamadanî al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ, Mawaddat faha-V, dia samy nitantara avy tamin'ilay khalîfat faharoa, i

Omar Ibn al-Khattab sy avy tamin'i Abdoullâh Ibn Abbâs fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny tamin'i 'Alî(a.s) nanao hoe :

«**Raha ireo ranomasina lehibe rehetra ireo no hatao ranomainty, ireo hazomaniry rehetra no hatao penina sy ireo olombelona rehetra no ho mpanoratra ary ireo jiny no ho mpitantsoratra, na dia izany aza anefa ry Abou al-Hassan, dia mbola tsy ho voatanisa akory ireo voninahitrao**».

Koa raha ilay Mpaminany(s.a.s) no nanambara fa na dia "*ireo olombelona sy ireo jiny rehetra aza no mitambatra dia tsy hahavita hitanisa ireo voninahiny*", dia amin'ny fomba ahoana no ahafahantsika, amin'ny alalan'ny fitaovana voafetra eo am-pelantanantsika, hitanisa amin'ny fomba manontolo ireo fahamendrehany ?

Indrindra moa fa ankoatra ireo manam-pahaizanay, ny anareo noho ny fitompoan-teny fantatra, dia tsy mba nitantara afa-tsy ny ampahany vitsy amin'ireo voninahiny tsy tambo isaina.

<u>Hadith midera an'ireo voninahitra hananan'ny Imâm 'Alî(a.s)</u>

Ianareo dia tokony hiverina mamaky indray ny ao amin'ny bokinareo Sihâh anankienina, izay bokinareo malaza miisa enina mirakitra ireo hadith.Ankoatra ireo, dia voalaza ao amin'ny Mawaddat al-Qourbà izay bokin'ny Sayyed Ali Hamadani, al-Mou'jam al-Kabîr izay bokin'i Tabarânî, Matâlib as-Sou'oûl izay bokin'i Mouhammad Ibn Talha Châfi'î, Mousnad sy Fadhâ'il, bokin'ny imâm Ahmad Ibn Hanbal, Bayn as-Sahihayn bokin'i Hamidi, Manâqib bokin'i al-Khawârizmî, Sharh Nahj al-Balâghat bokin'Ibn Abi al-Hadîd, boky faha-II pejy faha-449, al-Fousoûl al-Mouhimmat bokin'Ibn Sabbagh Mâliki (indrindra fa ao amin'ny pejy faha-124), ary koa i al-Hâfiz 'Abdoul-'Azîz Ibn al-Akh'dhar al-Janâbithî ao amin'ny Ma'âlim-il-'Itrah an-Nabawiyyat, fa i Fâtimat al-Zahrâ(a.s) dia nitantara fa tamin'ny alin'i Arafat, ny rainy, ilay Mpaminanin'(s.a.s)i Allâh no tonga nitsidika azy sy nilaza taminy nanao hoe:

“**Allâh, Ilay Tsitoha dia naneho ny fahatokisany anareo teo anatrehan’ireo anjely sy nanome anareo famindram-po tanteraka Izy, indrindra moa fa ianao sy i ‘Alî manokana. Fa raha ny amiko, Mpaminanin’i Allâh, dia tsy fitiavana manokana noho ny fihavanana no hanambarako, fa marina dia marina ny tena tsara vintana sy ny tena manan-karena amin’ireo olombelona dia izay mifandray am-pitiavana amin’i ‘Alî nanomboka ny fahavelomany sy taorian’ny fahafatesany. Ny tena voaozona amin’ireo olona voaozona dia ny fahavalony nanomboka ny fahavelomany na taorian’ny fahafatesany**”.

Ankoatra izany, ao amin’ireo boky izay efa nolazaiko tetsy ambony, dia ahitana hadith iray mazava (izay efa nolazaiko nandritra ireo alim-pivoriana teo aloha) izay notantarain’ny khalîfat Omar Ibn Khattâb fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza tamin’i ‘Alî(a.s) nanao hoe :

“**Tena mandainga izay milaza fa mitia ahy nefa izy dia fahavalonao. Ry ‘Alî ! Izay sakaizanao dia sakaizako. Izay misakaiza amiko, Allâh koa dia misakaiza aminy. Ary i Allâh manaiky ny Paradisa ho an’ny sakaizany. Izay fahavalonao dia fahavaloko; i Allâh noho izany dia mifahavalo aminy ihany koa ary Izy dia hanipy azy ao amin’ny Afobe**”.

Voalaza ihany koa ao amin’ny boky Kitâb al-‘Âl an’Ibn Khâlawayah izay notantarain’i Abou Sa’id Khoudri fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny tamin’i ‘Alî(a.s) hoe :

“**Ry ‘Alî ! Ny fisakaizana aminao dia mariky ny fananam-pinoana fa ny fankahalana anao kosa dia maneho ny fihatsarambelatsihy. Ny voalohany hiditra ao am-Paradisa dia ny iray amin’ireo sakaizanao ary ny voalohany hatsipy ao amin’ny Afobe dia ny fahavalonao**”.

Sayyed ‘Alî al-Hamadanî al-Châfi’î ao amin’ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ, Mawaddat faha-III sy i Hamwainî ao amin’ny bokiny tantaran’ny Farâ’id dia mitantara an’ilay Mpaminany(s.a.s)izay nilaza hoe :

“**Tsy misy mitia an’i ‘Alî afa-tsy izay mpino ary tsy misy mankahala azy afa-tsy izay kâfir**”. Nisy fotoana izy no nilaza hoe : “**Ry ‘Alî! Ny mpino irery ihany no mitia anao ary ny mpihatsaravelatsihy irery ihany no mankahala anao**”.

Ibn Yousouf Ganjî Châfi’î ao amin’ny bokiny Kifâyat al-Tâlib, pejy faha-119, toko faha-62 dia maneho avy ao amin’ny Tâ’rikh Damishq, ny fanambaran’ny Mouhaddith al-Shâm sy ny Mouhaddith al-‘Irâq araka ny fitantaran’i Houzhaifah sy i Jabir fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:

“**’Alî no mendrika indrindra amin’ireo olombelona; izay tsy manaiky izany dia olona kâfir**”.

Voalaza ihany koa ao amin’ny ‘Atâ fa ireo vahoaka dia nanontany an’i ‘Aïcha mikasika an’i ‘Alî(a.s) ka hoy ny navaliny hoe :

“**Izy no ilay mendrika indrindra amin’ireo olombelona. Ny kâfir irery ihany no misalasala momba izany**”.

Al-Hâfiz Ibn ‘Asâkir ao amin’ny bokiny Tâ’rikh misy boky zato ka ny telo amin’ireo boky ireo dia mirakitra ny fiderana an’i ‘Alî araka ny hadith avy amin’i ‘Aïcha. Mouhammad Ibn Talha al-Châfi’î ao amin’ny Matâlib-ous-Sou’oul, p.17, Ibn Sabbagh Makki ao amin’ny Fousoul al-Mouhimmah, dia maneho ny tantaran’i Tirmizhî sy i Nisâ’î izay nilaza fa i Abou Sa’id Khoudrî dia niteny hoe :

“**Tamin’ny andron’ilay Mpaminany, izahay dia nanana fahazarana namantatra an’ireo mpihatsaravelatsihy tamin’ny alalan’ny fankahalan’izy ireo an’i ‘Alî**”.

Ao amin’ny al-Fousoul al-Mouhimmat, dia voalaza fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny tamin’ny Amîr am-Mou’minîn(a.s) nanao hoe :

“**Ry ‘Alî ! izay miady aminao dia miady amiko, ny rànao dia ràko. Izaho dia miady amin’izay miady aminao; mazava ho azy fa ara-dalàna ny mitia anao ary tsy ara-dalàna ny mankahala anao. Ny**

**mpino irery ihany anefa no mitia anao ary ny mpihatsaravelatsihy irery ihany koa no mankahala anao**".

**Cheikh** : Ireo hadith tahaka izany dia tsy voatokana ho an'i 'Alî; notantaraina ihany koa izy ireo mikasika an'ireo khalîfat hafa.

**Chîrâzî** : Mba lazao aminay àry ny santionany mikasika izany.

**Cheikh** : Abdoul-Rahmân Ibn Mâlik dia nilaza ao amin'ireo bokiny araka ny fitantaran' i Jabir fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe : "**Ny mpino dia tsy hanana fankahalana an'i Abou Bakr sy i Omar ary ny mpihatsaravelatsihy dia tsy hanam-pitiavana azy ireo**".

**Chîrâzî** : Niverina indray ny fahagagako noho ny fandrenesana ireo teny toy izany avy aminao. Hadinonao angaha ilay fifanarahana nifanekentsika tamin'ny alim-pivoriana voalohany fa : isika dia tsy manaiky ireo hadith izay azo kianina. Ianareo dia tsy tokony hilaza ireo hadith noforonina izay nipoitra avy amin'ireo mpitantara mpandainga sy mpisandoka. Aoka ianareo hilaza aminay hadith iray marina.

**Cheikh** : Midika izany fa ianao dia vonona ny hitsipaka izay hadith rehetra avy aminay.

**Chîrâzî** : Tsy izaho irery anie no mitsipaka azy ireo. Ireo manam-pahaizanareo ihany koa dia nitsipaka izany.Aoka ianareo hamaky ny ao amin'ny Mizân al-I'tidal bokin'i Zhahabî sy ny Tâ'rikh bokin'i al-Khatîb al-Baghdâdî, boky faha-X, pejy faha-236. Ho hitanareo ao fa ny ankamaroan'ireo mpamakafaka ny teny dia manambara mikasika an'i Abdoul-Rahmân Ibn Mâlik hoe : "**Marina fa izy dia tena mpandainga tokoa, mpanevateva sy mpamorona hadith izay tsy misy mihitsy no afaka misalasala amin'izany**".

Lazao aminay raha toa ka ny hadith iray avy amin'ny mpandainga sy mpisandoka no azo ampitahaina amin'ireo hadith izay notantarain'ireo manam-pahaizanareo fanta-daza no sady efa nanaovako fanamarihana ihany koa ny amin'ny fahamarinan'izany. Miangavy anareo aho mba

hamaky ny Jâmi'oul-Kabîr bokin'i Souyoutî, boky faha-VI, p.390, ny Riyâdh al-Nadhirat, boky faha-IX, p.215 bokin'i Mouhiboud-Dîn, ny Jami'iou Tirmizhî, boky faha-II, p.299, ny Istî'âb, boky faha-III, p.46 bokin'Ibn Abdoul-Barr, ny Hilyat-oul-Awliyâ, boky faha-VI, p.295 bokin'i al-Hâfiz Abou Nâ'im, ny Matâlib-ous-Sou'oul, p.17 bokin'i Mouhammad Ibn Talha al-Châfi'î, ny al-Fousoul al-Mouhimmat p.126 bokin'Ibn Sabbâgh al-Mâliki. Ho hitanareo fa ny tsirairay amin'izy ireo dia samy manambara amin'ny fehezanteny mitovitovy ny tenin'i Abou Zharr al-Ghifârî izay manao hoe :

"**Tamin'ny andron'ilay Mpaminany, izahay dia nanana fahazarana ny namantatra an'ireo mpihatsaravelatsihy amin'ny alalan'ny famantarana telo : ny fitsipahan'izy ireo an'i Allâh sy ilay Mpaminany, ny tsy fanatanterahan'izy ireo ny vavaka fanompoana ary ny fanehoan'izy ireo ny fankahalana an'i 'Alî Ibn Abî Tâlib**".

Voalaza ihany koa araka ny fitantaran'i Abî Sa'id al-Khoudri fa i Abou Zharr al-Ghifârî dia niteny hoe:

"**Izahay dia nanana fahazarana namantatra an'ireo mpihatsaravelatsihy tamin'ny alalan'ny fankahalan'izy ireo an'i 'Alî**".

<u>Ireo mpanoratra izay nitantara ny hadith nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) fa ireo mpihatsaravelatsihy dia mpankahala an'ny Imâm 'Alî(a.s)</u>

Ankoatra izany, ireto mpanoratra boky manaraka ireto dia nitantara hadith mikasika ny fankahalan'ireo mpihatsaravelatsihy an'i 'Alî : ny imâm Ahmad Hanbal ao amin'ny Mousnad, boky voalohany, p.95 sy138; Ibn Abdoul-Barr ao amin'ny Istî'ab, boky faha-III p.37, i Ahmad al-Khatîb al-Baghdâdî ao amin'ny Târîkh Baghdâdî, boky faha-XIV p.426, Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahj-oul-Balâghat, boky faha-IV, p.264, ny imâm al-Nisâ'î ao amin'ny Sounan, boky faha-VIII, p.117 sy ny Khasâ'is al-'Alawî, p.27, i Hamwainî ao amin'ny Farâ'id toko faha-22, Ibn Hajar ao amin'ny Isâbah boky faha-II, p.509, al-Hâfiz Abou Nâ'im ao amin'ny Hilyat-oul-Awliyâ, boky faha-IV p.185, i Sibt Ibn Jaouzî ao

amin'ny Tazh'kirat p.15, al-Souyoutî ao amin'ny Jâmi'oul-Kabîr p.152, 408, i Mouhammad Ibn Talha Châfi'î ao amin'ny Matâlib-ous-Sou'oul p.17, i Tirmizhî ao amin'ny Jâmi', boky faha-II p.13. Izy rehetra ireo dia samy nanoratra ao amin'ireo bokiny avy, amin'ny fehezanteny mitovitovy araka ny fitantaran'i Oumm Salma sy Ibn Abbâs fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:

"**Ry 'Alî ! Ny mpihatsaravelatsihy dia tsy mba sakaizanao ary ny mpino dia tsy mba fahavalonao. Tsy misy afa-tsy ny mpino ihany no mitia anao ary izay mankahala anao dia mpihatsaravelatsihy. Ny mpihatsaravelatsihy dia tsy mba mitia an'i 'Alî ary ny mpino dia tsy mba mankahala an'i 'Alî**".

Ibn al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahj-oul-Balâghat, boky faha-I, p.367 dia nitantara ny fanambaran'ny lehiben'ireo Mou'tazilites, Cheikh Aboul-Qâsim al-Balkhî nanao hoe: "Ireo hadith marina rehetra izay notsarain'ireo mpitahiry lovan-tsofina fa tsy azo lavina dia mifanaraka amin'ny hevitry ny daholobe mba hanamarinana fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny tamin'i 'Alî(a.s) nanao hoe :

"**Tsy misy olona mankahala anao raha tsy ny mpihatsaravelatsihy; tsy misy olona misakaiza aminao raha tsy ny mpino**".

Toy izany koa ao amin'io boky io ihany fa boky faha-IV, amin'ny pejy faha-264, no nanehoany ilay toritenin'ny Amîr al-Mou'minîn 'Alî(a.s) izay nanambaran'ilay Imâm(a.s) nanao hoe :

"**Raha hokapohiko amin'ity sabatra ity ny tarehin'ny mpino mba hankahalany ahy, dia tsy mba hankahala ahy mihitsy izy; nefa na dia izao tontolo izao kosa no homeko ny mpihatsaravelatsihy mba hitiavany ahy dia tsy mba hitia ahy velively izy**". Ary izany dia mifanaraka amin'ireo voalazan'ilay Mpaminany manao hoe : "**Ireo mpino irery ihany no mitia anao ary ireo mpihatsaravelatsihy irery ihany koa no mankahala anao**".

Maro dia maro ireo hadith mikasika izany hita ao amin’ireo bokinareo azo itokisana. Sasantsasany amin’izany ihany no nolazaiko teo.

Ny fikomian’i ‘Aïcha nanohitra ny fahefan’i ‘Alî(a.s) ve dia tsy midika ho fikomiana nanohitra ny tenan’ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy ? Ny fiadiany na ny fiantsoany mba hiady amin’i ‘Alî(a.s) ve dia maneho ny fisakaizana sa fankahalana ? Mazava loatra fa izany dia maneho ny fankahalana. Araka ireo hadith rehetra izay notantaraiko, ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara fa iray amin’ireo mariky ny tsy fananampinoana dia ny fanoherana an’i ‘Alî(a.s). Ahoana no ampifanarahana ny fihetsika nataon’ny Oumm al-Mou’minîn ‘Aïcha izay niady tamin’i ‘Alî(a.s) sy ireny hadith ireny ? Sayyed ‘Alî Hamadanî Châfi’î ao amin’ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ, Mawaddat 3, dia nitantara araka ny nolazain’ny tenan’i ‘Aïcha ihany fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe : “**Allah dia nanambara ny Teniny tamiko fa na iza na iza mikomy manohitra an’i ‘Alî dia kâfir ka ny toerana misy azy dia ny Afobe**”.

Ny zavatra tena mahatsikaiky anefa dia rehefa ireo silamo no manontany aminy fa nahoana izy no nikomy nanohitra an’i ‘Alî(a.s) nefa izy dia naheno avy amin’ilay Mpaminany(s.a.s) ny hadith toy izany, dia valiany fotsiny hoe : “**Hadinoko io hadith io tamin’ny fotoan’ny adin’ny Rameva. Tsy nahatsiaro izany intsony aho mandrapahatongavako tao Basra**”.

**Cheikh** : Raha izany àry dia mbola inona indray no ahafahanao manome tsiny an’ny Oumm al-Mou’minîn Aïcha raha toa ka ny fanadinoana dia anisan’ny toetran’olombelona ?

**Chîrâzî** : Ny filazana fa izy dia nanadino an’io hadith io, tamin’ny fotoan’ny adin’ny rameva, moa ve tsy nahatsiaro izany izy nony tafaverina tao Makkat ary ireo namany rehetra sy ireo vadin’ilay Mpaminany(s.a.s) mpino ve dia tsy nampitandrina azy hanao izany fihetsika izany, amin’ny mahafanoherana an’ilay Mpaminany(s.a.s) ny fanoherana an’i ‘Alî(a.s) ?

Ireo mpahay tantaranareo ihany izay nitantara momba ny adin'ny rameva dia nanambara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nampitandrina an'i 'Aïcha nanao hoe :

"**Ry 'Aïcha ! Matahora ny lalana izay ahitana ireo alikan'i Haw'ab afaka mivovo ao aorianao**".

Nony teny an-dalana nankany Basra tokoa izy, rehefa tonga teo amoron'ny sakelin-dranon'ny Banî Kilab, dia nisy alika nitangorona nanodidina ny fitaovana fandriany ka niara-nivovo azy.Nanontaniany ny anaran'izany toerana izany. Nisy namaly azy nanao hoe "Haw'ab". Araka izany dia tsaroany avy hatrany ny faminaniana nataon'ilay Mpaminany(s.a.s) taminy. Handeha hanao inona indray àry izy amin'izao vela-pandrika nataon'i Talhah sy Zoubayr izao? Nahoana izy no mbola nanohy ny diany hatrany Basra izay nanatanterahany izany halozana izany? Mbola holazainareo ve fa izy dia nanadino izany ihany koa sa izy no ninia nanohy ny diany an-tsitrapo? Izy dia nandika an-tsitrapo ny didin'i Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'ny firaisana tsikombakomba niaraka tamin'i Talhah sy Zoubayr sy tamin'ny fiadiana nanohitra an'ilay mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s), nefa dia izy ihany no nanambara ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) izay nilaza hoe :

"**Na iza na iza manohitra an'i 'Alî dia kâfir**".

Moa ve tsy anisan'ny antony hampijaly an'ilay Mpaminany(s.a.s) ny mahita an'ilay "Lehiben'ireo mpino" nanatanteraka ny fitondrany khilâfat tao anatin'ny fanakorontanana sy firaisana tsikombakomba mba hiady aminy? Na izany aza anefa dia holazaiko aminareo araka ny loharano azo itokisana, izao fampitandremana nataon'ilay Mpaminany(s.a.s) izao:

"**Izay mampahory an'i 'Alî dia mampahory ahy tokoa. Izay mampahory ahy dia mampahory an'i Allâh. Ry olombelona ! Izay mampahory an'i 'Alî dia hitsangana amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty ho toy ny Jiosy na Kristiana**".

Ny famonoana an'ireo sahâbat (sakaiza) sy ireo mpino tsy manan-tsiny tao Basra noho ny baikon'i 'Aïcha

Ireto tantara rehetra ireto dia hita ao amin'ireo bokinareo azo itokisana. Nahoana àry ianareo no mitady hanome tsiny an'ireo "Chiites"? Ny ràn'ireo mpino rehetra latsaka na dia tsy manan-tsiny aza izy ireo, ny fampijaliana sy fandroahana an'i Othmân Ibn Hounaif miaraka amin'ny vono olona mihoatra ny 100, dia ireo mpiambina ny volam-bahoaka izay tsy nanana na dia fitaovam-piadiana iray akory aza, no sady tsy misy mikasika azy ireo akory amin'ilay ady (efapolo tamin'izy ireo no novonoina tao amin'ny Moske), dia tompon'andraikitra amin'izany ilay mpitarika ady.

Al-'Allâmat Mas'oudî ao amin'ny bokiny Mourouj al-Zhahab, boky faha-II, p.7 dia nanoratra mikasika izany: "**Ankoatra ireo izay naratra, dia fitopolo tamin'ireo mpiambina ny baitoul-mâl (volam-bahoaka) no novonoina. Tamin'ireo fitopolo, dia dimampolo no notapahan-doha tao am-ponja. Ireto olona ireto no voalohany tamin'ireo silamo izay nampijaliana mandra-pahafatiny**". Anisan'ireo manam-pahaizana sy mpahay tantara eo aminareo, dia Ibn Jarir sy Ibn Athîr izay samy nitantara izany tranga izany tamin'ny antsipiriany tokoa.

Ireo "Chiites" dia milaza marina an'i 'Aïcha araka ny porofoin'ny tantara

Angamba ianareo dia tokony hamerina mamaky ireo tantara ireo ao amin'ireo bokinareo azo itokisana. Hita mantsy fa ao amin'ny fanontana vaovao indray an'ireo boky ireo, dia misy ireo manam-pahaizanareo sasany no manova an'ireo tantara izay manahirana azy ireo, raha toa ka tena nanaisotra izany mihitsy aza ireo hafa. Koa na ianareo tsy hanaiky izay nosoratan'ireo manam-pahaizanareo sy mpahay tantaranareo fanta-daza ireo na ianareo hitsahatra amin'ny fanomezan-tsiny an'ireo "chiites", izay tsy mitantara afa-tsy izay voalaza ihany ao amin'ireo bokinareo ireo.

## Tsy misy porofo na iray aza milaza fa i ‘Aïcha dia nibebaka

**Cheikh** : Izay voalazanao teo ireo dia tena marina, nefa i ‘Aïcha anie ka mba olombelona ihany. Tsy misy olona tongalafatra akory. Voafitaka izy ka tafiditra tamin’izany fahadisoan-kevitra tsy nahy izany. Olona tsotra loatra manko izy ka tafalatsaka tao anatin’ny fandrika novelarin’ireo sakaiza anankiroa ireo. Taty aoriana izy dia nibebaka noho ny fikomiana nataony ary i Allâh dia namela azy.

**Chîrâzî** : Voalohany dia niaiky ihany ianareo teo fa ny sasany amin’ireo sakaizan’ilay Mpaminany dia mpanota, eny fa na izy ireo aza dia samy niatrika teo “am-bodihazo” sy tamin’ny “Bai’at al-Ridhwân”. Nandritra ireo alim-pivoriana teo aloha anefa ianareo dia niaro fatratra an’ireo sahabat (sakaiza) ho tahaka ireo kintana ka ny fanarahana ny iray amin’izy ireo dia ampy hitarika mankany amin’ny lala-mahitsy. Miaiky ianareo ankehitriny fa izany dia tsy voatery ho marina foana. Manaraka izany, milaza ianareo fa i ‘Aïcha dia nibebaka tamin’ny heloka vitany. Izany filazana izany dia tsy marim-pototra akory. Na dia teo aza ny fikomiany, ny fananganany ilay adin’ny rameva sy ny famonoana an’ireo silamo izay niombonan’ny daholobe ny fahamarinan’izany, dia tsy nahitana porofo kosa na dia iray aza manambara fa izy dia nibebaka.

## ‘Aïcha dia tsy namela an’ny Imâm al-Hassan(a.s) mba halevina akaikin’ilay Mpaminany(s.a.s)

Zava-nisy marina aloha dia i ‘Aïcha izay nanana fanahiana tokoa noho ny zavatra vitany. Izy dia nanao heloka betsaka mahatsiravina. Lazainareo anefa fa dia nibebaka izy, ka dia menatra tamin’ny nataony izy ary dia nampihiboka ny tenany tao an-tranony izy. Raha izany tokoa no marina, dia nahoana izy no mbola nampiseho fihetsika mahamenatra teo anatrehan’ny fatin’ny zafikelin’ilay Mpaminany(s.a.s) ?

Efa nambaranay nanao ahoana ny nanakiviany an’ilay Mpaminany sy nanao ahoana ny nahavitany nirotsaka an’ady nitaingina ny ramevany nanohitra an’ilay Khalîfat(a.s) mpandimby an’ilay Mpaminany(s.a.s). Ary

taty aoriana, teo am-pitaingenana ramole (mule) indray izy tamin'ity indray mitoraka ity, no nisakan-dalana ny mpandevina ny fatin'i al-Hassan[(a.s)] zafikelin'ilay Mpaminany[(s.a.s)] sy nanakana azy mba tsy ho afaka hilevina eo akaikin'ilay Mpaminany[(s.a.s)].

Ireo manam-pahaizana sy mpahay tantaranareo ihany tokoa manko, dia Yousouf Sibt Ibn Jawzî ao amin'ny bokiny Tazhkirat Khawâs al-Oummah, p.122 (na p.193 amin'ilay boky natonta tao Bayrouth), Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahj-oul-Balâghat, boky faha-XVI, p.14 manambara an'i al-Madâ'inî izay milaza an'i Abou Houraïrat, Aboul-Faraj al-Isbahânî ao amin'ny Maqâtil al-Tâlibîn p.74,ny Rawdhat al-Safâ bokin'i Mouhammad Akhound (boky faha-2, ao amin'ny toko momba ny nahafaty an'i Hassan[(a.s)]), ny Târîkh Ibn al-'Atham al-Koufî, ny Rawdhat al-Manâdhîr bokin'ny al-'Allâmat Ibn Chouhnah, i Yahiâ Ibn al-Hassan ao amin'ny Kitâb al-Nasab sy ireo hafa, dia samy nitantara fa ny vatana mangatsiaka an'ny Imâm Hassan[(a.s)] dia nentina nankany Madînat no indreo i 'Aïcha, nitaingina ramole (mule) sy niaraka tamin'ny andian'olona avy amin'ny Banî Oumayyat (Omayyades) sy ireo andevon'izy ireo, no nanakana ny mpandevina izay nitondra ny vatana mangatsiaka an' ny Imâm al-Hassan[(a.s)]. Nilaza izy ireo fa tsy hamela ny fatin'ny Imâm Hassan halevina eo akaikin'ny fasan'ny Raibeny[(s.a.s)]. Araka ny nolazain'ny al-'Allâmat al-Mas'oudî, ilay mpanoratra ny boky Mourouj al-Zhahab, ao amin'ny Ithbâtoul-Wasiyyat, pejy-136, fa Ibn Abbâs dia niteny an'i 'Aïcha tamin'izany fotoana izany nanao hoe :

"**Tsy ampy ho anao angaha ny nandraiketana ny anaranao tamin'ilay Andron'ny Rameva (Yawm-oul-Jamal) no dia horaiketina indray izany ankehitriny amin'ny Andron'ny Ramole (Yawm-oul-Baghal). Indray andro teo ambony rameva ary andro iray hafa teo ambony ramole. Te hivoaka ao anatin'ny sambon'ilay Mpaminany angaha ianao ? Te hamono ny fahazavan'i Allâh ianao nefa i Allâh vao mainka nameno ny fahazavany na dia tsy faly aza ireo mpanompo sampy. Isika dia avy amin'i Allâh ary any Aminy no mbola hiverenantsika**".

Misy koa nitantara fa Ibn Abbâs dia niteny taminy hoe :

“**Andro iray eo ambony rameva, andro iray hafa eo ambony ramole. Raha nomen’i Allâh tombon’andro iainana ianao dia mbola hitaingina ihany koa eo ambony elefanta** (izany hoe, mbola hiady amin’i Allâh no hiafarany) **!**”

## Niankohoka nisaotra an’i Allâh i ‘Aïcha rehefa maty novonoina ilay Amîr al-Mou’minîn, ‘Alî(a.s)

Raha i ‘Aïcha no nibebaka tamin’ny fikomiana nanoherany an’ilay Amîr al-Mou’minîn, ny Imâm ‘Alî(a.s), dia nahoana izy no niankohoka nisaotra an’i Allâh rehefa naheno vaovao tamin’ny vono nahafaty azy(a.s) ? Aboul-Faraj Ispahanî, ilay mpanoratra ny boky al-Aghânî, dia nitantara ny tantara nahamaritiora an’ny Imâm ‘Alî(a.s) ao amin’ny Maqâtil-out-Tâlibîn: “**Rehefa nahare vaovao i ‘Aïcha mikasika ny nahamaritiora an’ilay Amîr al-Mou’minîn, ‘Alî, dia tsy nahatazona ny hafaliany izy fa dia niankohoka ho mariky ny fisaorany an’i Allâh**”.Avy eo izy dia nanontany izay namono an’i ‘Alî. Nisy namaly azy fa izany dia i Abdour-Rahmân Ibn Mouljim avy amin’ny fokon’ireo Banî Mourâd. Teo noho eo izy dia namaky izao tononkalo manaraka izao : “**Aoka i ‘Alî mba ho lavitra ahy, ny vaovao mikasika ny fahafatesany dia nolazain’ny andevo iray tamiko izay tsy mba miteniteny foana**”.

Zaynab, zanakavavin’i Oumm Salma, dia nanatrika teo tamin’io fotoana io. Niteny taminy izy fa tsy mety ny miteny sy mamoaka resaka toy izany mikasika an’i ‘Alî(a.s). Namaly izany i ‘Aïcha fa izy dia tsy tompon’ny tenany akory ary hanadino izany fiteny izany. Raha izany zavatra izany no mbola nitranga na raha izaho no mbola namerina izany teny ratsy izany, ireto tranga ara-tantara ireto dia manaporofo mazava fa i ‘Aïcha dia tsy mba nibebaka velively mihitsy.

## Fizarana fahatelo

Filazana mifanohitra avy amin'i 'Aïcha mikasika an'i Othmân

Izany dia mampahatsiaro ahy zavatra hafa. Ianareo dia manome tsiny an'ireo "chiites" izany manameloka an'ilay khalîfat Othmân noho ireo fahadisoany, eny fa na dia voasoratra ao amin'ireo bokinareo aza ireo fahadisoany ireo.Ary nahoana moa ianareo no tsy mba manome izany tsiny izany ho an'ny tenan'i 'Aïcha manokana satria izy dia tsy nitsahatra namoaka teny maniratsira an'i Othmân, araka ny voalazan'ireo manampahaizanareo ihany sy ireo mpahay tantara toa an'Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahj-oul-Balâghat, boky faha-II, p.77, i Mas'oudî ao amin'ny bokiny Kitâb Akhir-ouz-Zamân sy Aousat, i Sibt Ibn Jawzî ao amin'ny Tazhkirat Khawâs-oul-Oummah, p.36, Ibn 'Asâkir sy ireo hafa dia samy nanoratra fa ilay Oumm al-Mou'minîn, 'Aïcha dia niteny ratsy imbetsaka an'i Othmân ka nahatonga azy niantsoantso mihitsy nanao hoe: "**Matesa ry Na'thal! Allâh anie no hamono azy, satria lasa kâfir izy**". Nefa raha vao maty novonoina i Othmân, dia hoy indray izy hoe: "**Othmân dia voatsindrihazolena sy novonoina. Mianiana amin'i Allâh aho fa hamaly faty amin'ny nahafatesany. Noho izany dia mijoroa ianareo ary aoka ianareo hanohana ahy**".

Ibn Abî al-Hadîd dia nanambara hoe : "**Tena miharihary fa i 'Aïcha dia fahavalon'i Othmân lehibe**". Nanantona ireo lamban'ilay Mpaminany(s.a.s) tao an-tranony i 'Aïcha sady niteny hoe: "**Ireto no lamban'ilay Mpaminanin'(s.a.s)i Allâh. Tsy mbola tonta akory izy ireto dia indro i Othmân no efa nanova sahady ny sounnat ho hafahafa**". Ibn Abî al-Hadîd dia nanoratra ihany koa fa rehefa i 'Aïcha no naheno ny fahafatesan'i Othmân tao Makkat dia hoy izy hoe : "**Enga anie i Allâh mba tsy hamindra fo ho azy. Fa nanao asa ratsy tokoa izy. Ary i Allâh dia tsy mba manao ny tsy rariny amin'ireo voahariny**". (Izany hoe, raha manasazy ny tsirairay Izy dia noho ireo asa ratsin'izy ireo no tsy maintsy hanaovany izany).

Renareo ihany ireo tenin'i 'Aïcha mikasika an'i Othmân ireo fa hodianareo tsy fantatra. Nefa raha ny resaka tahaka izany no avy

tamin'ireo "chiites", dia avy hatrany ianareo hitsara azy ireo ho jentilisa sy hamono azy ireo.

Ny fitsarantsika ny zava-drehetra dia tsy tokony hijerena tavan'olona. Trangan-javatra voamarina fa i 'Aïcha dia nanohitra mafy an'ny Imâm 'Alî(a.s). Rehefa fantany fa nanao fanekem-pankatoavana an'ny Imâm 'Alî(a.s) ireo silamo, dia hoy izy niteny mafy nanao hoe : "**Aleo izy roa no latsaka amin'ny tany toy izay ny hamela an'i 'Alî ho lasa khalîfat. Othmân dia nolefonina tsy ara-drariny**". Ireo tantara mifanohitra ireo dia maneho ny fivadibadihana ara-poto-kevitr'i 'Aïcha.

**Cheikh** : Ireo fifanoheran-kevitr'i 'Aïcha dia voatantara tokoa amin'ny ankapobeny, nefa mba ho fiarovana azy dia aza hadinoana ireto tranga anankiroa ireto: ny voalohany dia noho izy voafitaka ary izany moa dia nandritra ny fotoana fohy izay tsy nahatsapany ny maha-ara-dalàna ny khilâfat, fitondran'i 'Alî, araka ny efa nolazain'ny tenany ihany fa nanadino izany izy ary tao Basrâ izy vao nahatsiaro izany; ny faharoa dia noho izy efa nibebaka tamin'ny fihetsiny. Allâh dia namela ny helony, Izy dia nankasitraka ho azy toerana ambony ao am-Paradisa.

**Chîrâzî** : Tsy hamerina intsony ny zavatra efa nohazavaiko momba izany fibebahany izany aho. Silamo maro no novonoina tsy misy antony, nalaina baraka sy niharan'ireo faniratsirana, ny fandrobahana ny fananan'izy ireo dia tsy zava-mora. Raha marina fa i Allâh dia mpamindrafo ho an'izay mibebaka, dia tsy ho ambanin'izany koa ny mahamarina fa Izy dia tena sarotiny tokoa amin'ny fanasaziana. Ankoatra izany, i 'Aïcha dia niaiky mandra-pialan'ny fofon'ainy fa izy dia tompon'antoka tamin'ireo tranga maharikoriko ireo. Ireo manam-pahaizanareo ihany no nitantara fa izy dia nilaza tamin'ny hafatra napetrany fa tsy mila milevina eo akaikin'ilay Mpaminany(s.a.s) satria fantany fa izy dia nanao fanakorontanana betsaka tao aoriany.Araka izany, al-Hâkim ao amin'ny bokiny Moustadrak, Ibn Qoutaybah ao amin'ny bokiny Ma'ârif, i Mouhammad Yousouf Zarandî ao amin'ny bokiny Kitâb al-A'alâm bi-Sîrat al-Nabî, Ibn al-Bayyi' al-Nishapouri sy ireo hafa dia nanambara fa i 'Aïcha dia niangavy tamin'i Abdoullâh Ibn Zoubayr nanao hoe : "**Aleveno aho eo akaikin'ireo rahavaviko ao amin'ny Baqî. Izaho**

**no nahatonga ny fanovana sy famoronam-baovao taorian'ilay Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh**".

Lazainareo fa izy dia nahatsiaro ireo fahamendrehan'i 'Alî(a.s) tao Basrâ, fa izy dia nanadino ny zavatra nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) taminy fa tsy azo atao. Izany dia tsy marina ! Ianareo dia tokony hamaky ireo bokinareo azo itokisana izay nosoratan'ireo manam-pahaizanareo ireo ihany. Aoka ianareo hamaky, ohatra ao amin'ny Sharh Nahj-oul-Balâghat, boky faha-II, p.77, nosoratan'Ibn Abî al-Hadîd izay nitantara araka voalazan'i Loût Ibn Yahya al-Azadî ao amin'ny bokiny Târîkh Abî Makhnaf fa i Oumm Salma dia tao Makkat no naheno fa i 'Aïcha dia nikasa ny hamaly faty ny nahafatesan'i Othmân ka nandeha nankany Basrâ. Tafitohina tamin'izany izy ka lasa nanambara ireo voninahitr'i 'Alî(a.s) tamin'ny fotoana nahavory ny olon-drehetra. Nandeha nijery an'i Oumm Salma i 'Aïcha handresy lahatra mba hanampy azy amin'ny fikasany nialohan'ny nankanesany nankany Basrâ. Namaly azy anefa i Oumm Salma nanao hoe : "Vao omaly ianao no naniratsira an'i Othmân tamin'ny filazana azy ho anti-dahy adala, fa izao indray ianao dia hitsangana hanohita an'i 'Alî mba hamaly faty tamin'ny vono nahafaty an'i Othmân !! Tsy raharahainao akory ve ireo voninahitra ananan'i 'Alî ? Nadinoinao ve izany ? Tsarovinao ilay andro izay nahatongavako tao amin'ny efitranonao, niaraka tamin'ilay Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh. Tamin'izany fotoana izany i 'Alî(a.s) no tonga ihany koa ka nifampiresaka mangingina niaraka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s). Naharitra fotoana fohy monja ny fifampiresahana dia indro ianao fa nitsangana nasiaka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s). Nandresy lahatra anao tamin'izany aho, nefa tsy nohenoinao akory ny anatra nataoko taminao. Vao mainka ianao niteny ankatezerana tamin'i 'Alî nanao hoe : "**Isaky ny fahasivy andro izy no mba aty amiko, ary amin'izany andro izany mihitsy ianao no tonga hijery azy mba hiresaka aminy**". Tamin'izay indrindra, ilay Mpaminany(s.a.s) no nivaramena noho ny hatezerana mafy ka niteny hoe : "**Miesora any ianao! Mianiana amin'i Allâh aho fa izay manana fankahalana na inona na inona amin'i 'Alî, na ao an-tranoko no isehoan'ízany na tsia, dia olona tsy manana imân (tsy manam-pinoana). Mampahamenatra, miverina amin'ny toeranao ianao**".

‘Aïcha namaly hoe : “**Eny, tsaroako !** ”

Oumm Salma mbola niteny taminy ihany nanao hoe : “Tsaroanao ve ilay dia lavitra izay niarahantsika roa tamin’ilay Mpaminany(s.a.s) ? Indray andro i ‘Alî(a.s) no nanamboatra ny kiraron’ilay Mpaminany(s.a.s) ary isika dia nipetraka teo am-pototry ny hazomaniry iray. Indreo ny rainao, i Abou Bakr sy i Omar no tonga nangata-dalana tamin’ilay Mpaminany(s.a.s). Ianao sy izaho nanao tazan-davitra azy ireo. Niara-nipetraka izy ireo, ary taorian’ny nifampiresahan’izy ireo nandritra ny fotoana vitsivitsy, dia hoy izy ireo hoe : “**Ry Mpaminanin’i Allâh! Tsy fantatray hatramin’ny oviana moa izahay no hanam-bintana hiaraka aminao foana. Noho izany dia manontany anao dieny izao izahay, iza moa ny ho mpandimby anao sy ho khalîfat mba ho mpitarika anay any aoriana?**”.

Namaly azy ireo ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe : “**Izaho no mahalala ny fiaviany, ny voninahiny sy ny anjara toerany. Nefa raha hasehoko anareo mivantana avy hatrany izy dia ho tsipahinareo sahala amin’ny Banî Isrâil izay nitsipaka an’i Harona**”. ‘Gina samy tsy nahateny izy roalahy ary dia samy nandeha niala teo avy hatrany. Rehefa lasa izy ireo dia nanatona an’ilay Mpaminany(s.a.s) isika ka nanontany Azy hoe : “**Iza no ho khalîfat mpandimby anao hitarika azy ireo ?** ” Hoy ilay Mpaminany(s.a.s) hoe : “**Eo am-panamboarana ny kirarako izy izao**”. Isika anefa tsy nahita olona hafa ankoatra an’i ‘Alî. Tamin’izay fotoana izay dia hoy aho hoe : “**Ry Mpaminanin’i Allâh ! Tsy misy olona afa-tsy i ‘Alî anie eo ?!** ”. Koa nanao fanambarana ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe : “**Io ‘Alî io mihitsy no khalîfat mpandimby ahy**”.

‘Aïcha namaly hoe : “**Eny, tsaroako tokoa izany !** ”

Niteny taminy àry i Oumm Salma nanao hoe : “ **Koa satria fantatrao ireo hadith ireo, dia mbola ho aiza indray ianao ?** ”

Namaly izy hoe : “**Izaho handeha hitondra fandriampahalemana eo amin’ireo vahoaka**”.

Mazava araka izany tranga izany, fa i ‘Aïcha dia tsy mba voafitak’ireo olon-kafa izany akory. Fa izy ihany no namboly ireo olana goavana ireo; ary na dia nanam-pahalalana an’ireo zavatra ireo aza izy, dia mbola nitsangana hatrany nanohitra an’i ‘Alî, eny fa na dia nampahatsiahivin’i Oumm Salma taminy aza ireo hadith nolazain’ilay Mpaminany(s.a.s) ireo. Na dia taorian’ny nahafantarany ny voninahitra sy ny anjara toeran’i ‘Alî aza, dia mbola nankany Basrâ foana izy ka nandrehitra tabataba izay niteraka fatin’olona silamo maro.

## Ilay Imâm ‘Alî(a.s) izay nanamboatra ireo kiraron’ilay Mpaminany(s.a.s) dia tena porofo matanjaka amin’ny maha-Imâm sy maha-Khalîfat Azy

Ny hadith mikasika ny fanamboarana ireo kiraron’ilay Mpaminany(s.a.s) dia tena porofo matanjaka mikasika ny Imâmat Fitarihana sy ny Khilâfat Fitondran’i ‘Alî(a.s). Ireo “chiites” dia nanadihady ireo tantara hatramin’ireo 1400 taona farany. Tamin’ny alalan’ireo andinin’ny Kor’âny masina sy ireo boky azo antoka nosoratan’ireo manam-pahaizana avy amin’ireo antokom-pinoana roa tonta, no nahafahan’izy ireo namoaka fehin-kevitra marina. Araka izany, izahay dia mino, na dia ara-tantara aza i ‘Alî no khalîfat fahefatra, izany anjara toerana ambany amin’ny endrika ety ivelany izany, dia tsy manova akory ny fahamboniany no sady tsy mampihena ny hasin’io hadith io izay manaporofo ny fahamarinan’ny maha-mpandimby an’ilay Mpaminany(s.a.s) Azy.

Izahay dia manaiky ihany koa fa ny tantara dia manambara an’i Abou Bakr (noho ny antony ara-politika) fa voatendry ho khalîfat tao amin’i Saqîfat amin’ny fotoana tsy nahateo an’i ‘Alî(a.s) sy ireo Banî Hashim ary ireo sakaiza maro hafa, na dia nisy aza tamin’izany fotoana izany, ny fanoheran’ny fokon’ireo Khazraj izay anisan’ireo Ansâr. Avy eo dia tamin’ny alalan’ny herisetran’i Omar sy Othmân no nandraisan’izy ireo ny toeran’ny khilâfat. Misy anefa ny fahasamihafana lehibe eo amin’ny khilâfat fitondran’i ‘Alî sy ny an’ireo khalîfat ofisialy ireo. Ireo olona ireo dia khalîfat nitondra ny vahoaka, ireo sakaizan’izy ireo ihany no nametraka azy ireo tamin’io toerana io, fa ilay Amîr al-Mou’minîn, i

‘Alî(a.s) kosa dia khalîfat mpandimby an’ilay Mpaminany(s.a.s) izay notendren’i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s).

**Cheikh** : Tsy tsara ho anareo ny manao filazana toy izany. Tsy misy akory ny fahasamihafana eo amin’izy ireo. Ireo olona (vahoaka) ireo ihany no nametraka fitokisana tamin’ireo khalîfat telo, i Abou Bakr, i Omar sy Othmân ireo, dia toy izany koa no nametrahan’izy ireo fitokisana tamin’i ‘Alî.

## Ny fifanoheran’ny fomba nanendrena an’ireo khalîfat telo voalohany ireo dia manaporofo ny maha-zava-poana izany

**Chîrâzî** : Misy fifanoherana miharihary tanteraka ao amin’ny fomba izay nanendrena an’ireo khalîfat telo voalohany ireo. Voalohany, nilaza ianareo fa nisy ny Ijmâ’ (fifanarahana iombonana). Tsy ilaina intsony ny famerenana ny fomba fijeriko mikasika izany. Efa nohazavaiko ny tsy maha-marim-pototra an’io Ijmâ’ io, nandritra ireo alim-pivoriana teo aloha. Raha ny fanendrena ny tsirairay an’ireo khalîfat ireo dia tsy nahitana na dia iray akory izany fifanarahana iombonana izany.

## Ireo porofo hafa manafoana ny fifanarahana iombonana (Ijmâ’)

Manaraka izany, raha ianareo no miantehitra amin’ny fifanarahana iombonana ho toy ny fototra miharihary iorenan’ny khilâfat ary raha heverinareo fa i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s) no nanome alalana amin’ny fanaovana izany, araka izany, isaky ny khalîfat iray no maty dia tokony ny vahoaka iray manontolo mihitsy no mivory amin’ny fanendrena ny khalîfat vaovao. Izay voafidy araka ny fifanarahana iombonana amin’izay fotoana izay no khalîfat ho an’ireo vahoaka (izay mazava ho azy fa tsy araka ny safidin’ilay Mpaminanin(s.a.s)’i Allâh akory izany). Ary izany fomba izany dia tokony hampiharina foana mandritra ireo vanim-potoana rehetra. Kanefa tokony ho fantatrareo fa ny fifanarahana iombonana (Ijmâ’) tahaka izany dia tsy nisy mihitsy hatramin’izay. Eny fa dia ny fifanarahana iombonan’ny olom-bitsy izay tsy natrehen’ireo Banî Hashim sy ireo Ansâr aza dia tsy nisy akory tamin’i Abou Bakr. Tamin’ny

naha-khalîfat an'i Omar, araka ny voalazan'ireo mpahay tantara sy ireo mpitahiry lovan-tsofin'ny Islâm, dia tsy nisy afa-tsy ny fanapahan-kevitr'i Abou Bakr. Raha ny fifanarahana iombonana no fepetra tsy maintsy arahina amin'ny fanendrena ny khalîfat iray, dia nahoana no tsy nampiharina izany Ijmâ' izany tamin'ny fanendrena izay handimby an'i Abou Bakr ?

**Cheikh** : Hatramin'ny nahavoatendry an'i Abou Bakr ho khalîfat araka ny fifanarahana iombonana, dia miharihary avy hatrany fa ny fanapahan-kevitra noraisiny mikasika ny ho mpandimby azy dia ara-dalàna. Tsy ilaina intsony araka izany ny fifanarahana iombonana hafa. Ny fanapahan-kevitry ny khalîfat tsirairay amin'ny fanendrena izay ho mpandimby azy avy, dia ara-dalàna sy ampy. Manan-jo ny khalîfat hanendry izay mpandimby azy, amin'izay ny vahoaka tsy ho tafalatsaka ao anatin'ny fisavoritahana sy ny korontana. Noho izany, rehefa ny khalîfat Abou Bakr nanendry an'i Omar ho mpandimby azy, amin'izay fotoana izay inty farany dia lasa khalîfat ara-dalàna mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s).

## <u>Ny fanendrena an'ny Imâm 'Alî(a.s) nataon'ilay Mpaminany(s.a.s) dia nadinoina ary ny an'i Omar nataon'i Abou Bakr dia tsy ara-dalàna</u>

**Chîrâzî** : Mihevitra ianareo fa ny khalîfat iray eo amperin'asa dia manan-jo hanendry izay ho mpandimby azy. Manana andraikitra izy mba tsy hamela ny vahoaka ho latsaka ao anatin'ny fisavoritahana sy tsy hanam-pitarika ka ny fanaphan-keviny dia ampy amin'ny fanendrena ny ho mpandimby azy ! Araka izany, dia nahoana ilay Mpaminany(s.a.s) no nesorinareo tamin'izany zony izany ? Nahoana no notsinontsinoavinareo ireo toromarika mazava rehetra nomen'ilay Mpaminany izay manendry an'i 'Alî ho mpandimby Azy, ireo toromarika izay voalaza ao amin'ireo bokinareo azo itokisana ? Ianareo dia manodikodin-dresaka amin'ny fanomezana ireo fanazavana izay tsy mitombina akory, tahaka an'Ibn Abî al-Hadîd izay nitsipaka ihany koa ny hadith nolazain'i Oumm Salma tamin'ny alalan'ireo fomba mahatsikaiky.

Ankoatra izany, dia inona no fototra iankinanareo ahafahanareo milaza fa ilay khalîfat voalohany voatendry tamin'ny fifanarahana iombonana dia manan-jo hanendry ny ho mpandimby azy ? Ilay Mpaminany(s.a.s) ve no nanome ny fampianarana toy izany ? Tsia. Ianareo dia milaza fa ilay khalîfat voalohany izay tamin'ny alalan'ny fifanarahana iombonana no nahavoatendry azy, dia tsy mila ny Ijmâ' intsony amin'ny fanendrena ny ho mpandimby azy. Ny tenan'ireo khalîfat ireo ihany dia manan-jo eo anatrehan'ny vahoaka mba hanendry ny khalîfat avy aorian'izy ireo.

Fanoherana ny Majlis al-Shourâ (vondron'olona fakan-kevitra)

Raha izany tokoa no izy, dia nahoana izany fitsipika izany no tsy nampiharina raha tsy tamin'i Omar ihany ? Nahoana izany no tsy nampiharina tamin'i Othmân? Raha tokony hanendry khalîfat handimby azy i Omar dia naleony ny nametraka vondron'olona fakan-kevitra miisa enina mba hanapa-kevitra amin'izay ho mpandimby azy. Tsy mazava amiko ny fitsipika izay iankinanareo mba hanamarinanareo ny fisafidianana ny khalîfat. Ianareo dia miaiky fa raha misy fahasamihafana ny fomba fanendrena ny khalîfat, dia tsy misy dikany akory ny fanendrena natao. Raha heverinareo fa ny khilâfat dia tsy maintsy manaraka ny fitsipiky ny fifanarahana iombonana ka ny vahoaka iray manontolo mihitsy no miaraka manapa-kevitra (na dia ny fifanarahana toy izany aza dia tsy nisy akory tamin'ny nanendrena ny khalîfat Abou Bakr), dia nahoana no tsy nampiharina ny fifanarahana toy izany, tamin'ny nanendrena ny khalîfat Omar? Raha heverinareo fa amin'ny fanendrena ny khalîfat voalohany ihany no tsy maintsy ilàna ny fifanarahana, ka ny fanapahan-kevitry ny khalîfat izay voafidy eo dia ampy hifidianany ny ho mpandimby azy, dia nahoana izany fitsipika izany no tsy narahina hatrany tamin'ny nanendrena an'i Othmân ? Nahoana ny khalîfat Omar no niala tamin'io fitsipika nolazain'i Abou Bakr io? Nahoana izy no namela ny fifidianana ny ho khalîfat teo amin'ny Majlis al-Shourâ (vondron'olona fakan-kevitra) ? Ny khalîfat Omar dia nanendry an'ireto vondron'olona ireto araka ny sitrapony manokana, raha toa ka tokony ho nasehony ny vahoaka izany (amin'ny fomba izay ahafahany maneho izany mba hahazoana ny hevitry ny besinimaro).

Fanoherana ny fitsaran'i Abdour-Rahmân Ibn 'Aouf

Ny zavatra tena mahagaga dia ny fanomezan'ireo mpikambana ao amin'ilay vondron'olona fahefana an'i Abdour-Rahmân Ibn 'Aouf mba hanapa-kevitra eo anatrehan'izy ireo. Fa nahoana moa no izy ? Tsy fantatsika izany. Moa ve noho ny finoana izay nananany, sa noho izy mamy hoditra eo amin'ny vahoaka, sa noho ny fahalalany na ny fahombiazany no antony izany ? Ny azontsika hambara fotsiny aloha dia izy izay havan'i Othmân akaiky. Nanapa-kevitra izy ireo fa i Abdour-Rahmân Ibn 'Aouf irery ihany no manam-pahefana mitsipaka na manaiky ny fanapahan-kevitra raisin'izy ireo, koa rehefa izy no manao fanekem-pankatoavana amin'ny olona iray dia avy hatrany manaraka ho azy ny rehetra.

Araka ny voalazan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia ireo hevitry ny Imâm 'Alî(a.s) no tsy maintsy arahina toy izay ny an'ireo hafa rehetra

Raha jerena akaiky izany dia tsapanay fa miendrika didy jadona miseho amin'ny alalan'ny Shourâ (fakan-kevitra). Na dia hatramin'izao aza, dia hitantsika fa ireo fitsipiky ny demokrasia dia tena mifanohitra tanteraka amin'io lazaina fa Shourâ io. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara imbetsaka hoe : "**'Alî dia mihodidina amin'ny fahamarinana ary ny fahamarinana dia mihodidina amin'i 'Alî. 'Alî no ilay Fârouq (ilay mpampiavaka) amin'ity vahoaka ity sy mpanavaka ny marina amin'ny diso**".

Al-Hâkim ao amin'ny bokiny Moustadrak, al-Hâfiz Abou Nâ'im ao amin'ny Hilyat, Tabarânî ao amin'ny Aousat, Ibn 'Asâkir ao amin'ny Târîkh, Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî Shâfi'î ao amin'ny Kifâyat al-Tâlib, Mouhibboud-Dîn al-Tabarî ao amin'ny Riyadh al-Nadhirat, Hamwaini ao amin'ny Farâ'id, Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahj-oul-Balâghat sy Souyoutî ao amin'ny Dourr al-Manthour dia samy mitantara avy tamin'Ibn Abbâs, avy tamin'i Salman, avy tamin'i Abou Zharr ary avy tamin'i Houzhaïfat fa ilay Mpaminany dia nanao

fanambarana hoe : "**Fotoana fohy avy aoriako, dia hanjaka ny korontana. Amin'izay fotoana izay, dia mifikira ianareo amin'i 'Alî Ibn Abî Tâlib izay voalohany hifandray tanana amiko any amin'ny Andron'ny Fitsarana. Izy no tena olo-marina sy ilay Fârouq amin'ny vahoakany. Izy no mpanavaka ny marina amin'ny diso ary izy no Lehiben'ireo mpino**".

Araka ny hadith notantarain'i Ammar Ibn Yasir (izay efa nolazaiko antsipiriany ireo loharanom-boky teo aloha ahitana izany), dia niteny ilay Mpaminany(s.a.s) hoe : "**Raha ny olona rehetra no mandeha etsy ankilany ary i 'Alî no mandeha etsy andaniny, dia manaraha an'i 'Alî ianareo fa avelao ireo hafa rehetra. Ry Ammar ! 'Alî dia tsy hitarika anareo amin'ny fahaverezana no sady tsy hitondra anareo any amin'ny fahapotehana. Ry Ammar ! Fankatoavana an'i 'Alî dia fankatoavana ahy ary ny fankatoavana ahy dia fankatoavana an'i Allâh**".

Nefa, ilay khalîfat Omar, mba hitsipahany an'ireo fampianaran'ilay Mpaminany(s.a.s), dia nametraka an'i 'Alî(a.s) ho eo ambany fahefan'i Abdour-Rahmân tamin'io Shourâ io ! Moa ve ara-dalàna ihany ny fahefana toy izany, izay manao ankilambao an'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) mendrika ireo? Andriamatoa hajaina isany ! Mba mijoroa amin'ny fahamarinana! Aoka ianareo hamakafaka ireo boky tantara milaza zava-nitranga tamin'io vanim-potoana io, toy ny Istî'âb, Isâbah sy ny Hilyat-oul-Awliyâ. Ampitahaonareo i 'Alî(a.s) sy Abdour-Rahmân ka dinihonareo raha toa izy ka mendrika ny hanan-jo fitsipahan-kevitra eo anatrehan'ny Amîr al-Mou'minîn, 'Alî(a.s). Ho tsapanareo fa izany dia noho ny antony ara-politika mba handrobana fotsiny indray ny zon'i 'Alî(a.s). Ankoatra izany, raha ny fomba fifidianana nampiharin'ny khalîfat Omar Ibn Khattâb no tsy maintsy arahina, izany hoe raha ny Majlis al-Shourâ no tsy maintsy ilaina mba hanendrena ny khalîfat, dia nahoana no tsy nampiasaina izany rehefa i 'Alî(a.s) no lasa khalîfat ? Mahagaga raha ny fanendrena an'ireo khalîfat miisa efatra ireo, (Abou Bakr, Omar, Othmân sy 'Alî), no natao amin'ny fomba efatra samihafa. Iza amin'ireo fomba efatra ireo no tsara ary iza no tsy tsara ? Raha ianareo no milaza fa ireo fomba efatra ireo dia samy mety avokoa, dia tokony hiaiky izany ianareo

fa tsy manana fitsipika fototra na dia iray akory mba hanorenana ny khilâfat.

**Cheikh** : Marina angamba izany voalazanao izany. Nolazainao fa izahay dia tokony handinika lalina mikasika ity lohahevitra ity.Araka izany indrindra, ny khilâfat fitondran'i 'Alî dia mampisalasala ihany koa satria io fomba fifanarahana io no nanendrena teo aloha an'i Abou Bakr, Omar ary Othmân kosa no nanendry an'i 'Alî ho khalîfat.

**Chîrâzî** : Marina tokoa izany raha toa ka tsy nanana an'ireo hadith nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo isika. Ny fitondran'i 'Alî(a.s) dia tsy miankina velively amin'ny Ijmâ' (fifanarahana) iombonan'ny vahoaka. Fa i Allâh no manendry Azy amin'ny alalan'ilay Mpaminaniny(s.a.s).

Ilay Imâm(a.s) dia nampihatra ny fitondrany arakaraka io fahefana io. Fa rehefa tsy nisy intsony ny fanakatsakanana ary rehefa ny rivo-politika no nitaky Azy, dia nampiharin'ilay Imâm(a.s) tanteraka ny fahefany. Raha hadinonareo ireo fanamarihana nataoko teo aloha, dia azonareo hatao ny mamaky ireo gazety izay mitantara ireo famakafakana mikasika an'ity lohahevitra ity. Nazavanay fa i 'Alî dia nitazona ny khilâfat fitondrany araka ireo andinin'ny Kor'âny masina sy ireo hadith nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s). Na dia ianareo aza dia tsy hahita mihitsy hadith iray ankasitrahan'ireo antokom-pinoana roa tonta ka nilazan'ilay Mpaminany(s.a.s) fa i Abou Bakr, i Omar na i Othmân no khalîfat mpandimby Azy ! Mazava ho azy kosa anefa ary ankoatra ireo hadith avy amin'ireo "chiites", dia tena maro ireo hadith nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) izay voasoratra ao amin'ireo bokinareo azo itokisana ihany, manaporofo fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanendry mazava tsara an'i 'Alî ho lefitra mpisolotenany.

**Cheikh** : Misy ihany koa ireo hadith izay manaporofo fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanendry an'i Abou Bakr ho khalîfat.

**Chîrâzî** : Miharihary ankehitriny fa hadinonareo tokoa ireo fanazavako, nandritra ireo alim-pivoriana teo aloha, izay mitsipaka ny

fahamarinan'ireo hadith ireo. Na izany aza anefa dia hiverenako indray izany fanazavana izany amin'ity hariva ity.

Cheikh al-Moujaddidîn Firouzâbâdî, mpanoratry ny Qâmous al-Loughat, dia nilaza ao amin'ny bokiny Kitâb Safar al-Sa'âdat nanao hoe: "**Izay teny milaza ny fiderana an'i Abou Bakr dia niainga avy tamin'ireo tantara namboamboarina ka ny saina salama dia tsy afaka hanaiky izany**".

Raha ianareo no mandinika am-pitandremana fatratra ny raharahan'ny khilâfat, dia ho tsapanareo fa tsy nisy na dia kely akory izany fifanarahana iombonana izany tamin'ny tsirairay amin'ireo khalîfat efatra ireo (Abou Bakr, Omar, Othmân ary i 'Alî), indrindra moa fa tamin'ireo khalîfat "Omayyade" sy "Abbasside" ireo. Ny vahoaka na ny solon-tenam-bahoaka dia tsy mba tafavory velively tamin'izany fifidianana izany. Fa kosa raha ampitahaina, dia ny khilâfat fitondran'i 'Alî(a.s) no notohanan'ny besinimaro izay efa manakaiky kokoa amin'ny fifanarahana iombonana. Ireo mpahay tantara sy manam-pahaizanareo ihany no nitantara fa tamin'ny fanendrena an'i Abou Bakr ho khalîfat, dia tsy nisy afa-tsy i Omar sy i Abou Obaida Jarrah ilay mpihady fasana, ihany no tonga tao amin'i Saqîfa. Taty aoriana, vao tonga ireo sasany avy amin'ny fokon'ireo Aous no nanao fanekem-pankatoavana ho fanoherana ny fokon'ireo Khazraj izay te hanendry an'i Sa'd Ibn Obaida. Afaka fotoana taty aoriana ihany koa, noho ny fampitahorana, (izay efa nohazavaiko antsipiriany izany teo aloha), no tonga koa ny andian'olona mangetaheta ny toerana ara-politika, nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr. Ireo Ansâr izay nanara-dia an'i Sa'd Ibn Obaida dia tsy mba nanaiky ilay khilâfat hatramin'ny fotoana farany.

Ny khilâfat fitondran'i Omar dia tsy niorina raha tsy tamin'ny alalan'ny fanendren'i Abou Bakr, fa tsy nisy akory ny fifanarahana iombonana. Taty aoriana, i Othmân indray no lasa khalîfat tamin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny Majlis al-Shourâ (vondron'olona fakan-kevitra) izay ny tenan'ilay khalîfat Omar ihany no nandrafitra azy ireo. Mifanohitra amin'izany kosa, tamin'ny vanim-potoan'ny Imâm 'Alî(a.s), fa ny maro an'isa tamin'ny ankamaroan'ireo solon-tenan'ny firenena

islamika izay tonga tao Madînat mba hitaky ny fanarenana tamin'ireo tsy rariny nanjo azy ireo, dia nanohana mafy an'i 'Alî(a.s) mba ho lasa khalîfat.

**Nawwâb** : Moa ve ireo solon-tenan'ireo firenena islamika dia tonga tao Madînat mba hifidy ny khalîfat hitondra azy ireo ?

**Chîrâzî** : Tsia. Othmân dia mbola khalîfat foana tamin'izany fotoana izany. Ireo solon-tenan'ny ankamaroan'ireo firenena sy ireo foko dia nivory tao Madînat mba hitaraina mikasika ny haratsian-toetran'ireo governora "Omayyade" sy ireo manam-boninahitra ary ireo manan-kaja ao an-dapa ireo toa an'i Marwan. Izany fivoriana izany dia niafara tamin'ny famonoana an'i Othmân izay mbola nifikitra hatrany amin'ny politikam-pitondrany feno fanagejana. Taorian'io raharaha io, ireo vahoakan'ny Madînat sy ireo filoha tamin'ireo tanàna manodidina, no nanatona an'i 'Alî(a.s) ka niangavy Azy fatratra ho any amin'ny Moske mba hanaovana fanekem-pankatoavana Azy. Izany fomba fifanarahana izany dia tsy nisy tamin'ireo khalîfat telo voalohany ireo velively. Ireo vahoakan'i Madînat sy ireo filoham-pirenena no nanao fanekem-pankatoavana manokana ny olona iray no sady nanaiky azy ho khalîfat mpitondra azy ireo.

Na dia izany aza ny fifanarahana nisy tamin'ny vanim-potoan'ny Amîr al-Mou'minîn, dia tsy mihevitra akory izahay fa tahaka izany tokoa no fototra iorenan'ny khilâfat fitondrany. Mba hanamarinana ny khilâfat fitondrany, izahay dia miankina tanteraka amin'ny Kor'âny masina sy ireo baikon'ilay Mpaminany(s.a.s). Ny fomba fanao, dia ny tenan'ireo mpaminany(a.s) ireo ihany, araka ny baikon'i Allâh, no manendry ireo mpandimby azy ireo.

Milaza ianareo fa tsy misy ny mahasamihafa an'ny Amîr al-Mou'minîn sy ireo khalîfat hafa ireo. Nefa dia misy betsaka tokoa ireo toetra maneho ny hantsana mampisaraka an'ny Imâm 'Alî(a.s) sy ireo khalîfat hafa ireo.

Ny toetran'ny Amîr al-Mou'minîn voalohany izay mahatonga Azy ho ambonin'ireo khalîfat hafa ireo, dia noho Izy notendren'i Allâh sy ilay Irany(s.a.s) ho mpandimby an'ilay Mpaminany(s.a.s). Ireo hafa rehetra ireo

dia notendren'ireo vondron'olom-bitsy fotsiny. Mazava ho azy fa ny khilâfat izay naorin'i Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s) dia ambony noho ireo izay najoron'ny vahoaka. 'Alî(a.s) dia ambony noho izy ireo amin'ny lafiny fahalalany sy ny fahamendrehany ary ny fananam-pinoany. Ireo manam-pahaizana rehetra avy amin'ny fianakaviam-ben'ny silamo (afa-tsy ireo Kharijites sasany sy ireo Nasibites ary ireo ekipan'i Abou Bakr) dia samy miombon-kevitra avokoa fa aorian'ilay Mpaminany(s.a.s) dia i 'Alî(a.s) no mihoatra an'ireo sakaiza rehetra eo amin'ny lafiny fahalalana, fahamendrehana, fahamarinana, voninahitra ary fananam-pinoana. Mikasika izany indrindra dia efa nolazaiko teo aloha ny sasantsasany amin'ireo hadith maro sy ireo andinin'ny Kor'âny masina manamarina izany.

Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny Mousnad, Aboul-Mou'ayyad Mouwaffaq Ibn Ahmad al-Khawârizmî ao amin'ny Manâqib toko fahefatra, Sayyed 'Alî al-Hamadanî al-Châfi'î ao amin'ny Mawaddat-oul-Qourbâ, Hâfiz Abou Bakr al-Baihaqî al-Châfi'î ao amin'ny bokiny sounan sy ireo hafa maro dia samy nitantara ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) amin'ny alalan'ny fehezanteny mitovitovy, manao hoe :

" **'Alî dia avy aminay, ilay tena manam-pahalalana, olona tena mendrika sy mpitsara tena mahay. Izay mitsipaka ireo teniny, ireo fihetsiny na ireo heviny dia mitsipaka ahy koa, izay mitsipaka ahy dia mitsipaka an'i Allâh ary mampihiboka ny tenany ao anatin'ny fanompoan-tsampy**".

Ankoatra izany koa, Ibn Abî al-Hadîd Mou'tazalî, izay iray amin'ireo manam-pahaizanareo ambony, dia nanoratra imbetsaka amin'ny toerana samihafa ao amin'ny bokiny Sharh Nahj-oul-Balâghah fa maro amin'ireo sakaiza sy ireo mpanara-dia no resy lahatra amin'ny fahambonian'i 'Alî(a.s).

**Cheikh** : Maro tokoa ireo fahamendrehana sy voninahitra izay mampiavaka azy ho ambonin'ireo hafa, nefa araka ny hevitro, ireo voninahitra tena mendrika manarakaraka ny finoana an'i Allâh sy ilay

Mpaminany(s.a.s) dia : 1) ny firazanana madio, 2) ny fahalalana, 3) ny fananam-pinoana.

**Chîrâzî** : Allâh anie hitso-drano anao ! Aoka àry fa hotazomiko ireo teboka telo ireo. Ny sakaiza tsirairay avy, na khalîfat izy na tsia, dia samy manana ny voninahiny avokoa. Nefa izay manana ireo voninahitra telo ireo mitambatra no tena marina fa manana fahamboniana noho ireo hafa rehetra. Raha vitako ny manaporofo fa ny Amîr al-Mou'minîn 'Alî(a.s) no manatombo amin'ny fananana an'ireo toetra telo ireo, dia tokony hiaiky amin'izay ianareo fa ity olo-masina ity no tena mendrika amin'ny khilâfat. Ary raha nalavirina tamin'izany izy dia mazava ho azy fa noho ny antony resaka ara-politika.

Ny fahadiovam-pirazanan'i 'Alî miaraka amin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia zavatra efa malaza nolazain'ireo manam-pahaizanareo, eny fa na dia ireo izay mpitompo teny fantatra ao amin'ny antokom-pinoanareo ireo aza: izany no nahatonga an'i 'Alâ'-oud-Dîn al-Qashachî, al-Jâhiz (izay heverina ho Nâsibite) sy Sa'd al-Dîn Mas'oud Ibn Omar al-Taftazânî, no tsy nahalala ny zavatra holazain'izy ireo mikasika ny mombamomba an'ny Imâm 'Alî(a.s), fa hoy izy ireo hoe : "**Izahay dia very hevitra eo anatrehan'ireo tenin'i 'Alî(a.s) izay nanambara hoe : Izahay no Ahloul-Bayt fianakaviana masin'ilay Mpaminany. Tsy misy na iza na iza afaka mitaha aminay**".

Ao amin'ny toriteny faharoa ao amin'ny Nahjoul-Balâghat tokoa manko, ilay Imâm(a.s) taorian'ny nanekeny ny khilâfat, dia niteny hoe : "**Tsy misy na iray amin'ity vahoaka ity no afaka mitaha amin'ny fianakavian'i Mouhammad. Nahoana moa ireo izay mahazo tso-drano sy fahalalana ary fahasoavana avy amin'izy ireo indray no afaka hitovy amin'izy ireo ? Izy ireo no fototry ny finoana sy ireo andrin'ny fananam-pinoana. Ireo izay niala tamin'ny lalà-mahitsy dia tsy maintsy miverina amin'izy ireo ary ireo izay tratra aoriana dia tsy maintsy miroso manatratra azy ireo. Izy ireo ihany no hany manan-jo amin'ny khilâfat sy imâmat. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy mba nametraka hafatra farany raha tsy ho azy ireo. Izy ireo no mpandova**

**Azy ara-dalàna. Ankehitriny, izany zo izany dia naverina amin'ilay tena tompony, niverina amin'ilay toerana izay nanesorana azy**".

Ireo tenin'i 'Alî(a.s) mikasika ny fitakiany ny khilâfat ireo no tena porofo matanjaka amin'ny fananany zo mikasika izany khilâfat izany. Ireo teny ireo dia tsy notononin'ny Imâm 'Alî(a.s) irery ihany. Na dia ireo mpifanandrina aminy aza dia miaiky izany. Nolazaiko mazava tamin'ny alim-pivoriana teo aloha fa ny Sayyed 'Alî Hamadanî dia nanoratra ao amin'ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ, Mawaddat 7, araka ny voalazan'i Abî Wâ'il izay nitantara fa i Abdoullâh Ibn Omar dia niteny hoe : "**Teo am-pitanisana ireo lehibe amin'ny sakaizan'ilay Mpaminany, dia nolazainay ny anaran'i Abou Bakr sy Omar ary Othmân. Nisy lehilahy iray nanontany, aiza ny anaran'i 'Alî. Namaly izahay hoe : 'Alî dia ao anatin'ny fianakavian'ilay Mpaminany, koa tsy misy olona afaka manao fampitahana miaraka aminy. Izy dia mitovy laharana amin'ilay Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh**". Ankoatra izany, i Mouhammad Kourgî Baghdadî dia nanontany an'ny imâm Ahmad Ibn Hanbal (ny imâm lehiben'ireo Hanbalites) mikasika an'ireo sakaiza izay mendrika deraina. Ny nambarany dia i Abou Bakr, Omar sy Othmân. Nisy nanontany azy tamin'izay fotoana izay, ny amin'ny fiheverany an'i 'Alî Ibn Abî Tâlib. Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal namaly nanao hoe : "**Izy dia anisan'ireo Ahloul-Bayt. Ireo sakaiza hafa dia tsy afaka mifampitaha aminy**".

Raha ny mikasika ny firazanan'i 'Alî(a.s) kosa dia miseho amin'ny endrika anankiroa: ny fahazavana sy ny vatana. Araka izany indrindra, i 'Alî dia manana anjara toerana manokana aorian'ilay Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh.

## Fizarana fahefatra

<u>Mouhammad(s.a.s) sy 'Alî(a.s) dia avy amin'ny fahazavana iray ihany</u>

Amin'ny lafiny fahazavana, Amîr-oul-Mou'minîn, 'Alî dia mitazona laharana voalohany, ary ireo manam-pahaizanareo malaza dia nanamarika izany. Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, Sayyed 'Alî Hamadanî, ilay Faqîh Châfi'îte ao amin'ny

Mawaddat-oul-Qourbâ, Ibn Maghâzilî al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Manâqib sy i Mouhammad Talhah, ilay Châfi'îte ao amin'ny Matâlib-ous-Sou'oul fî Manâqib âlir-Rasoul, dia samy nitantara ireto tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) ireto :

" **'Alî Ibn Abî Tâlib sy izaho, izahay roa dia fahazavana iray ihany teo anatrehan'i Allâh nandritra ny 14.000 taona talohan'ny nahariana an'i Adam. Rehefa nahary an'i Adam i Allâh, dia napetrany io fahazavana io tao amin'ny taolan-damosin'i Adam. Nijanona niaraka foana izahay amin'ny maha-fahazavana tokana anay mandra-pahatonga ny fotoana nampisarahana anay tao amin'ny taolan-damosin'i Abdoul-Mouttalib. Koa notendrena ho Mpaminany aho ary i 'Alî ho khalîfat**".

Sayyed 'Alî Hamdanî, ilay Fâqih Châfi'î ao amin'ny bokiny Mawaddatoul-Qourbâ, Mawaddat VII, dia nanambara izao teny izao :

"**'Alî sy ilay Mpaminany dia avy amin'ny fahazavana iray. 'Alî dia nomena ireo hatsarana tahaka izany, izay tsy nisy na iray aza no nanam-bintana hahazo izany eto amin'ity tany ity**".

Anisan'ireo hadith voarakitra ao amin'io Mawaddat io, ny hadith iray avy tamin'ny khalîfat fahatelo, Othmân Ibn Affan izay nitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe :
" **'Alî sy izaho dia avy amin'ny fahazavana tokana nandritra ny 14.000 taona talohan'ny nahariana an'i Adam. Rehefa nahary an'i Adam i Allâh dia napetrany io fahazavana io tao amin'ny taolan-damosin'i Adam. Izahay dia iray ihany ary fahazavana iray hatrany mandra-pisarahanay tao amin'ny taolan-damosin'i Abdoul-Mouttâlib. Ny andraikitry ny Mpaminany dia nomena ahy ary ny khilâfat no nomena an'i 'Alî**".

Ao amin'ny hadith iray hafa dia nambarany fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny tamin'i 'Alî(a.s) nanao hoe : "**Araka izany, dia ho ahy ny faminaniana (Noubowwat) sy ny fitondrana hafatra (Rissâlat)fa ho anao kosa ny Khilâfat sy ny Imâmat**".

Io hadith io ihany koa dia notantarain'Ibn Abî al-Hadîd Mou'tazalî ao amin'ny Sharh Nahj-oul-Balâghah, boky faha-II, p.450 (natonta tao Ezypta) izay mpanoratra ilay boky Kitâb al-Firdaous.

Torak'izany koa, Cheikh Soulaymân Balkhî al-Qoundouzî ao amin'ny bokiny Yanabî'-oul-Mawaddat, fizarana-I, dia nitantara ny Jâmî'-oul-Fawâ'id, ny Manâqib an'Ibn Maghâzilî al-Châfi'î, Firdaous an'i Dailamî, Farâ'id-ous-Simtain an'i Hamwainî ary Manâqib an'i al-Khawârizmî izay ahitana fahasamihafana kely fotsiny eo amin'ny endrika fanoratana fa tsy eo amin'ny foto-kevitra, fa ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s) sy 'Alî(a.s) dia efa nohariana nandritra ny an'arivony taona nialohan'ny nahariana an'izao tontolo izao; izy ireo dia fahazavana tokana hatrany mandra-pisarahan'izy ireo, ny tsirairay tao amin'ny taolan-damosin'i Abdoul-Mouttâlib. Ny ilany iray dia napetraka tao amin'ny taolan-damosin'i Abdoullâh izay niteraka an'ilay Mpaminany(s.a.s), fa ny ilany kosa dia natsofoka tao amin'ny taolan-damosin'i Abou Tâlib izay niteraka an'i 'Alî(a.s). Mouhammad(s.a.s) dia voatendry ho Mpaminany ary i 'Alî(a.s) ho Imâm, sahala amin'ny efa nanambaran'ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) izany.

Aboul-Mou'ayyad Mou'affaq Ibn Ahmad al-Khawârizmî sy ireo hafa maro dia samy nitantara araka ireo loharano azo itokisana fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza hoe : "**Izaho sy i 'Alî dia nohariana avy tamin'ny fahazavana tokana. Nitambatra iray foana izahay mandra-pahatongavanay tao amin'ny taolan-damosin'i Abdoul-Mouttâlib ka tao no nampisarahana anay tsirairay**".

Firazanan'ny Imâm 'Alî(a.s) ara-nofo

Ny firazanan'i 'Alî(a.s) ara-nofo dia mbola porofo iray hafa ny fiandrianany, mazava ho azy fa izy dia manana ny toerany tena ambony tokoa eo amin'ny lafiny firazanany avy amin'ny ray sy avy amin'ny reny. Eny fa ireo razambeny, hatramin'i Adam mihitsy aza no efa mpanompon'i Allâh. Ity fahazavana ity dia tsy mba nitoetra velively tao amin'ny taolan-damosin'ny lehilahy na kibon'ny vehivavy maloto, mifanohitra tanteraka

amin'ireo hafa sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s). Ny firazanan'i 'Alî(a.s) dia toy izao manaraka izao :

1) 'Alî Ibn 2) Abou Tâlib Ibn 3) Abdoul-Mouttâlib Ibn 4) Hâshim Ibn 5) Abdou-Manâf Ibn 6) Qousay Ibn 7) Kilâb Ibn 8) Mourrah Ibn 9) Ka'b Ibn 10) Lou'ay Ibn 11) Ghâlib Ibn 12) Fehr Ibn 13) Mâlik Ibn 14) Nadhr Ibn 15) Kinânah Ibn 16) Khouzaimah Ibn 17) Madrekah Ibn 18) Ilyâs Ibn 19) Moudhar Ibn 20) Nizâr Ibn 21) Ma'd Ibn 22) 'Adnân Ibn 23) Add 24) Adad Ibn 25) al-Yasâ' Ibn 26) al-Hamîs Ibn 27) Bount Ibn 28) Salâmân Ibn 29) Haml Ibn 30) Qîdar Ibn 31) Ismâ'ïl Ibn 32) Ibrâhîm Khalîloullâh Ibn 33) Târoukh Ibn 34) Tahour Ibn 35) Shârou' Ibn 36) Abrâghou Ibn 37) Tâligh Ibn 38) 'Âbir Ibn 39) Shâleh Ibn 40) Arfakhash'th Ibn 41) Sâm Ibn 42) Nouh Ibn 43) Loumouk Ibn 44) Moutawashlikh Ibn 45) Akhnouh Ibn 46) Bârid Ibn 47) Mahlâ'il Ibn 48) Qînân Ibn 49) Anoush Ibn 50) Sîth Ibn 51) Adam Aboul-Bashir (ilay Rain'olombelona).

Ankoatra ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy misy olon-kafa nanambintana amin'ny fananana firazanana tena mamirapiratra toy izany.

## Azar no Rain'i Abrahama

**Cheikh** : Milaza ianao fa ireo razamben'i 'Alî rehetra dia mpino an'Andriamanitra tokana avokoa. Mihevitra aho fa diso ianao. Ny sasany amin'ireo razambeny dia mpanompo sampy. Ny rain'i Abraham Khalîloullâh(a.s), i Azar ohatra, dia nanompo sampy. Manambara izany mazava ny Kor'âny masina :

«**Rehefa niteny tamin'ny rainy sy ny vahoakany izy**(Abrahama) **hoe : "Inona no tompoinareo ? Hoy izy ireo hoe : Manompo ireo sampy izahay, ary miraiki-po amin'izy ireo"** »[16].

**Chîrâzî** : Ianareo dia mamerina izay nolazain'ireo zokinareo fahiny na dia fantatrareo tsara aza fa ireo manam-pahaizana momba ny

[16] Kor'âny 26/70-71

firazanana dia miray hevitra avokoa fa ny rain'i Abrahama(a.s) dia i Târoukh fa tsy i Azar akory.

**Cheikh** : Nefa izany dia avy amin'ny Ijtihâd (famotopotorana miankina amin'ny fitsarana manokana)! Ianao dia mametraka ho zava-dehibe kokoa ny hevitr'ireo manam-pahaizana momba ny firazanana noho ny Kor'âny izay milaza mazava tsara fa ny rain'i Abrahama(a.s) dia i Azar ary izy dia nanompo ireo sampy.

**Chîrâzî** : Izaho dia tsy manao zava-dehibe velively ny resaka izay mifanohitra amin'ny lalànan'Andriamanitra. Ny tiako hahatongavana dia ny hahafantatra izay tena marina amin'ny famakafakana ny Kor'âny. Ao anatin'izany fijery izany, no hikarohako fahalalana amin'ireo izay mitovy lenta amin'ny Kor'âny mba ho mpitarika, tsy iza moa izany fa ireo Ahloul-Bayt(a.s) fianakavian'ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s), araka ny nampirisihan'ity farany antsika ao amin'ilay teniny malaza antsoina hoe Hadîth al-Thaqalayn. Koa ireo Ahloul-Bayt(a.s) ireo no nampahafantatra antsika fa ny teny hoe "ray" ao amin'ity andininy ity dia fomba fiteny ampiasaina amin'ny hevitra ankapobeny satria io teny "ray" io dia midika ihany koa ho rahalahin-dray na koa raikely (vadin'ny reniny).

Misy hevitra roa no azo ilazana an'i Azar. Mety ho rahalahin-drain'i Abrahama izy io fa raha tsy rahalahin-drainy dia mety ho vady faharoan'ilay reniny, taorian'ny nahafaty ny tena rain'i Abrahama (i Târoukh). Izany no antony niantsoan'i Abrahama(a.s) azy ho rainy, amin'ny maha-rahalahin-drainy azy na amin'ny maha-vadin'ny reniny azy.

**Cheikh** : Isika dia tsy afaka ny hiala amin'ny heviny mazava an'io andinin'ny Kor'âny io, raha tsy hoe angaha isika mahita heviny hafa ao amin'ny Kor'âny ihany, izay manambara mazava fa manan-kevitra ihany koa ho rahalahin-dray na vady faharoan'ilay reny ilay teny hoe "ray". Raha tsy vitanao ny mitondra izany porofo izany (sady tsy ho vitanao tokoa anefa izany), dia ny fanazavanao teo dia tsy azo ekena.

**Chîrâzî** : Misy ohatra maro ao amin'ny Kor'âny masina izay mampiasa an'izany teny izany amin'ny heviny ankapobeny. Ohatra

amin'izany, ny andininy faha-133 toko faha-II, Baqarat (ny ombivavy) ao amin'ny Kor'âny dia manamarina izany hevitro izany. Izany moa dia mikasika ny resaka nifanaovan'ny mpaminany Jakoba(a.s) niaraka tamin'ireo zanany tamin'ny fotoana hahafatesany :

«... **Ary rehefa nilaza tamin'ireo zanany izy (i Jakoba) nanao hoe : "Iza no ho tompoinareo any aoriako any ? " Dia namaly izy ireo hoe : "Izahay dia hanompo ny Andriamanitrao sy Andriamanitr'ireo rainao, Abrahama, Ismael ary Isaka, Andriamanitra Tokana ary izahay dia ho mpankato Azy"**»[17]

Ao amin'io andininy io, ny porofon'ny hevitra izay tohanako dia hita ao amin'ny filazana an'Ismâ'îl(a.s). Araka ny voalazan'ny Kor'âny, ny rain'i Jakoba(a.s) dia Isaka(a.s) fa Ismâ'îl(a.s) dia rahalahin-drainy, fa araka ny fomba mahazatra dia afaka nantsoiny ho "rainy" izy. Ireo zanak'i Jakoba ihany koa dia niantso ny rahalahin-drainy ho "ray", ka izany no nampiasana an'io voambolana io ho valim-panontanian'ny rain'izy ireo. Toraka izany koa, i Abrahama dia niantso an'ny rahalahin-drainy (sy ilay vady faharoan'ny reniny) ho "ray", na dia eo aza ireo porofo tsy azo lavina avy amin'ireo mpahay tetirazana fa ny tena ray niteraka an'i Abrahama dia tsy i Azar velively, fa kosa i Târoukh.

Ireo razan'ilay Mpaminany(a.s) dia mpino an'Andriamanitra Tokana

Ny porofo faharoa fa ireo razan'ilay Mpaminany dia tsy mpanompo sampy na jentilisa, dia ilay andininy faha-219 ao amin'ny toko faha-26, Shou'arâ (ireo poeta) izay milaza hoe :

«... **sy (mahita) ny fihetsikao izay anisan'ireo miankohoka**»[18]

Mikasika ny tian'io andininy io hambara, ny Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny bokiny Yanâbî'oul-Mawaddat, boky faha-II sy ireo manam-pahaizana maro hafa dia samy nitantara avy tamin'Ibn

[17] Kor'âny 2/133
[18] Kor'âny 26/219

Abbâs nanao hoe : “**Ny fahadioavan’ireo singam-batan’ilay Mpaminany dia napetrak’i Allâh tao amin’i Adama ka niampitapita tamin’ireo mpaminany nifandimby hatramin’ilay Mpaminany Mouhammad. Izy rehetra ireny dia mpino an’Andriamanitra Tokana, izy ireo dia nateraka tamin’ny fanambadiana (nikâh) ara-dalàna fa tsy tamin’ny fijangajangana**”.

Misy hadith iray ihany koa tena malaza izay notantarain’ireo manam-pahaizanareo. Ny imâm Tha’labî ao amin’ny bokiny famoaboasana sy i Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin’ny bokiny Yanâbî’oul-Mawaddat, boky faha-II dia mitantara avy amin’Ibn Abbâs fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe:

“**Allâh dia nandefa ahy teto an-tany tamin’ny alalan’ny taolan-damosin’i Adama sy namindra ahy tao amin’ny taolan-damosin’i Abrahama. Izy dia namindramindra ahy hatrany avy tao amin’ireo taolan-damosina ho ao amin’ireo kibom-behivavy madio mandra-pahariany ahy tao amin’ireo ray aman-dreniko izay nifamatotra ara-panambadiana ara-dalàna**”. Ao amin’ny hadith iray hafa dia milaza toy izao : “**Allâh dia tsy nampifandray ahy mihitsy tamin’ny olona misy mariky ny habadoana (tamin’ny vanim-potoanan’ny Djahilliyyat sy ny fanompoan-tsampy)**”.

Ao amin’io toko io ihany, i Soulaymân Balkhî dia mitantara hadith iray antsipiriany avy tamin’i Jabir Ibn Abdoullâh izay niangavy tamin’ilay Mpaminany(s.a.s) mba hampahafantatra azy ny olona voalohany nohariana. Novaliany tamin’ny fomba antsipiriany tokoa ilay fanontaniana ka tsy ho voatantarako daholo eto avokoa izany fa kosa any amin’ny faran’ilay hadith ilay Mpaminany(s.a.s) no niteny nanao hoe :

“**Tahaka izany koa, i Allâh dia nanohy ny famindrafindrana hatrany ny fahazavako avy amin’ny taolan-damosina madio iray mankany amin’iray hafa, mandra-pamindrany ahy tao amin’ilay raiko, i Abdoullâh Ibn Abdoul-Mouttalib. Avy tao aminy no namindrana ahy tao an-kibon’ilay reniko, i Amîna. Avy eo dia nasehony teto amin’ity tany ity aho ary nomeny anaram-boninahitra**

**ho Sayyid-oul-Moursalîne (lehiben'ireo Iraka) sy Khâtam-oun-Nabiyyîne (farany amin'ireo Mpaminany)**".

Ilay hadith nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s)izay manambara ny fifindran'ny fahazavan'ilay Mpaminany(s.a.s) manomboka amin'ny taolan-damosina iray madio mankany amin'ny kibom-behivavy madio dia manaporofo fa tsy misy na iray aza amin'ireo razan'ilay Mpaminany no tsy mpino. Hoy indrindra ny Kor'âny hoe :

«**Ô ianareo mpino, maloto ireo mpanomposampy**»[19]

Ny tsy mpino tsirairay, ny mpino an'Andriamanitra maro sy ny mpanompo sampy dia noheverina ho toy ny maloto. Ilay Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh anefa dia nanambara fa Izy dia nafindrafindra tamin'ireo taolan-damosina madio nankany amin'ny kibom-behivavy madio; midika izany fa tsy misy na iray aza amin'ireo razany no tsy mpino na mpanompo sampy. Ao amin'io toko io ihany ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawadda, dia misy hadith iray avy tamin'Ibn Abbâs izay notantarain'i Kabir fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara hoe :

"Izaho dia tsy nateraka avy tamin'ny fanambadiana tsy ara-dalànan'ny vanim-potoanan'ny habadoana. Izaho dia nateraka avy amin'ny Nikâh arak'ireo fomba islamika".

Ianareo dia tokony hamaky ny toriteny faha-105 ao amin'ny Nahjoul-Balâghat. Ilay "lehiben'ireo mpino", i 'Alî(a.s) dia nilaza mikasika ireo razan'ilay Mpaminany(s.a.s):

"**Allâh dia nanome Azy ireo (ireo mpaminany) ny toerana mendrika (ny taolan-damosin'ny razan'Izy ireo) ka nametraka Azy ireo tao amin'izay tsara dia tsara tokoa (dia ireo kibon'ny renin'Izy ireo). Izy (Allâh) dia namindra Azy ireo avy tao amin'ny taolan-damosina henin-kaja amam-boninahitra ho ao amin'ireo kibon'ny reny madio, mandra-panaovan'Ilay Tsitoha, i Allâh an'i Mouhammad ho Mpaminaniny sy Irany. Ny firazanan'ilay**

[19] Kor'âny 9/28

**Mpaminany dia avy amin'ireo mpaminany izay samy ambony voninahitra avokoa**". Araka izany, ireo razan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia mpivavaka avokoa no sady mpino an'Andriamanitra Tokana. Mazava noho izany fa ireo Ahloul-Bayt (taranak'ilay Mpaminany) dia tafiditra ao anatin'ny fahadiovam-piterahana sahala amin'ireo razan'Izy ireo. Izany no ilazana ihany koa fa ireo razan'i 'Alî(a.s) ireo dia mpanompon'i Allâh.

## Ireo razan'ny Imâm 'Alî(a.s) ireo dia samy mpino an'Andriamanitra Tokana ihany koa

Efa noporofoiko tamin'ny alalan'ireo bokinareo ihany fa i Mouhammad(s.a.s) sy i 'Alî(a.s) dia avy amin'ny fahazavana tokana ary niaraka nitambatra hatrany Izy roa tao amin'ireo taolan-damosina sy ireo vohoka madio mandra-pampisarahana ny tsirairay tao amin'ny taolan-damosin'i Abdoul-Mouttalib.

## Fanazavana ny hevi-diso mikasika ny fananan'i Abou Tâlib finoana

**Cheikh** : Ekeko ny filazana fa i Târoukh no rain'i Abrahama(a.s) sy ny fanaporofoanao ny fahadiovan'ireo razan'ilay Mpaminany(s.a.s). Fa kosa sarotra ny ahitana porofo tahaka izany mikasika ny an'i 'Alî(a.s). Eny fa na dia ekentsika aza fa ireo razany hatreo amin'i Abdoul-Mouttalib ihany no mpino an'Andriamanitra Tokana, satria ny rainy, i Abou Tâlib dia nandao ity fiainana eto an-tany ity tao anatin'ny tsy finoana an'Andriamanitra.

**Chîrâzî** : Manaiky aho fa misy tokoa ireo hevitra tsy mitovy eo anivon'ny vahoaka mikasika ny fananan'i Abou Tâlib finoana. Nefa isika dia tokony hiteny hoe: Ry Allâh ô ! Ozony ilay olon-dratsy voalohany izay nampihatra ny tsy rariny tamin'i Mouhammad ary aoka ho voaozona ny taranak'izy ireo. Ny ozona avy amin'i Allâh anie no ho amin'izay namorona ireo hadith izay nahatonga an'ireo "Nasibites" sy ireo "Kharijites" velona fihobiana fa i Abou Tâlib dia maty kâfir.

Ireo manam-pahaizana ao amin'ny antokom-pinoana Ahloul-Bayt sy ireo fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) dia mino ny fananan'i Abou Tâlib

finoana. Maro amin'ireo manam-pahaizanareo toa an'Ibn Abî al-Hadîd, i Jalâl-oud-Dîn Souyoutî, i Aboul-Qasim Balkhî, i Abou Ja'afar Askafî, ireo profesora ao amin'ny antokom-pinoana Mou'tazalisme sy Sayyed 'Alî Hamadanî Faqih Châfi'î, no miombon-kevitra amin'ny mahasilamo an'i Abou Tâlib.

Hevitry ny Chiite mikasika ny fananan'i Abou Tâlib finoana

Ireo Chiites dia mino fa i Abou Tâlib dia nanam-pinoana an'ilay Mpaminany(s.a.s), hatrany am-piandohana. Izy ireo dia niray feo tamin'ny fanambarana fa "**i Abou Tâlib dia tsy nanompo sampy mihitsy, izy dia mpanaraka ny finoan'i Abrahama(a.s)**". Izany hevitra izany koa no voalaza ao amin'ireo bokinareo azo antoka. Ohatra, Ibn Athîr dia manambara ao amin'ny bokiny Jami'oul-Ousoul fa "**Araka ireo olo-masina Ahloul-Bayt, amin'ireo rahalahin-drain'ilay Mpaminany(a.s), dia i Hamza sy i Abbâs ary i Abou Tâlib ihany no nanaraka ny finoana Islâm**".

Ny Hadith Thaqalayn sy ireo hadith hafa mitovy amin'izany izay efa nolazaiko tamin'ireo alim-pivoriana teo aloha dia maneho mazava tsara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara mazava ny mahalavorary ny fianakaviany. Izy ireo dia mitovy lanja amin'ny Kor'âny masina sy iray amin'ireo zava-tsarobidy anankiroa (Thaqalayn) izay natolotr'ilay Mpaminany(s.a.s) tamintsika mba ho mpitarika lavorary ho an'ny vahoakany. Antery amin'ireo silamo rehetra ny manaraka Azy ireo mba tsy ho very.

Ankoatra izany, araka izao fanambarana izao : "**Ireo Ahloul-Bayt no mahalala kokoa mikasika ny fianakavian'Izy ireo**", dia manambara fa ity fianakaviana masina ity ihany no mahay kokoa mikasika ny finoan'ireo razan'Izy ireo toy izay i Moughîrah Ibn Shou'bah sy ireo Banî Oumayyat sy ireo Kharijites ary ireo Nasibites.

Tena mahatalanjona tokoa ny tsy haneken'ireo manam-pahaizanareo ireo hadith izay notantarain'ireo Ahloul-Bayt avy amin'ilay Mpaminany(s.a.s), anisan'izany ilay lehiben'ireo mpino(a.s), izay i Allâh sy ilay Mpaminaniny mihitsy no nijoro vavolombelona amin'ny

fahamarinany sy ny fahitsiany ary ny fahatokisana Azy(a.s). Ireo hadith avy aminay rehetra dia manambara fa i Abou Tâlib dia maty tao anatin'ny finoana. Ianareo dia tsy mba mino ny tenin'ireo Ahloul-Bayt, fa kosa mankasitraka ny tenin'ireo mpandainga sy mpanota, dia i Moughîrah Ibn Shou'bah sy ireo Kharijites ary ireo Nasibites !!!

Ibn Abî al-Hadîd Mou'tazalî dia manambara ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghah, boky faha-III, p.310 : "**Misy fifanoherankevitra eo amin'ny resaka fanarahan'i Abou Tâlib ny finoana Islâm. Ny antokom-pinoana Imâmite sy ny ankamaroan'ireo Zaïdites dia milaza fa izy dia nandao an'ity tany ity tao anatin'ny maha-mpino silamo azy. Ankoatra ireo manam-pahaizana chiites, ireo manampahaizanareo malaza, i Aboul-Qasim Balkhî sy i Abou Ja'afar Askafî dia niaiky fa i Abou Tâlib dia nanaraka ny finoana Islâm fa saingy tsy nanambara izany ampahibemaso mba hahafahany miaro tanteraka an'ilay Mpaminany. Noho ny hery sy laza izay nananany, ireo mpanompo sampy tao Makkat sy ireo Qouraysh dia tsy sahy nandeha lavitra loatra tamin'ny fanenjehan'izy ireo an'ilay Mpaminany(s.a.s) izay narovany**".

Fanazavana ny hevi-diso mikasika ny Hadith Dhahdhâh

**Cheikh** : Toa tsy fantatrao akory anie izany ilay voalazan'ny hadith al-Dhahdhâh manao hoe : "**i Abou Tâlib dia ao anatin'ny afon'ilay Gehena**".

**Chîrâzî** : Izany dia hadith namboamboarina, teo ambany fahefan'i Mou'âwiyat Ibn Abou Soufiân, noforonin'ny sasantsasany amin'ireo fahavalon'ilay Mpaminany(s.a.s). Ireo Banî Omayyat sy ny naman'izy ireo dia nampitombo ny ezak'izy ireo tamin'ny famoronana ireo hadith mba hanaratsiana an'i 'Alî Ibn Abî Tâlib(a.s). Izany moa dia naelin'izy ireo teo anivon'ny vahoaka. Ilay mpamorona an'ireo hadith, i Moughîrah Ibn Shou'bah dia olona mpanota sy fahavalon'ilay "Lehiben'ireo Mpino"(a.s).

Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahj-oul-Balâghat, boky faha-III, pejy faha-159-163, Mas'oudî ao amin'ny Mourouj al-Zhahab sy ireo manam-pahaizana hafa, dia samy nitantara fa i Moughîrah

dia nanao fijangajangana tao Basrâ. Nisy ireo vavolombelona izay tonga teo anatrehan'ilay khalîfat Omar, ka ny telo tamin'izy ireo no nijoro vavolombelona nanamarina izany fijangajangany izany fa ilay fahefatra kosa dia lasa nihaotrahotra sy niova hevitra mba tsy hanamarina izany noho ny fitenenan'i Omar izay nanapaka ny teniny. Vokatr'izany dia nosaziana ireo vavolombelona telo ireo fa i Moughîrah kosa nomena fahafahana. Na izany aza anefa, ilay mpamorona io hadith io dia voaporofo fa tena mpijangajanga sy mpisotro toaka gaigilahy ka nahatonga ny rantsan-tanany roa notapahana noho ny sazy nampiharina taminy araka ny didy aman-dalàna. Namorona io hadith io izy mba hanoherany an'ilay "Lehiben'ireo Mpino"(a.s). Taty aoriana, i Mou'âwiyat sy ireo namany ary ireo Omayyades hafa no nanaparitaka an'io hadith diso io izay milaza hoe : "**i Abou Tâlib dia ao anatin'ny afon'ilay Gehena**". Ankoatra izany, io hadith io dia notantarain'i Abdoul-Mâlik Ibn Omayr, i Abdoul-'Azîz Râwardî sy i Soufiân al-Thawrî, izay mpitantara tsy dia atokisana loatra no sady tsy ankasitrahan'ny ankamaroan'ireo mpahay tantaran'olona[20]. Ireo mpamakafaka ny soratra masina sy manam-pahaizanareo lehibe ireo ihany, toa an'i al-Zhahabî, no nilaza izany hevitra izany ao amin'ny bokiny Mizân-oul-I'tidâl, boky faha-II. Koa amin'ny fomba ahoana moa no hanekena ny hadith iray izay notantarain'ireo olona mpandainga ankarihary sy tsy mendrika ?

## Fizarana fahadimy

### Porofon'ny fananan'i Abou Tâlib finoana

Misy maro ireo zavatra manaporofo ny fananan'i Abou Tâlib finoana.

1) Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara ao amin'ny hadith iray (sady nanambatra ireo rantsan-tanany anankiroa Izy no nanangana izany ho ambony) nanao hoe : "**Izaho sy izay tonga mamonjy ny kamboty, izahay no hiditra ao am-paradisa tahaka ireto rantsan-tanana anankiroa ireto**".

[20] Biographe

Ibn Abî al-Hadîd dia nitantara an'io hadith io ihany koa ao amin'ny bokiny Sharh Nahj-oul-Balâghat, boky faha-IV, p.312, izay nanazavany fa ilay Mpaminany(s.a.s) mazava ho azy, dia tsy mba manondro akory an'ireo izay rehetra nitondra famonjena ho an'ireo kamboty, satria maro amin'izy ireo no nanao fahotana. Amin'ny alalan'io hadith io, no entin'ilay Mpaminany hanondroana an'i Abou Tâlib sy ilay raibeny, i Abdoul-Mouttalib izay samy nikarakara fatratra an'ilay Mpaminany(s.a.s) hatramin'ny fahazazany. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia fantatra tao Makkat fa "Yatîm" kambotin'i Abou Tâlib izay nitaiza Azy nanomboka ny fahavalon'ny taonany, taorian'ny nahafatesan'i Abdoul-Mouttalîb.

2) Misy hadith iray izay tena malaza ka na ireo antokom-pinoana "chiites" na ireo "sunnites" dia samy nitantara izany avokoa tamin'ny fomba samihafa. Ny sasany milaza fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara hoe : "**Gabriel dia niseho tamiko sy nilaza vaovao mahafaly tamiko nanao hoe: Allâh dia tsy mampiditra ao amin'ny Afobe ny taolan-damosina izay niavianareo, ny kibo izay nifonosanareo, ireo tratra izay nampinono anareo ary ireo lohalika izay niampofo anareo**".

Sayyed 'Alî Hamadanî ao amin'ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ, Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat sy al-Qâdhî al-Shoukânî ao amin'ny bokiny Hadith Qoudsî dia samy nitantara an'ilay Mpaminany(s.a.s) izay nilaza hoe :

"**Gabriel dia tonga tamiko nilaza hoe : Allâh dia mandefa ireo firariantsoany ho anao sy nanambara hoe : Marina dia marina fa tsy hiditra ao amin'ny Afobe ny taolan-damosina izay nanome fialofana anao, ny kibo izay nitondra vohoka anao ary ireo lohalika izay niampofo anao".**

Ireto tantara sy hadith ireto dia manaporofo mazava ny fananan'ireo mpanara-dian'ilay Mpaminany(s.a.s) finoana, dia tsy iza moa izy ireo fa i Abdoul-Mouttalib, i Abou Tâlib sy ny vadiny i Fâtimat Bint Asad ary koa ny rain'ilay Mpaminany(s.a.s) i Abdoullâh, sy ny reniny i Amîna Bint Wahhab sy ilay nampinono Azy i Halima.

3) Ilay manam-pahaizanareo lehibe, ‘Izz-oud-Dîn Abdoul-Hamid Ibn Abî al-Hadîd Mou’tazalî dia nandrafitra andalana tononkalo ho fiderana an’i Abou Tâlib toy izao manaraka etsy ambany izao. Izany moa dia voarakitra ao amin’ny Sharh Nahj-oul-Balâghat, boky faha-III p.318 : “**Raha tsy nisy an’i Abou Tâlib sy ny zanany i ‘Alî, ny Islâm dia tsy nanana akory ny hajany na ny tanjany. Abou Tâlib dia niaro sy nanohana an’ilay Mpaminany tao Makkat ary i ‘Alî no nanao izany tao Madînat. Abdou Manâf (Abou Tâlib), araka ny baikon’ny rainy, i Abdoul-Mouttalib dia nanohy tamin’ny fikarakarana an’ilay Mpaminany sy i ‘Alî sady nanamafy ireo ezaka nataony**”.

Nony nodimandry i Abou Tâlib, dia tsy mba namela Azy ho irery satria napetrany ho Azy ilay sombin’ny ainy (i ‘Alî) mba ho fahatsiarovana. Abou Tâlib no voalohany nanatanteraka adidy goavana tokoa tao anatin’ny finoan’i Allâh fa i ‘Alî no vao mainka nanamafy izany adidy izany mba ho an’i Allâh. Ny fahambonian’i Abou Tâlib dia tsy azo lavina noho ny fisian’ireo teny adaladala avy amin’ireo olona ratsy fanahy sasany na noho ny fandavan’ireo fahavalony mikasika ireo voninahiny. Ny fitenenana ny fahazavana ho matroka dia tsy mampiova mihitsy ny famirapiratany.

4) Ireo andalana tononkalo izay nosoratan’ny tenan’i Abou Tâlib ihany, mba ho fiderana an’ilay Mpaminanin’ (s.a.s) ny Islâm dia porofo iray miharihary amin’ny fananany finoana. Ny sasany amin’ireo andalana tononkalo ireo dia noraiketin’Ibn Abî al-Hadîd ao amin’ny bokiny Sharh Nahj-oul-Balâghat, boky faha-III p.316. Ireo manam-pahaizanareo toa an’ny Cheikh Aboul-Qasim Balkhî sy i Abou Ja’afar Askafî dia nitantara izany koa mba hanaporofoana ny fananan’i Abou Tâlib finoana.

Nanoratra toy izao i Abou Tâlib :

“**Izaho dia mangataka ny fiarovan’i Allâh amin’ireo izay mamazivazy na mametaveta anay, amin’ny mpitory teny izay miteny ratsy anay sy izay mampitambatra ireo zavatra hafa amin’ny finoana nefa izany dia lavitra anay.**

**Mianiana amin'ilay Tranon'i Allâh aho fa mandainga izay mihevitra anay ho nandao an'i Mouhammad, eny fa na dia tsy niady tamin'ny fahavalo aza izahay, ny lefona sy ny sabatra dia an-tanana ihany. Araka izany, izahay dia nanampy Azy mandra-paharesy ny fahavalo. Izahay dia nanao sorona ny tenanay ka zary hadino mihitsy aza ireo vady aman-janaka.**

**Lehibe loatra ny fahazavana avy aminy ka tamin'ny alalan'ny famirapiratan'ny tarehiny no nitalahoanay Fanavotan'i Allâh.**

**Nitondra famonjena ho an'ireo kamboty, niaro an'ireo vehivavy mpitondratena Izy. Ireo olona notsinontsinoavin'ireo Banî Hachim dia tonga nila vonjy taminy ka nahazo ireo fahasoavana manokana isankarazany.**

**Mianiana amin'ny fiainako aho fa izaho dia tena manam-pitiavana tokoa an'i Ahmad. Izaho dia mitia Azy toy ny namana madio.**

**Izaho dia vonona hanao sorona ny tenako ho Azy, ary nanampy Azy aho satria Izy dia ravaka ho an'ireo olona eto an-tany, ozona ho an'ireo fahavalo ary fahasoavana ho an'ny fiaraha-monina.**

**Aoka anie Ilay Nahary an'ity tany ity mba hanohana ny famonjeny sy hanambara aminy ny finoany izay làlana mankany amin'i Allâh sy izay tsy ahitana fahadisoana mihitsy**".

Ireto etsy ambany ireto ny sasantsasany amin'ireo tononkalo hafa nosoratan'i Abou Tâlib, hita tao amin'ny bokikeliny ary natonta tao amin'ireo boky tantara maro sy boky literatiora izay noraiketin'Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahj-oul-Balâghat, boky faha-III, pejy faha-312 mba hanaporofoana ny fananan'i Abou Tâlib finoana:

"**Ireto olona ireto dia manantena ny fanoheranay ny Islâm, ny sabatra sy ny lefona eo an-tanana; mihevitra izy ireo fa izahay no hamono an'i Mouhammad. Nefa ny tarehinay dia tsy mbola**

**voalokon'ny rà fa dia tonga mba hanampy Azy. Mianiana amin'ilay Tranon'i Allâh aho fa ianareo dia mandainga amiko: mety hirotsaka aminareo ny loza aman'antambo. Mety hotondraka amin'ireo loha tapaka ny Hatim sy ny Zamzam. Ny tsindrihazolena no nampiharina tamin'ilay Mpaminany izay nalefan'i Allâh mba hitarika ny vahoaka. Izy dia nahazo ilay Boky avy tamin'ny Tompon'ny lanitra**".

Ankoatra ireo porofo mazava manamarina ny fananan'i Abou Tâlib finoana ireo, Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahj-oul-Balâghat boky faha-III, p.315 dia mitantara ireto tononkalo manaraka ireto:

"**Ianareo izay manaiky marina ny fisian'i Allâh! Aoka ianareo hanaiky koa fa izaho dia nanaraka ny finoana nentin'ilay Mpaminanin'i Allâh, dia i Ahmad. Ireo hafa no mety ho diso amin'ny finoany, fa izaho dia anisan'ireo izay voatarika amin'ny fahitsiana**".

Andriamatoa isany ! Aoka ianareo mba hitsara ara-drariny sy hilaza raha toa ka ny tompon'ny tononkalo tahaka izany no azo lazaina fa tsy mpino.

**Cheikh** : Ireo tononkalo ireo dia tsy azo ekena ny fahamarinany noho ny antony anankiroa. Voalohany, izy ireo dia notantaraina araka ny fitohitohizan'ny fitantarana "avy amin'ny loharano tokana" ka noho izany dia tsy porofo ara-dalàna. Faharoan'izany, isika dia tsy manana vavolombelona na dia iray aza tamin'ny faneken'i Abou Tâlib ny Islâm na ny fanononany ilay fanekem-pinoana islamika "Lâ ilâha illàllâh". Ny fitantarana ny sasany amin'ireo tononkalony ireo dia tsy porofo maharesy lahatra akory fa izy dia mpino silamo.

**Chîrâzî** : Ny fanoheranareo mikasika ny maha-loharano tokana ny fitohitohizan'ny fitantarana dia mahagaga. Isaky ny te hanao izany ianareo, mba ho fanohananareo ireo porofo sy hevitrareo dia lazainareo ihany ireo hadith izay fantatra fa "avy amin'ny loharano tokana" na "tsy miely patrana" sahala amin'ilay nambaran'i Abou Bakr fa avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) manao hoe : "**Izahay mpaminany, izahay dia tsy mba mamela lova**". Nefa raha tsy mifanaraka amin'ny hevitrareo izany, dia

asongadinareo io tsikera (avy amin'ny loharano tokana) io mba hanoheranareo ny porofo iray. Raha ny fielezam-patran[21]'ny fitohitohizan'ny fitantarana no anisan'ny fepetra mahamarina ny hadith iray ao amin'ny antokom-pinoanareo, dia amin'ny fomba ahoana no ahafahanareo miantehitra amin'ny hadith izay notantarain'ilay olon-dratsy sy mpijangajanga i al-Mouhgîrah Ibn Shou'bah, ka ilazanareo fa i Abou Tâlib dia hiditra ao amin'ny Afobe, eny fa na dia izany hadith izany aza dia tsy notantarain'olon-kafa ankoatra an'izy irery ihany !!!

Raha mandinika kely fotsiny ianareo, marina tokoa fa ireto tononkalo ireto dia notantaraina tsy ahitana ny fitohitohizan'ny fitantarana na ny fielezam-patran'ny mpitantara; na izany aza anefa, ny fahazoana azy ireo mitambatra dia manana endriky ny "fielezam-patrana ara-kevitra" (tawâtour ma'nawî) ka manambara fa i Abou Tâlib dia nino ny finoana nentin'ilay Mpaminany(s.a.s). Maro ireo ohatra hafa mikasika ny trangan-javatra izay tsy ahitana akory izany fielezam-patran'ny tantara izany. Ireo ady natrehin'ny Imâm 'Alî (a.s) sy ireo herim-po nananany dia niankina tamin'ireo tantara avy amin'ny loharano tokana. Nefa ny fahazoana azy mitambatra, ireny tantara ireny dia zary lasa fitohitohizan'ny mpitantara izay ampy maneho amintsika ny fananany herim-po. Ny hatsaram-panahin'i Hâtam al-Tâ'î sy ny fahamarinan'i Noushourwân dia notantaraina mitovy tsy misy valaka amin'izany ihany koa.

Koa satria ianareo mikiribiby amin'ny fitakiana ny fitohitohizan'ny fitantarana, dia azafady tompoko, raha sitrakareo mba porofoy aminay ny fitohitohizan'ny fitantarana ilay Hadith Dhahdhâh izay nentinareo nilazana fa i Abou Tâlib dia tafiditra ao anatin'ny Afon'ny Gehena.

Mikasika ny fanoheranao faharoa kosa, dia tsotra ny valin-teniko. Ampy ilazana ny olona ho mpino silamo ny fanambarana amin'ny teny tsotra ny finoany an'i Allâh Tokana sy ny Mpaminany sy ny Andro Fitsanganana. Fa raha ny olona iray no manao tononkalo mba hanehoany ny finoany dia efa ampy ihany koa izany. Rehefa i Abou Tâlib no nanao

---

[21]Tawâtour.

fanambarana miendrika tononkalo hoe : “**Ianareo izay manaiky marina ny fisian’i Allâh! Aoka ianareo hanaiky koa fa izaho dia nanaraka ny finoana nentin’ilay Mpaminanin’i Allâh, dia i Ahmad**”, izany aza dia mihoatra ny fanambarana tsotra izay tokony ho nataony.

Ankoatra izany, izy dia naneho ihany koa ny fananam-pinoany teo am-pialana aina, fa saingy tamin’ny alalan’ny teny tsotra no nanehoany izany tamin’ity indray mitoraka ity. Sayyed Mouhammad Rasoulî Bazranjî, i Hâfiz Abou Nâ’im sy i Baihaqî dia nanambara fa ny sasany tamin’ireo loholon’ireo Qouraych ireo, anisan’izy ireo i Abou Jahl sy i Abdoullâh Ibn Abî Oumayyah dia nanatrika ny fialan’i Abou Tâlib aina. Tamin’izany fotoana izany indrindra, ilay Mpaminany(s.a.s) no niteny tamin’i Abou Tâlib rahalahin-drainy nanao hoe : “**Mitenena fa tsy misy Andriamanitra hafa ankoatra an’i Allâh, amin’izay aho afaka mijoro vavolombelona ho anao eo anatrehan’i Allâh**”. Teo noho eo i Abou Jahl sy i Abî Oumayyah dia nanapaka ny fitenenana nanao hoe : “**Abou Tâlib! Tianao homena lamosina ve ny finoan’i Abdoul-Mouttalib ?** ” Namerina izany teny izany imbetsaka izy ireo, ary hoy izy namaly azy ireo hoe : “**Tsy maintsy hofantarinareo angaha ny fanarahan’ i Abou Tâlib ny finoan’i Abdoul-Mouttalib**”. Koa dia lasa nandeha tao anatin’ny fahafaham-po ireo loholona ireo. Rehefa nanakaiky azy ny fahafatesana dia nahita ireo molony nihetsiketsika i Abbâs rahalahiny izay nipetraka teo anilany. Nohenoiny akaiky dia akaiky izy ka dia nandre ny feony izay nanao hoe : “**Tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh**”. Avy eo i Abbâs dia niteny tamin’ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe : “**Ry zanan-drahalahiko! Mianiana amin’i Allâh aho fa ny rahalahiko (i Abou Tâlib) dia niteny ilay teny izay nasainao hoteneniny**”. Noho i Abbâs izay tsy mbola nanaraka ny finoana Islâm ihany koa tamin’io fotoana io, dia tsy te hanonona an’ilay fanekem-pinoana izy.

Nasehontsika teo àry fa ireo razamben’ilay Mpaminany(s.a.s) dia mpino avokoa. Ianareo moa dia nitaky fa tsy maintsy ilaina ny fanambaran’i Abou Tâlib fa izy dia nino ny finoan’i Abdoul-Mouttalib. Nataony afa-po tamin’izany ireo loholona (Abou Jahl sy ny namany) ka samy niaiky izany avokoa, amin’ny finoany marina an’i Allâh Tokana satria i Abdoul-Mouttalib dia nino ny finoan’ny mpaminany Abrahama(a.s).

Tsy vitan'izany fa izy dia nilaza mazava tsara hoe : "**Tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh**". Raha ianareo no mirona mankany amin'ireo tranga ara-tantaran'i Abou Tâlib manokana dia hotsapanareo marina tokoa fa izy dia olona mpino.

Ny andron'ny "Bi'thah" (andro nanambarana ny maha-Mpaminany Azy), ilay Mpaminany(s.a.s), niaraka tamin'i Abbâs rahalahin-drainy, dia tonga tao amin'i Abou Tâlib ary nilaza hoe : "**Marina dia marina fa i Allâh dia nandidy ahy mba hanambara ireo Didiny. Marina dia marina fa notendreny ho Mpaminaniny aho. Koa ahoana ny handraisanao ahy amin'izany ?** "

Abou Tâlib dia lehiben'ireo Qouraych sy ireo Banî Hashim, lehilahy mamy hoditra sy nanana ny hajany teo anatrehan'ireo mponina tao Makkat. Izy no nandray an'ilay Mpaminany(s.a.s) ho eo ambany fiarovany manokana. Raha olona tsy mpino izy dia avy hatrany nanohitra Azy(s.a.s)tsy nihambahamba. Ary raha tsy izany koa, rehefa tonga tao aminy ilay Iraka mba hanampy Azy amin'ny raharahany, dia ho fantatr'i Abou Tâlib fa tonga hanohitra ny finoany Izy, ka azony natao ny nampihiboka an'ilay Mpaminany(s.a.s) tao amin'ny toerana iray na koa nandroaka Azy(s.a.s) niala tao aminy. Ny fanilihana Azy toy izany dia hanelingelina ny asan'ilay Mpaminany(s.a.s) izay hampita ny hafatr'Andriamanitra. Ny finoan'i Abou Tâlib (raha toa izy ka mpanompo sampy) dia avotra ary nahazo fankasitrahana avy amin'ireo namany izy. Abou Tâlib dia afaka nampihorohoro an'ilay Mpaminany(s.a.s) sahala amin'ny nataon'i Azar tamin'ny zanaky ny rahalahiny, i Abrahama(a.s).

## Abrahama nanambara ny fahatongavan'ilay Mpaminany sy ny resaka nifanaovany tamin'i Azar

Ny Kor'âny masina dia mitantara ny fahambonian'ny toeran'ilay mpaminanin'i Allâh, i Abrahama Khalîl-our-Rahmân, izay nilaza tamin'ny rahalahin-drainy, i Azar hoe :

**«Ry raiko ! Tonga tamiko ny fahalalana izay tsy azonao, koa araho aho, fa hotarihiko amin'ny lala-mahitsy ianao»**[22].

« **Hoy izy : Ry Abrahama, tsy mankasitraka ireo andriamanitro ve ianao ? Raha tsy mitsahatra amin'izany ianao, dia hitora-bato anao tokoa aho, mialà eto amiko maharitraritra ianao** »[23].

<u>Abou Tâlib nitondra ny fanohanany feno an'ilay Mpaminany(s.a.s) sy namaky ihany koa ireo tononkalo midera ny Islâm</u>

Mifanohitra amin'izany kosa anefa, rehefa ilay Iraka(s.a.s) no tonga nitady fanampiana dia hoy i Abou Tâlib taminy hoe : "**Ry zanaky ny rahalahiko ! Tanteraho ny andraikitrao. Tena marina, ianao dia ambony voninahitra, mahery ao amin'ny foko misy anao sy tena mafana fo ao amin'ny firazanana ara-pianakaviana misy antsika. Ianiavako amin'i Allâh fa ny lela izay hiteny ratsy mikasika anao dia hahita ny valin'izany amin'ny alalan'ireto sabatro maranitra ireto. Ifantana amin'i Allâh fa ny arabo manontolo dia handohalika eo anatrehanao, toy ny biby miondrika eo anatrehan'ny tompony**".

Ankoatra izany izy dia nandrafitra tononkalo toy izao manaraka izao (mikasika ny iraka ho tanterahin'ilay Mpaminany(s.a.s)) izay voarakitr'Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat, boky faha-III, pejy faha-306 sy i Sibt Ibn Jaouzi ao amin'ny bokiny Tazh'kirat pejy faha-5 : "**Mianiana amin'i Allâh aho fa ireto vahoaka ireto sy ireo naman'izy ireo, dia tsy hahafaty anao mihitsy mandra-pandatsahako azy ireo ao am-pasan'izy ireo. Araka izany, ianao dia tsy maintsy manohy manatanteraka hatrany ny adidinao. Hitondra vaovao mahafaly amin'ny fahombiazanao aho. Niantso ahy hanaraka ny finoanao ianao. Inoako fa ianao dia nitarika ahy amin'ny lala-mahitsy, tena azo antoka fa olo-marina ianao sady mendri-pitokisana hatrany. Ianao dia nitondra ho anay finoana iray izay, fantatro tsara fa mendrika indrindra amin'ireo finoana rehetra. Raha tsy noho ny**

[22] Kor'âny 19/43
[23] Kor'âny 19/46

**fahatahorako ireo fanakianana sy ireo valifaty dia nanampy anao ampahibemaso aho**”.

Ireo tononkalo ireo dia manaporofo fa i Abou Tâlib dia nankasitraka an’i Mouhammad(s.a.s) ho Irak’i Allâh. Mbola maro koa anefa ireo tononkalo tahaka izany, izay nosoratan’Ibn Abî al-Hadîd ao amin’ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat sy ireo manam-pahaizana maro hafa ao amin’ny bokin’izy ireo avy.

Koa averiko eto indray ! Ny olona nanao tononkalo toy izany ve dia olona mpino sa kâfir ?

## Abou Tâlib nanohana sy niaro an’ilay Mpaminany(s.a.s)

Ny ankamaroan’ireo manam-pahaizanareo dia nanamarika fa i Abou Tâlib dia nanohana an’ilay Mpaminany(s.a.s).

Azonareo vakiana ny mikasika izany ao amin’ny Yanâbi’oul-Mawaddat bokin’ny Cheikh Soulaymân Balkhî al-Hanafî, toko faha-52 izay notantaran’i Abou Othmân Ibn Arm-Bahr Jahiz ity famakafakana momba an’i Abou Tâlib ity : “**Abou Tâlib dia mpiaro ny asa sy ny hafatr’ilay Mpaminany. Izy dia nanoratra tononkalo maro midera an’ilay Mpaminany. Izy no lehiben’ireo Qouraych**”.

Izany dia manaporofo mazava tsara ny fahamarinan’ny fananan’i Abou Tâlib finoana. Mazava ho azy moa fa ireo “Omayyades” dia mampirisika ireo olona mba hiteny ratsy an’ilay lehiben’ireo mpino an’Andriamanitra tokana, ilay “Lehiben’ireo mpino” sy ireo zafin’ilay Mpaminany(s.a.s), i al-Hassan(a.s) sy i al-Houssein(a.s). Izy ireo dia namorona ihany koa hadith manameloka an’ilay Imâm(a.s), nanamboatra tantara izy ireo izay milaza fa ny rainy (i Abou Tâlib) dia maty tsy nanam-pinoana. Ny lohandohan’izy ireo amin’izany dia ilay voaozona, i Moughîrat Ibn Shou’bah, izay fahavalon’i ‘Alî(a.s) sy sakaizan’i Mou’âwiyat. Ny “Kharijisme” sy ny “Nasibisme” dia samy nampiely ihany koa fa i Abou Tâlib dia olona tsy mpino. Ireo olon-tsotra dia nino izany ho zava-marina tokoa. Mahatalanjona ny fiheveran’izy ireo an’i Abou Soufyân sy i

Mou'âwiyat ary i Yazid ho anisan'ireo olona silamo sy mpino, na dia teo aza ireo porofo tsy tambo isaina maneho ny mifanohitra amin'izany, sy ny filazan'izy ireo an'i Abou Tâlib ho tsy mpino na dia eo aza ireo porofo mazava sy miharihary manamarina fa izy dia tena olona mpino.

## Mou'âwiyat dia tsy mendrika antsoina ho "Khâloul-Mou'minîn" (Anadahin-drenin'ireo mpino)

**Cheikh** : Moa ve mba mety ny fanaovanareo an'ilay Khâloul-Mou'minîn (Anadahin-drenin'ireo mpino), i Mou'âwiyat Ibn Abou Soufyân ho tsy mpino sy ny fitenenan-dratsy ataonareo aminy foana. Ahoana no ahafahanareo milaza fa i Abou Soufyân sy i Mu'âwiyat ary i Yazid dia kâfir sy mendrika ny hitenenan-dratsy. Ireto olona malaza anankiroa ireto dia khalîfat. Mou'âwiyat dia Khâloul-Mou'minîn (anadahin-drenin'ireo mpino) no sady koa Kâtiboul-Wahy (mpanoratra ny hafatr'Andriamanitra).

**Chîrâzî** : Azonareo lazaina amiko ve fa nahoana i Mou'âwiyat no nomena izany anaram-boninahitra Khâloul-Mou'minîn (anadahin-drenin'ireo mpino) izany ?

**Cheikh** : Ny anabavin'i Mou'âwiyat, i Oumm Habiba dia vadin'ilay Mpaminany(s.a.s) sy renin'ireo mpino, noho izany i Mou'âwiyat anadahiny dia anadahin-drenin'ireo mpino.

**Chîrâzî** : Araka ny hevitrareo, moa ve izy[24] manam-boninahitra ambony kokoa noho i 'Aïcha ?

**Cheikh** : Na dia samy Oummoul-Mou'minîn aza izy roavavy, dia i 'Aïcha no manana toeram-boninahitra avo kokoa noho i Oumm Habiba.

**Chîrâzî** : Araka izany fiheverenareo izany, dia ny anadahin'ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s) rehetra dia Khâloul-Mou'minîn. Koa nahoana àry ianareo no tsy miantso an'i Mouhammad Ibn Abou Bakr ho Khâloul-Mou'minîn ihany koa ? Kanefa dia lazainareo fa ny rainy (i Abou Bakr)

[24] Oumm Habiba

no manam-boninahitra kokoa noho i Mou’âwiyat ary ny anabaviny (i ‘Aïcha) no manam-boninahitra ihany koa noho ny anabavin’i Mou’âwiyat.

Tsia ! Ny fanomezana anarana ho Khâloul-Mou’minîn an’i Mou’âwiyat dia tsy misy dikany.

## Mou’âwiyat nanao Takbîr tamin’ny nahamaritioran’ny Imâm al-Hassan(a.s)

Aboul-Faraj Ispahanî ao amin’ny bokiny Maqâtil-out-Tâlibîn, Mas’oudî ao amin’ny bokiny Ithbât-oul-Wasiyyat sy ireo manam-pahaizana maro hafa dia samy nitantara fa i Asma Jou’da (araka ny baiko sy ny fampanantenana nomen’i Mou’âwiyat azy) dia nanome poizina an’i al-Hassan Ibn ‘Alî(a.s). Abdou Mouhammad Ibn Abdou-Barr sy i Mouhammmad Jarir Tabarî dia samy nanoratra fa rehefa fantatr’i Mou’âwiyat ny fahafatesan’ny Imâm al-Hassan(a.s), dia nanao ny Takbîr “*Allâh no Lehibe Indrindra*” izy. Fa araka ny hevitrareo, ny olona izay voaozona tahaka izany dia antsoina ihany koa ho Khâloul-Mou’minîn !

## Mouhammad Ibn Abî Bakr dia novonoina tao anatin’ny hetaheta sy nodoroina mba ho lasa lavenona noho ny fitiavany an’ireo Ahloul-Bayt

Nefa, mba jereo i Mouhammad Ibn Abî Bakr izay notezain’ilay “Lehiben’ireo mpino”, i ‘Alî(a.s) Ibn Abou Tâlib no sady sakaiza malalan’ireo Ahloul-Bayt ! Niresaka mikasika an’ireto fianakaviana masina ireto, dia hoy izy hoe : “**Ry taranak’i Fâtimat ! Amiko ianareo dia fialofana sy mpiaro ahy. Noho ianareo, any amin’ny Andro Fitsarana, no hahatonga ireo asa soa vitako ho lehibe indrindra. Koa satria marina ny fitiavako anareo, dia tsy ahoako izay mimenomenona eo anilako**”.

Na dia zanaky ny khalîfat voalohany, i Abou Bakr aza izy no sady anadahin’i ‘Aïcha, dia tsy mba nantsoinareo ho Khâloul-Mou’minîn akory. Nampijaliana izy ary tsy nomena zo mba handova ny rainy ! Rehefa i ‘Amr Ibn al-Âs sy i Mou’âwiyat no nahababo ny Ezypta, dia tsy nomena rano i Mouhammad Ibn Abou Bakr. Eny fa na dia efa ho fatin’ny hetaheta ara-bakiteny aza izy dia mbola novonoina. Nofonosana tao

anatin'ny hoditry ny ampondra izy avy teo ka natsipy tao anaty afo.Mou'âwiyat dia tena faly tokoa naheno izany fomba fampijaliana azy izany.

Eo anatrehan'izany tranga izany, ianareo dia tsy mba manontany tena akory fa nahoana ireo olona voaozona ireo no nampihatra tamin'ny zanak'i Abou Bakr izany habibiana izany ? Nefa raha i Mou'âwiyat no ozonina, avy hatrany ianareo dia tezitra. Hitanareo tsara amin'izany ny fanenjehany an'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) ary izany moa dia mbola mitohy foana hatramin'izao.

Koa satria i Mouhammad Ibn Abou Bakr dia iray amin'ireo sakaizan'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s), dia izany no tsy iantsoanareo azy ho Khâloul-Mouinîn, tsy vitan'izany fa mbola tsy hanananareo alahelo ihany koa ny namonoana azy. Fa noho i Mou'âwiyat izay fahavalo tena mpankahala fatratra an'ireo Ahloul-Bayt fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s), no hanomezanareo azy voninahitra ho Khâloul-Mou'minîn. Enga anie i Allâh mba hanafaka antsika amin'izany haratsiam-panahy tafahoatra izany!

<u>Mou'âwiyat dia tsy mpanoratra ny Wahy (hafatr'Andriamanitra)</u>

Faharoan'izany, i Mou'âwiyat dia tsy mpanoratra ny hafatr'Andriamanitra velively. Ny nidirany ho silamo dia tamin'ny taona fahafolon'ny Hijrat (Fifindramonina) kanefa ny hafatr'Andriamanitra dia efa nisy roapolo taona talohan'izany. Taratasy ihany no mba nosoratany. Izy dia nanao zavatra izay tena nanahirana an'ilay Mpaminany(s.a.s). Tamin'ny taona fahavalon'ny Hijrat, rehefa babo ny tanànan'i Makkat, vao niditra ho silamo i Abou Soufyân. Mou'âwiyat tamin'izany dia nandefa taratasy betsaka taminy izay manesoeso azy sy ny fomba nidirany tamin'ny finoana Islâm. Kanefa ireo nosy tao anatin'ny faritanin'ny arabo rehetra dia saika efa teo ambany fahefan'ny Islâm daholo. Izany no nahatonga an'i Mou'âwiyat ihany koa voatery ho niditra nanaraka ny Islâm. Koa dia izany no nahalatsa-boninahitra azy. Abbâs dia nangataka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) mba hanomezana azy anjara toerana mba tsy hanala baraka azy. Noho io fiangavian'ny rahalahin-drainy io, ilay

Mpaminany[s.a.s] dia nanendry azy ho mpanoratra taratasy sy taratasy ampitondraina.

## Fizarana fahenina

Porofo fa i Mou'âwiyat dia kâfir

Ankoatra izany, dia maro ireo andinin'ny Kor'âny masina sy ireo hadith izay manaporofo ny maha-kâfir azy sy mahatonga azy ho mendrika ny hozonina.

**Cheikh** : Tiako ny handre ireo andininy sy hadith ireo izany.

**Chîrâzî** : Hanambara ny sasantsasany amin'izy ireo aho. Raha ho tantaraiko avokoa izy rehetra, dia hahavitana boky iray manontolo. Mouslim ao amin'ny bokiny Sahîh dia nitantara fa i Mou'âwiyat dia iray amin'ireo mpanoratr'ilay Mpaminany[s.a.s]. Madâ'inî dia nilaza toy izao : "**Sa'îd Ibn Thâbit no mpanoratra ny Wahy (hafatr'Andriamanitra) fa i Mou'âwiyat kosa dia nanoratra ireo taratasin'ilay Mpaminany ho an'ireo Arabo hafa**".

Mou'âwiyat sy Yazid dia olom-boaozona (Porofo ao amin'ny Kor'âny)

Ny andininy faha-60, sourat 17 (Banî Israel, al-Isrâ'), ireo mpamakafaka ny soratra masina avy amin'ny antokom-pinoanareo toa an'ny imâm Fakhr-oud-Dîn al-Razî sy i Tha'labî sy ireo hafa dia samy nitantara fa ilay Mpaminany[s.a.s] dia nahita tamin'ny nofy an'ireo Banî Omayyat (Omayyades) nanana endrika rajako izay niaka-nidina teo amin'ny polipitrany. Tamin'izany indrindra ilay Anjely Gabriel no nanambara an'ity andinin-tsoratra masina ity :

«**Ary raha milaza aminao Izahay fa ny Tomponao dia mifehy tanteraka ny olona (amin'ny alalan'ny Heriny sy ny Fahalalany). Fa raha ny fahitana izay nasehonay anao kosa, dia tsy nataonay izany raha tsy ho fitsapana ny olona , tahaka ilay hazo voaozona voalaza ao**

**amin'ny Kor'any. Rahonanay izy ireo, kanefa izany dia tsy miteraka afa-tsy ny fitomboan'ny fandikan'izy ireo lehibe ny lalàna**»[25].

Allâh Ilay Mahery Indrindra dia miresaka mikasika an'ireo Banî Omayyat, ka i Abou Soufyân sy ilay zanany, i Mou'âwiyat no lehiben'izy ireo izay noharina toy ny "hazo voaozona". Mou'âwiyat izay miendrika ny vahy mafy ho an'ity hazo ity dia tsy isalasalana fa voaozona tokoa.

Nanambara ihany koa i Allâh hoe :

«**Moa ve raha mivily lalana ianareo, dia tsy hanaparitaka fanimbana ety an-tany sy hanapaka fihavanana amin'ireo mpiray tampo aminareo ? Izy Ireny no voaozon'i Allâh, ka nataony marenina sy jamba**»[26].

Araka ny voalazan'io andininy io dia, ireo izay manimba ny tany sy manapaka ny fihavanana no voaozon'i Allâh. Koa iza indray moa no iantefan'izany raha tsy i Mou'âwiyat izay ny khilâfat fitondrany dia nalaza tamin'ny fanaovana asa ratsy. Ankoatra izany dia izy no ilay nampisy olana teo amin'izay manam-pihavanana amin'ilay Mpaminany(s.a.s).

Hoy i Allâh ao amin'ny Kor'âny masina hoe :

«**Izay manisy ratsy an'i Allâh sy ilay Irany, dia voaozon'i Allâh eto an-tany sy any ankoatra, ary dia manomana famaizana mahamenatra ho azy ireo Izy**»[27].

Mazava tsara anefa fa ny fampijaliana an'ilay "Lehiben'ireo mpino" i 'Alî(a.s) Ibn Abî Tâlib, sy ireo zafin'ilay Mpaminany(s.a.s) roalahy, i Hassan(a.s) sy Houssein(a.s) sy i Ammâr Ibn Yassir ary ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) hafa malaza, dia mitovy amin'ny fampijaliana ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy. Mou'âwiyat no nampijaly an'ireto

[25] Kor'âny 17/60

[26] Kor'âny 47/22-23

[27] Kor'âny 33/57

olona mpino ireto, koa araka io andininy io izy dia voaozona eto an-tany sy any ankoatra.

Ao amin'ny sourat "Ilay Mpamela heloka", i Allâh dia milaza hoe :

«**Amin'ny andro izay tsy ilain'ireo mpanao ny tsy rariny ny fialan-tsininy, fa ny ozona sy ny fonenana ratsy indrindra kosa no ho azy ireo** »[28].

Ao amin'ny sourat Houd, dia hoy Izy :

«**Moa ve ny ozon'i Allâh tsy hirotsaka amin'ireo mpanao ny tsy rariny ?** »[29].

Ao amin'ny sourat al-A'râf, i Allâh no milaza hoe :

«**Koa indro ny mpiantso hiantsoantso mafy eo afovoan'izy ireo manao hoe : "Ny ozon'i ALLAH anie ho amin'ireo mpanao ny tsy rariny** ! **",**»[30].

Mbola misy maro ireo andininy mikasika ireo tsy rariny sy ny ozona izay miantefa amin'izy ireo. Izaho dia tsy mino raha misy ny iray aminareo no mahasahy mandà ireo tsindrihazolena nampiharin'i Mou'âwiyat ampahibemaso. Araka izany tsindrihazolena nataony izany dia midika fa mendrika azy ny ozon'i Allâh ary noho ny fanambaran'ireo andininy ireo, no ahafahantsika ihany koa manozona an'ireo izay mendrika ny ozon'i Allâh.

Ao amin'ny sourat "Ireo vehivavy", i Allâh dia manambara hoe :

[28] Kor'âny 40/52
[29] Kor'âny 11/18
[30] Kor'âny 7/44

**«Ary izay mamono ny mpino an-tsitrapo, dia ny Afobe no ho vokatry ny asany, hitoetra ao mandrakizay izy. Ary tezitra aminy i Allâh no sady manozona azy ary koa manomana sazy lehibe ho azy»**[31]

<u>Famonoana an'ireo sakaiza lehibe toa an'ny Imâm al-Hassan(a.s), i Ammâr, i Hajar Ibn 'Adî, i Mâlik al-Ashtar ary i Mouhammad Ibn Abî Bakr araka ny baikon'i Mou'âwiyat</u>

Io andininy voalaza ambony io dia milaza mazava tsara fa ny lehilahy iray namono an-tsitrapo ny mpino iray dia mendrika ny ozon'i Allâh ary ny Afobe no ho fonenany. Mou'âwiyat ve tsy niray hevitra tamin'ny famonoana ny ankamaroan'ireo mpino ? Moa ve tsy izy no nanome baiko tamin'ny famonoana an'i Adi Ibn Hajar sy ireo sakaiza miisa fito? Moa ve tsy izy no nanome baiko mba handevenam-belona an'i Abdour-Rahmân Ibn Hassan al-'Anzî ?

Ibn 'Asâkir sy i Ya'qoub Ibn Soufyân ao amin'ny boky tantara nosoratan'ny tsirairay, i Baihaqî ao amin'ny boky Dalâ'il, Ibn Athîr ao amin'ny boky Kâmil dia samy nanoratra avokoa fa i Adi Ibn Hajar, iray amin'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) malaza, miaraka amin'ireo sakaiza hafa miisa fito dia novonoin'i Mou'âwiyat an-kalozana noho izy ireo izay nandà ny hanozona an'i 'Alî(a.s).

Ny Imâm al-Hassan(a.s) dia zafikelin'ilay Mpaminany(s.a.s). Fa angaha tsy anisan'reo "As'hâboul-Kisâ'[32]" Izy ? Fa angaha tsy izy no iray amin'ireo Lehiben'ireo tanoran'ny paradisa anankiroa sady mpino iray ambony voninahitra? Araka ny voalazan'i Mas'oud, sy i Aboul-Faraj Ispahanî, sy i Mouahammad Sa'd ao amin'ny Tabaqât, sy i Sibt Ibn Jaouzî ao amin'ny Tazhkîrat sy ireo manam-pahaizana hafa, i Mou'âwiyat dia nandefa poizina nankany amin'i Asmâ' Jou'dah ka nampanantena azy fa raha vitany ny mamono an'i Hassan Ibn 'Alî(a.s), dia homeny vola 100.000 dirhams izy sy hampanambady azy amin'i Yazid zanany. Taorian'ny nahamaritiora an'ny Imâm al-Hassan(a.s), dia nomeny azy tokoa ilay

---

[31] Kor'âny 4/93

[32] Olon'ilay lambabe

100.000 dirhams fa kosa tsy notanterahiny ny fampanambadiana azy amin'i Yazid. Mbola hisalasala foana ve ianareo ny hanozona an'i Mou'âwiyat ?

Moa ve tsy tamin'ilay adin'i Siffin, ilay sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) lehibe, i Ammâr Ibn Yâssir no novonoin'ireo andian'olona teo ambany fahefan'i Mou'âwiyat ? Ireo manampahaizanareo dia niombon-kevitra tamin'ny fanoratana fa ilay Iraka(a.s) dia nilaza tamin'i Ammâr nanao hoe : "**Ho avy ny fotoana fa ianao dia hovonoin'andian'olona mpikomy, very lalana**". Mampisalasala anareo ve ny fisian'ireo mpino anarivony novonoin'ireo olom-pehezin'i Mou'âwiyat ? Ilay mpiady matanjaka sy mahery fo, i Mâlik Ibn Ashtar dia novonoina tamin'ny poizina araka ny baikon'i Mou'âwiyat. Mbola afaka mandà ve ianareo fa ireo tandapan'i Mou'âwiyat, i 'Amr Ibn al-'As sy ireo namany dia namono an-kalozana an'ilay governoran'i Ezypta, i Mouhammad Ibn Abou Bakr izay olom-boatendrin'i 'Alî(a.s) ? Nampidirina tao anatin'ny hoditry ny ampondra ny fatiny ary dia nodorana. Raha ho tantaraiko aminareo antsipiriany ireo mpino novonoin'i Mou'âwiyat tsy ara-drariny sy ireo tandapany, dia mitaky alim-pivoriana maromaro izany. Mbola noho ny baikon'i Mou'âwiyat hatrany, no nahatonga an'i Bousr Ibn Arta'ah nanatanteraka halozana lehibe izay niteraka fatin'olona tsy manan-tsiny anarivony.

Ny halozana lehibe indrindra nitranga dia ilay halozana vitan'i Bousr Ibn Arta'ah izay namono mpino anarivony araka ny baikon'i Mou'âwiyat.

Aboul-Faraj Ispahanî sy ny 'Allâmah Samhoudî ao amin'ny boky Târîkhoul-Madînat sy Ibn Khallikan, Ibn 'Asâkir sy Tabarî, i Abî al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahjoul-Balâghat boky voalohany sy ireo hafa maro dia samy nitantara fa i Mou'âwiyat dia nandidy an'i Bousr mba hanafika an'i Makkat, Madînat, San'â sy Yémen. Nanome baiko tahaka izany koa izy tamin'i Zouhak Ibn Qais al-Fahrî sy ireo ekipany. Aboul-Faraj dia nitantara nanao hoe : "**Ireo sakaiza sy mpanara-dian'i 'Alî rehetra izay mifanena aminareo dia tsy maintsy vonoinareo, anisan'izany ireo ankizy amam-behivavy**". Araka izany baiko izany izy ireo dia nametraka

herim-pamoretana vatan-dehilahy miisa 3.000 ka nanafika an'i Madînat, San'â, Yémen, Ta'if sy Najran. Nony tonga tao Yémen izy ireo, dia tsy tao an-toerana ilay governora, i Oubaidoullâh Ibn Abbâs. Niditra an-keriny tao an-tranony izy ireo ka namono avy hatrany ireo zanany roalahy, i Soulayman sy i Daoud teo anatrehan'ny renin'izy roalahy (na ny mpampinono azy roalahy). Ibn Abî al-Hadîd dia nanoratra ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat, boky voalohany pejy faha-121 hoe : "**Noho ireo herisetra ireo dia nahatratra 30.000 ireo olona maty novonoina, ankoatra ireo izay nodoroina velona !** ".

Mbola milasalasala ve ianareo fa i Mou'âwiyat dia mendrika ny hozonina ?

Anisan'ny iray amin'ireo porofo maro manamarina ny maha-jentilisa an'i Mou'âwiyat sy ny mahamendrika ny fanozonana azy dia ny fitsipahany ampahibemaso an'ilay "Lehiben'ireo mpino", ny Imâm 'Alî sy ny fibaikoany ireo vahoaka mba hanozona Azy ao anatin'ny tonom-bavaky ny Qounout (fangatahana ao anatin'ny fanompoam-pivavahana fanao andavan'andro). Zava-nisy nalaza izany! Eny fa na dia ireo mpahay tantara avy amin'ireo firenena tsy silamo aza dia nanoratra izany fihetsika mamohehatra izany ary ireo mpino dia nanaraka izany fotsiny fa hovonoina izy ireo raha mandà ny manozona Azy. Ilay khalîfat "ommayyade", i Omar Ibn Abdoul-Aziz no nanafoana izany fanalam-baraka sy fomba maharikoriko izany, taty aoriana.

Mazava miharihary anefa, fa izay manozona ny rahalahin'ilay Mpaminany(s.a.s), ilay vadin'i Fâtimat(a.s), ilay "Lehiben'ireo mpino", i 'Alî(a.s) Ibn Abî Tâlib sy mampirisika ny hafa hanao izany dia voaozona tokoa. Izany no voasoratr'ireo manam-pahaizanareo. Ny imâm Ahmad Ibn Hambal ao amin'ny bokiny Mousnad, i Mouslim Ibn Hajjâj ao amin'ny bokiny Sahîh, ny imâm Abou Abdour-Rahman Nisâ'î ao amin'ny bokiny khasâ'isoul-'Alawî, ny imâm al-Tha'labî sy ny imâm Fakhroud-Dîn ar-Râzî ao amin'ny boky tafsîr (famoamboasana soratra masina) nosoratan'izy ireo, Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâgahat, i Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Shâfi'î ao amin'ny bokiny kifâyat-out-Tâlib, i Sibt Ibn Jaouzî ao amin'ny bokiny tazh'kirat, i

Soulayman al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny bokiny Yanâbi'oul-Mawaddat, ny Sayyed 'Alî Hamadanî ao amin'ny bokiny Mawaddatoul-Qourbâ, i al-Dailamî ao amin'ny bokiny Firdaous, i Mouhammad Talha al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Matâlibous-Sou'oul, Ibn al-Sabbâgh al-Mâlikî ao amin'ny bokiny Fousoul al-Mouhimmat i al-Hâkim ao amin'ny bokiny Moustadrak, i al-Khaîb al-Khawârizmî ao amin'ny bokiny Manâqib, al-Hamwainî ao amin'ny bokiny Farâ'id, Ibn al-Maghâzilî al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Manâqib, ny imâmoul-Haram ao amin'ny bokiny Zhakhâ'ir-oul-'Ouqbâ, Ibn Hajar ao amin'ny bokiny Sawâ'iq ary ireo manam-pahaizanareo hafa ankoatra azy ireo, dia samy nitantara ny tenin'ilay Mpaminany amin'ny fomba samihafa kely fotsiny manao hoe :

"**Izay miady amin'i 'Alî dia tena marina miady amiko. Izay miady amiko, miady amin'i Allâh**".

Dailamî ao amin'ny bokiny Firdaous, i Soulayman Hanafî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat dia nitantara an'ilay Mpaminany nilaza hoe :

"**Izay mampahory an'i 'Alî dia mampahory ahy ihany koa ka ny ozon'i Allâh anie no hirotsaka amin'izay mampahory ahy**".

Ibn Hajar al-Makkî ao amin'ny bokiny Sawâ'iq dia mitantara hadith iray maneho ny tsy fahamendrehan'izay olona manozona ny fianakaviana masin'ilay Mpaminany. Nitantara ny tenin'ilay Mpaminany toy izao izy :

"**Na iza na iza manozona an'ireo fianakaviako Ahloul-Bayt ireo dia esorina ao amin'ny Islâm. Na iza na iza mandratra an'ireo fianakaviako Ahloul-Bayt ireo dia mandratra ahy ihany koa ka ny ozon'i Allâh anie ho aminy**".

Noho izany, i Mou'âwiyat dia olom-boaozona tokoa.

Ibn Athîr dia nitantara nanao hoe : i Mou'âwiyat dia nanozona an'i 'Alî, sy ireo zafikelin'ilay Mpaminany(s.a.s), i Hassan(a.s) sy i Houssein(a.s); nozoniny ihany koa i Abbâs sy i Mâlik Ibn al-Ashtar tao anatin'ny

fanaovana “qounout” nandritra ireo fanompoam-pivavahany andavanandro.

Ny imâm Ahmad Ibn Hambal dia nitantara ao amin’ny bokiny Mousnad fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe :

“**Na iza na iza mandratra an’i ‘Alî dia ho raisina toy ny Jiosy sy ny Krsitiana any amin’ny Andro Fitsarana**”.

Ianareo dia tokony hahalala fa ny fampijalina an’i ‘Alî(a.s) na ilay Iraka(a.s) amin’ny alalan’ireo anarana maniratsira dia mahatonga ny olona ho lasa kâfir. Manaporofo izany ity hadith marina manaraka ity :

Mouhammad Ganjî al-Châfi’î ao amin’ny bokiny Kifâyat-out-Tâlib, ao amin’ny fizarana faha-10 dia mitantara fa i Abdoullâh Ibn Abbâs sy i Sa’id Ibn Jâbir, indray andro izy ireo nahita andian’olona avy any Syrie izany naniratsira an’i ‘Alî tamin’ny alalan’ny vavan’izy ireo, teo amoron’ilay lava-drano Zamzam.Nanatona azy ireo izy ireo ka nanontany i Abdoullâh Ibn Abbâs nanao hoe : “**Iza aminareo moa no maniratsira an’i Allâh Ilay Avo Indrindra ?** ”. Namaly izy ireo hoe : “**Tsy misy**”. Nanontany indray izy hoe: “**Iza aminareo àry no maniratsira an’ilay Irak’(s.a.s)i Allâh ?** ”. “**Tsy mba misy aminay ny maniratsira an’ilay Irak’(s.a.s)i Allâh**”, hoy hatrany izy ireo. Nanontany farany izy nanao hoe : “**Ary iza aminareo ireo no maniratsira an’i ‘Alî Ibn Abî Tâlib ?** ”. “**Ah, raha izy kosa dia eny (maniratsira azy izahay)**”, hoy navalin’izy ireo. Nilaza tamin’izy ireo i Abdoullâh Ibn Abbâs hoe: “Mijoro vavolombelona ho an’ilay Irak’(s.a.s)i Allâh aho fa ireo sofiko roa no naheno (sy nahay tsianjery) Azy niteny tamin’i ‘Alî Ibn Aî Tâlib nanao hoe :

“**Izay manevateva Anao dia manevateva Ahy ary izay manevateva Ahy dia manevateva an’i Allâh, koa na iza na iza manevateva an’i Allâh, dia horaisin’i Allâh amin’ireo lavak’orony izy ka hatsipiny ao amin’ny Afon’ny Gehena**”.

**Cheikh** : Tsy ekena raha ny olona manan-danja tahaka anao izao no manameloka ny sakaizan’ilay Mpaminany(sa.s). Efa iaraha-mahalala fa i

Allâh dia nanambara andinin-tsoratra masina maromaro midera an'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo sy nampanantena ny Paradisa ho azy ireo. Mou'âwiyat, ilay Khâloul-Mou'minîn dia tena marina fa sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) miavaka manokana, ka noho izany izy dia mendrika ireo fiderana voalazan'ireo andinin'ny Kor'âny ireo. Ny manevateva an'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia mitovy amin'ny manevateva an'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s) ihany koa.

**Chîrâzî** : Hadinonareo ve ny teny efa nolazaiko taminareo nandritra ireo alim-pivoriana teo aloha. Tsy misy mandà ireo andininy manambara ny voninahitr'ireo sakaiza. Nefa raha dinihinareo tsara ny hevitry ny teny hoe Sahâbat (na Sakaiza), dia hotsapanareo fa ireo andininy izay midera an'ireo sakaiza dia tsy miantefa akory amin'izy rehetra. Isika dia tsy afaka ny hihevitra azy ireo daholo ho madio avokoa.

Andriamatoa isany hajaina ! Ianareo akory dia tsy olona tsy mahalala fa ny atao hoe "**Sahâbat**" dia midika ara-bakiteny hoe "**olona miray na minamana amin'i...**". Araka izany, io teny io dia afaka maneho ny hevitry ny fiaraha-monina, na ny fiombonana raha ny marina kokoa, mifono hevitry ny fanampiana sy famonjena entina ho an'ny hafa. Araka ny fomba fiteny arabo sy ny Kor'âny ary ireo hadith, ny sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia olona izay niara-niaina tamin'ilay Mpaminany(s.a.s), na silamo izany na tsia. Noho izany, ny filazanareo fa ireo sakaiza rehetra dia mendrika ny miditra ao am-Paradisa dia tsy mitombina. Izany moa dia mifanohitra amin'ny fieritreretan'ny saina sy ireo hadith.

Araka ny voalazan'ny Kor'âny, ny teny hoe "Sâhib" sy ny "Sahâbat" izay manondro ireo "Sakaiza" dia tsy mba manana dikany ankolaka hafa.

'Ndeha holazaiko aminareo ireo andininy fanampiny sy ireo hadith marina avy amin'ireo manam-pahaizana "sounnites" mba tsy hahadiso hevitra anareo mikasika ny tena dikan'ny teny hoe "sakaiza". Io teny io dia nampiasaina ho an'ireo sakaiza rehetra, na izy ireo silamo na tsia.

Ao amin'ny sourat al-Najm (Ny Kintana), i Allâh dia miteny amin'ireo mpanompo sampy:

**«Fa tsy diso làlana ny namanareo, ary tsy tafiditra anaty fahadisoana»**[33].

Ao amin'ny sourat Sabâ, hoy i Allâh hoe :

**«Zavatra iray ihany no ampirisihako anareo, dia ny hitsangananareo ho an'Andriamanitra tsiroaroa, na tsirairay, ka handinihanareo avy eo. Tsy azon-javatra mihitsy ny namanareo (Mohammad),»**[34].

Sy ao amin'ny sourat Kahf (Ilay lavabato) :

**«Ary nanana voankazo izy, ka niteny tamin'ny namany, izay niresahany izy hoe : "Manana harena bebe kokoa noho ianao aho, ary matanjaka noho ianao, amin'ny foko izay misy ahy".»**[35].

Ary ao amin'io sourat io ihany milaza manao hoe :

**«Hoy ny namany, eo am-piresahana aminy : "Moa tsy hino izay Nahary anao, avy tamin'ny tany va ianao, avy eo, tamin'ny tsirinaina, ary farany dia namboatra anao ho olombelona ? "»**[36].

Ao amin'ny sourat A'râf :

**«Moa tsy mba mieritreritra va izy ireo ? Fa io naman'izy ireo io dia tsy adala akory, fa mpampitandrina miharihary.»**[37].

Ao amin'ny sourat An'am, i Allâh dia milaza hoe :

**«Lazao hoe : "Moa va hangataka amin'ny hafa ankoatra an'i ALLAH izahay, izay tsy manasoa anay no sady tsy manao**

---

[33] Kor'âny 53/2
[34] Kor'âny 34/46
[35] Kor'âny 18/34
[36] Kor'âny 18/37
[37] Kor'âny 7/184

**ratsy anay ? Ary moa va hiverin-dàlana izahay taorian'ny notarihin'i ALLAH anay, tahaka ilay norebireben'i satana, ka mirenireny sahiran-tsaina ety ambonin'ny tany. Na dia antsoin'ireo namany hanaraka ny làlana mahitsy aza izy hoe : "Tongava aty aminay", dia valio kosa hoe : "Ny tari-dàlana tena izy, dia ny tari-dàlan'i ALLAH". Ary nobaikoina izahay hanolotena ho an'ny Tompo Zanaharin'izao Tontolo izao.**»[38].

Ao amin'ny sourat Yousouf[39] : Yousuf miresaka amin'ireo olona mpanompo sampy izay voatazona am-ponja niaraka taminy)

«**Ry namako roalahy ato an-tranomaizina ! Iza no tsara indrindra, ireo tompo maromaro, sa ALLAH ilay Tokana, sady Mpifehy faratampony ?** »[40]

Ireo no andininy vitsivitsy azo atao ohatra. Mazava araka izany fa ireo teny "**sahâbat**", "**sâhib**", "**mousâhib**" sy ny "**ashâb**" ireo, dia tsy misy fifandraisany amin'ireo mpino silamo. Izy ireo dia manondro an'ireo mpino silamo ary manondro ihany koa an'ireo mpanompo sampy. Araka ny efa nolazaiko vao tsy ela teo, fa ny olona manao raharaha ara-piaraha-monina miaraka amin'ny hafa no antsoina hoe "mousâhib" na "sâhib". Ireo Sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia ireo izay nanana fifandraisana ara-piaraha-monina niaraka taminy.

Tamin'ireo Sakaizan'ilay Mpaminany Mohammad(s.a.s), dia nahitana karazan'olona maro izay misy ny tsara toetra, misy ny ratsy, misy ny mpino marina, ao koa ny mpihatsaravelatsihy. Ireo andininy izay midera an'ireo sakaiza dia tsy mihatra akory amin'izy rehetra. Fa izany dia manondro an'ireo sakaiza izay tsara toetra ihany. Marina fa tsy mba nisy tamin'ireo mpaminany tany aloha , na dia iray aza no nanana sakaiza malaza sahala amin'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s). Ohatra, ireo sakaiza tamin'i Badr, i Ouhoud sy i Hounayn dia nisedra fitsapana avo

---

[38] Kor'âny 6/71

[39] Mpaminany Josefa

[40] Kor'âny 12/39

lenta tokoa izay niaretan'izy ireo. Nanampy an'ilay Mpaminany(s.a.s) izy ireo no sady hentitra tamin'ny fanapahan-kevitr'izy ireo. Kanefa, tao anatin'izany, dia nisy ihany koa ireo olona sasantsasany izay manan-tsiny, fahavalon'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny fianakaviany toa an'i Abdallâh Ibn Oubayy, i Abou Soufyân, i Marwan Ibn al-Hakam, i Abou Houraïra, i Mousailima, i Yazid Ibn Mou'âwiyat, i Amr Ibn 'As, i Bousr Ibn Arta'ah (lehilahy iray lian-drà), i al-Moughira Ibn Sha'bah, i Mou'âwiyat Ibn Abi Soufyân sy i Zhou-th-Thadiyah. Ireto olona ireto nandritra ny fahaveloman'ilay Mpaminany(s.a.s) sy taorian'ny fahafatesany dia nanao asa fanakorontanana hatrany. Iray amin'izy ireo dia i Mou'âwiyat izay olona efa voaozon'ilay Mpaminany mihitsy tamin'ny fotoan'androny. Taorian'ny nahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s), raha vao nahazo fotoana fanararaotana i Mou'âwiyat dia nitsangana avy hatrany izy nampisara-bazana ny vahoaka, nandray fahefana amin'ny anaran'ny famaliana faty ny namonoana an'i Othmân, ary nampisy ny rà mandriaka teo anatrehan'ireo silamo izy. Nandritra izany vonoan'olona izany, dia maro tamin'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s), toa an'i Ammàr Ibn Yassir no maty maritiora. Ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy moa no efa naminany ny hahamaritiora an'ity farany araka ireo hadith izay efa nambarako.

## Ny Kor'âny masina dia midera an'ireo Sakaiza tsara sy manameloka ihany koa an'ireo ratsy

Tsy tambo isaina tokoa ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny Kor'âny sy ireo hadith midera an'ireo sakaiza malaza sy ireo mpino tsara. Nefa maro ihany koa ireo andininy sy ireo hadith manameloka an'ireo sakaiza izay nanao fahotana.

**Cheikh** : Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao milaza fa ireo sakaizan'ilay Mpaminany dia nanao fanakorontanana ny fiaraha-monina?

**Chîrâzî** : Tsy izaho irery anie no milaza izany. Allâh ao amin'ny sourat Imrân dia nanambara hoe :

«**Koa raha nindaosin'ny fahafatesana Izy na koa novonoina , dia hivadika hitodi-damosina Aminy ve ianareo ?** »[41] Tena maro ireo andinin'ny Kor'âny no manambara hevitra tahaka izany.

Ireo manam-pahaizanareo, i Boukharî, i Mouslim, Ibn 'Asâkir, Y'aqoub Ibn Soufyân, ny imâm Ahmad Ibn Hanbal, i Abdoul-Barr sy ireo hafa dia samy nitantara hadith maromaro manameloka ireo sakaiza sasantsasany. Hadith anankiroa ihany no holazaiko anareo. Boukharï dia nitantara araka ny fitantaran'i Sahl Ibn Sa'id sy i Abdoullâh Ibn Masound, ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) izay nilaza hoe : "**Izaho dia miandry anareo any amin'ny loharanon'i Kaouthar. Rehefa misy ny vondrona iray aminareo no mandeha amin'ny lalan-dratsy, dia hoy aho hoe : ry Allâh ô ! Ireo anie dia mba sakaizako ihany e ! Dia hisy hamaly ahy hoe: Tsy fantatrao tokoa mantsy izay nataon'izy ireo taorianao**".

Toraka izany koa, ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad sy i Tabarânî ao amin'ny bokiny Kabîr ary koa i Abou Nasr Sakhrî ao amin'ny bokiny Ibânah, dia samy nitantara araka ny fitantaran'Ibn Abbâs fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe : "**Izaho dia te hanavotra anareo amin'ny famaizan'ny Afobe. Miangavy anareo aho mba hatahotra ny Gehena sy mba tsy hitondra fanovana na dia iray aza amin'ny finoan'i Allâh. Rehefa maty aho ka tafasaraka aminareo, dia hiandry anareo any amin'ny loharanon'i kaouthar aho, ka izay manaraka ahy any dia ho voavonjy. Amin'ny farany, rehefa tazako ny vondron'olona lehibe iray izay iharan'ny sazin'i Allâh, dia hoy aho hoe : ry Allâh ô ! Ireo olona ireo anie ka mba vahoakako ihany e ! Dia hisy hamaly ahy hoe : Ireo olona ireo dia niverina tamin'ny finoan'izy ireo teo aloha taorinao**". Fa araka ny voalazan'i Tabarânî, ny ho valinteny dia toy izao : "**Tsy fantatrareo tokoa mantsy ireo fanovana nentin'izy ireo tamin'ny finoana taorianao. Izy ireo dia niverina tamin'ny finoan'izy ireo teo aloha**".

[41] Kor'âny 3/144

## Abou Tâlib dia mpino iray hiringiriny tokoa

Ianareo dia miziriziry hatrany fa i Mou’âwiyat sy Yazîd dia mpino silamo na dia teo aza ireo fahotana vitan’izy ireo, izay voarakitra ao amin’ireo bokinareo ihany. Ny sasany amin’ireo manam-pahaizanareo dia nanoratra ireo boky manontolo mifanaraka tsara amin’izany hevitray izany ary manome tsiny azy ireo, nefa ianareo dia mikiribiby foana amin’ny filazana fa mendri-piderana izy ireo fa i Abou Tâlib no kâfir! Mazava ho azy fa izany resaka fanaratsiana izany dia avy amin’ny fankahalana an’ilay “Lehiben’ireo mpino”, i ‘Alî(a.s) Ibn Abî Tâlib. Ianareo dia mandà ireo fanazavana manaporofo ny tsy finoana sy ny fihatsarambelatsihin’i Mou’âwiyat sy i Yazîd no sady mitsipaka ireo fijoroan’i Abou Tâlib vavolombelona mikasika ny finoany an’i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s).

## Ireo porofo fanampiny mikasika ny fidiran’i Abou Tâlib amin’ny Islâm

Moa ve tsy zava-nisy ny filazan’ireo Ahloul-Bayt fianakavian’ilay Mpaminany fa i Abou Tâlib dia olona mpino ary maty tao anatin’ny finoana. Asbagh Ibn Nabouta, lehilahy iray izay tsy misy olona misalasala amin’ny fahatsorany, moa ve tsy notantarainy fa ilay “Lehiben’ireo mpino”(a.s dia niteny hoe : “**Mianiana amin’i Allâh aho fa ny raiko, i Abou Tâlib, ny raibeko, i Abdoul-Mouttalib, i Hâshim ary i Abdou Manaf dia tsy mba nanompo sampy mihitsy**”. Moa ve rariny ny fitsipahana ireo tenin’i ‘Alî(a.s) sy ireo Ahloul-Bayt(a.s) mba hentina hanamarinana an’i Moughira (hirotsaka aminy anie ny ozona), sy an’ireo Amawis, an’ireo Kharijites, an’ireo Nasibites sy ireo hafa fahavalon’i ‘Alî Ibn Abou Tâlib ?

Ankoatra izany, Ibn Abî al-Hadîd ao amin’ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat dia nitantara fa indray andro i Abou Tâlib tonga tao amin’ny Moske ary nahita an’ilay Mpaminany(s.a.s) nivavaka. ‘Alî(a.s) no teo an-kavanany. Abou Tâlib dia niangavy an’i Ja’afar (Tayyar) zanany izay niara-dia taminy no sady mbola tsy nanaraka ny Islâm, mba hitsangana eo akaikin’ny zanaky ny rahalahin-drainy[42] sy mba hivavaka

---

[42] Ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s)

miaraka aminy. Nanatona i Ja'afar ary nijoro teo an-kavian'ilay Mpaminany ka nivavaka. Tamin'izay fotoana izay, i Abou Tâlib dia nanao izao tononkalo izao : "**Tena marina fa i 'Alî sy i Ja'afar no heriko sy fiononako amin'ny alaheloko sy ny fahakiviana. Ry 'Alî ô, ry Ja'afar ô ! Aoka ianareo mba tsy hiala velively amin'ny finoan'ny zanaky ny rahalahin-drainareo**[43]**, zanakalahin'ny rahalahiko ary ampio Izy. Mianiana aho fa tsy handao an'ilay Mpaminany mihitsy aho. Azo atao ve ny mandao ny Mpaminany iray izay avy amin'ny fianakaviana manan-kaja ?** "

Araka izany, ireo manam-pahaizanareo dia miara-manaiky fa i Ja'afar dia niara-nivavaka tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) ary niditra nanaraka ny Islâm araka ny fiangavian'i Abou Tâlib.

Maro amin'ireo mpitantara hadith sy ireo mpahay tantara toa an'Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat, sy Ibn Jaouzî ao amin'ny Tazhkirat Khawâs-oul-Oumma, araka ny fitantaran'Ibn Sa'd (ao amin'ireo bokiny Tabaqât), araka ny voalazan'i al-Wâqidî izay nitantara nanao hoe : "**Niteny i 'Alî(a.s) hoe : Rehefa nodimandry i Abou Tâlib, dia izaho no nampilaza izany tamin'ilay Mpaminany(s.a.s), ka dia nitomany fatratra Izy. Avy eo hoy Izy tamiko hoe : Mandehana ampandroy ny vatany mba handevenana Azy, fonosy ny vatany ao anatin'ny lambam-paty ary aleveno Izy. Allâh anie no hitso-drano sy handrotsaka ny Fahasoavany ho Azy !** ".

Mety amin'ny Islâm ve ny manatanteraka ireo fombafomba fandevenana ny mpanompo sampy iray ? Azon'ilay Mpaminany(s.a.s) atao ve ny mangataka ireo tso-dranon'i Allâh ho an'ny jentilisa na mpanompo sampy iray ? Ilay Mpaminany(s.a.s) moa dia tsy nandao ny tranony mihitsy teo am-pivavahana amin'i Allâh mba hahazoan'i Abou Tâlib fiadanana mandrakizay aorian'ny nahafatesany.

[43] Ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s)

Raha jerenareo ny ao amin'ny Tazhkirat bokin'i Sibt Ibn Jaouzî, p.6 dia hohitanareo ao fa i 'Alî(a.s) dia nanao hiram-pisaonana an-drainy toy izao:

"Ry Abou Tâlib ! Ianao dia fiarovana iray ho an'izay mitady fialofana, rotsak'oran'ny famindrampo ho an'ireo tany maina ary fahazavan'izay niditra tao anatin'ny haizina. Ny fahafatesanao dia nandrava ireo andrin'ny fandriampahalemana. Ankehitriny Ilay Tena Mpanao soa marina dia nahafoy ho anao ny Fahasoavany. Ilay Tsitoha dia nampiraikitra anao ao amin'ny Fanjakany. Marina dia marina fa ianao no mendrika amin'ireo rahalahin-drain'ilay Mpaminany(s.a.s)".

Moa ve azo eritreretina fa ny lehilahy iray izay izy no finoana hita maso an'Andriamanitra Tokana, no maneho izany fiderana izany ho an'ny olona maty tao anatin'ny tsy fananam-pinoana ?

## Abou Tâlib dia nanafina ny Finoany raha toa ka nampiharihary ny Azy ireo kosa i Hamza sy i Abbâs

**Cheikh** : Raha i Abou Tâlib no mpino marina, dia nahoana izy no tsy nanambara izany finoany izany sahala amin'ny nataon'ireo rahalahiny ireo, toa an'i Hamza sy i Abbâs ?

**Chîrâzî** : Nisy fahasamihafana lehibe teo amin'ny fipetraky ny toe-draharaha sy ny toetran'i Abbâs, i Hamza, ary i Abou Tâlib. Ny tsirairay tamin'izy ireo dia nisafidy ny anjara asany izay tena mifanaraka amin'ny anjara toerany sy ny toetrany mba hanampiana an'ilay Mpaminany(s.a.s). Hamza dia tena nanana ny hafanam-pony no sady mpiady izay tena natahoran'ireo mponina rehetra tao Makkat. Ny nidirany tao amin'ny Islâm dia nitondra fanampiana lehibe tokoa ho an'ilay Mpaminany(s.a.s). Ireo silamo dia nirehareha noho ny fisiany teo anatrehan'izy ireo. Al-Abbâs kosa dia tsy mba toy izany fa tsy mba nanambara ny maha-silamo azy teo noho eo izy. Ibn Abdoul-Barre dia nanoratra ao amin'ny bokiny Isti'âb toy izao: "Al-Abbâs dia niditra tamin'ny finoana Islâm tamin'ny fotoana izy tao Makkat, kanefa nanafina ny finoany tamin'ireo Qouraych izy. Rehefa nanao fifindra-monina niala

tao Makkat ilay Mpaminany(s.a.s) dia nikasa mba hiaraka aminy ihany koa i Abbâs. Nefa nandefa taratasy taminy ilay Mpaminany(s.a.s) , nilaza fa tena ilaina ny fijanonany ao Makkat. Izany no nijanonany tao Makkat sy nanomezany vaovao izay niseho tao an-tanàna ho an'ilay Mpaminany(s.a.s). Ireo mpanompo sampy dia nitondra azy niaraka tamin'izy ireo tamin'ny adin'ny Badr. Nony resy anefa ireo tsy mpino ireo dia nogadraina izy. Tamin'ny fandresena an'ady nahazoana ny Khaybar, izy vao afaka nanambara ny finoany".

Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny bokiny Yanâbi'oul-Mawaddat, toko-56 p-226 dia nitantara ny voarakitra ao amin'ny Zhakhâ'iroul-'Ouqbâ nosoratan'i Abdoullâh al-Tabarî al-Shâfi'î izay nitantara araka ny voalaza ao amin'ny boky Fadhâ'il nosoratan'i Aboul-Qasim Ilahî fa i Abbâs dia efa niditra tao amin'ny Islâm hatreny am-piandohana fa saingy notazominy ho tsiambaratelo izany. Tamin'ny adin'ny Badr, rehefa nandeha niaraka tamin'ireo tsy mpino izy, dia niteny tamin'ireo sakaizany ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe : "**Na iza na iza mifanena amin'i Abbâs dia aoka tsy hamono azy satria izy dia niara-dia amin'ireo tsy mpino tsy amin'ny sitrapony.Izy dia saika hifindra-monina niaraka tamiko, fa Izaho no nanoratra taminy mba hijanona any foana ary mba hanome vaovao aty Amiko mikasika an'ireo mpanompo sampy ireo**". Indray andro i Abou Rafi'î dia nampahafantatra an'ilay Mpaminany(s.a.s) fa i Abbâs dia nanambara ny fanekeny ny Islâm, ary mba ho mariky ny fifaliany, ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanome fahafahana malalaka an'i Abou Rafi'î.

Fa raha i Abou Tâlib kosa no naneho ampahibemaso ny finoany, dia niara-nanohitra an'ireo Bani Hachim[44] daholo ireo Qouraych sy ny firenena arabo. Fantatr'i Abou Tâlib tsara anefa izany ka naleony ny nanafina ny finoany. Izy dia nihambo ho naman'ireo Qouraych mba hampandamoka ireo teti-dratsin'ny fahavalo. Araka izany, hatramin'ny fahaveloman'i Abou Tâlib, dia voaaro tamin'ny loza ilay Mpaminany(s.a.s). Nony nodimandry i Abou Tâlib, dia niseho tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) ny Anjely Gabriel ka nilaza taminy hoe : "**Ianao ankehitriny dia mila miala**

[44] Firazanana niavian'ilay Mpaminany(s.a.s).

**eto Makkat. Aorian'i Abou Tâlib dia tsy hisy olona afaka hamonjy Anao eto**".

**Cheikh** : Ny maha-silamo an'i Abou Tâlib ve efa fantatra nandritra ny fahaveloman'ilay Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh ary moa ve ny vahoaka nanana fahatokisana azy ?

**Chîrâzî** : Eny, ny vahoaka dia nanaiky izany tranga izany ary izy ireo dia niresaka momba azy tamim-panajana betsaka.

**Cheikh** : Ahoana no mahamarina izany ?Ahoana moa ny zavatra iray izay fantatry ny rehetra nandritra ny vanim-potoanan'ilay Mpaminany no lasa lavina tanteraka telopolo taona taty aoriana noho ny fisian'ny hadith lainga iray ?

**Chîrâzî** : Izany dia tsy zavatra vao sambany mitranga. Matetika, izay zavatra efa nekena tamin'ny vanim-potoanan'ilay Mpaminany(s.a.s) no lasa nivadika zavatra hafa mihitsy tao anatin'ny taona vitsivitsy monja noho ny fisian'ny hadith iray fotsiny noforomporonina. Ireo didy sy ireo fombam-pivavahana nanan-kery tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy notanterahina intsony nony afaka taona vitsivitsy noho ny fitaoman'ireo olona sasany amin'ny fitaoman-dratsy.

## Fizarana fahafito

<u>Ny Mout'ah sy ny Hajj-oul-Nisâ dia halâl hatramin'ny vanim-potoanan'i Abou Bakr avy eo nataon'i Omar haram izany</u>

**Cheikh** : Afaka manome ohatra ho anay ve ianao amin'izany fanovàna natao tamin'ny finoana izany ?

**Chîrâzî** : Betsaka tokoa ireo ohatra mikasika izany. Anankiroa ihany anefa dia efa ampy hanohanako ny hevitro. Hiresaka momba ny mout'ah (fanambadiana mandritra ny fotoana voafetra) sy ny hajj al-nisâ aho. Ireo antokom-pinoana roa tonta dia miara-manaiky fa ireo fomba

ananankiroa ireo dia nampiharina tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s).Ankoatra izany, dia nampiharina ihany koa izy ireo nandritra ny fitondran'i Abou Bakr sy ny tapatapan'ny fitondran'i Omar. Kanefa, ilay khalîfat faharoa no namadika ny toe-draharaha mba hifanohitra tanteraka amin'ireo voalazan'ny Kor'âny. Nambarany fa: "**Mout'ah anankiroa no efa nisy tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s). Izaho no mandidy ankehitriny fa izy anankiroa ireo dia voarara ka hosaziako na iza na iza mbola manao izany**". Ny zavatra izay nataon'i Allâh halâl dia norarana tampoka teo. Izany didin'i Omar izany dia niely patrana tokoa ka nankatoavina an-jambany ary dia lasa hadino ny lalàna fototra. Mandrak'ankehitriny aza dia mbola maro ireo rahalahy "sunnites" no mihevitra ny mout'ah ho toy ny zava-baovao noforonina.

Raha i Omar aza no afaka nandrava toy izany, amin'ny fomba fitompoan-teny fantatra, ny lalàn'i Allâh izay efa nampiharina tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s), dia hisy hisalasala ve raha ny finoan'i Abou Tâlib, eny fa na dia fantatry ny besinimaro tamin'izany fotoana izany no lasa lavina indray ankehitriny ?

**Cheikh** : Moa ve ianao te hilaza fa silamo antapitrisany maro no nitsipaka ireo lalàn'ny Kor'âny sy ny fomba amam-panaon'ilay Mpaminany(s.a.s) ? Tsarovy fa ny firenen-drehetra dia miantso anay hoe "sunnites" (izay midika hoe ireo mpanaraka ny sunna fomba amam-panaon'ilay Mpaminany). Ireo "chiites" kosa no antsoina hoe "Râfidhites" na "mpanohitra" (izay midika hoe ireo izay manohitra an'izany sunna fomba amam-panao izany).

## Ireo "sunnites" indrindra no "Râfidhites" fa ireo "chiites" no tena "sunnites" marina

**Chîrâzî** : Araka ny zava-misy, dia ireo "chiites" no tena "sunnites" marina noho izy ireo mpanaraka an-tsakany sy an-davany ireo fampianaran'ny Kor'âny masina sy ny sunna fomba amam-panaon'ilay Mpaminany(s.a.s). Ianareo mihitsy no Rafizis satria ianareo no mitsipaka an'ireo fampianaran'ny Kor'âny sy ireo didin'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Cheikh** : Izany dia zavatra hafa ! Fa ianao teo nanao an'ireo silamo antapitrisany maro ho Rafizis ! Ahoana ny fomba fanazavanao izany ?

**Chîrâzî** : Efa nolazaiko anareo izany tamin'ireo alim-pivoriana tany aloha, fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nandidy antsika mba hanaraka ny Kor'âny sy ny taranany masina, aorian'ny fialany an'ity tontolo ity. Nefa ianareo dia nandao an-tsitrapo ny taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) ka nanaraka ireo olon-kafa. Ianareo dia nanohitra ireo fanambaran'ilay Mpaminany(s.a.s). Ianareo dia namela an'ireo silamo mba hanaraka an'ireo cheikh roalahy olobenareo (i Boukharî sy i Mouslim) ary nalainareo baraka ireo izay mpanaraka marina ny sunna fomba amam-panaon'ilay Mpaminany(s.a.s) amin'ny alalan'ny fiantsoanareo azy ireo ho "mpanohitra".

Anisan'ireo didy toy izany, dia ny didy iray mazava ao amin'ny Kor'âny milaza hoe "**Ary izay tombon'ny harena azonareo, ny ampahadimin'izany dia ho an'i Allâh sy ilay Irany, sy ho an'ireo havany akaiky, sy ireo kamboty ary ny mahantra**"[45]. Ilay Mpaminany dia nitandrina an'io didy io sy nizara ny khoums (1/5) an'ireo harena azo avy tamin'ireo fahavalo ho an'ireo havany(a.s) sy ireo mahantra. Nefa ianareo dia manohitra ihany koa izany didy izany.

Ny resaka mout'ah dia ohatra iray hafa koa. Izy io dia mifanaraka amin'ny sitrapon'i Allâh. Izy io dia nampiharin'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo sakaizany. Izany fomba izany dia nisy foana tamin'ny fitondran'i Abou Bakr sy nandritra ny tapatapan'ny fitondran'ny khalîfat Omar. Fa noho ny baikon'ity farany ity, no nahatonga anareo nanao harâm ny zavatra izay nataon'i Allâh halâl. Araka izany ianareo dia nanohitra ny sunna fomba amam-panaon'ilay Mpaminany(s.a.s) nefa ianareo milaza ny tenanareo ho "Sunnites" sy manendrikendrika anay ho "Râfidhites".

Ny tenan'ilay khalîfat Omar mihitsy aza no nanafoana ny didin'i Allâh tsy misy antony akory. Ireo manam-pahaizana "sunnites" dia

---

[45] Kor'âny 8/41

niezaka nitady porofo amin'ny fahamarinan'izany fanapaha-keviny izany, saingy tsy nahitam-bokany.

## Ireo porofo mikasika ny maha-ara-dalàna ny Mout'ah

**Cheikh** : Azonao porofoina ve ny maha-ara-dalàna ny fanaovana Mout'ah ? Azonao atao ve ny manaporofo fa i Omar dia nandika ny didin'ny Kor'âny sy ny sunna fomba amam-panaon'ilay Mpaminany(s.a.s) ?

**Chîrâzî** : Ny porofo tena matanjaka dia ny avy amin'ny Kor'âny. Ao amin'ny sourat al-Nisâ (ireo vehivavy): "**... Koa rehefa avy naka fahafinaretana (tamin'ny alalan'ny mout'ah) tamin'izy ireo ianareo dia atolory ho azy ireo ny vodiondrin'izy ireo izay voadidy ...**"[46].

Mazava tsara fa ny didy voalazan'ny Kor'âny dia tsy maintsy tanterahina mandrakizay, raha tsy hoe angaha misy andininy hafa ao amin'ny Kor'âny ihany no nanafoana izany. Nefa izany dia tsy misy ka noho izany ity didy ity dia manan-kery hatrany.

**Cheikh** : Fa angaha tsy ny fanambadiana mandrakizay no tian'io andininy io ho lazaina ? Io andininy io ihany manko no mandidy antsika mba hanome ny vodiondry amin'ny fanambadiana iray.

**Chîrâzî** : Diso fiheverana ianareo. Ireo manam-pahaizanareo toa an'i Tabarî ao amin'ny bokiny Tafsîr al-Kabîr, fizarana faha-V sy ny imâm Fakhr-oud-Dîn al-Razî ao amin'ny bokiny Tafsîr Mafâtïh al-Ghaïb, fizarana faha-III, dia samy nanaiky fa io andininy io dia milaza mikasika ny mout'ah. Ankoatra izany, ivelan'ny fanazavana mazava avy amin'ireo manam-pahaizanareo sy ireo mpamakafaka ny soratra masina, ianareo dia tokony hahatsapa ihany koa fa voarakitra ao amin'ity sourat al-Nisâ ity avokoa ireo karazana fanambadiana : nikâh (fanambadiana mandrakizay), mout'ah (fanambadiana voafetra) sy ny moulk al-yamîn (fanambadiana an'ireo andevovavy).

---

[46] Kor'âny 4/24

Ho an'ny fanambadiana mandrakizay dia toy izao no voalazan'ny Kor'âny ao amin'ny sourat al-Nisâ :

«**... Dia (azonareo atao) aoka ianareo hampakatra ho andefimandry ireo izay tsara aminareo amin'ireny vehivavy ireny, anankiroa, na anankitelo na koa anankiefatra, kanefa raha ahianareo ny tsy hahatontosanareo ny rariny manoloana izany dia aleo tokana ihany na koa izay andevo vavy anananareo**»[47].

Mikasika ny an'ireo andevovavy, dia hoy i Allâh ao amin'ny andininy faha-25 hoe :

«**Ary izay tsy manana fahefana hanambady ireo vehivavy mpino malalaka (tsy andevo), dia azonareo atao ny manambady izay anareo manokana amin'ireny andevovavinareo mpino ireny. Ary i Allâh no mahafantatra kokoa ny amin'ny finoanareo, ny andaniny aminareo ihany no avy amin'ny ankilany. Aoka ianareo hanambady azy ireny miaraka amin'ny fankasitrahan'ny fianakaviany (na ny mpiantoka azy) ary atolory azy am-pahamarinana ny vodiondriny**»[48].

"Ary atolory ho an'ireo vady vavy ho azy ireo ny mahr..." dia natao ho an'ny mout'ah na fanambadiana voafetra. Ity andininy ity dia tsy afaka atao ho an'ny fanambadiana mandrakizay fa raha tsy izany, dia midika izany fa ao amin'ny toko iray ihany no lasa miverina indroa ny filazana mikasika ny fanambadiana mandrakizay, ka manjary ho filazana indray na famerimberenana tsy amin'antony ao amin'ny Kor' âny, voalohan'ny loharanon'ny lalàm-pinoana, izay tsy tokony hahitana izany. Fa raha mikasika ny mout'ah kosa izany, dia mazava avy hatrany fa didy samihafa amin'ilay mandrakizay izany.

Faharoan'izany, ireo silamo "chiites" sy "sunnites" rehetra samy manaiky fa ny mout'ah dia fomba efa fanao tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s). Ity fanambadiana ity dia nampiharin'ireo sakaizan'ilay

[47] Kor'âny 4/3
[48] Kor'âny 4/25

Mpaminany(s.a.s). Koa raha milaza mikasika ny fanambadiana mandrakizay ihany io andininy io dia avy amin'ny andininy aiza indray àry no loharano nahafahana nanatanteraka an'ity mout'ah ity tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s)? Mazava araka izany fa milaza mikasika ny mout'ah izy io, araka ny voalazan'ireo manam-pahaizanareo ihany koa.

Manampy izany dia tsy ahitana mihitsy andininy manafoana ity didy ity ao amin'ny Kor'âny masina.

<u>Ireo hadith mikasika ny Mout'ah voarakitra ao amin'ireo bokin'ny Sunnite</u>

Ny Sahîh bokin'i Boukharî sy ny Mousnad bokin'ny imâm Ahmad Ibn Hanbal dia samy nanambara ny fitantaran'i Abou Raja araka ny voalazan'Imran Ibn Hasîn fa "**...ny andininy mikasika ny mout'ah dia nambara ao amin'ny Bokin'i Allâh. Noho izany, dia aoka isika hanatanteraka an'ity fomba izay efa notanterahina tamin'ny andron'ilay Mpaminany(a.s) ity. Tsy misy na dia andininy iray aza no nanao azy ho harâm ary ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy nandrara izany velively**". Kanefa, lehilahy iray no nanapa-kevitra ny hanova ity lalàna ity. Nolazain'i Boukharî mazava tsara fa izany lehilahy izany dia i Omar.

Mouslim ao amin'ny bokiny Sahîh, fizarana-I, toko mitondra lohateny hoe "Nikâh-oul-Mout'ah" dia niteny hoe : "Hassan Halwa'i dia nilaza taminay fa i Abdour-Razzaq dia niteny araka ny nambaran'Ibn Jarîh, izay naheno izany avy tamin'i 'Atâ' fa i Jabir Ibn Abdallâh al-Ansârî dia tonga tao Makkat mba hanatanteraka 'Oumrah. Mpivahiny masina maro no tonga nitsidika azy tao aminy ka nametraka fanontaniana taminy. Rehefa nanontany mikasika ny mout'ah izy ireo dia namaly izy hoe : "**Eny, izahay dia nanana fahazarana nanatanteraka ny mout'ah tamin'ny andron'ilay Mpaminany, sy nandritra ireo fitondran'i Abou Bakr sy Omar**". Ao amin'io boky io ihany, ao amin'ny fizarana-I, ao amin'ny toko milohateny hoe "Hajj al-Mout'ah", dia voarakitra ao ny fitantaran'i Abou Nazara nanao hoe : "**Izaho dia tafara-dia tamin'i Jabir Ibn Abdoullâh Ansârî koa indro lehilahy iray nanatona azy ka niteny taminy nanao hoe : "Misy tsy fitovian-kevitra eo amin'Ibn Abbâs sy Ibn Zoubayr mikasika an'ireo mout'ah anankiroa dia ny mout'ah al-**

**Nisâ sy ny mout'ah al-Hajj**". Koa dia namaly izany i Jabir nanao hoe : "**Izahay dia nanatanteraka an'ireo mout'ah anankiroa ireo tamin'ny andron'ilay Mpaminany. Avy eo, rehefa noraran'i Omar izany dia tsy afaka nanao azy ireo intsony izahay**".

Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, fizarana-I, p.25 dia nitantara an'ireo tenin'i Abou Nadhrah amin'ny fomba samihafa. Ankoatra izany, izy roa ireo dia nitantara fa i Jabir dia niteny hoe : "**Tamin'ny vanim-potoanan'ilay Mpaminany(s.a.s) sy i Abou Bakr, izahay dia nanana fahazarana nanatanteraka ny mout'ah tamin'ny alalan'ny vodiondry atrendry iray tànana sy lafarina mandra-pahatongan'i Omar nandrara izany tamin'i Amr Ibn Harîth**".

Al-Hamîdî ao amin'ny al-Jâmi' Baïn al-Sahîhaïn dia nitantara an'i Abdoullâh Ibn Abbâs niteny hoe :

"**Izahay dia nanana fahazarana nanatanteraka ny mout'ah tamin'ny andron'ilay Mpaminany. Rehefa lasa Khalîfat i Omar dia nanambara hoe : Ilay Tsitoha dia nanao halâl izay rehetra sitrany ho an'ilay Mpaminaniny(s.a.s). Maty anefa izy ankehitriny, ka ny Kor'âny no nisolo ny toerany. Noho izany, rehefa ianareo no manomboka manao ny Hajj sy ny 'Oumrat, dia tsy maintsy vitainareo izany araka ny nandidian'i Allâh anareo. Ianareo dia tsy maintsy mibebaka sy mifady amin'ny fanaovana ny mout'ah. Entonareo aty amiko izay mbola manatanteraka ny mout'ah fa hovonoiko izy ireo**".

Ahitana tantara maro tahaka izany ao amin'ireo bokinareo azo itokisana, izay manamarina ny maha-ara-dalàna ny mout'ah tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s). Ireo Sakaiza dia nanatanteraka izany mandra-panaovan'i Omar izany ho harâm.

Ankoatra ireo tantara ireo, ireo sakaiza sasany toa an'i Oubbay Ibn Ka'b, Ibn Abbâs, i Abdoullâh Ibn Mas'oud, i Saïd Ibn Jabir sy i Sa'd dia namaky ilay andininy mikasika ny mout'ah amin'ny fomba toy izao :

“**Ary ireo vehivavy izay anaovanareo ny mout’ah mandritra ny fe-potoana voafaritra**”.

Jâroullâh al-Zamakh’sharî dia nitantara ao amin’ny bokiny Kash’shaf araka ny fitantaran’Ibn Abbâs, i Mouhammad Jarîr Tabarî ao amin’ny bokiny Tafsîr al-Kabîr, ny imâm Fakhr-oud-Dîn al-Râzî ao amin’ny bokiny tafsîr Mafâtîhoul-Ghayb, boky faha-3 sy ny imâm al-Nawawî ao amin’ny bokiny Sharh Sahîh Mouslim, toko-I mitondra lohateny hoe : “Nikâh al-Mout’ah” araka ny fitantaran’i al-Nadharî fa i al-Qâdhî ‘Ayâdh izay nanambara fa i Abdoullâh Ibn Mas’oud, ilay mpanoratra ny Wahy (mpanoratra an’ireo hafatr’Andriamanitra), dia namaky ilay andininy mikasika ny mout’ah torak’izany koa (sahala amin’ny voalaza teo aloha).

Ny imâm Fakhroud-Dîn ar-Râzî, taorian’ny nanambarany an’ireo hadith voaray avy tamin’i Oubayy Ibn Ka’b sy avy tamin’Ibn Abbâs ireo, dia nanazava toy izao : “**Ny vahoaka dia tsy mba nitsipaka an’io andininy io izay novakiana toy izany; midika izany fa izay nolazainay dia nekena araka ny hevitra niombonana**”. Ao amin’ny pejy manaraka izy dia nanampy toy izao : “**Ny famakiana an’ireo teny ireo dia maneho mazava fa ny mout’ah dia anisan’ny finoana ary izahay rehetra dia manaiky fa nahazoana alalana ny mifamatotra ara-panambadiana amin’ny alalan’ny mout’ah tamin’ny andron’ilay Mpaminanin(s.a.s)’ny finoana Islâm**”.

**Cheikh** : Azonao porofoina ve fa io andininy io dia azo notanterahina tamin’ny andron’ilay Mpaminany ary tsy nofoanana akory izy io taty aoriana ?

**Chîrâzî** : Misy maro ireo porofo manamarina fa tsy nofoanana akory io andininy io. Ny mout’ah dia nahazoana alalana tamin’ny andron’ilay Mpaminany(s.a.s) ka hatramin’ny fisasahan’ny fitondran’i Omar. Ireo tenin’ny khalîfat Omar dia notantarain’ireo manam-pahaizanareo. Izy ireo dia nanoratra fa i Omar dia niakatra teo amin’ny polipitra ka nilaza hoe : “**Tamin’ny andron’ilay Mpaminany dia azo notanterahina ireo mout’ah anankiroa. Izaho no mandrara ny**

**fanaovan'azy roa ireo ary na iza na iza manatanteraka azy ireo dia ho voasazy**".

**Cheikh** : Ny voalazanao dia marina nefa te hilaza izaho fa , nisy maro ireo didy izay nanan-kery tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s) kanefa avy teo dia nofoanana izy ireo. Ny mout'ah dia azo natao ihany koa tamin'ny voalohany izay vao norarana.

**Chîrâzî** : Amin'ny maha-fototry ny finoana ny Boky masina Kor'âny, raha ny didy iray no hita ao aminy ary nofoanana, dia tokony ho hita ao aminy koa ny didy manafoana azy. Aoka àry ianareo hilaza amiko, azafady indrindra, aiza ao amin'ny Kor'âny no ahitana ny fanafoanana an'ity fomba ity ?

**Cheikh** : Ao amin'ny sourat faha-23 "Ireo Mpino" (al-Mou'minîn), ny andininy faha-6 no manafoana io didy io. Milaza toy izao ilay andininy : "**Sambatra ireo mpino: (...) izay miaro ny taovam-pananahany amin'ny firaisana;afa-tsy amin'ny vadin'izy ireo na amin'ireo andevovavy izay ananan'izy ireo, satria marina dia marina fa tsy azo kianina amin'izany izy ireo**"[49]. Ity andininy ity dia mametraka fepetra anankiroa mikasika ireo fifandraisana ara-panambadiana: dia ny fanambadiana mandrakizay sy ny fifandraisana amin'ireo andevovavy. Araka izany, ity andininy ity dia manaporofo fa nofoanana ny mout'ah.

**Chîrâzî** : Io andininy io dia tsy maneho velively fa nofoanana ny mout'ah, fa vao mainka aza dia manamafy izany izy. Ny vehivavy manambady amin'ny alalan'ny mout'ah dia vady ara-dalàna. Raha tsy ara-dalàna izany, dia tsy mba nandidy ny amin'ny fanolorana ny mahr (vodiondry) i Allâh. Ankoatra izany, ny sourat "Ireo Mpino" dia nampidinina tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) tao Makkat, ny sourat "Ireo Vehivavy" (al-Nisâ) dia nampidinina tamin'Izy tao Madînat. Ireo toko ao amin'ny Kor'âny nampidinina tao Madînat dia tsy afaka velively ho nialohan'ireo izay nampidinina tao Makkat! Ny andininy iray A ve dia

[49] Kor'âny 23/1-6

afaka manafoana ny andininy iray B raha ilay andininy A no nampidinina talohan'ilay B ?

Abdoullâh Ib Abbâs, Abdoullâh Ibn Mas'oud, Jabir Ibn Abdoullâh Ansârî, Abou Zharr Ghifarî, Ma'bad Ibn Soubra ary Imran Ibn Hasîn dia samy nijoro vavolombelona ny maha-ara-dalàna ny mout'ah sy ny tsy mahafoana azy. Ireo manam-pahaizanareo dia manohana ihany koa amin'ny tsy mahafoana azy.

Jâroullâh al-Zamakh'sharî ao amin'ny bokiny Tafsîr al-Kash'shaf dia nilaza mikasika ny hadith nolazain'i Abdoullâh Ibn Abbâs fa ilay andininy mikasika ny mout'ah dia didy mazava ao amin'ny Kor'âny masina no sady tsy nofoanana akory izany andininy izany.

Ny imâm Mâlik Ibn Anas dia nanaiky ihany koa amin'ny maha-ara-dalàna ny mout'ah. Moulla Sa'id-oud-Dîn al-Taftazânî ao amin'ny bokiny Sharh al-Maqâsid, i Bourhân-oud-Dîn al-Hanafî ao amin'ny bokiny Hidayâh, Ibn Hajar al-'Asqalânî ao amin'ny bokiny Fat'houl-Bârî sy ireo hafa dia samy manohana izany hevitra izany amin'ny alalan'ny filazana ny fahamarinan'i Mâlik izay niteny hoe : "**Ny mout'ah dia ara-dalàna. Nomen'ny finoana alalana ny fanaovana azy. Ny maha-ara-dalàna azy izay nolazain'Ibn Abbâs dia tena nalaza tokoa ka ny ankamaroan'ireo Sakaiza tao Yémen sy tao Makkat dia samy nanatanteraka azy avokoa**".

Ankoatra izany, izy ireo dia niteny hoe : "**Ny mout'ah dia ara-dalàna satria nahazoana alalana sy azo notanterahina, noho izy tsy mba nofoanana**".

Aoka ho fantatrareo fa hatramin'ny nahafaty an'ny imâm Mâlik, ny mout'ah dia ara-dalàna hatrany. Ireo manam-pahaizanareo mpahay tafsîr, Zamakh'sharî, Baghawî sy ny imâm al-Tha'labî dia niombon-kevitra tamin'Ibn Abbâs ka nino ny maha-ara-dalàna ny mout'ah.

**Cheikh** : Koa satria tsy misy fandrindrana na dia iray aza natao ho an'ny vehivavy vady araka ny mout'ah tahaka ireo fandrindrana misy ho

an’ny vehivavy vady araka ny nikâh (fanambadiana mandrakizay) toy ny fifandovana, ny fisaoram-bady, ny fe-potoam-piandrasana mialohan’ny hanambadiana indray (‘iddah) aorian’ny fisaraham-panambadiana sy ny adidy fiahiana azy, dia tsy azo heverina ho tena vady marina izy.

**Chîrâzî** : Ny vehivavy manambady lehilahy amin’ny alalan’ny mout’ah dia mahazo tombony amin’ireo fandrindrana ananan’izay vady rehetra afa-tsy ireo izay nesorina taminy noho ny antony manokana ara-drariny. Ny mout’ah dia karazana fanambadiana iray. Mazava ho azy fa mba ho fiarovana ny vahoaka silamo amin’ny fahotana, dia nesorina ny sasantsasany amin’ireo fepetra sy ireo fombafombany. Mikasika ny amin’ireo fepetrany, voalohany indrindra, ny fifandovana dia tsy natao zava-dehibe tsy maintsy ilaina amin’ny maha-ara-dalàna ny fanambadiana. Maro amin’ireo vehivavy na dia manambady aza dia tsy nandova an’ireo vadiny. Ohatra ireo vehivavy vady mpikomy na ireo izay namono nahafaty (ny vadiny) dia tsy mba mandova.

Manaraka izany, dia tsy voalaza akory fa ny vehivavy manambady araka ny mout’ah dia tsy manan-jo ny handova. Ireo mpahay lalàna dia tsy mitovy hevitra mikasika izany, ary ny tsy fitovian-kevitra toy izany dia hita ihany koa eo amin’ireo manam-pahaizanareo !

Ankoatra izany, ireo manam-pahaizana “chiites” dia miombon-kevitra amin’ny filazana fa ny vehivavy manambady araka ny mout’ah dia tsy maintsy manaja ny fe-potoam-piandrasana mialohan’ny fanambadiana fanindroany indray. Ny fe-potoany dia tena fohy, fa noferana mba ho 45 andro. Raha ny lehilahy vady no maty, ny vehivavy vadiny dia tsy maintsy manaja ny fe-potoam-piandrasana mahazatra izay maharitra efa-bolana sy folo andro, ary izany moa na nisy na tsia ny firaisana ara-nofo tamin’ilay vadiny, na koa efa mitsaha-piterahana izy na tsia.

Fa ny tsy fisian’ny fiahiana eo amin’ny vehivavy vady araka ny mout’ah, dia tsy misy filazana manokana mikasika izany ary ny lojika no manazava ny tsy ilàna izany zo izany amin’ity karazana fanambadiana ity.Ankoatra izany, na dia eo amin’ny fanambadiana mandrakizay aza dia

tsy vitsy ireo vehivavy manambady no tsy iahiana, indrindra moa ireo vehivavy izay mpikomy na izay nikasa hamono ireo vadiny.

Farany, ny fahataperan'ilay fe-potoana nifanarahana (faharetan'ilay mout'ah) dia mifanaraka amin'ilay fisaraham-panambadiana tsy satry. Tahaka izany koa; ilay vehivavy dia azon'ny vadiny isarahana mialohan'ny daty nifarahana na ny fe-potoana voafaritra, araka ny sitrapon'ilay lehilahy vadiny.

Araka izany, dia tsy misy na iray aza amin'ireo fepetran'ny fanambadiana mandrakizay no tsy manana ny heviny na inona na inona. Iray amin'ireo manam-pahaizana "chiites" lehibe, al-'Allâmah Jamâl-oud-Dîn al-Hillî (i Hassan Ibn Yousouf Ibn 'Alî Ibn Moutahhar) no nanome fanazavana antsipiriany ireo porofo tahaka izany ho valim-panontanian'ireo manam-pahaizanareo. Fa nofintiniko taminareo fotsiny izany. Koa izay te hahafantatra izany valinteny izany eo aminareo lalindalina kokoa, dia aoka izy hamaky ny boky Mabahâthat Sounniyya wa Ma'rifat-Noussairiyah.

**Cheikh** : Na izany aza dia misy maro ihany koa ireo hadith milaza ny fanafoanana ny mout'ah tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Chîrâzî** : Azafady tompoko mba hampahafantaro anay izany didy izany.

**Cheikh** : Nisy nitantara izany tamin'ny fomba nisy fahasamihafana kely fotsiny. Ireo manam-pahaizana sasany dia milaza fa nivoaka izany didy izany tamin'ny andro nahazoana fandresena tamin'ny adin'i Khaybar; ireo sasany no milaza ny nivoahan'izany didy izany tamin'ny andro nahazoana fandresena tao Makkat; ireo hafa indray dia milaza ny nanafoanana azy tamin'ny fotoana faran'ny Fivahinianana masina ary ny sasany kosa mametraka azy ho tamin'ny andron'i Tabouk. Misy koa anefa ny manamafy fa ny nanafoanana ny mout'ah dia nitranga tamin'ny fotoan'ny Oumrat-oul-Qadhâ (ilay fivahiniana masina fanaovam-beloma).

**Chîrâzî** : Izany tantara mifanipa-kevitra izany dia maneho mazava fa tsy nisy velively akory ilay didy manafoana. Ahoana no hitokisana an'ireo tantara feno tombatombana sy fiahiahiana toy izany, eo anatrehan'ireo hadith maro voarakitra ao amin'ireo boky Sihâh al-Sittah, al-Jâmi' Baïn al-Sahihayn, al-Jâmi'ou Baïn al-Sihâh al-Sittah, Mousnad, ...sns avy amin'ireo Sakaiza malaza izay manamarina fa ilay andininy dia tsy nofoanana hatramin'ny fitondran'i Omar ?

Ny porofo tena miharihary nolazain'ireo manam-pahaizanareo dia ilay toritenin'ny khalîfat Omar ihany izay manao hoe : "**Izaho dia nanao ho harâm ireo mout'ah anankiroa ireo izay fanao mahazatra tamin'ny andron'ilay Mpaminany**". Raha nisy ny andininy na ny baikon'ilay Mpaminany(s.a.s), amin'izay fotoana izay ilay khalîfat dia tokony niteny araka izany baikon'ilay Mpaminany(s.a.s) na ny andinin'ny Kor'âny izany mba hanasaziana ireo izay mbola manao izany mout'ah izany. Ny fitenenany tahaka izany no tsapa fa maharesy lahatra kokoa. Tsy izany anefa fa izy dia niteny tsotra fotsiny nanao hoe : "**Mout'ah anankiroa no nahazoana alalana tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s). Izaho no manao izany ho harâm ankehitriny**".

Ary raha heverina fa marina ny voalazanareo ka ny mout'ah dia nofoanana tokoa, dia nahoana ireo tanana an-kavanan'ilay Mpaminany(s.a.s) toa an'i Abdoullâh Ibn Abbâs, Imrân Ibn Hasîn, sy ireo Sakaizany hafa no tsy nampihatra izany ? Ireo manam-pahaizanareo mpitahiry lovan-tsofina sy mpahay tantara toa an'i Boukhari sy i Mouslim no nitantara izany tranga izany. Ireo porofo rehetra ireo dia manambara mazava tsara fa hatramin'ny vanim-potoanan'ilay Iraky ny Islâm mandra-pahatongan'ny khalîfat Omar teo amin'ny fitondrana, ireo Sakaiza ireo dia nanao mout'ah tao anatin'ny fanarahan-dalàna.

Mazava araka izany fa ny mout'ah dia nitohy ho halâl hatrany ary ho mandrakizay. Abou Isâ Mouhammad Ibn Sawratout-Tirmizhî ao amin'ny bokiny Sounan (izay mitovy lanja iray amin'ireo bokinareo Sahîh Enina), ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, fizarana faha-II, pejy faha-95 sy Ibn Athir ao amin'ny bokiny Jâmi'oul-Ousoul dia samy nitantara fa nisy Syriana iray no nanontany an'i

Abdoullâh Ibn Omar Ibn al-Khattâb mikasika ny heviny amin'ny mout'ah al-Nisâ. Namaly izy hoe : "**Izy io dia tena halâl tokoa**". Niteny taminy àry ilay lehilahy nanao hoe : "**Nefa ilay khalîfat rainao dia nanao harâm azy**", dia mba henoy ange ny famalian'i Abdoullâh Ibn Omar Ibn Khattâb an'ilay lehilahy : "**Ilay Mpaminany no nandidy azy io; koa raha ny raiko no nandrara izany, ny didy navoakany dia tsy afaka ny hihoatra ny an'ilay Mpaminany ary izaho dia mpanara-dian'ilay Mpaminany**".

Mikasika ireo hadiths izay noresahinareo, dia azo heverina ho hadith noforonina mba hanohanana ilay didin'i Omar. Mazava loatra izany zavatra izany ka tsy tokony ilàna fanazavana hafa. Tsapa fa ianareo dia tsy manana porofo amin'ny mahavoarara ny mout'ah afa-tsy ilay tenin'ny khalîfat Omar.

**Cheikh** : Ny didin'ny khalîfat Omar araka ny toetrany dia tena porofo lehibe ho an'ireo silamo ka tsy maintsy manaja izany izy ireo. Raha tsy naheno izany avy tamin'ny vavan'ilay Mpaminany(s.a.s) izy dia tsy mba nilaza izany akory.

**Chîrâzî** : Moa ve tena laharam-pahamehana ny didy navoakan'i Omar ka tsy maintsy manaja izany ireo silamo ? Tsy mba nahita akory aho na dia hadith iray aza ao amin'ireo bokinareo nilaza an'ilay Mpaminany(s.a.s) fa ireo didin'i Omar Ibn Khattab dia loharano azo antoka na antery amin'ireo silamo ny mankato izany ! Ny mifanohitra amin'izany, ireo bokinareo dia milaza ireo hadith azo antoka betsaka mandidy antsika mba hanaraka an'ireo taranak'ilay Mpaminany(s.a.s), indrindra fa i 'Ali(a.s). Efa notantaraiko ny sasany amin'ireo hadith ireo. Ireo Ahloul-Bayt (Fianakavian') ilay Mpaminany(s.a.s) ireo dia mankasitraka ny mout'ah ary tsy mba nanafoana izany.

Ankoatra izany, nilaza ianareo fa raha ilay Irak'i Allâh no tsy nandrara izany, dia tsy mba nanafoana izany akory i Omar! Izany anefa dia mora lavina.

Voalohany, raha ny khalîfat Omar no nahare ny filazana an'io fanafoanana io avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s), dia tokony efa niteny

izany izy teo anelanelan'ny vanim-potoanan'ilay Mpaminany(s.a.s) sy ny fotoam-pitondrany, indrindra moa fa ireo sakaiza lehibe dia fantany tsara fa nanatanteraka azy io tamin'izany fotoana izany. Nanana adidy izy ny hampitandrina ny vahoaka mikasika an'io fomba nofoanana io. Fa nahoana izy no tsy nanatontosa ny adidiny amin'ny fanakanana ny ratsy?

Faharoan'izany, ity fomba ity izay efa nisy tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s) satria nomeny alalana ny fanaovana azy dia tsy azo foanana raha tsy alalana avy Aminy ihany koa. Tsy niandrasany fotoana taty aoriana izany. Moa ve eken'ny saina ny fomba azo atao teny am-piandohana ary avy eo dia voarara ka tsy nisy nanambaran'ilay Mpaminany(s.a.s) ny mahavoarara azy izany afa-tsy i Omar irery ihany fa tsy nisy olon-kafa ankoatra azy akory? Ary eken'ny saina ve ny tsy fitenenan'i Omar izany tamin'ny olon-kafa hatramin'ny nahazoany fitondrana, kanefa nandritra izany fotoana izany ny vahoaka dia nanohy hatrany nanao io fomba (izay lazaina fa) nofoanana io, i Omar ve tsy tompon'andraikitra na tamin'inona na tamin'inona?

Hiteny angamba ianareo fa ny fandraràna ny fomba iray "nofoanana sy tsy ara-pinoana" dia tsy ho àry ho fantatry ny rehetra; ka izany no mahatonga azy ho manan-kery foana. Mbola nisy andraikitra hafa ve no tsy nahafahan'ilay Mpaminany(s.a.s) nanambara ny fiafaran'io fomba io, ka naleony nionona fotsiny nanambara izany tamin'i Omar irery!?! Moa ve tsy fihetsika maneho ny tsy fananam-pinoana ny fiheverana an'ilay Mpaminany(s.a.s) ho nanao tsirambina ny andraikiny ary ny vahoaka, noho ny tsy fahalalana ny fisian'izany heverina ho tsirambina izany dia nanohy nanatanteraka hatrany ny fomba efa nofoanana hatramin'ny ela ?

Fahatelo, raha ny didy fanaovana ny mout'ah no efa nofoanana tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s) sady naheno izany avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) i Omar, dia tokony ho afaka niantehitra tamin'ny hadith izay nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) i Omar mba hanamarinany an'izany fanafoanana an'io didy io izany. Amin'izay fotoana izay, mazava ho azy fa ny vahoaka dia ho resy lahatra tanteraka. Tsy izany anefa fa niteny fotsiny izy hoe : "**Tamin'ny andron'ilay Mpaminany, mout'ah anankiroa no azo natao; izaho no mandrara izany ankehitriny ary**

**hotapahako ny lohan'izay mbola manao izany**". Moa va tsy adidin'ilay Mpaminany(s.a.s) ny manambara izay azo atao sy ny tsy azo atao ? Sa zon'ilay khalîfat izay notendren'ny vahoaka ny manao izany ?

Tsy mazava amiko nahoana i Omar no nanao ho harâm ny zavatra nataon'i Allâh halâl. Vao mainka mahagaga ihany koa satria na dia ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) aza dia tsy mba nilaza velively fa Izy dia hanova zavatra mba ho halâl na ho harâm. Isaky ny manambara didy Izy, dia milaza foana fa i Allâh no nibaiko Azy mba hanambara izany amin'ireo vahoaka. Izany fasahian'i Omar nilaza fa "Mout'ah anankiroa no nahazoana alalana tamin'ny andron'ilay Mpaminany; izaho no mandrara azy ireo ankehitriny ka hosaziako ireo izay mbola manao izany".

**Cheikh** : Ianao mahay tsara fa ny sasany amin'ireo manam-pahaizanay no milaza fa ilay Mpaminany dia moujtahid (manam-pahefana) amin'ny lafiny finoana, ny moujtahid iray hafa, araka ny fikarohany manokana, dia afaka manafoana ny didy efa lany andro. Noho izany antony izany no nahatonga an'i Omar nilaza hoe: "Izaho dia hanao an'ireo zavatra roa ireo ho harâm".

**Chîrâzî** : Ny fiezahanareo manakona ny ratsy amin'ny hatsarana, dia vao mainka mahatonga anareo manao haratsiana hafa betsaka. Ny ijtihâd (hevitr'olombelona manokana) dia tsy afaka velively hanoherana ny didy ao amin'ny Kor'âny masina ! Ny fahefan'ny zavaboahary dia tsy afaka velively ny hanakona ny Fahefan'Ilay Mpahary ! Io porofonareo io dia tena hevi-dravina sady mifanohitra amin'ireo andinin'ny Kor'âny.

Miteny i Allâh ao amin'ny sourat Jonas hoe :

«**Lazao hoe : Tsy anjarako ny manova azy amin'ny sitrapoko. Tsy manao afa-tsy ny manaraka izay nambara tamiko aho**»[50]

Raha marina fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy afaka nanova na dia kely aza ny didy ara-pinoana tsy araka ny baikon'i Allâh, dia nahoana i

[50] Kor'âny 10/15

Omar, izay tsy manam-pahalalana akory mikasika ny hafatr'Andriamanitra, no manam-pahefana hanao harâm ny zavatra nataon'i Allâh halâl ?

Ao amin'ny sourat al-Najm (Ny Kintana), i Allâh dia milaza hatrany mikasika an'ilay Mpaminany(s.a.s) hoe :

«**Ary tsy miteny araka ny sitrapony izy. Fa izany dia faminaniana tonga taminy**»[51]

Ao amin'ny sourat al-Ahqâf, hoy i Allâh hoe :

«**Lazao hoe : Tsy fanavaozana ireo Iraka aho ary tsy fantatro izay hanaovana ahy, na ianareo. Tsy manao afa-tsy ny manaraka izay nambara tamiko aho…**»[52]

Ny fankatoavana an'ilay Mpaminany(s.a.s) dia antery. Na iza na iza, na i Omar na olon-kafa, dia tsy manan-jo ny hitsabatsabaka amin'ireo didin'Andriamanitra sy ny hanova ho harâm izay zavatra nataon'i Allâh halâl.

**Cheikh** : Omar anie nieritreritra fa tsara kokoa no sady mba ho tombon-tsoan'ny vahoaka ny fanafoanana an'io didy io. Tsikaritray manko amin'izao andro iainantsika izao fa misy ny maka vehivavy ho vadiny amin'ny alalan'ny mout'ah mba ho fahafinaretana fotsiny ao anatin'ny adiny iray, iray volana na iray taona. Avy eo dia ilaozany ilay vehivavy, tsy ahoany akory izy na bevohoka na tsia.

**Chîrâzî** : Mahatsikaiky izany ! Inona moa no fifandraisana misy amin'ity didy islamika ity sy ny fironontan'ireo olona hanao firaisana ara-nofo amin'ny fomba tsy ara-dalàna ? Raha izahay no manaraka ny fomba fiheveranareo dia azo atao ihany koa izany ny manao ho harâm ny fanambadiana mandrakizay ! Iaraha-mahita manko ireo olona manambady

[51] Kor'âny 53/3-4

[52] Kor'âny 46/9

vehivavy manana ny maha-izy azy, noho ny antony fananany vola na hatsaran-tarehy, nefa rehefa ao anatin'ny tsy fananana intsony izy avy eo dia ilaozan'izy ireo. Koa satria misy ny sasany manao tahaka izany, dia moa ve izany no antony ahazoana manafoana ilay fanambadiana manadrakizay ? Tsia ! Fa isika dia tokony hampirisika an'ireo silamo mba hanana fahalalam-pomba, sy hanome ho azy ireo fampianarana ara-pinoana mendrika. Raha ny lehilahy iray no tsy matoky ny tenany mba ho afaka hanatanteraka ireo adidiny manoloana ny vadiny mandrakizay ary izy maniry ny mba hiaro ny tenany ihany koa amin'ny fijangajangana, araka ny fitsipiky ny finoana, dia ny fanaovany mout'ah no fomba azony hatao. Araka izany, dia tsy maintsy mahalala ireo fepetran'ny mout'ah izy satria isaky ny didy dia manana ireo fepetrany. Ao anatin'ny fifanarahan'ny andaniny sy ny ankilany, ny lehilahy dia hanolotra ho an'ilay vehivavy ny mahr (vodiondry) izay vola mifanaraka amin'ny fiahiany azy mandritra ny fotoana hanatanterahany ny 'iddah (fe-potoana 45 andro aorian'ny fahavitan'ny mout'ah).

Faharoan'izany, aorian'ny fisarahana, izy dia hanara-maso azy mandritra io fe-potoana ('iddah) io. Raha toa ka mitoe-jaza ilay vehivavy, dia tsy maintsy karakarainy ilay ho reny mba hahafahany mandray an'ilay zaza eo am-piterahana.

Koa ny fisian'ny sasany izay tsy manaja ireo fepetra ireo dia tsy midika akory fa tokony hofoanana ny mout'ah. Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s) no tena mahatakatra tokoa ny fahasambarana sy ny filaminana ho an'ny vahoaka fa tsy i Omar. Izy ireo dia tsy mba nandrara ny fanaovana an'io fanambadiana (mout'ah) io. Na khalîfat na Imâm iray aza dia tsy mba manan-jo ny hamadika ho harâm ny zavatra nataon'i Allâh halâl. Ny fiheveranareo izay milaza fa noho ny antony ho tombon-tsoan'ny vahoaka no nandrarany ny mout'ah dia tsy azo ekena.

Ny fahotana dia tsy miparitaka amin'ny alalan'ny fanaovana ny mout'ah fa kosa miparitaka amin'ny alalan'ny fanakanana azy. Ireo tanora lahy sy vavy izay tsy afaka hiray ao anatin'ny fanambadiana mandrakizay no sady tsy mahatandrina ny faniriana ara-nofo dia manjary hijangajanga. Mazava ho azy fa ny fiparitahan'ny fijangajangana sy ny firaisana ara-

nofo tsy ara-dalàna dia manimba izaitsizy ny fitondran-tena ao amin'ny firenena rehetra. Ny imâm al-Tha'labî sy al-Tabarî ao amin'ny boky tafsîr nosoratan'izy ireo, sy ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, mikasika ilay andininy milaza ny mout'ah, dia mitantara ny tenin'ny Imâm 'Alî(a.s) manao hoe :

"**Ny mout'ah dia fahasoavana iray nomen'i Allâh ho an'ny vahoakan'i Mouhammad. Raha tsy nosakanan'i Omar izany, dia tsy nisy nijangajanga afa-tsy izay tena tsy mataho-tody**".

Toy izany koa Ibn Jarih sy i Amr Ibn Dinar dia samy nitantara ny tenin'i Abdoullâh Ibn Abbâs hoe :

"**Ny mout'ah dia tena fahasoavana avy amin'i Allâh, izay nomeny ho an'ny vahoakan'i Mouhammad. Raha tsy nosakanan'i Omar izany, dia tsy nisy nijangajanga afa-tsy izay tena tsy mataho-tody**".

Noho izany, araka ny hevitr'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s), ny fahabetsahan'ny fanaovana ny fijangajangana dia avy amin'ny fanakanana ny fanaovana ny mout'ah fa tsy avy amin'ny fanatanterahana azy akory. Ireo didin'Andriamanitra rehetra mikasika ireo asa halâl sy harâm nampitain'ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'ireo vahoaka silamo dia natao mba hahasambatra an'ireo silamo. Ny sasany dia mbola mahazo tombon-tsoan'izany foana mandrak'ankehitriny.

Ny lohahevitry ny resatsika dia tsy mikasika ny mout'ah akory fa tiako fotsiny mba hiala ao an-tsainareo ny fisalasalana momba ny finoan'i Abou Tâlib. Nilaza tamiko manko ianareo fa izay efa nisy teo anatrehan'ireo sakaiza tamin'ny andron'ilay Mpaminany dia tsy tokony hovaina na hofafana intsony. Kanefa dia maro ireo hadith marina no nosoloana an'ireo hadith noforonina. Tahaka izany koa, ianareo dia tsy manana porofo iray akory hanohanana ny fanoheranareo ny finoan'i Abou Tâlib. Ny finoany, nandritra ny asa notanterahin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tena malaza. Nefa noho ny hadith noforonin'i Dhah'dhâh, dia maro ireo olona nampiely ny mifanohitra amin'izany. Ireo olona tsy dia ampy

fahalalana no manaraka an-jambany ireo razan'izy ireo sy miantoka an'izany lainga izany.

Raha fintinina izay voalazako izay, dia maneho mazava fa i 'Alî(a.s) dia ao anatin'ny fianakaviana miavaka manana ny maha-izy azy tokoa ka tsy misy Sakaiza lehibe na dia iray aza no afaka mitaha Aminy.

Ny Imâm 'Alî(a.s) dia teraka tao anatin'ny Ka'abah

Porofo iray hafa maneho ny voninahiny dia ny toerana nahaterahany. Tsy misy olon-kafa, eny fa na dia tamin'ireo Mpaminany(a.s) teo aloha aza, no nahazo izany voninahitra miavaka izany. Amin'ireo olombelona rehetra, dia Izy irery ihany no teraka tao anatin'ilay Ka'abat masina. Tamin'ny fotoana nahaterahan'i Jesosy, ilay andriambavy reniny dia noterena mba hiala ao amin'ilay Trano masina. Nisy feo niantso Azy hoe : "**Ry Maria ô ! Mivoaha ianao ao amin'ny Baytoul-Mouqaddas satria toeram-pivavahana io fa tsy toeram-piterahana**".

Fa rehefa nanakaiky ny fotoana hahatrehan'i 'Ali(a.s), dia nantsoina mba hiditra ao anatin'ilay Ka'abat ny reniny, i Fâtimat Bint Asad. Ary tsy fifandrifian-javatra na kisendrasendra no ahitana vehivavy iray ao amin'ny Moske ka teraka zazakely tampoka teo. Mazava ho azy fa nantsoina Izy mba hiditra ao anatin'ilay Ka'abat izay mihidy varavarana. Ireo sasany amin'ny olona tsy ampy fahalalana no mihevitra fa sendra tao amin'ny Moske i Fâtimat Bint Asad no tra-piterahana tampoka ka tsy afaka nivoaka intsony ary niteraka ny zanany tao anatiny tao izy. Tsy toy izany akory anefa ny zava-nitranga ! Fa izy dia nandeha tao amin'ny Masjidoul-Harâm mba hiteraka. Ary nangataka tamin'i Allâh teo amin'i Ka'abat izy nanao hoe : "**Ry Allâh ô ! Mangataka Aminao aho, amin'ny anaran'ny voninahitrao sy ny fahatahorako, mba hanamora ny fiterahako**". Tampoka teo dia vaky nitriatra ilay rindrin'ny Ka'abat izay nihidy teo.

Misy tantara hafa manambara fa nisy feo niantso nanao hoe : "Ry Fâtimat ô ! Midira ianao ao an-Trano". Koa dia nanatona an'ilay Tranon'i Allâh i Fâtimat teo anatrehan'ny vahoaka nipetrapetraka nanodidina ary nikatona indray ilay rindrina ka niverina tamin'ny endriny teo aloha araka

ny tokony ho izy. Ireo Qoraych dia tolagaga avokoa, i Abbâs dia nanatrika teo koa. Rehefa nahita io fahagagana io izy dia lasa niantso an'i Abou Tâlib izay nanana ny fanalahidin'ilay varavarana. Tonga nanokatra ilay varavarana izy nefa tsy nety nisokatra izany. Tao anatin'ny telo andro, i Fâtimat Bint Assad no nitoetra tao anatin'ilay Ka'abat, tsy nanana sakafo. Izany zava-nitranga izany dia nanenika ny eran'ny tanàna. Nony tanin'ny fahatelo andro, dia nitriatra indray teo amin'ilay nidirany teo aloha ka dia nivoaka i Fâtimat. Tsikaritr'ireo Qouraych Izy nitondra zazakely mahafinaritra teny an-tratrany. Ireo antokom-pinoana roa tonta dia samy miaiky fa tsy misy olon-kafa nahazo voninahitra tahaka izany.Al-Hâkim ao amin'ny bokiny Moustadrak sy i Nâroud-Dîn al-Sabbâgh al-Mâlikî ao amin'ny bokiny al-Fousoul-oul-Mouhimmah, fizarana-I, p.14 dia nanoratra hoe : "**Tsy misy olona teraka tao anatin'ny Ka'abat ankoatra an'i 'Alî(a.s). Izany voninahitra nomena an'i 'Alî izany dia nampitombo ny haja amam-boninahiny sy ny fahamboniany**".

Ny anaran'i 'Alî dia avy any amin'ny Tontolo tsy hitamaso

Porofo iray hafa maneho izany voninahiny tsy manan-tsahala izany dia ny mikasika ny loharano niavian'ny anarany izay avy any amin'ny tontolo tsy hitamaso.

**Cheikh** : Zava-baovao indray izany. Midika izany fa i Abou Tâlib dia Mpaminany iray izay nanome anarana an'i 'Alî tamin'ny alalan'ny tsindrimandry avy amin'Andriamanitra! Ny tantaranao dia tena lainga, izany dia famoronana nataon'ireo "chiites" noho ny fitiavany diso tafahoatra (moughâlât) an'i 'Alî. Ny filazana fa i Allâh dia nandidy mba hanomezana anarana ny zaza iray ho antsoina hoe i 'Alî dia hevi-dravina. 'Alî dia anarana tsotra izay nirin'ireo ray aman-dreny mba ho anaran-janak'izy ireo araka ny sitrapon'izy ireo fotsiny. Na iza na iza dia tsy nisy nahita akory izany tontolo tsy hitamaso izany.

**Chîrâzî** : Tsy misy zava-baovao na zava-mahagaga akory ny amin'izany zavatra nolazaiko izany.Ny fahagaganareo dia avy amin'ny tsy fahampian'ny fahalalana momba ireo voninahitry ny "Wilayat". Mihevitra ianareo fa ny anaran'ilay zaza dia nomena taorian'ny nahaterahany. Allâh

dia efa nilaza ny anaran'i Mouhammad sy ny anaran'i 'Alî tsirairay avy, araka ny fanambaran'ny faminaniana sy ny wilâyat (Imâmat) ao amin'ireo Bokin'ny lanitra rehetra hatramin'izay taona anarivony nialohan'ny nahariana azy ireo. Ireo anarana ireo dia voasoratra any amin'ireo lanitra, eo amin'ireo varavaran'ny Paradisa sy ny seza fiandrianan'ny lanitra. Tsy nisy nanana izany anarana izany tamin'ny vanim-potoanan'i Abou Tâlib.

**Cheikh** : Izany resaka izany dia mifono ny fitiavanao tafahoatra an'i 'Alî. Ianao dia nanandratra azy amin'ny toerana ambony noho ny filazana fa ny anarany dia efa voasoratra hatramin'ny ela nialohan'ny nahariana an'izao tontolo izao ! Ny resaka tahaka izany no mahatonga ireo mpahay lalàna eo aminareo hanonona ny anaran'i 'Alî aorian'ny anaran'ilay Mpaminany(s.a.s) ao amin'ny azhân.

**Chîrâzî** : Tsia, tompoko. Izany teniko izany dia tsy misy idiran'ny fitiavana tafahoatra. Ary tsy izaho koa no nanoratra ny anarany any amin'ireo lanitra, fa i Allâh. Nodidiany ny Anarany manokana sy ny anaran'ilay Irany(s.a.s) ary ny an'i 'Alî(a.s) mba hosoratana eny amin'ireo lanitra.

**Cheikh** : Miangavy anao izahay mba hitantara hadith momba izany lohahevitra izany.

## Ny anaran'ny Imâm 'Alî(a.s) dia voasoratra eny amin'ny seza fiandrianan'ny lanitra manarakaraka ny an'i Allâh sy ny an'ilay Mpaminany(s.a.s)

**Chîrâzî** : Mouhammad Jarîr Tabarî ao amin'ny bokiny tafsîr, Ibn 'Asâkir ao amin'ny bokiny Târîkh, i Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî Châfi'î ao amin'ny bokiny Kifâyat-out-Tâlib toko-62, al-Hâfiz Abou Nâ'îm ao amin'ny Hilyat-oul-Awliyâ sy ny Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny Yanâbî'oul-Mawaddat pejy faha-238 toko-56, hadith faha-52, dia samy mitantara ny boky Zhakhâ'ir-oul-'Ouqbâ nosoratan'ny Imâm-oul-Haram i Ahmad Ibn Abdoullâh Tabarî Châfi'î araka ny voalazan'i Abou Houraïra fa ilay Mpaminany(s.a.s)dia niteny hoe:

“**Voasoratra eny amin’ny Seza fiandrianan’ny lanitra fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh Ilay Tokana tsy manam-paharoa; i Mouhammad dia mpanompoko sy Irako izay nomeko fitahiana tamin’ny alalan’i ‘Alî Ibn Abî Tâlib**”.

Ao amin’ny Tafsîr al-Dourr al-Manthour sy ny al-Khasâ’isoul-Koubrâ, boky-I pejy-10 eo amin’ny fiandohan’ny Sourat al-Isrâ, no nitantaran’i Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî avy tamin’i Ibn Adî sy tamin’i Ibn ‘Asâkir araka ny voalazan’i Anas Ibn Mâlik fa ilay Mpaminanin(s.a.s)’i Allâh dia nilaza hoe :

“**Ny alin’ny Mi’iraj, rehefa nentina niakatra tany amin’ireo lanitra aho dia nahita soratra teo anilan’ny Seza fiandrianana havanana izay mivaky toy izao : Mouhammad dia Irak’i Allâh, ary nomeko azy i ‘Alî mba ho mpanohana sy mpanampy azy**”.

Ao amin’ny Yanâbî’oul-Mawaddah, mitantara ny Zhakhâ’ir-oul-‘Ouqbâ bokin’ny imâm-oul-Haram araka ny fitantaran’i Abil-Hamrâ fa ilay Mpaminanin(s.a.s)’i Allâh dia nanambara hoe : “**Ny alin’ny Mi’iraj, rehefa nankarina tany amin’ny lanitra farany avo indrindra aho, dia nahita soratra teo amin’ny ilan’ny Seza fiandrianana havanana toy izao : Mouhammad dia Irak’i Allâh. Izaho dia nanome azy mpanampy sy mpanohana tamin’ny alalan’i ‘Alî**”.

Al-Qandouzî dia mitantara ao amin’ny Yanâbî, araka ny voalaza ao amin’ny al-Manâqib al-Sab’oun, Hadith faha-19, bokin’ny imâm-oul-Haram Tabarî ity tenin’i Jâbir Ibn ‘Abdoullâh izay notantarain’Ibn al-Maghâzilî ihany koa fa ilay Irak’(s.a.s)i Allâh dia nilaza hoe :

“**Voasoratra eo amin’ny varavaran’ny Paradisa, 2000 taona nialohan’ny naharian’i ALLAH ireo Lanitra sy ny Tany ny teny hoe : Tsy misy Andriamanitra hafa ankoatra an’i Allâh, i Mouhammad no ilay Irak’i Allâh ary i ‘Alî no Walî (olomasina voafidin) i Allâh, ilay rahalahin’ny Mpaminanin’i Allâh**”.

Hilaza hadith iray hafa aho izay nolazain'i Sayyed 'Alî Faqih Châfî'î ao amin'ny Mawaddat faha-VIII boky Mawaddat-oul-Qourbâ fa ilay Mpaminany[s.a.s] dia niteny tamin'i 'Alî[a.s] nanao hoe:

"Hitako ny anaranao miaraka amin'ny anarako voasoratra eo amin'ny toerana efatra :

1) Ny alin'ny Mi'iraj (fiakarana tany an-danitra) nony tonga aho tao amin'ny Bayt-oul-Mouqaddas, dia hitako misoratra eo amin'ilay vatolampy ny teny hoe : "**Tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh, Mouhammad dia Irak'i Allâh izay nomeko fanohanana tamin'ny alalan'ilay lefiny, i 'Alî**". Rehefa tonga aho tao amin'ny Sidrat-oul-Mountahâ (ilay toerana avo faratampony indrindra), dia hitako ireo soratra milaza hoe : "**Marina dia marina fa Izaho no Allâh; tsy Andriamanitra afa-tsy Izaho, Ilay Tokana ary i Mouhammad eo anatrehan'ireo zavaboahariko rehetra, no malalako. Nomeko mpanohana izy tamin'ny alalan'ilay lefiny, i 'Alî**".

2) Rehefa tonga aho teo amin'ny Sidrat-oul-Mountahâ (faratampony amin'ireo lanitra), dia hitako ny soratra hoe : "**Marina dia marina fa Izaho no Allâh, tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho, Ilay Tokana; amin'ireo zavaboahariko rehetra dia i Mouhammad no malalako. Notohanako izy tamin'ny alalan'ilay lefiny, i 'Alî**".

3) Rehefa tonga aho teo amin'ilay Seza fiandrianana (ilay faratampony amin'ireo lanitra), dia hitako misoratra eo amin'ireo andriny ny hoe : "**Marina dia marina fa Izaho no Allâh, tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho; amin'ireo zava-boahariko rehetra dia i Mouhammad no malalako. Notohanako izy tamin'ny alalan'ilay lefiny, i 'Alî**".

4) Ary farany, nony tonga tao amin'ny Paradisa aho dia nahita soratra eo amin'ny varavarany :"**Tsy misy Andriamanitra hafa ankoatra an'i Allâh, amin'ireo zava-boahariko rehetra dia i Mouhammad no malalako. Nomeko azy ny fanohanako sy fitahiako tamin'ny alalan'ilay lefiny, i 'Alî**".

Mikasika ny famakafakana ny andinin'ny Kor'âny faha-62 ao amin'ny sourat al-Anfâl manao hoe : "**Izy no nanohana anao tamin'ny alalan'ny Famonjeny, sy tamin'ny alalan'ny (fanampian') ireo mpino**"[53], ny imâm al-Tha'labî ao amin'ny bokiny Tafsîr Kashfoul-Bayân, ny Cheikh Soulaymân Balkhî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat toko faha-24 sy i al-Tabarî ao amin'ny bokiny Tafsîr, dia samy nanambara fa Ibn 'Abbâs sy i Abou Houraïra dia nilaza fa io andininy io dia nampidinina mikasika an'i 'Alî sy nitantara ho fanamafisana izany ilay hadith nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) manao hoe : "**Hitako misoratra eo amin'ny Seza fiandrianana ny teny tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh, Ilay Tokana, tsy manam-paharoa, i Mouhammad no mpanompoko sy Irako ary nomeko hery izy tamin'ny alalan'i 'Alî Ibn Abî Tâlib**".

Al-Qandouzî dia nitantara an'io hadith io ihany koa ao amin'ny bokiny Yanâbî'oul-Mawaddat, toko faha-3 araka ny voalazan'i al-Hâfiz Abî Nâ'im mitantara an'i Abou Houraïra, sy voalazan'Ibn 'Asâkir (ao amin'ny bokiny Târîkh) mitantara an'Ibn 'Abbâs.

Ny teny nampiasain'i Adam ka nahatonga ny fibebahany ho nahazo fankasitrahana dia ny anaran'ireo olo-masina dimy.

Ny loharano niavian'ny anaran'i Mouhammad(s.a.s) sy ny anaran'i 'Alî(a.s) moa dia avy amin'i Allâh rahateo.

Ny imâm Tha'labî ao amin'ny Tafsîr Kashfoul-Bayân sy ny cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny Yanâbi' faha-V, toko faha-24, dia nitantara ny famakafakan'i Faqih Wasti Ibn Maghazâlî Châfî'î mikasika ilay andininy faha-37 ao amin'ny sourat-2 ao amin'ny Kor'âny :

"**Ary avy eo dia nahazo lahateny avy tamin'ny Tompony i Adam fa Izy dia namela ny helony satria Izy dia tena Mpamela heloka sy Mpamindra-fo**"[54].

---

[53] Kor'âny 8/62

[54] Kor'âny 2/37

Sa'id Ibn Jabir dia nanambara an'Ibn Abbâs izay nitantara hoe : "**Nisy nanontany an'ilay Mpaminany mikasika ireo teny izay nampiasain'i Adam ka nahatonga azy nahazo famelan-keloka. Namaly ilay Mpaminany hoe : Izy dia nibebaka tamin'i Allâh tamin'ny alalan'ny anaran'i Mouhammad sy i 'Alî, i Fâtimat, i Hassan ary i Houssein (a.s), koa dia neken'i Allâh ny fibebahany ary voavela ny helony**".

<u>Fampitahana ny Wahy (Fanambarana) sy ny Ilhâm (Tsindrimandry)</u>

Makasika ny Wahy sy ny Ilhâm, izy ireo dia maneho ny voninahitra izay tsy natokana ho an'ireo Mpaminany ihany izany. Ireo voambolana ireo dia manambara ny fahafahana hananan'ny olona mba hahalala mivantana ireo zava-miafina. Izany fahafahana izany dia nomena an'ireo olona indrindra fa ireo biby. Fa angaha Mpaminany ve ny tantely no dia nandefasan'i Allâh Wahy betsaka ? Andininy iray ao amin'ny Kor'âny masina ao amin'ny sourat al-Nahl (Ireo Tantely) dia milaza mazava tsara hoe :
"**Ary izao no nambaran'ny Tomponao tamin'ireo renintantely : Manorena fonenana any an-tendrombohitra, amin'ny hazo, sy amin'ny makarakara hazo izay amboarin'izy ireo (ireo olombelona)**"[55]

Heverinareo ihany koa ve fa i Noukhabouz (ny sasany miantso azy hoe Youkhabouz), izay renin'i Moussa dia Mpaminany vehivavy ? Ao amin'ny sourat al-Qisâs (Ireo Tantara), dia voalaza ao mazava tsara fa i Allâh no nanome torolalana azy tamin'ny alalan'ny Wahy : anankiroa ireo didy maneho fandrarana, anankiroa ny fampahalalana ny zavatra ho avy ary anankiroa ny fandrindram-pilaminana. Hoy i Allâh hoe :
"**Ary nambaranay tamin'ny renin'i Mosesy : Ampinonoy izy. Ary raha matahotra ny momba azy ianao dia atsipazo any amin'ny renirano izy. Ary aza matahotra sy malahelo ianao fa haverinay aminao ihany izy ary hataonay ho anisan'ireo Iraka**"[56].

[55] Kor'âny 16/68
[56] Kor'âny 28/7

Tsy maintsy ilain'ireo olombelona fa ireo didy sy fampianaran'i Allâh dia ampitaina amin'ny alalan'ny Fanambarana. Indraindray izy ireo dia tarihina amin'ny alalan'ny feo. Izany dia mateti-pitranga ka ny Kor'âny masina no vavolombelona izany. Ao amin'ny sourat Maryam, voalaza ao nanao ahoana ny fitarihan'i Allâh an'i Maryam(a.s) :

"**Dia nisy niantso azy hoe : Aza malahelo ianao. Nasian'ny Tomponao loharano eo an-tongotrao. Aronjeno mankany aminao ny vatan'ny hazo palma, dia hisy atrendry tsara sy masaka hilatsaka eo aminao. Koa mihinàna ary misotroa ary aoka hifaly ny masonao !** "[57].

## Fizarana fahavalo

Abou Tâlib dia notarihin'i Allâh mba hanome ny zanany ilay anarana 'Alî

Sahala amin'ilay tantely sy ilay renin'i Mosesy ary ilay renin'i Jesosy izay nahazo tsindrimandry avy tamin'i Allâh na dia tsy Mpaminany akory aza ny iray amin'izy ireo, i Abou Tâlib dia nahazo tsindrimandry ihany koa tamin'ny fanomezana anarana ho an-Janany. Ary tsy misy anefa afaka milaza fa Mpaminany i Abou Tâlib na milaza azy ho nahazo fanambarana (Wahy). Fa kosa lazaina tsotra fotsiny fa nisy feo avy any an-danitra no nanome hevitra azy ary dia nisy solaitra kely misoratra ny anaran'ilay zazalahy no niseho teo anatrehan'ny masony. Ireo manam-pahaizanareo ihany no nitantara izany tranga izany.

**Cheikh** : Iza amin'ireo manam-pahaizanay no nitantara izany ?

Ny Fanambaran'ny Lawh (Solaitra kely) tamin'i Abou Tâlib

**Chîrâzî** : Misy maro izy ireo. Sayyed 'Alî Hamadanî ilay Faqîh Châfi'îte ao amin'ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ, Mawaddat-VIII dia mitantara izany amin'ny alalan'ny hadith iray avy tamin'i Abbâs Ibn Abdoul-Mouttalib, i Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî dia mitantara izany

[57]Kor'âny 19/24-26

koa ao amin'ny bokiny Yanâbi'oul-Mawaddat ao amin'ny toko-56 ary i Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Kifâyat-out-Tâlib. Ao amin'izany hadith izany izay notantaraina araka ny fehezanteny saika mitovitovy, no milaza fa nony teraka i 'Alî dia i Fâtimat Bint Asad reniny no nanome azy ilay fanampin'anaran-drainy, i Asad. Tsy nankasitraka izany i Abou Tâlib ka niteny hoe : "**Ry Fâtimat ! Ndao isika ho any an-tampon-kavoan'i Qoubais ka hivavaka amin'i Allâh isika (ireo mpitantara sasany milaza fa izy dia niangavy azy ireo mba handeha ho any amin'ny Masid-oul-Haram). Izy no hilaza amintsika izay ho anaran'ity zaza ity**". Nony tonga teny amin'ny havoan'i Abou Qoubais (na ny Masid-oul-Haram) izy ireo rehefa alina ny andro, dia nanomboka nanao fivavahana. Toy izao ny fivavak'i Abou Tâlib : "**Ry Mpahary ny alina maizina sy ny volana mazava, ampahafantaro anay ny fomba fiantsoana an'ity zaza ity araka ny Sitraponao**". Tamin'izany indrindra no nisy feo avy an-danitra no niantso.Rehefa nampitraka ny lohany i Abou Tâlib dia nahita solaitra kely toy ny firavaka maintso, izay misy soratra andalana efatra teo aminy. Noraisiny ilay solaitra ary nofikiriny teo amin'ny tratrany. Rehefa navadibadiny izany dia nahatsikaritra izao soratra izao izy eto aminy : "**Izaho dia manome voninahitra manokana ho anareo roa amin'ny alalan'ny nahaterahanareo izao zanakalahy madio sy miavaka izao. 'Alî no anarana homeko azy. Izany anarana izany dia notsoahina avy amin'ny anarana hoe al-'Aliyyou (Ilay Avo Indrindra)**".

Al-Ganî al-Châfi'î dia nanoratra ao amin'ny Kifâyat-out-Tâlib fa nisy feo niantso heno izay namaly ny vavaka nataon'i Abou Tâlib nanao hoe : "**Ry olona henim-boninahitra ao amin'ny fianakavin'ilay Mpaminany ! Izaho dia manome voninahitra ho anareo amin'ny alalan'ity zaza madio ity. Marina dia marina fa antsoina hoe 'Alî izy satria ny anarany dia avy amin'ny anaran'i Allâh. Ity anarana ity dia notsoahina avy amin'ny anaran'i Allâh hoe : al-'Aliyyou**".

Abou Tâlib dia faly loatra noho izany ka niantoraka tamin'ny tany mba hiankohoka eo anatrehan'i Allâh. Ho mariky ny fankasitrahana dia namono rameva miisa folo izy. Nahantony ao amin'ny Masjidoul-Haram avy eo ilay solaitra. Ireo Banî Hashim (foko Hashimita) dia nirehareha

tokoa teo anatrehan'ireo foko hafa amin'ireo taranak'i Qouraych.Ilay solaitra dia mbola nihantona tao foana mandra-pahajavonany, nandritra ny ady nifanaovan'i Abdoullâh Ibn Zoubayr sy i al-Hajjâj.

Io tantara io dia manamafy ihany koa ilay hadith nolazaina teo aloha izay manamarina ny fananam-pinoan'i Abou Tâlib. Izy dia nitalaho tamin'i Allâh mba hanome anarana ho an-janany. Manoloana ny fahasoavan'i Allâh, dia niankohoka tamin'ny tany izy mba ho fisaorana Azy. Koa moa ve toy izany no fihetsiky ny olona kâfir ?

## Ny fehezanteny "'Alî dia Waliyyoullâh" dia tsy anisan'ny fototry ny Azhân sy ny Iqâmat

Ianareo dia milaza (diso) fa ireo mpahay lalàna eo aminay no manambara fa ny anaran'i 'Alî dia tsy maintsy tononina ao amin'ny Azhân sy ny Iqâmat (antso atao ho any amin'ny fivavahana). Raha ny marina anefa dia tsy misy mihitsy na dia iray aza amin'ireo mpahay lalàna "chiite" no milaza fa ny anaran'i 'Alî dia tsy maintsy atao ho anisan'ny fototry ny Azhân sy ny Iqâmat. Ao amin'ireo boky lalàna rehetra, ireo mpahay lalàna dia miteny fa ny fijoroana vavolombelona an'i 'Alî ho Waliyyoullâh dia tsy anisan'ny fototry ny Azhân na ny Iqâmat. Ny finoana azy ho anisan'ny fototry ny Azhân sy ny Iqâmat dia tsy ara-dalàna no sady voarara. Nefa kosa ny fanononana azy aorian'ny anaran'ilay Mpaminany(s.a.s) (tsy miaraka amin'ny fiheverana azy ho fototra) amin'ny maha asa tsara atao azy ho fanomezam-boninahitra dia tena ampirisihina tanteraka. Ary izany dia noho ny fakan-tahaka an'i Allâh izay nametraka ny anarany taorian'ny anaran'ilay Mpaminany(s.a.s) na aiza na aiza, araka ny efa notantaraiko taminareo.

Ankehitriny àry, raha sitrakareo dia hiverina isika amin'ny lohahevitra noresahintsika teny am-piandohana, dia ny tsy fisian'ireo Sakaiza malaza na dia iray aza, manana voninahitra toa an'i 'Alî(a.s) eo amin'ny lafiny firazanana.

## Ny Fitiavam-bavaky ny Imâm ‘Alî(a.s)

Mikasika ny fitiavam-bavaka izay nananany, i ‘Alî dia tsy manantsahala na amin’iza na amin’iza. Ireo sakaizany sy ireo fahavalony dia miara-manaiky fa taorian’ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy nisy olona tia vavaka mihoatra an’i ‘Alî(a.s). Ibn Abî al-Hadîd ao amin’ny bokiny Sharh Nahoul-Balâghat sy i Mouhammad Ibn Talha Châfi’î ao amin’ny Matâlib-ous-Sou’oul dia samy nanoratra ny fitantaran’i Omar Ibn Abdoul-‘Azîz fa ilay Imâm(a.s) dia miavaka amin’ny olombelona rehetra amin’ny lafiny fitiavam-bavaka. Hoy indrindra izy hoe : “**Izahay dia tsy nahafantatra olona izay tena vontom-pinoana sy tena tia vavaka teo amin’ny vahoaka ankoatra ilay Mpaminany, mihoatra an’i ‘Alî Ibn Abou Tâlib**”.

Moulla ‘Alî Qoushachî, na dia teo aza ny fankahalany fatratra an’ireo “Chiites”, dia nanoratra fa ireo olombelona dia very hevitra manoloana an’ireo voninahitr’i ‘Alî(a.s).

Ao amin’ny bokiny Sharh-out-Tajrîd, dia hoy izy : “**Ireo olombelona dia mitolagaga rehefa maheno ny fitantarana ny fomba fiainan’i ‘Alî**”.

## Fitantaran’i Abdoullâh Ibn Râfi’

Abdoullâh Ibn Râfi’ dia nitantara fa indray andro tao anatin’ny fotoanan’ny fifehezana, nandeha izy nitsidika an’ny Amîr-oul-Mou’minîn tao an-trano tamin’ny fiafaran’ny tolakandro. Tsikariny fa nisy nanome Azy lasaka mbola tsara hidy. Rehefa nosokafan’i ‘Alî izany dia hitany nisy lafarinina mbola tsy notatavanina ny tao anatiny. Nandray eran’ny tanana telo ny Imâm ka nihinana izany avy hatrany avy eo dia nitsotro rano kely sy nisaotra an’i Allâh Izy. Niteny taminy i Abdoullâh Ibn Râfî’ nanao hoe : “Ry Aboul-Hassan ! Nahoana no averinao hidiana indray ilay lasaka ? ” Namaly ny Imâm niteny hoe : “Amin’izay ireo zanako tia ahy ireo dia tsy hampifangaro azy amin’ny menaky ny oliva na siramamy amin’ny lafarinina, izay mahatonga ny sakafo matsatso ho lasa matsiro”.

Araka izany, i ‘Alî dia manana fahazarana manalavitra ireo sakafo matsiro mba tsy hatolotra Azy hohaniny.

Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî dia nitantara an’io hadith io ihany koa avy tamin’i Ahnaf Ibn Qais, ao amin’ny bokiny Yanâbi’oul-Mawaddat, toko faha-51.

Fitantaran’i Souwaid Ibn Ghaflah

Manampy izany, ny Cheikh Soulaymân Balkhî Hanafî ao amin’ny bokiny Yanâbi’oul-Mawaddat, i Mouhammad Talhah al-Châfi’î ao amin’ny Matâlib-ous-Sou’oul, ny Khatib Al-Khawârizmî ao amin’ny Manâqib ary i Tabarî ao amin’ny bokiny Târîkh, dia samy nitantara izay nolazain’i Souwaid Ibn Ghaflah nanao hoe: “Indray andro aho nahazo voninahitra nitsidika an’ny Amîr-oul-Mou’minîn. Hitako teo anatrehany tasy misy ronono efa simba sady efa misy fofona mahamonamonaina. Teny an-tanan’ny Imâm nisy mofo maina. Noho izy efa maina loatra dia lasa mahery sarotra tapahina. Notapahin’ny Imâm teo ambany lohaliny ilay mofo, avy eo dia nalonany ao amin’ilay ronono efa simba mba halemy ary nohaniny. Nampandrosoiny aho mba hihinana miaraka aminy. Nilaza taminy anefa aho fa manao fifehezana. Niteny àry ny Imâm nanao hoe : “**Henoko tamin’i sakaizako, ilay Mpaminanin’i Allâh nilaza fa raha manao fifehezana isika ka tafahinana sakafo nefa isika efa niaritra izany noho ny antony Allâh, dia midika izany fa hanome sakafo antsika avy any an-danitra Izy**”.

Nanohy ny teniny i Souwaid nanao hoe : “Teo am-pahitana ny toetran’i ‘Alî aho dia gaga tokoa. Niteny tamin’i Fizza mpanompovaviny izay nijoro teo akaiko aho raha toa ka tsy mba matahotra an’i Allâh izy eo am-pandrahoana mofo varimbazaha vita amin’ny lafarinina tsy notatavanina akory. Nifanta i Fizza teo am-pamaliana ahy fa ny tenan’i ‘Alî ihany no nanome baiko azy mba tsy hanaisotra an’ireo vongana lafarinina ireo. Nanontany ahy ny Imâm mikasika izay noresahiko tamin’i Fizza. Nolazaiko taminy fa nahoana moa i Fizza no tsy mba manavana ny lafarinina. Niteny tamiko àry i ‘Alî nanao hoe : “**Manao sorona ny raiko sy ny reniko amin’ilay Mpaminany anie aho ! Ilay Mpaminany dia tsy**

**mba nanaisotra velively an'ireo vongana lafarinina ireo; izy dia tsy mba voky tamin'ny hanoanany tamin'ny fihinanana mofo varimbazaha nandritra ny telo andro nifampitohy. Izaho koa dia manatanteraka ny nataon'ilay Mpaminany**".

Ny Imâm 'Alî(a.s) dia nifady ny fihinanana ny Halwâ

Mouwaffaq Ibn Ahmad al-Khawârizmî sy Ibn Maghâzilî ilay faqih Châfi'î dia nanoratra ao amin'ny bokin'izy ireo avy antsoina hoe Manâqib fa tamin'ny fitondran'i 'Alî(a.s), dia nisy karazana halwâ (mofomamy na vatomamy) nentina teo anatrehany. Nandray ny tapany tamin'izany izy ka nofofoniny ary hoy izy hoe : "**Toa mahasarika izy izany sady tsara hanitra ! Nefa i 'Alî tsy nahafantatra ny tsirony akory. Tsy mbola nihinana an'io mihitsy aho**". Ny mpitantara nanontany azy hoe : "**Ry 'Alî ! Ny halwâ ve fady ho anao ? " Namaly ny Imâm hoe: "Izay nataon'i Allâh halâl dia tsy azo atao fady. Kanefa amin'ny fomba ahoana aho no hameno ny vavoniko eo anatrehan'ireo vahoaka matin'ny hanoanana amin'ity firenena ity ? Amin'ny fomba ahoana aho no hatory ao anatin'ny fahavokisana kanefa ireo vahoaka manerana an'i Hijaz dia matin'ny hanoanana ? Amin'ny fomba ahoana no hahafahako mitondra ny anaram-boninahitra ho Amîroul-Mou'minîn amin'izay fotoana izay ? Amin'ny fomba ahoana no tsy iarahako amin'ireo vahoaka ao anatin'ny fahantrana sy ny fahasahiranan'izy ireo ?** ".

Al-Khawârizmî dia nitantara avy tamin'i Abî Thâbit fa indray andro, nisy nitondra "falouda" (sirao) tamin'i 'Alî(a.s), nefa dia nifady tsy nisotro an'izany izy.

Ireo no sasantsasany amin'ireo ohatra mikasika ireo sakafo mahazatra fihinany. Izy dia mihinana mofo maina vita amin'ny varimbazaha indraindray miaraka amin'ny vinaigitra na sira, indraindray koa miaraka amin'ny legioma kely na ronono. Izy dia tsy mba nampiray fihinanana mihitsy ireo karazan-tsakafo anankiroa.

Tamin'ny taona faha-40 hijrat, ny alin'ny faha-19 Ramadhân, nialohan'ny fandratrana nahafaty nataon'i Abdour-Rahmân Ibn Mouljim Mouradi azy, ny Imâm 'Alî dia nasaina hanapaka ny fifehezany tao an-tokatranon'ny zanany vavy antsoina hoe Oumm Koulthoum. Rehefa notolorana mofo sy ronono ary sira teo an-databatra i 'Alî izay nitia tokoa an'io zanany vavy io dia niteny taminy an-katezerana nanao hoe : "**Izaho dia tsy mbola nahita zanakavavy manao tsy rariny eo anatrehan'ny rainy**". Namaly azy i Oumm Koulthoum hoe : "**Dada ! Fa inona moa no nataoko ?** ". Hoy i 'Alî taminy: "**Moa ve ianao efa nahita ny rainao nihinana karazan-tsakafo anankiroa eo amin'ny latabatra?**". Niangaviany àry mba hesorina ilay ronono fa ilay mofo ihany no nohaniny niaraka tamin'ilay sira nialohan'ny nanambarany ny teny hoe : "**Isika dia mbola hamaly fanontaniana mikasika ireo zavatra izay nahazoantsika alalana; ho an'izay tsy nahazoana alalana dia ahazoana ireo sazy**".

## Ireo fitafian'ny Imâm 'Alî(a.s)

Ireo fitafian'i 'Alî dia faran'izay tsotra. Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghah, Ibn Maghâzilî Châfi'î ao amin'ny Manâqib, ny Imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny Mousnad, i Sibt Ibn Jaouzî ao amin'ny Tazh'kirat sy ireo manam-pahaizanareo hafa dia nanoratra toy izao : "Ny fitafiany dia vita amin'ny lamba mbola tsy voavoatra, novidiana mitentina ho dimy dirhams fotsiny". Izy dia manamboatra ireo fitafiany amin'ny alalan'ny hoditra na ravin-drofia. Ireo kirarony dia vita ihany koa avy amin'ny ravin-drofia.

Mouhammad Talha al-Châfi'î ao amin'ny Matâlib-ous-Sou'oul, i Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat sy Ibn Abî al-Hadîd Mou'tazalî ao amin'ny Sahrh Nahjoul-Balâghat dia samy nanoratra fa i 'Alî dia nanana fitafiana voatampitampina zaitra maro, koa rehefa lasa khalîfat izy dia nalahelo azy ny zanaky ny rahalahin-drainy, i Abdoullâh Ibn Abbâs. Niteny taminy àry i 'Alî nanao hoe : "**Ireo fitafiako dia misy tampitampina zaitra maro izay tsapako fa kely aho eo anatrehan'ny mpanamboatra. Fa iza moa i 'Alî raha hitafy haingo amin'ity tany ity ? Amin'ny fomba ahoana no hahafahako mifaly**

**amin'ny fahafinaretana izay halazo, amin'ny fahasoavana izay tsy haharitra ?** ".

Nisy olon-kafa tsy nankasitraka ny fitafian'i 'Alî ka niteny taminy hoe : "**Nahoana ianao no mbola manamboatra ireo fitafianao, eny fa na dia mandritra ny fitondranao sy ny fanjakanao ? Ireo fahavalonao dia manambanimbany anao**". Namaly i 'Alî hoe : "**Izao no fitafiana izay manaja ny hetahetam-ponay, manaisotra ny fieboeboana sady izao no fitafiana mendrika ny mpino**".

Mouhammad Talha al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Matâlib-ous-Sou'oul, i Al-Khawârizmî ao amin'ny bokiny Manâqib, Ibn Athîr ao amin'ny bokiny Kâmil sy Soulaymân Balkhî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat dia samy nanamarika fa i 'Alî(a.s) sy ny mpanompony dia manana fitafiana mitovy. Izy dia nividy fitafiana anankiroa vita amin'ny lamba mitovy karazana sady mitovy tentim-bidy; ka notafiany ny iray ary ny iray kosa dia nomeny ny mpanompony, i Qanbar.

Tahaka izany, ny fahazaran'i 'Alî(a.s) eo amin'ny lafiny fisakafoanana sy ny fitafiana. Ny tenany indray no mihinana mofo mahery vita amin'ny varimbazaha fa manome kosa ny mofo vita amin'ny varimbazaha sy siramamy sy tantely ary atrendry amin'ireo mahantra sy ireo kamboty. Izy indray no mitafy lamba mitampina zaitra fa kosa manome ireo lamba tsara ho an'ireo kamboty sy ireo vehivavy mitondra tena.

## Fizarana fahasivy

<u>Resaka nifanaovan'i Dhourâr sy i Mou'âwiyat mikasika an'i 'Alî(a.s)</u>

Betsaka tokoa ireo tantara maneho ny fiatahana sy ny tsy fifikiran'i 'Alî ny fiainana eto an-tany. Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat, i al-Hâfiz Abou Nâ'im Isfahanî ao amin'ny Hilyat-oul-Awliyâ boky voalohany pejy faha-84, ny Cheikh Abdoullâh Ibn Amir al-Shabrawi al-Châfi'î ao amin'ny bokiny al-It'hâf bi-Houbbil-Achrâf pejy-8, i Mouhammad Ibn Talhah ao amin'ny Matâlib-ous-Sou'oul pejy-33, i

Nour-oud-Dîn al-Sabbagh al-Mâlikî ao amin'ny al-Fousoul al-Mouhimmah pejy-128, ny Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny Yanâbî'oul-Mawaddat toko faha-51, i Sibt Ibn Jaouzî ao amin'ny Tazhkirat Khawâs-oul-Oummah amin'ny faran'ny toko faha-5 ary ireo manam-pahaizanareo maro hafa sy ireo mpahay tantara malaza, dia samy nitantara antsipiriany avokoa ny resaka nifanaovan'i Mou'âwiyat sy i Dhourâr Ibn Dhoumrah. Teo am-pamaranana izany resaka nifanaovany tamin'i Mou'âwiyat izany, i Dhourâr dia nidera an'i 'Alî(a.s) tamin'ny alalan'izao teny izao :

"Nahita an'i 'Alî aho, indray alina tamin'ny fotoan'ireo kintana niely patrana teny amin'ny lanitra, nitazona ny somony sy nitaraina mitomany tahaka ny olona izay nokaikerin'ny bibilava iray nanao hoe : "Ry fiainana eto an-tany ! Manangolia olon-kafa ankoatra ahy ianao. Izaho ve no hobaboinao ? Sanatria tena sanatria. Tsy ho tanteraka akory izany. Isarahako am-panambadiana intelo ianao ka tsy azo iverenana intsony. Ianao dia mihelina ihany, tena mampatahotra ary ny fahafinaretana atolotrao dia mahafabaraka. Allâh anie hiaro anay amin'ny fahasarotan'ireo fitadiavam-pivelomana, amin'ny fahalaviran'ny lalan-kizorana sy amin'ny halozan'ny lalana". Avy eo, i Mou'âwiyat dia latsa-dranomaso niteny hoe : "Allâh anie hamindrafo amin'i Aboul-Hassan. Ianiavana amin'i Allâh fa, izany tokoa no zava-misy. Nanapitra ny teniny i Mou'âwiyat nanao hoe : "Ireo vehivavy dia tsy afaka hiteraka lehilahy hafa mitovy amin'i 'Alî Ibn Abî Tâlib".

## Ilay Mpaminany(s.a.s) dia niaiky ny fitiavam-bavaky ny Imâm 'Alî(a.s)

Ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy no niaiky ny fitiavam-bavaka tsy misy ohatra izany nananan'i 'Alî(a.s). Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî Châfi'î ao amin'ny bokiny Kifâyat-out-Tâlib, ao amin'ny toko-46 dia nitantara araka ny nolazain'i Ammar Ibn Yasir izay noresahan'ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'i 'Alî(a.s) hoe :

"Marina dia marina, fa i Allâh dia nanome ho anao harena izay tsy nomeny olon-kafa izay tiany : tsy inona moa izany fa ny fitiavam-bavaka anananao eto an-tany. Izy dia nanao anao mba tsy hanararaotra mihitsy

izao fiainana eto an-tany izao, indrindra fa ianao dia tsy mba voasarika aminy akory. Izy dia nanome anao ny fitiavana an'ireo mahantra sy ireo fadiranovana. Araka izany, izy ireo dia mankasitraka ny Imâmat Fitarihanao ary izaho koa dia mankasitraka azy ireo noho izy ireo manara-dia anao. Fahasoavana anie ho an'izay misakaiza aminao fa loza kosa ho an'izay mampiseho ny fankahalana anao. Ireo izay mitia anao sady manaiky anao (ho Imâm) dia ho anisan'ny hiaraka hiaina aminao ao am-Paradisa sy ho sakaizanao ao amin'ny lapanao. Ireo izay manohitra anao kosa dia ho tahaka ireo izay nampandainga an'i Allâh amin'ny Andron'ny Fitsarana Farany ary hiharan'ny famaizana".

## Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s) no nanome anarambositra an'ny Imâm 'Alî(a.s) ho "Imâm-oul-Mouttaqîn" (Filohan'ireo Tia vavaka)

Izy dia nahazo izany voninahitra izany noho ny fitiavany vavaka satria na ireo sakaizany na ireo fahavalony dia samy niantso azy avokoa hoe "Imâm-oul-Mouttaqîn" (ilay Filohan'ireo Tia vavaka). Ny olona voalohany nanome azy izany anaram-boninahitra izany dia tsy iza fa ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy.

Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat, boky faha-II pejy faha-450, i Hâfiz Abou Nâ'im Isfahanî ao amin'ny Hliyat-oul-Awliyâ, ny Sayyed 'Alî al-Hamadânî ao amin'ny Mawaddat-oul-Qourbâ sy i Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî Châfi'î ao amin'ny bokiny Kifâyat-out-Tâlib, toko faha-54 dia nitantara araka ny voalazan'i Anas Ibn Mâlik fa indray andro ilay Mpaminany(s.a.s) nangataka taminy rano hanaovana fidiovana masina. Rehefa nomeny rano izy, dia nanao fidiovana masina, nanao fanompoam-pivavahana rak'at anankiroa ary hoy izy taminy hoe : "**Ry Anas ! Ny olona izay ho avy hiditra amin'ity varavarana ity no Filohan'ireo Tia vavaka, Filohan'ireo silamo, Lehiben'ireo mpino, farany amin'ireo mpandimby sy Mpitari-dalana an'ireo vahoaka manana endrika mamiratra ao amin'ny Paradisa**". Nanohy ny teniny i Anas nanao hoe : "Nivavaka tao am-poko aho amin'izay i Allâh handefa Ansarî (Mpamonjy) iray hiditra amin'ilay varavarana kanefa notazomiko ho tsiambaratelo izany tonombavako izany. Tsy tapitapitr'izay, dia tazako i 'Alî nandeha niditra teo amin'ilay

varavarana. Nanontany ilay Mpaminany hoe iza izany. ‘Alî[(a.s)] Ibn Abî Tâlib hoy aho namaly. Nitsangana an-kafaliana ilay Mpaminany[(s.a.s)] ka niarahaba an’i ‘Alî. Nofihininy izy ary nofafany ny hatsembohana teo amin’ny tavany. Hoy i ‘Alî[(a.s)] taminy : “**Ry Mpaminany ! Noraisinao aho androany tsy toy ny fandraisanao ahy teo aloha !** ”. Niteny ilay Mpaminany[(s.a.s)] hoe : “**Fa nahoana moa aho tsy hanao toy izany kanefa ianao no ilay hampita ny hafatro amin’ny vahoakako, ianao no ilay hampandre ny feoko sy hanazava amin’izy ireo izay zavatra hampifanditra azy ireo**”.

Ibn Abî al-Hadîd ao amin’ny Sharh Nahjoul-Balâghat, boky faha-II sy al-Hâfiz Abou Nâ’im ao amin’ny Hilyat-out-Awliyâ dia nanoratra fa indray andro i ‘Alî[(a.s)] no tonga tao amin’ilay Mpaminany[(s.a.s)] izay niteny taminy nanao hoe : “**Tongasoa ianao ry Filohan’ireo silamo sady Filohan’ireo Tia vavaka !** ”. Ary hoy i ‘Alî hoe : “**Dera ho an’i Allâh, noho ireo fahasoavana izay nomeny ahy ary izaho dia mangataka ny fahalalahan-tanany amiko”**.

Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi’î dia nitantara an’io hadith io ihany koa ao amin’ny faran’ny toko faha-IV, fizarana voalohan’ny bokiny Matâlib-ous-Sou’oul izay manambara fa i ‘Alî no Imâm Filohan’ireo Tia vavaka.

Al-Hâkim ao amin’ny bokiny Moustadrak, fizarana-III, pejy-38, i Boukharî sy i Mouslim ao amin’ireo Sahîh bokin’izy ireo avy dia nitantara an’ilay Iraka[(s.a.s)]niteny hoe :

“**Allâh dia nanambara tamiko zavatra telo momba an’i ‘Alî: Izy no Lehibe sy Filohan’ireo silamo. Izy no Filohan’ireo Tia vavaka sy mpitari-dalana an’ireo olona manana endrika mamirapiratra (ho any am-Paradisa)**”.

Mouhammad Ibn Yousouf al-Ganjî al-Châfi’î dia nitantara ao amin’ny bokiny Kifâyat-out-Tâlib, toko faha-45, fa ilay Mpaminany[(s.a.s)] dia niteny hoe :

“**Ny alin’ny Mi’iraj (fiakarana tany an-danitra), rehefa nankarina tany amin’ireo lanitra aho, dia navela niditra tao amin’ny lapa vita amin’ny vatosoa ka ny gorodony dia vita amin’ny volamena manjopiaka. Tamin’izay fotoana izay dia nisy fanambaran’i Allâh tonga tamiko mikasika ireo zavatra telo ho an’i ‘Alî: Marina dia marina fa izy dia Lehibe sy Filohan’ireo silamo, Imâm sy Filohan’ireo Tia vavaka ary mpitari-dalana an’ireo olona manana endrika mamiratra (ho any am-Paradisa)**”.

Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal dia nanoratra ao amin’ny bokiny Mousnad fa indray andro, ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza izao tamin’i ‘Alî(a.s) :

“**Ry ‘Alî ! Ny fijerena ny tarehinao dia fanompoana, marina dia marina fa ianao dia Filohan’ireo Tia vavaka sy ireo mpino. Izay namanao dia namako ihany koa ary izay namako dia tena marina fa naman’i Allâh. Fa kosa izay mankahala anao dia mankahala ahy, ary izay mankahala ahy dia mankahala an’i Allâh**”.

Noho izany dia ampy mba hanekena ny fananan’i ‘Alî(a.s) anjara toerana ambony ny filazan’ilay Mpaminany(s.a.s) fa i ‘Alî dia manana fitiavam-bavaka mihoatra an’ireo Sakaiza rehetra. Izy irery ihany no nahazo ny anaram-boninahitra ho Imâm-oul-Mouttaqîn (Filohan’ireo Tia vavaka) ary ilay Mpaminany(s.a.s) moa dia niantso azy izany mandrakariva.

<u>Na dia Imâm-oul-Mouttaqîn aza ny Imâm ‘Alî(a.s) dia tsy mba nitsiriritra fahefana</u>

**Cheikh** : Tsy misy afaka mampitsahatra ny fiderana an’i ‘Alî. Marina tokoa ny tenin’i Mou’âwiyat raha nilaza izy fa ireo vehivavy eto an-tany dia tsy misy afaka ny hiteraka lehilahy toa an’i ‘Alî.

**Chîrâzî** : Mazava àry ankehitriny fa amin’ireo sakaiza hajain’ilay Mpaminany(s.a.s) dia i ‘Alî(a.s) no ilay Filohan’ireo Tia vavaka, fa misy hevitra tonga ato an-tsaiko. Avelanareo ve aho mba hametraka fanontaniana eo aminareo ?

**Cheikh** : Eny, tompoko.

**Chîrâzî** : Taorian'ny nanekena fa amin'ireo sakaiza malaza rehetra, dia i 'Alî(a.s) irery ihany no mendrika ny filohan'ireo tia vavaka, dia moa ve ianareo mihevitra azy ho nirona tamin'ny fahefana na ny fiainana eto an-tany ?

**Cheikh** : Sarotra eritreretina ny zavatra toy izany. Ianao dia nanamarika tsara teo fa i 'Alî dia nisara-panambadiana tamin'ity tany ity intelo. Efa voaporofo ny fitsipahany an'ity fiainana eto an-tany ity dia amin'ny fomba ahoana no mbola hironany amin'izany ? Ankoatra izany, ny toeram-boninahiny dia tena ambony tokoa ka sarotra ny hananany toetra tahaka izany.

**Chîrâzî** : Midika àry izany fa ireo fihetsiny rehetra izay manambara ny fitiavam-bavaka dia tsy nataony afa-tsy ho an'i Allâh. Izy dia tsy miala velively amin'ny lala-mahitsy.

**Cheikh** : Marina tokoa fa izahay dia tsy mandà izany.

Ny fandavan'ny Imâm 'Alî(a.s) hanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr dia midika fa ny fomba nanendrena an'ity farany ho khalîfat dia tsy marim-pototra

**Chîrâzî** : Nony nodimandry ilay Mpaminany(s.a.s), dia i 'Alî(a.s), araka ny hafatr'ilay Irak'i Allâh, no nanatanteraka ny fombafomba fandevenana azy. Nandritra izany fotoana izany, nisy andian'olona nifamory tao amin'ny Saqîfat an'i Banî Sâ'idah ka nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr. Taorian'izany, rehefa nampanantsoina i 'Alî(a.s) mba hanatanteraka ny adidiny, hanao ilay fanekem-pankatoavana, dia nandà izany izy. Fa nahoana ?

Raha ny fomba nahavoafidy an'i Abou Bakr ho khalîfat sy ny mahafifanarahana iombonana (Ijmâ') azy no voaporofo fa ara-drariny,

amin'izay fotoana izay, i 'Alî izay tena tia vavaka dia tsy tokony hivily lalana hiala amin'ny fahamarinana. Tsaroanareo angamba ilay hadith izay notantaraiko tamin'ireo alim-pivoriana teo aloha izay nitenan'ilay Mpaminany[(s.a.s)] nanao hoe : "'**Alî dia miaraka amin'ny fahamarinana ary ny fahamarinana dia miaraka amin'i 'Alî**". Raha ireo zava-niseho tao Saqîfat no natao am-pahamarinana ary raha ny fanendrena an'i Abou Bakr no ara-dalàna, dia nanaiky an'i Abou Bakr ho khalîfat ara-drariny ny Imâm 'Alî[(a.s)]. Nefa ny nataony, dia ny nanohitra mafy tokoa an'io "fifidianana" io. Ny fanoherany dia tsy azo hazavaina raha tsy amin'ny alalan'ny iray amin'ireto antony anankiroa ireto: na i 'Alî[(a.s)] tsy nizotra amin'ny lala-mahitsy ka tsy nanaja ny didin'ilay Mpaminany[(s.a.s)], na izy nihevitra fa io fifanarahana iombonana io dia zavatra hosoka.

Ilay antony voalohany dia esorina haingana ao an-tsaina avy hatrany, satria tsy i 'Alî mihitsy no handeha hanohitra ny fahamarinana, satria ilay Mpaminany[(s.a.s)] dia nanambara momba azy hoe: "'Alî dia miaraka amin'ny fahamarinana ary ny fahamarinana dia mihodidina manodidina an'i 'Alî". Ankoatra izany, dia tsy misy afaka milaza fa i 'Alî[(a.s)] dia nitsiriritra fahefana. Izy dia nisara-panambadiana tamin'ity tany ity "intelo" (tanteraka). Izy dia tsy nitady seza ara-politika ihany koa. Noho izany àry dia ilay antony faharoa no nanosika azy nitsipaka ny maha-khalîfat an'i Abou Bakr. Izy dia nahafantatra fa ny zava-nisy tao amin'ny Saqîfat dia zavatra mifanohitra amin'ny sitrapon'i Allâh sy ilay Mpaminany[(s.a.s)].

**Cheikh** : Ianao dia mbola manohy foana fa i 'Alî dia tsy nanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr. Ireo bokinareo sy ireo bokinay anefa dia samy manambara fa i 'Alî dia nanaiky ny maha-khalîfat an'i Abou Bakr no sady tsy nanohitra akory ny fifanarahana niombonana tao amin'ny Saqîfat.

**Chîrâzî** : Hadinonareo ve ny resaka nifanaovantsika teo aloha izay nanazavako antsipiriany ireo fanambaran'ireo manam-pahaizanareo? Eny, fa na dia i Boukharî sy i Mouslim aza, dia samy nanoratra ao amin'ny Sahîh bokin'izy ireo avy fa i 'Alî[(a.s)] dia tsy mba nanao fanekem-pankatoavana akory tamin'io fotoana io. Mitovy ny fanehoan-kevitr'ireo

manam-pahaizanareo fa tamin'ny andro voalohany, rehefa noterena ilay Imâm(a.s) mba hivoaka tao an-tranony ary natositosika avy tao an-tranony izy nankany amin'ny Moske, dia mbola nandà hatrany ny hanao fanekem-pankatoavana fa dia navela foana niverina nody tao aminy. Ibrahim Ibn Sa'd Saqafî (maty tamin'ny 283H), Ibn al-Hadîd, Tabarî, sy ireo hafa dia samy nilaza hatrany fa i 'Alî(a.s) dia nanao ny fanekem-pankatoavana efa ho enim-bolana taty aoriana (izany hoe, taorian'ny nahafaty an'i Fâtimat). Koa raha heverina fa nanaiky an'io khilâfat io ilay Imâm(a.s), dia nahoana izy no niandry enim-bolana taty aoriana vao nanaiky izany ?

**Cheikh** : Tsy maintsy misy antony izany; izy irery ihany no mahalala izany. Fa nahoana moa isika no tsy maintsy miverina amin'ireo tsy fifanarahan'ireo razantsika taloha? Nahoana moa isika no miditra lalina amin'ireo disadisan'izy ireo izay efa nandalo tao anatin'ny 1300 taona taty aoriana? (Tora-kehy avokoa ireo mpanatrika).

**Chîrâzî** : Rehefa tsy manan-kolazaina intsony ianareo dia mitady hitsikera ny mahazava-dehibe ny firesahana ny lasa. Izany dia fomba fandosirana ny zava-misy marina sy ny fahamarinana ary ny ady hevitra maontina dia tsy afaka manaiky izany fomba izany. Raha ny marina koa anefa, dia misy ifandraisany amintsika akaiky tokoa ireo disadisa ireo, ary adidin'ny silamo rehetra mihitsy ny mikaroka ny fahamarinana mikasika izany, ny manaraka ny rariny sy ny hitsiny ary mankato izany, ny mino ny zava-misy marina sy manalavitra ny lainga sy ireo hevi-diso.

Fa ny mikasika ny tsikeranareo amin'ny tsy mahazava-dehibe ny fidirantsika amin'ireo disadisan'ireo talohantsika, dia marina ny hevitrareo raha toa ka ireo disadisa ireo dia tsy nisy fiantraikany tamintsika. Nefa, raha amin'ny fo tsy miangatra, dia diso hevitra ihany ianareo. Adidin'ny silamo rehetra ny hanam-pinoana mifototra amin'ny saina fa tsy amin'ny fanarahana an-jambany ireo finoan'ireo talohantsika. Teo am-panadihadiana momba ny finoana, teo am-pianarana ny tantara itambaran'ireo silamo, no nahatsapanay fa taorian'ny nahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s), dia lasa nisy antokom-pinoana anankiroa no nipoitra. Araka izany, dia tsy maintsy manao fanadihadiana lalina isika mba hahafantarana aiza amin'ireo antokom-pinoana roa ireo no ao anatin'ny

fahamarinana. Isika dia tsy tokony mihitsy hanaraka an-jambany an'ireo talohantsika.

**Cheikh** : Raha izany no izy, araka ny hevitrao dia tsy ara-dalàna ny khilâfat fitondran'i Abou Bakr. Raha tsy khalîfat ara-dalàna i Abou Bakr, raha i 'Alî(a.s) no manan-jo hitazona io toerana io, dia nahoana izy no tsy nampiasa ny tanjany sy ny herim-pony mba hanorenany ny fahamarinana? Izy dia nanana fahazarana nanao fiaraha-mivavaka sy natetika nanoro hevitra mahasoa an'ireo khalîfat mikasika ireo tranga zavatra lehibe.

<u>Ny fahanginan'ny Imâm 'Alî(a.s) dia tsy midika ho fankasitrahany</u>

**Chîrâzî** : Voalohany, ireo mpaminany(a.s) sy ireo mpandimby(a.s) azy ireo dia manapa-kevitra araka ny sitrapon'Ilay Tsitoha. Araka izany, dia tsy azontsika atao ny mametraka tsikera amin'ny tsy niadiany, fa naleony ny nangina teo anatrehan'ny fahavalony na ny nanaiky resy.

Raha fakafakaina ireo tranga ara-tantara mikasika ny fiainan'ireo mpaminany(a.s) sy ireo mpandimby(a.s) azy ireo, dia hahita ohatra maro tahaka izany ianareo. Ny Kor'âny masina dia nitantara ireo tranga vitsivitsy mitovy amin'izany. Ao amin'ny sourat al-Qamar (ny volana), dia ahitana ny tenin'ny mpaminany Nouh(a.s) nilaza hoe : "**Resy aho ! Ataovy mandresy !** "[58]. Ao amin'ny sourat Maryam, ny Kor'âny dia mampahafantatra antsika ny fahanginan'i Abraham rehefa izy nitady fanampiana teo anatrehan'i Azar rahalahin-drainy : "**Manalavitra anareo sy izay tompoinareo ankoatra an'i Allâh aho, fa ny Andriamanitro no antsoiko**"[59]. Abraham(a.s) dia nanalavitra ny vahoakany noho izy tsy nahazo fanampiana avy tamin'i Azar rahalahin-drainy. Tahaka izany koa i 'Alî(a.s), dia nanalavitra an'ity vahoaka ity izy, ary dia nihiboka tao an-trano.

---

[58] Kor'âny 54/10

[59] Kor'âny 19/48

**Cheikh** : Izany dia fihatahana amin'ny sainy fotsiny. Izy dia nisintaka sy nanalavitra azy ireo ara-tsaina fa tsy ara-batana.

**Chîrâzî** : Raha dinihinareo ireo famakafakana avy amin'ireo antokom-pinoana roa tonta, dia ho tsapanareo fa ny fihatahany dia sady ara-batana no ara-tsaina. Ampahatsiahiviko aminareo fa ny imâm Fakhr-oud-Dîn ar-Razî dia nanambara ao amin'ny bokiny Tafsîr al-Kabîr, boky faha-V, pejy faha-809 hoe : "**Mihataka amin'ny zavatra iray dia midika fa manalavitra. Abraham(a.s) dia nihataka ny vahoakany teo amin'ny ara-batana sy ara-pinoana**". Ireo mpitantara dia nanamarika fa taorian'io fihatahana io, i Abraham(a.s) dia nifindramonina niala tao Babylone nankany Kouhistan tao Perse ary dia nitoka-monina teo anelanelan'ireo vohitra ireo izy nandritra ny fito taona. Avy eo izy dia niverina tao Babylone sy nitory indray teo amin'ny vahoaka ny maha-tokana an'i Allâh ary nandravarava ireo sampy. Natsipin'ny vahoaka tao anatin'ny afo izy. Nataon'i Allâh mangatsiatsiaka taminy izany afo izany ka lasa toeram-piadanana ho azy ary ny toerana maha-mpaminany azy dia voaporofo. Ao amin'ny sourat al-Qisas (ireo tantara), ny tantaran'i Mosesy(a.s) dia notantaraina tahaka izao : "**Nivoaka tao amin'ny tanàna i Mosesy, natahotra sady nijerijery ny manodidina azy. Hoy izy : Tompo ô, avoty amin'ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny aho** ! "[60]. Ao amin'ny sourat A'araf (ireo toerana avo indrindra), ny Kor'âny masina dia mitantara ny toe-javatra sarotra niainan'i Harona(a.s) rehefa i Mosesy(a.s) namela azy hiandry an'ireo Banî Israel. Tampoka teo ireo vahoaka dia lasa nanompo ombivavy volamena ary noho i Harona tsy nisy olona nanampy azy, dia naleony nangina. Toy izao no voalazan'ny Kor'âny : "...**ary nalain'(i Mosesy) ny lohan'ny rahalahany sady nosintominy ho any aminy. Fa hoy i Harona : Ry zanaky ny reniko (rahalahiko), nataon'ireo vahoaka ho malemy aho, ary kely foana no tsy namonoan'izy ireo ahy**"[61].

---

[60] Kor'âny 28/21

[61] Kor'âny 7/150

## Imâm ‘Alî(a.s), nampitahaina amin’i Harona

Araka ny voalazan’ny Kor’âny masina, i Harona(a.s) dia tsy mba nandray ny sabany hanohitra ny vahoakany. Naleony nangina rehefa ny vahoaka no nanompo ilay ombivavy volamenan’i al-Sâmîr satria fantany fa maro loatra izy ireo ka tsy ahafahany mihetsika.

Toy izany koa i ‘Alî(a.s), izay nolazain’ilay Mpaminany(s.a.s) fa izy eo anatrehany dia tahaka an’i Harona eo anatrehan’i Mosesy, dia nanana ireo antony nandraisany fanapahan-kevitra sy niaretany tamin’io toe-javatra io rehefa tsapany fa irery izy. Navoaka tao an-tranony an-keriny ny Imâm ‘Alî(a.s) ka nentina tao amin’ny Moske, sabatra iray maranitra mitohoka eo amin’ny lohany mba hanerena azy hanao ny fanekem-pankatoavana. Taorian’izany izy dia nankany amin’ny fasan’ilay Mpaminany(s.a.s) ka nanonona ireto teny ireto ihany koa izay nampitenenin’i Allâh an’i Harona(a.s). Harona(a.s) dia niteny tamin’i Mosesy(a.s) hoe : “**Nataon’ireo vahoaka ho malemy aho ary te hamono ahy izy ireo**”.

Ny ohatra avy amin’ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s) mikasika ity hevitra ity dia betsaka tokoa feno fampianarana. Isika dia tokony hahatakatra fa nahoana izy(s.a.s) no nangina nandritra ny telo ambin’ny folo taona teo anatrehan’ireo fihetsika feno fankahalana nataon’ireo fahavalo tao Makkat, sy mandra-pahatonga azy nandao tsy satry ny tanàna nahaterahany tao anatin’ny haizin’ny alina? Ny antony dia noho izy tsy nanana mpanampy mihitsy? Ary na dia nanana ny fahefany aza izy nony tonga tao Madinat, dia tsy afaka nanadio ny tanàna avy hatrany ireo zava-baovao rehetra noforonina.

**Cheikh** : Ahoana no ahafahanao milaza fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy nahafoana akory ireo zava-baovao noforonina?

**Chîrâzî** : Izany dia notantarain’i al-Hamîdî ao amin’ny bokiny Jam’ou Bayn al-Sahihayn sy ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin’ny Mousnad fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny tamin’i ‘Aïcha nanao hoe :

“**Raha ireto vahoaka ireto no tsy olona tsy mpino sy bado, ary raha tsy noho ny fahatahorako ny hanimba ny finoan'izy ireo, dia nomeko baiko izy ireo mba handrava ny Ka'abat mialohan'ny hananganana azy indray. Aorian'ny fanarenana azy dia hanamboarako varavarana anankiroa izy, ka ny iray mitodika any atsinanana ary ny iray mitodika any andrefana sahala amin'izany izy tamin'ny andron'ny mpaminany Abraham. Izaho dia hanangana azy eo ambonin'ireo vatofototra naorin'i Abraham**”.

Raha ilay Mpaminany(s.a.s)aza no tsy afaka nanohitra ireo zava-baovao lehibe noforonina, dia tsy mahagaga raha ny Imâm 'Alî(a.s) no nanana toetra tahaka izany koa teo anatrehan'ny toe-javatra sarotra toy izany.

Ilay mpahay lalàna lehibe antsoina hoe Wasiti Ibn Maghâzilî Châfi'î sy i Khatib al-Khawârizmî ao amin'ireo Manâqib bokin'izy ireo avy, dia nitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny tamin'i 'Alî(a.s) hoe : “**Ny vahoaka dia mialona anao izaitsizy. Tsy ho ela akory aorian'ny fahafatesako izy ireo dia hamitaka anao sy hanambara aminao izay ao am-pon'izy ireo (amin'ny fihatsarambelatsihy). Izaho dia miangavy anao mba hanam-piaretana amin'io fotoana io sy hanana fifeheza-tena; i Allah anie hamaly soa anao amin'izany**”.

## Fizarana fahafolo

### <u>Taorian'ny nahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s), ny Imâm 'Alî(a.s) dia niharitra ny mafy mba ho fifalian'i Allâh</u>

Faharoa ankoatra izany, i 'Alî(a.s) dia tsy mba nanana ahiahy amin'ny tenany mihitsy fa noraisiny ho mpitari-dalana azy mandrakariva i Allâh. Izy dia tena niankin-doha tanteraka tamin'i Allâh. Natolony ho an'ny sitrapon'i Allâh ny tenany. Ny fiaretany teo anatrehan'ny zony dia noho ny antony avy amin'i Allâh satria raha tsy nisy io fanoloran-tenany io, dia nanjaka teo amin'ireo silamo ny korontana izay hampisara-bazana azy ireo. Rehefa nobaboina ilay fananan'i Fâtimat, dia niverina tao an-

tranony izy vonton'alahelo sy niory mafy. Hoy izy tamin'i 'Alî hoe : "**Ianao dia mandefitra toy ny zaza vao torontoronina. Ianao dia manalavitra an'ity fiainana eto an-tany ity toy ny olona iray izay nohendrikendrehina tsy ara-drariny sy toy ny olona tapak'elatra. Ankehitriny ny elatry ny vorona iray malemy dia tsy manohana anao. Io Ibn Qohâfah (Abou Bakr) io dia naka an-keriny ny fananako izay fanomezana nomen'ny raiko ahy mba ho fiveloman'ireo taranako. Marina dia marina fa i Abou Bakr sy ireo namany dia nampijaly sy maneso ahy...**". Niteny toy izany naharitra izy.

Nihaino azy ilay Imâm(a.s) mandra-pahanginany. Avy eo izy dia nanome valinteny fohy izay nahafa-po azy tokoa. Hoy izy : "**Ry Fâtimat ! Ho an'ny fitoriana ny fahamarinana sy ny finoana, dia tsy hangina amin'izany mihitsy aho. Tianao mba ho voaaro ve ity finoana masina ity ary ny anaran'ilay rainao mba ho tsaroana mandrakizay ao amin'ireny Moske ireny ?** ". Namaly izy hoe : "**Eny, izany indrindra no tena faniriako mafy**". Niteny i 'Alî hoe : "**Araka izany, dia aoka ianao hanana fiaretana. Ny rainao dia nanoro hevitra ahy mikasika ity toe-javatra ity ary fantatro fa izaho koa, dia mila manam-paharetana. Fa raha tsy izany, dia tena manana hery tokoa aho hahafahako mandresy ny fahavalo sy mamerina aminao izay fanananao. Kanefa tokony ho fantatrao fa amin'izay fotoana izay, ny finoana dia ho rava. Araka izany, mba ho an'i Allâh sy ho fiarovana ny finoan'i Allâh, dia aoka ianao hanana fiaretana. Ny valisoa izay ho azonao any ankoatra dia tsara lavitra kokoa noho izay nalaina an-keriny taminao**".

Izany no antony nahatonga an'i 'Alî(a.s) niaritra. Izy dia nihafy tao anatin'ny faharetana sy fahanginana mba hiarovana ny Islâm. Izy dia nampahatsiahy mandrakariva izany toe-javatra izany tao anatin'ireo toriteny maro nataony.

Ibrahim Ibn Mouhammad al-Thaqafî, izay anisan'ny iray amin'ireo manam-pahaizanareo mendri-pitokisana, sy Ibn Abî al-Hadîd ary i 'Alî Ibn Mouhammad Hamadanî dia nitantara fa rehefa i Talha sy Zoubayr no nanapaka ny fanekem-pankatoavana nataon'izy ireo ka nandeha nankany

Basrâ, dia nanome baiko i ‘Alî(a.s) mba hivory ao amin’ny Moske. Rehefa avy nidera sy nanome voninahitra an’Ilay Tsitoha izy dia nilaza hoe :

“**Taorian’ny nahafaty an’ilay Mpaminany, dia nolazainay tamin’izy ireo fa Ahloul-Bayt izahay sy mpandimby azy ary olona mendrika handova azy ara-dalàna. Tsy misy olon-kafa ankoatra anay no afaka hahazo an’ity zo ity aoriany. Nefa misy andian’olona mpihatsaravelatsihy no nandray ny fanananay avy tamin’ilay Mpaminanintsika ary lasa mpanohitra azy ireo izahay. Ianiavana amin’i Allâh, fa ny fonay sy ny masonay dia mitomany noho izany. Ianiavana amin’i Allâh, fa tototry ny alahelo sy ny hatezerana izahay. Izaho dia mianiana amin’i Allâh fa raha tsy noho ny fahatahorako ny vahoaka hiady an-trano dia nahonganay an-keriny ny khilâfat. Izy ireo dia nibodo ny toerana mandra-pahatongavan’izy ireo hatramin’ny farany. Ankehitriny, dia naverin’i Allâh amiko izany. Ary ireto lehilahy anankiroa ireto (i Talhah sy i Zoubayr) dia nanao fanekem-pankatoavana tamiko. Indreny anefa izy roalahy fa efa an-dalana ho any Basrâ sahady ankehitriny mba hamboly korontana eo amin’ny vahoaka**”.

Anisan’ireo manam-pahaizanareo lehibe, Ibn Abî al-Hadîd sy i Kalbî dia nanambara ireo tenin’i ‘Alî(a.s) tamin’ireo vahoaka rehefa nandeha nankany Basrâ i Talha sy Zobayr. Hoy indrindra izy hoe : “**Nony maty ilay Mpaminanin(s.a.s)’i Allâh, ireo vahoaka Qouraych dia nanilika anay sady nanafoana ny zonay izay tsy misy mendrika izany afa-tsy izahay. Araka izany, dia nanapa-kevitra aho fa aleo kokoa ny mihafy ao anatin’ny fahanginana sy ny miaritra toy izay ny hamela ireo silamo hisara-bazana sy handraraka ny ràn’izy ireo, satria izy ireo dia mbola vao haingana no nanaraka ny finoana Islâm**”.

Ny fahanginan’i ‘Alî nandritra ny khilâfat fitondran’i Abou Bakr sy Omar dia tsy midika akory ho fankasitrahany izany. Izy dia te hisoroka mba tsy hampisy disadisa mahery vaika teo amin’ireo samy silamo no sady te hiaro ny finoana Islâm amin’ny faharavana. Fa efa taorian’ny enim-bolana nijanonany tao anatin’ny fahanginana sy fitsikerana izy,

araka ny notantarain'ireo manam-pahaizanareo, vao nanao ny fanekem-pankatoavana sy niara-niasa tamin'izy ireo.

## Ny Taratasin'ny Imâm 'Alî(a.s) ho an'ny vahoakan'i Ezypta mba hanazavana ny fahanginany na dia nahataka tamin'ny khilâfat aza izy

Ao amin'ny taratasy nalefa tamin'i Mâlik Ashtar mba ho an'ny vahoakan'i Ezypta, dia nanazava tsara izy fa naleony ny nangina mba hiarovana ny Islâm. Ny vakin'ilay taratasiny izay voarakitr'Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat, boky faha-IV, p.164 moa dia toy izao :

"Allâh dia naniraka an'i Mouhammad ho vavolombelon'ireo Mpaminany mba hampitandrina ny vahoaka. Fa nony nodimandry ilay Mpaminany, dia nifanditra niady ny zo handimby azy ireo silamo. Izaho dia mianiana amin'i Allâh fa tsy nihevitra mihitsy aho na nino, na dia bitika kely akory aza, fa ny vahoakan'i Arabia dia hanaisotra ny zo ho mpandimby azy avy amin'ireo Ahloul-Bayt ka hanome izany amin'ireo olon-kafa, any aoriany. Tena tsy azo heverina mihitsy fa aorian'ny fahafatesan'ilay Mpaminany, na dia teo aza ny didy navoakany mazava tsara, dia hanakana ahy tsy ho eo amin'ny khilâfat izy ireo.

Tena malahelo izaitsizy aho mahita ireo vahoaka miolomay mankany amin'ny olona sasany (Abou Bakr) mba hanao ny fanekem-pankatoavana aminy. Koa dia nihatakataka aho mandra-pahatsapako ny fisian'ny vondron'olona manalavitra ny Islâm manana fikasana handrava azy. Natahotra mafy noho izany aho fa raha tsy mamonjy ny Islâm sy ireo silamo, dia ho tojo faharavana tantareka ny finoana izay tena mampalahelo ahy tokoa izany, mihoatra ny alaheloko amin'ny nanesorana ahy tsy ho eo amin'ny khilâfat. Nefa ny tanjaka ara-politika toy izany dia tsy haharitra ela akory. Tsy maintsy manjavona toy ny rahona izany. Amin'ny toe-javatra tahaka izany no tsy maintsy ijoroako, amin'izay mba mihamalemy ny fanompoan-tsampy ary mihamahazo vahana ny Islâm".

## Toritenin'ny Amîr-oul-Mou'minîn(a.s) taorian'ny nahamaritiora an'i Mouhammad Ibn Abi Bakr

Ibn Abi al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat, boky faha-II, p.35 dia nitantara avy tamin'ny Kitâboul-Ghârât bokin'Ibrahim Ibn Sa'd Ibn Hilâl al-Thaqafî izay nitantara izany avy tamin'i Abdour-Rahmân Ibn Joundab izay nitantara izany avy tamin'ny rainy fa taorian'ny nahababo an'i Ezypta sy namonoana an'i Mouhammad Ibn Abou Bakr, i 'Alî Amîr-oul-Mou'minîn dia nanao toriteny izay nanehoany ireo fihetseham-pony tezitra tamin'ny fihetsika nataon'ireo silamo taorian'ny fahafatesan'ilay Irak'i Allâh. Naneho ireo fanamarihany izy tamin'ilay taratasy nalefany ho an'ny vahoakan'i Ezypta. Hoy ilay Imâm hoe : "**Misy ireo sasany nilaza tamiko hoe : Ry Ibn Abî Tâlib ! Endrey ianao mitsiririritra ny khilâfat! Novaliako izy ireo hoe: Ianareo no tena mitsiririritra izany noho izaho kanefa ianareo dia tsy manandraharaha amin'izany akory fa tsy mba tahaka ahy. Iza àry no tena manam-pitsiririritana amintsika ? Moa ve izaho izay mitaky ny zoko izay i Allâh sy ilay Mpaminaniny mihitsy no nametraka ahy ho mpitaky ara-dalàna, sa ianareo izay nanaisotra ahy tamin'izany zo izany sy nanangana sakana teo amiko sy ilay zoko ? Tampina avokoa izy rehetra ka tsy nahita teny havaly. Marina dia marina fa i Allâh dia tsy manampy ireo mpanao tsindrihazolena**".

Ity tantara ity sy ireo toriteny hafa nataon'ny Imâm 'Alî(a.s) dia maneho ny antony nahatonga an'ila Imâm(a.s) tsy niady tamin'ny fahavalo sy nitazona ny fahanginana ary nanao ny fanekem-pankatoavana rehefa afaka enim-bolana taty aoriana (izay voalazan'ireo manam-pahaizanareo) dia tsy midika velively na dia kely aza ho fankasitrahana. Fa izy dia natahotra ny Islâm ho levona ary ireo silamo hizarazara.

Raha i 'Alî no niady mba haka ny zony, dia azo antoka fa nisy tamin'ireo olona sasany no nanampy azy (betsaka ny nampirisika azy amin'izany) kanefa amin'izay fotoana izay dia hipoaka ny ady an-trano.

Ilay Mpaminany dia vao vetivety ny nahafatesany. Ireo silamo dia mbola eo akaiky ny tsy fananam-pinoana ary tsy mbola tena niorim-paka

ao am-pon'izy ireo ny finoana. Ireo jiosy, ireo kristiana, ireo mpanompo sampy sy ireo mpihatsaravelatsihy (ireo tena fahavalon'ny Islâm), dia afaka hanararaotra hamotika ny haja amam-boninahitr'ireo silamo ka ho levona ho azy ny Islâm. Amîr-oul-Mou'minîn 'Alî(a.s) dia nahatsinjo izany loza izany.Ilay Mpaminany(s.a.s) dia efa nanambara taminy fa ny fototry ny Islâm dia tsy azo potehina. Ny finoana dia toy ny masoandro, izay mety ho takona mandritra ny fotoana tsy voafaritra ao ambadiky ny rahon'ny habadoana sy ny fankahalana kanefa mbola hivoaka indray izy avy eo mba hampiely ny fahazavany.

Raha fintinina, dia nitaky ny zony izy nandritra ny enim-bolana, ary nanaporofo ny fahamarinan'ny fitakiany izy tamin'ireo famoriana olona sy ireo fivoriana nataony kanefa tsy nisy ny nanao fanekem-pankatoavana taminy. Eny, na dia tsy nampiasa hery aza izy dia nanohy hatrany ny fitakiana ny zony tamin'ny alalan'ny vavany.

<u>Ny toriteny Shaqshaqiyyat dia manazava ny fahanginan'ny Imâm 'Alî(a.s)</u>

Ilay Imâm(a.s) dia nanomboka ny toriteniny (mikasika ny Shaqshaqiyyat) tamin'ny alalan'io lohhevitra io ihany koa: "Ianiavana amin'i Allâh! Fa ilay zanak'i Abou Qohafa (i Abou Bakr) dia nitafy ny fitafian'ny khilâfat na dia fantany miaraka amin'ny fahalalana tsara fa ny fifandraisako amin'ny khilâfat dia tahaka ny toeran'ny tsipika eo anivon'ny faribolana (axe) eo amin'ny milina fitotoana (moulin). Ny rano dia mikoriana midina ambany amin'ny alalako ary tsy misy ny mahatakatra ny haavon'ny fahalalako. Nisintaka tamin'ny khilâfat aho. Avy eo aho hieritreritra raha toa ka tokony handray ny zoko amin'ny alalan'ny hery aho na hiaritra ny haizina am-pitoniana, izay ahitana ireo rindrina efa bobongolo, ireo tanora zary efa antitra ary ny mpino marina dia miaina ao anatin'ny teritery mandra-pihaonany amin'i Allâh (amin'ny fahafatesany). Hitako fa ny fahendrena dia ny miaritra. Noho izany, dia naleoko ny niaritra na dia ditsoka aza ny masoko na kenda aza ny tendako. Izaho dia vavolombelona amin'ny fandravana an-keriny ny lovako hatramin'ny nahafatesan'ilay voalohany. Avy eo anefa ilay khilâfat dia natolony indray an'Ibn Khattab.

Ny fihetseham-pon'i 'Alî dia nisongadina tao amin'ity toriteny ity.

Fisalasalana mikasika ny toriteny Shaqshaqiyyat

**Cheikh** : Voalohany aloha, io toriteny io dia tsy manaporofo akory ny tsy fankasitrahany. Faharoan'izany, io toriteny io dia tsy avy tamin'i 'Alî. Ny tena marina, izy io dia asa soratry ny Sayyed al-Sharîf al-Radhî, izay nampidiriny tao anatin'ireo toritenin'i 'Alî. Fa i 'Alî dia tsy mba nitaraina velively mikasika an'ireo khalîfat ireo. Izy aza vao mainka faly tamin'izany.

**Chîrâzî** : Ny fanambaranareo dia miankina amin'ny fitsarana an-tendrony tafahoatra. Izay nolazain'i 'Alî(a.s) sy izay nampalahelo azy dia efa notantaraina teo aloha. Ireo fitarainan'ny Imâm 'Alî(a.s)ireo dia tsy ho hita raha tsy ao amin'io toriteny io. Ny fanakiananareo izay milaza fa ny tompon'io toriteny io dia ilay manam-pahaizana malaza sy tia vavaka, ny Sayyed al-Sharîf al-Radhî dia diso tanteraka.

Sayyed al-Sharif al-Radhî no tena mpanangon-tenin'ireo toritenin'ny Imâm 'Alî(a.s)

Ireo manam-pahaizanareo lehibe toa an'i 'Izzoud-Dîn Abdoul-Hamid Ibn Abî al-Hadîd, ny cheikh Mouhammad Abdouh, Moufti tao Ezypta ary ny cheikh Mouhammad Khidhari ao amin'ny Mouhâdharât Tarîkh al-Oumam al-Islâmiyyat, ao amin'ny pejy faha-127 dia samy nitantara fa io toriteny io dia avy tamin'i 'Alî.  Ireo manam-pahaizana avy aminareo ihany no nanangon-teny fanazavana mikasika izany hevitra izany. Fa ny sasany amin'ireo manam-pahaizanareo mpitompo teny fantatra no miezaka mamboly fisalasalana mikasika ny fahamarinany.  Tsy misy na iray aza amin'ireo manam-pahaizana "sunnites" efatra sy "chiites" izay namakafaka ny Nahjoul-Balâghat no nampiely ny fisalasalana toy izany.

Ny fitiavam-bavak'ilay Sayyed malaza Sharîf Radhî dia tsy mampitombina fa izy dia nampiditra ny teniny manokana ao amin'ny

toritenin'ny Imâm 'Alî(a.s). Ankoatra izany, ireo manam-pahaizana manokana momba ny teny arabo sy ny literatiora izay nandalina ireo toritenin'ny Imâm 'Alî(a.s) voarakitra ao amin'ny Nahjoul-Balâghat dia nanao fanambarana teo am-pahitana ny hakanton'ny lahateny sy ny halalin'ny resaka fa izy io dia asa soratra tsy manan-tsahala. Ibn Abî al-Hadîd Mou'tazalî sy ny cheikh 'Izzoud-Dîn Ibn Abdoul-Hamid dia samy niaiky fa ny hakanto sy ny halalin'ny hevitr'ireo toritenin'ny Imâm 'Alî(a.s) dia maneho fa izany asa soratra izany dia manana ny fahamendrehany tsy ho latsa-danja amin'ireo tenin'i Allâh sy tenin'ilay Mpaminany(s.a.s).

Ibn Abî al-Hadîd dia nitantara avy tamin'i Mousaddaq Ibn Shahîb fa rehefa niteny izy tamin'ilay olo-malaza, Ibn Khash'shâb, iray amin'ireo mpampianatra lehibe mikasika ity taranja ity, fa maro amin'ny olona no milaza fa ilay toriteny Shaqshaqiyyat dia tenin'i Sharîf al-Radhî, dia namaly izy hoe : "Tsy mitombina raha ny Sayyed al-Sharîf al-Radhî na ny olon-kafa no hahavita lahateny toy izany. Izahay dia nandalina ireo asa soratry ny Sayyed Radhî, nefa tsy nisy azo nampitahaina ny teo amin'ireo sora-tanany sy ireo toritenin'ny Imâm 'Alî(a.s).

## Ny toriteny Shaqshaqiyyat dia notantaraina taloha lavitry ny nahaterahan'ny Sayyed al-Sharîf al-Radhî

Ankoatra ny fomba fanoratana azy na ny hakantony, dia maro amin'ireo manam-pahaizana sy ireo mpitahiry lovan-tsofina ary ireo mpahay tantara (chiites sy sunnites) no nilaza ny fisian'io toriteny io talohan'ny nahaterahan'ilay manam-pahaizana lehibe, Sayyed al-Sharîf al-Radhî sy ny rainy, i Abou Ahmad al-Naqîb, antsoina hoe Naqîb-out-Tâlibîn.

Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat dia nitantara fa hitany ireo toriteny ireo tao amin'ireo bokin'ny mpampianany, ny cheikh Aboul-Qasim Balkhî, imâm ao amin'ireo "Mou'tazalites", izay niaina tamin'ny vanim-potoanan'i al-Mouqtadir Billâh al-'Abbâsî. Iaraha-mahalala fa ny Sayyed al-Radhî dia teraka taty aoriany lavitra be. Nanoratra ihany koa izy fa nahita an'io toriteny io tao amin'ny Kitâb-oul-Insâf bokin'ny mpitoriteny iray malaza antsoina hoe Abou Ja'afar Ibn

Qibah izay iray amin'ireo mpianatry ny cheikh Aboul-Qasim al-Balkhî, ary nodimandry nialohan'ny nahaterahan'ny Sayyed al-Sharîf al-Radhî.

Nisy koa nitantara fa ny Cheikh Abou Abdoullâh Ibn Ahmad, fantatry ny besinimaro amin'ny anarana hoe Ibn al-Khash'shâb, dia nanambara hoe : "**Hitako io toriteny io voarakitra ao amin'ireo boky 200 taona nialohan'ny nahaterahan'ny Sayyed al-Radhî. Hitako ihany koa izy io tao amin'ireo asa soratra literatiora malaza taloha lavitry ny nahaterahan'ny rain'ny Sayyed al-Sharîf al-Radhî, i Ahmad Naqîb-out-Tâlibîn**".

Ianareo dia milaza fa i 'Alî dia faly tamin'ireo mpanohitra azy ! Araka izany dia hodianareo tsy fantatra ireo tantara tsy tambo isaina nosoratan'ireo manam-pahaizanareo izay efa nolazaiko tany aloha sy manaporofo ny mifanohitra amin'izany fihevitrareo izany.

Hilaza ohatra iray hafa aminareo indray aho : Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat, boky faha-II, pejy faha-561 dia nanoratra fa i 'Alî(a.s) dia niteny hoe : "**Izaho dia nitoetra teo anilan'ilay Mpaminany foana hatrany am-piadohana mandra-pahafatesany. Ilay Iraka dia niala fofon'ainy farany teo ampofoako. Izaho no nampandro ny fatiny niaraka tamin'ireo Anjely nanampy ahy, izaho no nanao fivavahana ho an'ny fatiny sy nandevina azy. Tsy misy mpandimby akaiky azy sy ara-dalàna mihoatra ahy**".

Eo amin'ny faran'io toriteny io, izy dia manondro ireo mpanohitra azy amin'ny fehezanteny toy izao : "**Izaho dia mianiana amin'i Allâh fa izaho dia ao amin'ny lala-mahitsy fa ireo mpanohitra ahy kosa dia ao anatin'ny fahaverezana**".

Nefa ianareo dia mikiribibiby amin'ny filazana an'i 'Alî(a.s) ho nihevitra an'ireo mpanohitra azy fa ao amin'ny lala-mahitsy. Iangaviana ianareo raha azo atao mba handalina tsara an'ity andinin'ny Kor'âny manaraka ity, izay milaza manao hoe :

**«Te hamono ny fahazavan'i Allâh amin'ny alalan'ny vavany izy ireo kanefa i Allâh dia vao mainka mampiely ny Fahazavany, na dia mankahala izany aza ireo tsy mpino»**[62].

## FIVORIANA FAHAFOLO

(Ny alin'ny Sabotsy faha-03 Cha'abân 1345H[63].)

### Fizarana voalohany

Filazana fa i Omar dia mahay ny Làlana Islamika

**Nawwâb** : Izao maraina izao, ny zanako, i Abdoul-Aziz izay mianatra any amin'ny oniversity islamika, no nanambara taminay fa ny profesorany dia nilaza tao an-dakilasy, fa ilay khalîfat Omar no mpahay lalàna tena malaza tamin'ny fotoan'androny tao Madînat. Izy dia mahay ireo andinin'ny Kor'âny masina sy ny dikany. Izy no ambony fahaizana mihoatra ireo mpahay lalàna hafa rehetra toa an'i 'Alî Ibn Tâlib(a.s), i Abdoullâh Ibn Abbâs, i Akramah, i Zaïd Ibn Thâbit, i Abdoullâh Ibn Mas'ound. Eny, fa na dia i 'Alî Ibn Abî Tâlib(a.s), izay manana fahalalana midadasika tokoa mikasika ny fiqh (didy aman-dalàna), dia mbola nanontany an'i Omar rehefa izy no sendra toe-javatra sarotra mikasika ireo zon'ireo silamo. Ilay khalîfat dia namaha hatrany ireo olana goavana natrehin'i 'Alî Ibn Abî Tâlib(a.s). Izahay dia manaiky izany satria ireo manam-pahaizanay dia nilaza fa ilay khalîfat Omar dia nanana ny toeram-boninahiny manokana amin'ny fahaizana amam-pahalalana. Izaho dia miangavy anao mba hanazava aminay izany fanambarana izany, izay mifanohitra amin'ny anareo mikasika ity lohahevitra ity, amin'izay ny rehetra, anisan'izany koa ilay zanako, mba hahafantatra ny zava-misy marina sy ny fahamarinana.

**Chîrâzî** : Mahagaga ahy raha olona profesora no afaka milaza zavatra tahaka izany. Na dia ireo manam-pahaizanareo aza dia tsy mba

---

[62] Kor'âny 9/32

[63]Nifanandrify tany ho any amin'ny daty faha-05 Febroary 1927.

niteny toy izany velively. Eny, fa ireo manam-pahaizana mpitompo teny fantatra, toa an'Ibn Hamza, no niteny zavatra toy izany, fa ireo manam-pahaizana hafa avy amin'ny antokom-pinoanareo dia nanohitra izany mafy tanteraka. Ankoatra izany, io fahalalana io (ny fahalalana feno momba ny Kor'âny sy ny hevitry ny andininy tsirairay) dia tsy misy akory amin'ny tenan'ilay khalîfat Omar. Na dia iray aza amin'ireo manam-pahaizanareo dia tsy mba nitantara tranga toy izany ao amin'ireo bokin'izy ireo. Ireo sasantsasany amin'ny mpitahiry lovan-tsofina sy mpahay tantara izay nanoratra zavatra mikasika ny tenan'i Omar Ibn Khattab no nampiharihary ny toetrany ho mpanao politika sy ho mpandidy raharaha ary ny fahiratan-tsainy, fa tsy misy filazana mikasika ny fahalalany.

Raha ny marina, ireo boky avy amin'ireo antokom-pinoana roa tonta, dia ahitana sombin-tanatra maro, manaporofo mazava ireo tsy fahampian'ny fahaizany momba ny didy aman-dalàna islamika. Isaky ny mitady famahana olana iray izy dia mandeha maka hevitra amin'ny Amîr-oul-Mou'minîn, i 'Alî(a.s) sy i Abdoullâh Ibn Mas'oun ary ireo mpahay lalàna hafa tao Madînat.

Ibn Abî al-Hadîd dia nitantara araka ny voalazan'i Abdallâh Ibn Mas'ound indrindra izay anisan'ireo mpahay lalàna tao Madînat, fa i Omar dia nisisika hitoetra miaraka aminy mba hahamora fahazoany azy amin'ny fotoana ilàny azy.

**Cheikh** : (Niteny an-katezerana:) Aiza no misy tantara milaza fa i Omar dia bado amin'ny lafiny finoana sy ny lalàna ?

**Chîrâzî** : Tsy niteny aho teo fa izy dia tena bado tanteraka. Nilaza fotsiny aho fa izy dia tsy mahafehy ny lalàna islamika ary azoko porofoina ny teniko.

**Cheikh** : Ahoana no hanaporofoinao fa ilay khalîfat Omar dia tsy ampy fahalalana mikasika ny finoana sy ny lalàna islamika ?

**Chîrâzî** : Maro ireo hadith voalaza ao amin'ireo bokinareo azo antoka. Ankoatra ireo sombin-tantara ireo dia matetika i Omar mihitsy no miaiky ny tenany mikasika izany.

Jalâl-oud-Dîn al-Syoutî ao amin'ny bokiny Tafsîr al-Dourr al-Manthour, boky faha-II, p. 133, Ibn Kathir ao amin'ny bokiny Famakafakana, boky-I p.468, i Jâroullâh al-Zamakh'sharî ao amin'ny bokiny Tafsîr al-Kash'shâf boky-I p.357, i al-Nishâpourî ao amin'ny bokiny Tafsîr Gharîb al-Qour'ân, boky-I, mikasika ny sourat al-Nisâ (ireo vehivavy) ao amin'ny Kor'âny masina, i Qourtoubî ao amin'ny bokiny Tafsîr boky-V p.99, Ibn Mâjah al-Qazwînî ao amin'ny Sounan bokiny voalohany, i al-Asadî ao amin'ny Hâshiyat al-Sounan, boky-I p.583, i Baihaqî ao amin'ny bokiny Sounan boky-VII p.233, i Qastalanî ao amin'ny bokiny Irshad-ous-Sârî Sharh Sahîh al-Boukharî boky-VIII p.57, i al-Mouttaqi al-Hindi ao amin'ny bokiny Kanz-oul-Oummâl boky-VIII p.298, i al-Hâkim al-Nishapourî ao amin'ny bokiny Moustadrak boky-II p.177, i Abou Bakr al-Bâqi'ânî ao amin'ny bokiny Tamhîd p.199, i al-'Ajlounî ao amin'ny bokiny Kashf-oul-Khoufâ' boky-I p.270, i al-Qâdhî al-Shoukânî ao amin'ny Fat'houl-Qadîr boky-I p.407, sy i al-Zhahabî ao amin'ny bokiny Talkhîs al-Moustadrak, sy Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat boky-I p.61 sy boky-VII p.96, sy i al-Hamidî ao amin'ny bokiny al-Jâmi' Bayn al-Sahîhayn, sy Ibn al-Athir ao amin'ny bokiny Nihayat sy ireo hafa, dia samy nitantara amin'ny fomba mitovitovy fa indray andro ilay khalîfat Omar dia nilaza tamin'ny toriteny iray nanao hoe:

"Na iza na iza manambady ka mametra ny vodiondry mihoatra ny 400 dirhams ho an'ilay vehivavy vadiny, dia izaho no hanasazy azy amin'ny alalan'ny sazy mihatra ary ny vola mihoatra dia hapetrako ao amin'ny Baytoul-Mâl (Tahirim-bolan'ny vahoaka)". Nanohitra izany ny vehivavy iray izay nanatrika teo nanao hoe : "Omar ! Moa ve izany voalazanao izany dia tena mifanaraka amin'izay nolazain'i Allâh ? Allâh Ilay Tsitoha ve tsy efa niteny hoe: Raha ianareo no te hanolo vady iray amin'ny vady iray hafa ary raha nanome "qintâr"[64] iray tamin'iray

[64] Karazana singam-bolamena.

amin'izy ireo ianareo, dia aoka tsy haka na inona na inona avy amin'izany intsony ianareo"[65].

Naheno izany andininy izany i Omar dia niteny hoe : "Ianareo no manam-pahalalana tsara kokoa momba ny fiqh toy izay i Omar, ianareo rehetra mihitsy, anisan'izany ireo vehivavy misaron-doha nefa tsy mivoaka ny tranony akory".

Avy eo, i Omar niverina niakatra teo amin'ny polpitrany ka nilaza nanao hoe : "Na dia norarako aza ianareo teo mba tsy hanome mihoatra ny 400 dirhams ho vodiondrin'ireo vehivavy vadinareo, dia omeko alalana indray ianareo ankehitriny mba hanome izay sitrakareo. Tsy misy akory ny maharatsy izany".

Io hadith io dia manaporofo tsara fa ilay khalîfat Omar dia tsy mahafehy ny fahaizana momba ny Kor'âny sy ny didy aman-dalàna. Na izany aza anefa dia tsy sahiny ny mamoaka didy izay mifanohitra amin'ny voalazan'ny Kor'âny.

**Cheikh** : Tsia, tsy izany akory no izy. Ilay Khalîfat dia te handidy ireo vahoaka hampihena ny tetim-bidin'ny vodiondry, mba hifanaraka amin'ny voalazan'ny "sounna". Na dia mamela antsika hanome vodiondry lehibe aza ny Islâm, dia aleo kokoa ny tsy manao izany ary izany no atao amin'izay tsy ho lasa fomba mahazatra izany ka hahatonga ireo mahantra tsy ho afaka hanambady noho izany. Izany no antony tsy tokony hanaovana ny vodiondry mihoatra amin'ny nomena an'ireo vadin'ilay Mpaminany(s.a.s).

<u>Ny famaboana ny vodiondry na dia kely aza dia tsy ara-dalàna</u>

**Chîrâzî** : Izany fialan-tsiny izany dia tena mandringa, eny fa na dia i Omar aza dia tsy nahatsapa izany. Fa raha tsy izany izy dia tsy mba niaiky ny fahadisoany no sady tsy niteny hoe : "Ianareo no mpahay lalàna mendrika noho i Omar, ianareo rehetra, anisan'izany ireo vehivavy ao an-tokantranony".

[65] Kor'âny 4/20

Ankoatra izany, ny olon-drehetra dia mahalala fa ny asa harâm dia tsy afaka atao antoka mba hahazoana vokatra araka izay irina. Mazava ho azy, fa ny zavatra izay fananan'ny vehivavy iray manambady, araka ny voalazan'ny Kor'âny dia tsy azo esorina aminy na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana ka ampidirina ao amin'ny Baytoul-Mâl (Tahirim-bahoaka) !

Tsy vitan'izany koa, fa voarara ny manome sazy ara-batana ny olona izay nanao fahotana. Na izany na tsy izany, izaho dia mbola tsy nahita mihitsy fandraisana fanapahan-kevitra toy izany eo amin'ny didim-pitsarana! Aoka ianareo hampahafantatra ahy raha tahiny ka mahita ny tahaka izany. Raha toa ka tsy misy ny didy mitovy amin'izany eo amin'ireo lalàna fanasaziana, dia tokony hanaiky ianareo fa ny fanambaran'izany profesora izany dia diso.

Ny fomba fandavan'i Omar ny fahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia manaporofo ny tsy fahalalany andininy maro ao amin'ny Kor'âny masina

Mampalahelo anefa fa i Omar dia manana toetra mora tezitra sy mampihorohoro ireo hafa amin'ny alalan'ny fitenenany manao hoe : "Hosaziako ianao ! "

Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, i Hamidi ao amin'ny bokiny al-Jami' Bayn al-Sahihayn, i Tabarî ao amin'ny bokiny Târîkh sy ireo manam-pahaizana hafa dia samy nanambara fa rehefa nodimandry ilay Mpaminany(s.a.s), dia lasa i Omar nandeha tamin'i Abou Bakr ka nilaza taminy fa izy dia manahy sao dia tsy tena maty akory i Mouhammad. Angamba izy manao mody maty mba hahafahany manavaka ireo namany amin'ireo fahavalony na koa angamba izy nandeha nanjavona toa an'i Mosesy fa mbola hiverina ka hanasazy ireo tsy nanaja sy tsy nankato azy. Nanohy ny teniny toy izao i Omar : "**Na iza na iza tonga milaza amiko fa maty ilay Mpaminany, dia hosaziako**". Nahare izany teniny izany i Abou Bakr dia lasa nanana fisalasalana ihany koa ka dia very hevitra ireo vahoaka ary raikitra ny fifandirana teo amin'izy ireo. Rehefa naheno izany tabataba izany i 'Alî

dia niseho teo amin'ny vahoaka izy ka niteny tamin'izy ireo hoe : "**Ry ianareo vahoaka ! Nahoana ianareo no mino ny hadalana tahaka izany ? Hadinonareo angaha ilay andininy izay nitenenan'i Allâh mikasika an'ilay Mpaminany manao hoe : "*Marina dia marina fa ho faty ianao ary ho faty ihany koa izy ireo*"[66]. Araka ny voalazan'io andininy io, ilay Mpaminany dia nandao an'ity tontolo ity**". Izany fanazavan'i 'Alî izany no naharesy lahatra an'ireo mponina tao Madînat mikasika ny fahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s). Tamin'izany i Omar vao niteny nanao hoe : "**Izao no voalohany nandrenesako izany andininy izany**".

Ibn Athir ao amin'ny bokiny Kâmil sy Nihaya, i al-Zamakh'sharî ao amin'ny Asâs-oul-Balâghat, i Shahrastanî ao amin'ny Milâl wan-Nihal (Mouqaddamat-IV) sy ireo manam-pahaizanareo hafa dia nitantara an'i Omar izay niteny mafy nanao hoe : "**Ilay Mpaminany dia tsy mba maty**", fa rehefa niteny taminy i Abou Bakr hoe : "**Moa ve Ilay Tsitoha tsy efa nilaza hoe : "Tsy iza akory anie i Mohammad fa Iraka ihany, efa nisy ireo Iraka maro nandalo teo alohany, Koa raha nindaosin'ny fahafatesana Izy na koa novonoina , dia hivadika hitodi-damosina Aminy ve ianareo ? "**[67]Avy hatrany dia nangina i Omar ary avy teo dia niteny hoe : "**Izao no voalohany nandrenesako izany andininy izany. Ankehitriny àry dia mino marina aho fa maty tokoa ilay Mpaminany**".

<u>Omar nibaiko mba hitoraham-bato ireo olona miisa dimy ary ny fanelanelanana nataon'ny Imâm 'Alî(a.s) tamin'izany</u>

Al-Hamîdî dia nitantara ao amin'ny bokiny al-Jâmi' Bayn al-Sahihayn fa nandritra ny khilâfat fitondran'i Omar, dia olona miisa dimy no nosamborina noho ny fijangajangana. Voaporofo fa ireo olona dimy ireo dia tena nijangajanga tokoa tamin'ny vehivavy iray. Avy hatrany i Omar dia nanome baiko mba hitoraham-bato azy ireo mandra-pahafaty. Tamin'izany fotoana izany indrindra no niditra ny Moske i 'Alî ka teo am-

[66] Kor'âny 39/30
[67] Kor'âny 3/144

pandrenesana ilay didy navoakan’i Omar dia hoy izy hoe : “**Ny didinao dia mifanohitra amin’ireo didin’i Allâh**”. Namaly i Omar hoe :
“**Ry ‘Alî ! Ny fijangajangana dia voaporofo. Ny fitoraham-bato mandra-pahafaty no sazy voadidy ho an’io fahotana io**”. Fa hoy i ‘Alî hoe : “**Raha mikasika ny fijangajangana dia misy fanasaziana samihafa arakaraka ny tranga samihafa. Araka izany dia didy samihafa no tokony hampiharina mikasika an’ireto lehilahy dimy ireto**”. Niangavian’i Omar izy mba hamelabelatra izay torolalan’i Allâh sy ilay Mpaminany mikasika ny trangan-javatra tahaka izany. Omar dia efa naheno an’ilay Mpaminany nilaza matetika nanao hoe : **“‘Alî dia olona tena manam-pahalalana sy tena mendrika amin’ireo mpitsara**”. Nanome baiko àry i ‘Alî mba hoentina eo aminy ireo olona dimy ireo. Nodidiany mba hotapahan-doha ny voalohany, ny faharoa dia toraham-bato mandra-pahafaty, ny fahatelo dia kapohina in-100 amin’ny karavasy, ny fahefatra kapohina amin’ny karavasy in-50 ary in-25 ny fahadimy farany. Talanjona i Omar ka nanontany hoe : “**Ry Aboul-Hassan, ahoana no hanazavanao ireo karazan-tsazy dimy samihafa ireo ?** ” Namaly azy ilay Imâm(a.s) nanao hoe : “**Ilay voalohany dia olona kâfir eo ambany fiarovan’ny Islâm, izy dia nijangajanga tamin’ny vehivavy silamo iray. Noho izy niala tao anatin’ny fiarovan’ny Islâm dia mendrika azy ny famaizana ho vonoina ho faty. Ny faharoa dia olona manambady, ka izany no hitoraham-bato azy. Ny fahatelo dia olona tsy manambady, ka tokony hokaravasiana in-100. Ny fahefatra dia olona andevo ka ny saziny azony dia antsasaky ny sazin’ny olona afaka, izany hoe karavasy in-50 ary ny fahadimy dia olona adala, ny sazy azony dia mihena ho kapoka 25 karavasy**”. Ary dia hoy i Omar hoe : “**Raha tsy teo i ‘Alî, dia levona i Omar. Ry Aboul-Hassan ! Maniry aho mba tsy hiaina ao anatin’ny fiaraha-monina tsy misy anao**”.

## Omar nibaiko mba hitoraham-bato vehivavy iray bevohoka ary ny fanelanelanana nataon’ny Imâm ‘Alî(a.s) tamin’izany

Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî Châfi’î ao amin’ny Kiâyat-out-Tâlib, ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin’ny bokiny Mousnad, i al-Boukharî ao amin’ny bokiny Sahîh, i al-Hamîdî ao amin’ny al-Jâmi’ Bayn

al-Sahîhayn, ny Cheikh Soulaymân Balkhî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat, toko faha-IV, p.75 izay mitantara avy amin'ny Manâqib bokin'i al-Khawârizmî, ny imàm Fakhr-oud-Dîn al-Razî ao amin'ny Arba'în p.466, i Mouhibb-oud-Dîn al-Tabarî ao amin'ny al-Ryâdh al-Nadhirat, boky faha-II p-196, i al-Khatîb al-Khawârizmî ao amin'ny Manâqib p.48, i Mouhammad Talha Châfi'î ao amin'ny Matâlib-ous-Sou'oul p.113 ary ny imâm-oul-Haram ao amin'ny Zhakhâir-oul-'Ouqbâ p.80 dia samy nanambara izao tantara manaraka izao :

"Vehivavy iray bevohoka no nentina teo amin'i Omar Ibn Khattâb. Nanontaniana izy, ary niaiky fa nanao firaisana ara-nofo tsy ara-dalàna. Nanome baiko ilay khalîfat mba hitoraham-bato azy. Niteny taminy i 'Alî hoe : "**Ny famaizanao dia ampiharina amin'ity vehivavy ity, fa ny zanany kosa dia tsy hanananao fahefana**". Navosotr'i Omar noho izany ilay vehivavy ary hoy izy hoe :

"**Ireo vehivavy dia tsy mahavita miteraka lehilahy toa an'i 'Alî. Raha tsy teo i 'Alî dia levona i Omar**".

Fa mbola nanohy ny teniny i Omar nanao hoe :

"**Aoka anie i Allâh mba tsy hamela ahy hiaina ao anatin'ny toe-javatra sarotra raha toa ka tsy eo i 'Alî hanome ny vahaolana**".

Omar nibaiko mba hitoraham-bato vehivavy iray adaladala ary ny fanelanelanana nataon'ny Imâm 'Alî(a.s) tamin'izany

Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, ny imâm-oul-Haram Ahmad Abdoullâh Châfi'î ao amin'ny Zhakhâir-oul-Mawaddat toko-II p.75, Ib Hajar ao amin'ny Fat'houl-Bârî boky faha-XII p.101, i Abou Daoud ao amin'ny Sounan boky faha-II p.227, i Mounadi ao amin'ny Faizoul-Qadîr boky faha-IV p.257, i Hâkim Nishapourî ao amin'ny Moustadrak boky faha-II p.59, i Qastalanî ao amin'ny Irshad-ous-Sârî, boky faha-X p.9, i Baihaqî ao amin'ny Sounan boky faha-VIII p.164, i Mouhibb-oud-Dîn al-Tabarî ao amin'ny Riyâdh al-Nadhirat boky faha-II p.196, i al-Khatîb al-Khawârizmî ao amin'ny Mounaqib p.48, i Mouhammad Ibn Talha Châfi'î ao amin'ny Matâlib-ous-Sou'oul, ny

imâm-oul-Haram ao amin'ny Zhakhâir-oul-'Ouqbâ p.80, Ibn Majah ao amin'ny Sounan bokiny faha-II p.227, i al-Boukharî ao amin'ny bokiny Sahîh, toko "La yourjam-oul-majnoun wal-majnounat" ary ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo hafa, dia nitantara ny zavatra mahatsikaiky toy izao :

Indray andro, nisy vehivavy iray adaladala no nentina teo amin'ny Ibn Khattâb. Niaiky izy fa avy nijangajanga. Namoaka didy i Omar fa hitoraham-bato izy. Amîr-oul-Mou'minîn, i 'Alî izay nanatrika teo dia niteny taminy hoe : "**Inona ity ataonao ? Efa nahare an'ilay Mpaminanin'i Allâh aho, nilaza fa karazan'olona telo no tsy azo homena tsiny: ny olona ao anatin'ny torimaso mandra-pifohazany, ny adala mandra-piverenan'ny sainy, ary ny ankizy mandra-pahafeno ny taonany**". Tamin'izay indrindra, i Omar namela ilay vehivavy ka niteny hoe : "**Raha tsy nisy an'i 'Alî, i Omar dia levona**".

Ibn-ous-Sammân ao amin'ny bokiny Kitâboul-Mouwâfiqah dia nanoratra ireo fahadisoan'Ibn Khattâb. Mahatratra hatramin'ny 100 mahery ireo didim-pitsarana diso navoakan'ny khalîfat Omar. 'Alî Sabbagh Malakî Ibn Nour-oud-Dîn ao amin'ny bokiny Fousoul al-Mouhimmah, toko-3 p.17 dia nanoratra mikasika an'i 'Alî(a.s) toy izao : "Ity toko ity dia ahitana ireo resaka mikasika ny fahalalan'i 'Alî(a.s). Lafiny iray amin'izany dia ny fahalalana mikasika ny fiqh (didy aman-dalàna) izay mamaritra ireo asa halâl sy harâm amin'ny olona. 'Alî(a.s) dia nampitambatra ireo lalàna maro loha. Ireo olana maro loha ireo dia tena tsotra taminy, hainy tsara ny nanazava azy ireo. Izany no nahatonga an'ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza fa i 'Alî no olona tena mendrika eo amin'ny vahoaka mikasika ny fanazavana ny lalàna.

Ny imâm Abou Mouhammad Housain Mas'ound Baghawî ao amin'ny Masâbîh dia nitantara avy tamin'i Anas fa rehefa ilay Irak'i Allâh no manendry ireo sakaizany amin'ny andraikitra manokana, dia i 'Alî(a.s) hatrany no tendreny mba ho mpitsara. Hoy indindra izy hoe : **"'Alî no mpitsara mendrika eo aminareo rehetra (ireo sakaiza sy ny vahoaka)**".

Koa raha ianareo no mampitaha ireo hevi-dravina nolazain'io profesora tsy ampy fianarana ao amin'ny oniversite io, amin'ireo hadith avy amin'ireo manam-pahaizanareo ambony, dia hahatsapa fa ilay fanambarana nataony dia tsy marim-pototra. Miharihary fa io profesora io dia tena mitompo teny fantatra, satria na dia i Omar tenany aza dia nanambara hatrany ny fahambaniany eo anatrehan'i 'Alî(a.s).

Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, ny imâm-oul-Haram Ahmad Makkî Châfi'î ao amin'ny Zhakhâir-oul-'Ouqbâ, ny Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat toko faha-56 sy i Mouhibb-oud-Dîn al-Tabarî ao amin'ny bokiny Riyâdh al-Nadhirat boky faha-II p.195, dia nitantara avy tamin'i Mou'âwiyat nanao hoe :

"**Isaky ny tojo olana saro-bahana Ibn Khattâb dia lasa mitady fanampiana avy amin'i 'Alî**".

Aboul-Hajjâj al-Balawî ao amin'ny bokiny Alif-Bâ boky-I p.222 dia nanoratra fa rehefa i Mou'âiyat naheno vaovao mikasika ny nahamaritiora an'ny Imâm 'Alî(a.s), dia hoy izy hoe :

"**Rodana miaraka amin'ny fahafatesan'i 'Alî ny lalàna sy ny fahalalana**".

Nitantara koa izy avy tamin'i Sa'id Ibn Moussayyab fa i Mou'âwiyat dia niteny hoe :

"**Omar dia nitady fialofana mandrakariva amin'i 'Alî teo anatrehan'ireo zava-tsarotra**".

Abou Abdoullâh Mouhammad Ibn 'Alî al-Tirmizhî ao amin'ny bokiny fanazavana mikasika ny Risâlat al-Fat'houl-Moubîn dia nanoratra toy izao: "Ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanontany an'i 'Alî mikasika ireo didy aman-dalàna ao amin'ny Kor'âny masina ary dia nanaiky ireo valin-teniny izy ireo. Omar Ibn Khattâb dia nilaza amin'ny fotoana samihafa hoe : "**Raha tsy teo i 'Alî, Omar dia levona**". Ilay

Mpaminanin[s.a.s]'i Allâh dia nilaza koa nanao hoe : "**Ny olona izay tena manam-pahaizana eo amin'ny vahoakako dia i 'Alî Ibn Abî Tâlib**".

Izay voalaza ao amin'ireo hadith sy ireo sombin-tantara dia maneho mazava fa i Omar dia tena tsy ampy fahalalana amin'ny ankapobeny sy ny fahalalana mikasika ny lalàna noho izy diso hevitra foana amin'ny famahana ireo olana tsotra. Ireo sakaiza niara-niaina taminy dia nampitandrina azy amin'ireo fahadisoany miverimberina imbetsaka.

**Cheikh** : Ianao dia tena manendrikendrika ratsy an'i Omar Ibn Khattâb amin'ireo zavatra tahaka izany. Moa ve ny khalîfat dia mba mety ho diso mikasika ireo raharaha ara-pinoana ?

**Chîrâzî** : Tsy mba izaho akory no ratsy. Ireo manam-pahaizanareo ireo ihany no nanambara ny marina mikasika izany.

**Cheikh** : Raha azonao atao, dia ampahafantaro anay ireo zavatra ireo miaraka amin'ireo boky azo ekena amin'izay hiseho masoandro ny fahamarinana.

**Chîrâzî** : Maro dia maro ireo ohatra azo raisina. Anjatony amin'ireo dia hita ao amin'ireo bokinareo, kanefa ohatra anankiroa ihany no holazaiko aminareo.

Ny tsy fahalalan'i Omar mikasika ny Tayyammoum

Mouslim Ibn Hajjâj ao amin'ny bokiny Sahîh, amin'ny toko mitondra lohateny hoe "Tayyammoum", i al-Hamîdî ao amin'ny al-Jâmi' Bayn al-Sahîhayn, ny imâm Ahmad Ibn Hanbalî ao amin'ny Mousnad boky faha-IV p.265 sy p.319, i Baihaqî ao amin'ny Sounan boky-I p.209, i Abî Dawoud ao amin'ny Sounan boky-I p.53, Ibn Majah ao amin'ny Sounan boky-I p.200, ny imâm al-Nisâi ao amin'ny bokiny Sounan boky-I p.59-61 sy ireo hafa dia samy nanambara, amin'ny fomba fanoratana mitovitovy, fa nandritra ny khilâfat fitondran'i Omar, dia nisy lehilahy iray tonga taminy ka nanontany azy nanao hoe :

“**Raha izaho no tsy mahita rano azoko hanaovana ghousl (fandroana ara-pinoana), dia ahoana no tokony hataoko ?** ” Namaly azy i Omar nanao hoe :

“**Raha tena tsy mahita rano mba hanaovana ghousl ianao, dia tsy afaka manao fanompoam-pivavahana**”.

Tamin’io fotoana io, i Ammar Ibn Yâsir, sakaiza malazan’ilay Mpaminany izay nanatrika teo dia namaly an’ilay khalîfat hoe :

“**Omar ! Hadinonao ve ilay dia lavitra izay nahatonga antsika roa ho tsy maintsy nanao ghousl mialohan’ireo fanompoam-pivavahana. Tsy nahafahana nanao izany anefa ny rano nisy, ka noho izany dia tsy nanao fanompoam-pivavahana ianao. Tetsy andaniny kosa aho, dia nihevitra fa ny tayammoum solon’ny ghousl dia ny fisafoako tamin’ny vovoka ny vatana rehetra ka izany tokoa no notaoko. Rehefa nitantara izany tamin’ilay Mpaminany(s.a.s) isika, dia nitsiky izy sady niteny hoe : “Ny fanaovana tayammoum, dia ampy ny fikapohana amin’ny tany ireo felan-tanana roa ary ireo felan-tanana roa ireo avy eo no asafo amin’ny handrina; ampy koa avy eo ny fisafoana ny vohon-tanana havanana amin’ny alalan’ny felan-tanana havia sy ny vohon-tanana havia amin’ny alalan’ny felan-tanana havanana. Koa nahoana ianao no miteny amin’ity lehilahy ity mba tsy hanao ny fanompoam-pivavahana ?** ”.

Tankina tsy nahaloa-peo aloha i Omar vao niteny hoe : “**Ammar, matahora an’i Allâh**”

Namaly azy àry i Ammar niteny hoe : “**Avelanao ve aho hitantara an’io hadith io ?** ” Dia hoy i Omar : “**Ataovy izay hitanao fa mety**”.

Amin’ny alalan’io hadith azo itokisana notantarain’ireo manam-pahaizanareo io, no hahatsapanareo fa ny fanambaran’ilay profesoranareo dia tena diso tanteraka. Ny olona izay manam-pahalalana momba ny lalàna ve dia afaka mandrara olona tsy hanao fanompoam-pivavahana noho ny antony fialan-tsiny fa tsy afaka nisasa, kanefa izy dia olona niara-dia tamin’ilay Mpaminany no sady naheno azy nanazava ny fomba

fanaovana tayammoum rehefa tsy misy ny rano, indrindra moa fa ny Kor'âny masina dia efa nilaza tamintsika ihany koa mba hanatanteraka ny tayammoum amin'ny tranga tahaka izany ?!

Ireo silamo rehetra dia mahay ny fanaovana tayammoum, eny fa hatramin'ireo tsy mahay taratasy aza ! Ny tayammoum, araka ireo fepetra sasantsasany dia misolo ny fidiovana masina sy ny fandroana. Inona no eritreretin'ny sakaizan'ilay Mpaminany iray sy ilay khalîfat iray izay tsy mahay izany ?

Izaho tsy hilaza ankasahiana an'ilay khalîfat Omar ho nanova ireo didin'i Allâh fa kosa lazaiko fotsiny ho nanova ny azo atao izy, noho izy sarotra mahatadidy ireo zava-misy no sady sarotra mahatsiaro ihany koa ireo lalànan'i Allâh. Ary izany no antony, araka ny nolazain'ireo manam-pahaizanareo, nahatonga azy niaraka hatrany tamin'ny mpahay lalàna, toa an'i Abdoullâh Ibn Mas'ound izay niangavian'i Omar nanao hoe :

"**Ianao dia tsy maintsy mitoetra miaraka amiko mba hamaly ireo vahoaka izay mametraka amiko fanontaniana**".

Ankehitriny, tompoko ! Ianareo dia tokony hahay hanavaka ny olona izay manana fahalalana voafetra ka na dia ireo olana tsotra aza dia tsy voavahany, sy ny olona izay afaka mamaly tsy am-pisalasalana ireo olana farany sarotra.

**Cheikh** : Iza moa no afaka manao izany raha tsy ilay Mpaminany(s.a.s) ihany ?

**Chîrâzî** : Mazava ho azy, fa taorian'ilay Mpaminany(s.a.s), dia tsy nisy tamin'ireo sakaiza no nanana fahalalana toy izany afa-tsy i 'Alî(a.s), ilay "vavahadin'ny fahalalan'ilay Mpaminany(s.a.s)" izay ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s) mihitsy no niteny hoe : "'**Alî no tena manam-pahalalana eo aminareo rehetra**".

## Fizarana faharoa

### Ireo fahalalana rehetra dia ananan'ny Imâm 'Alî(a.s)

Abou Mou'ayyid Mouwaffaq Ibn Ahmad al-Khawârizmî dia nanambara ao amin'ny bokiny Manâqib fa indray andro i Omar no nanontany an'i 'Alî(a.s) Ibn Abî Tâlib tamim-pahagagana nanao hoe : "**Nahoana ianao no mamaly tsy am-pisalasalana izay fanontaniana rehetra apetraka aminao ?** " Ilay Imâm(a.s) namelatra lehibe ny tanany teo anatrehany  ka niteny hoe : "**Firy ny rantsan-tanana hitanao ?** " Namaly tsy nisy ahiahy i Omar hoe : "**Dimy**". Nanontany indray i 'Alî hoe: "**Nahoana ianao no afaka namaly tsy mba nieritreritra akory ?** " Hoy i Omar hoe : "**Tsy ilaina intsony ny fieritreretana satria hitako eo anatrehako ireo rantsan-tanana dimy**". Tamin'izay i 'Alî dia namaly hoe : "**Toraka izany koa, ny valin'ireo fanontaniana rehetra, ny fahalalana mikasika izany dia hitan'ny masoko mazava. Koa omeko tsy am-pisalasalana izany**".

Tompoko ! Moa ve tsy mitondra fatiantoka amin'ny fahatanorana ny mampianatra azy ireo karazana hadalana izay nalentik'io profesoranareo io tao an-dohan'izy ireo ? Moa ve mba azo ekena eo aminareo fa ny olona izay manam-pahalala amin'ny lafiny rehetra sy "vavahadin'ny fahalalan'ilay Mpaminany" indray no mandeha maka hevitra amin'i Omar amin'ny famahana ireo olana ?

### Mou'âwiyat niaro ny voninahitry ny Imâm 'Alî(a.s)

Ibn Hajar al-Makkî, manam-pahaizana iray malaza amin'ny fanakianany, dia nanoratra ao amin'ny bokiny al-Sawâ'iq al-Mouhriqah, toko-II, Maqsad-V p.110 fa ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, ny Sayyed 'Alî Hamadânî ao amin'ny Mawaddat-oul-Qourbâ ary koa Ibn Aî al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahjoul-Balâghat dia samy nitantara fa nisy Arabo iray nametraka fanontaniana tamin'i Mou'âwiyat izay namaly izany nanao hoe : "**Aleo ianao mandeha manontany mivantana an'i 'Alî, satria izy no olona tena manam-**

**pahaizana**”. Namaly azy ilay Arabo hoe : “**Izaho te hahazo valinteny avy aminao**”. Niteny indray i Mou’âwiyat hoe : “**Teny ratsy izany nolazainao izany. Ianao dia mitsipaka ny valintenin’ny olona izay ny tenan’ilay Mpaminany mihitsy no nampianatra azy sy nilaza taminy hoe: Ianao eo anatrehako dia tahaka an’i Harona teo anatrehan’i Mosesy, fa saingy tsy hisy Mpaminany intsony avy ao aoriako. Ankoatra izany, isak’i Omar tojo toe-javatra sarotra, dia manontany an’i ‘Alî hatrany mba hahafantarana ny heviny**”.

Ny voninahitra dia nankasitrahan’ny olona na dia fahavalo aza.

Omar niaiky ny habadoany teo anatrehan’ireo toe-javatra sarotra ka nilaza fa raha tsy teo ny Imâm ‘Alî(a.s), dia tsy afaka namaha ireo olana izy

Nour-oud-Dîn al-Sabbâgh al-Mâliki ao amin’ny Fousoul al-Mouhimmat, i Mouhammad Talha al-Châfi’î ao amin’ny Matâlib-ous-Sou’oul, ny imâm Ahmad Ibn Hanbalao amin’ny Mousnad, i al-Katîb al-Khawârizmî ao amin’ny Manâqib, i Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin’ny Yanâbi’oul-Mawaddat sy ireo hafa dia nanoratra fa i Omar dia niteny impitopolo hoe :

“**Raha tsy teo i ‘Alî, dia very i Omar**”.

Nour-oud-Dîn al-Sabbâgh al-Mâliki dia mbola nitantara ao amin’ny bokiny fa rehefa nisy olona tonga teo anatrehan’i Omar, dia nanontaniany nanoloana ny fivorian’ireo vahoaka izy hoe :“**Nanao ahaona ianao anio maraina ?** ” Namaly izy hoe : “**Toy izao ny fifohazako tamin’ity maraina ity : izaho dia mitia ny fakam-panahy sy mankahala ny fahamarinana, izaho dia manaiky ny fahamarinan’ireo jiosy sy ireo kristianina, izaho dia mino izay mbola tsy hitako sy izay mbola tsy noforonina**”. Niangavian’i Omar mba ho tonga i ‘Alî. Rehefa notantaraina ny raharahan’ity lehilahy ity tamin’ilay Imâm(a.s) dia hoy izy hoe : “**Marina ny voalazan’ity lehilahy ity. Milaza izy fa mitia ny fakam-panahy ka ny tiany hambara amin’izany dia ireo harenany sy ireo zanany. Ary i Allâh moa dia nanambara ao amin’ny Kor’âny masina hoe : “*Ary fantaro fa ireo fanananareo sy ireo zanakareo dia***

***fakam-panahy fotsiny ihany*”[68]. Mikasika ny fankahalany ny fahamarinana, dia ny fahafatesana no fahamarinana izay halany. Fa hoy moa ny Kor’âny hoe : “N*y fangirifirin’ny fialana aina amin’ny fahafatesana dia mampiseho ny fahamarinana : eny, izao tokoa no iatahanao eto an-tany* ”[69]. Mikasika ny fahamarinan’ireo jiosy sy ireo kristianina dia ny fankasitrahany izay voalazan’i Allâh manao hoe : “*Ary hoy ny tenin’ireo Jiosy : Tsy misy dikany ireo Kristianina (tsy amin’ny fahamarinana) ; ary hoy ihany koa ny tenin’ireo Kristianina : Tsy misy dikany ireo Jiosy (tsy amin’ny fahamarinana)*”[70], izany hoe mifampiampanga ireto finoana anankiroa ireto ka manaiky ny fanambaran’ny andaniny sy ny ankilany, izany hoe samy tsy tsipahany daholo. Milaza koa izy fa mino izay tsy hitany fa izy moa dia tsy hahita mihitsy an’i Allâh Ilay Tsitoha nefa dia inoany hatrany. Farany, mino izay mbola tsy noforonina izy, izany hoe mino ny Andro Fitsarana izy, izay mbola tsy mitranga ankehitriny”.**

Niteny àry i Omar hoe : “**Aoka anie i Allâh mba hiaro ahy amin’ireo toe-javatra sarotra raha tsy eo i ‘Alî mba hanampy ahy**”.

Ity sombin-tantara ity dia notantarain’ireo hafa, amin’ny fomba efa nosivanina sy samihafa, toa an’i Mouhammad Ganjî Châfi’î ao amin’ny Kifâyat-out-Tâlib toko-57, i Houzhaifah Ibn Yaman izay nitantara izany avy tamin’ilay khalîfat Omar.

Nisy zavatra mahatsikaiky tahaka izany betsaka tamin’ny khilâfat fitondran’i Abou Bakr sy i Omar, izay tsy nahafahan’izy roa namaly izany am-pahamarinana. Tamin’izany dia i ‘Alî(a.s) no nanome vahaolana azy ireo, indrindra moa fa tamin’ireo jiosy sy kristianina ary ireo manam-pahaizana tonga tamin’izy roa niresaka zava-tsarotra fa i ‘Alî(a.s) ihany no afaka nanazava izany.

---

68 Kor’âny 8/28

69 Kor’âny 50/19

70 Kor’âny 2/113

Araka ireo manam-pahaizanareo ihany, toa an'i Boukhârî sy i Mouslim, ao amin'ireo bokin'izy ireo tsirairay avy Sahîh, i Nishapourî ao amin'ny bokiny Tafsîr, Ibn Maghâzilî ilay Faqih Châfi'î ao amin'ny Manâqib, i Mohammad Talha ao amin'ny Matâlibous-Sou'oul toko-4 p.13 sy p.18, i al-Hâfiz Ibn Hajar Asqalanî (maty tamin'ny 852H) ao amin'ny Tah'zhibout-Tah'zhîb (natonta tao Hyderabad Daccan) p.338, i al-Qadhî Fadhoullâh Rouzbahan Chîrazî ao amin'ny Ibtâl-oul-Bâtil, i Mouhibb-oud-Dîn al-Tabarî ao amin'ny Riyâdh al-Nadhirat boky-II p.39, Ibn Kathir ao amin'ny bokiny Târîkh boky-VII p.369, Ibn Qoutaba Dinawarî (maty tamin'ny 276H) ao amin'ny Tâwil Moukhtalaf-oul-Hadith (natonta tao Ezypta) p.201-202, i Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî Châfi'î (maty tamin'ny 658H) ao amin'ny Kifâyat-out-Tâlib toko-57, i Jalâl-oud-Dîn Souyoutî ao amin'ny Târîkh-oul-Khoulaff p.66, ny Sayyed Mou'min Shabnanjî ao amin'ny Nour-oul-Absâr p.73, i Nour-oud-Dîn 'Alî Ibn Abdoullâh Samhoudî (maty tamin'ny 911H) ao amin'ny Jawâhir-oul-Iqdain, i Al-Hajj Ahmad Afindî ao amin'ny Hidâyat-oul-Mourtâb p.146 sy p.153, i Mouhammad Ibn 'Alî Sabbân ao amin'ny Is'âf-oul-Râghîbîn p.52, i Yousouf Sibt Ibn Jaouzî ao amin'ny Tazh'kirat Khawâs-oul-Oummah toko-6 p.37, Ibn Abî al-Hadîd (maty tamin'ny 655H) ao amin'ny Sharh Nahjoul-Balâghat boky-I, ny Moulla 'Alî Qoushachî ao amin'ny Sharh al-Tajrîd p.407, i al-Khawârizmî ao amin'ny Manâqib p.48 sy p.60, Ibn Hajar al-Makkî (maty tamin'ny 973H) ao amin'ny Sawâ'iqoul-Mouhriqat p.78, Ibn Hajar Asqalanî ao amin'ny Isâbah boky-II p.509 sy i al-'Allâmah Ibn al-Qayyim al-Jaouzia ao amin'ny al-Tourouq-oul-Hikamiyyah, p.47 sy p.53, dia samy nanoratra amin'ny tranga imbetsaka izay manoporofo fa i Omar dia naka hevitra tamin'i 'Alî mikasika ireo fanontaniana sarotra, indrindra moa fa ireo fanontaniana napetrak'ilay mpanjakan'i Roma.

Omar dia niankina imbetsaka tamin'i 'Alî(a.s) tamin'ny famahana ireo olana fa izy dia nilaza matetika hoe :

"**Aoka anie i Allâh mba hiaro ahy amin'ireo toe-javatra sarotra raha tsy eo i 'Alî mba hanampy ahy**".

Matetika izy no niteny hoe :

“**Raha tsy teo i ‘Alî, dia very i Omar**”.

Ibn al-Maghâzilî al-Châfi’î ao amin’ny bokiny Manâqib sy i al-Hamîdî ao amin’ny bokiny al-Jâmi’ Bayn al-Sahîhayn dia nanoratra fa ireo khalîfat samihafa dia naka hevitra tamin’i ‘Alî(a.s) tamin’ireo sehatra rehetra ary izy no foibe ara-pahalalana eo amin’ireo raharaha ara-pinoana sy raharaha eto an-tany. Ireo khalîfat dia nihaino azy fatratra ireo toromarika sy fampianarana avy aminy izay nampiharin’izy ireo ara-bakiteny tokoa.

Ny Imâm ‘Alî(a.s) no tena mendrika eo amin’ny toeran’ny khilâfat

Ny Kor’âny masina dia nanambara mazava :

«**Moa ve izay mitari-dàlana mankany amin’ny fahamarinana no mendrika arahina sa izay tsy mahatarika akory fa kosa mila ho tarihina? Fa inona no mahazo anareo, ahoana ny fitsaranareo ?** »[71]

Noho izany, dia izay manana toetra mendrika amin’ny fitarihana no tokony ho lehiben’ny vahoaka faratampony fa tsy ny bado izay ny tenany aza dia mbola mila hotarihin’ny hafa. Io andininy io dia porofo tsy azo lavina fa ny olona ambony amin’ny fahamendrehana (ara-toetra...) dia tsy azo fehezin’ny olona ambaniny. Ny resaka momba ny khilâfat sy ny Imâmat ary ny fisoloan-toeran’ilay Mpaminany(s.a.s) dia miainga amin’ny fitsipika toy izany. Izany moa dia namarinin’ny andininy iray hafa milaza manao hoe :

«**Lazao hoe : Mitovy ve ireo izay mahalala sy izay tsy mahalala ?!** »[72]

**Cheikh** : Izahay dia manaiky tanteraka fa i ‘Alî dia manana ireo toetra manokana izay nolazainao teo. Tsy misy afa-tsy ireo “Kharidjites” ihany no mandà izany. Nefa, ny zavatra tokony ho fantatra ihany koa dia, ny tenan’i ‘Alî mihitsy no nanaiky an-tsitrapo ny fitondran’ireo khalîfat

[71] Kor’âny 10/35
[72] Kor’âny 39/9

telo voalohany ireo no sady nankasitraka ny mahalehibe azy ireo sy ny zon'izy ireo mba hialoha azy. Koa inona no mahasoa amin'ny fiahiahintsika ireo fanapahan-kevitr'izy ireo, efa1300 taona taty aoriana ary inona no tombontsoa amin'ny fifandirantsika an'ireo antony nifidianan'ny vahoaka an'i Abou Bakr sy i Omar ary i Othmân. Inona no maharatsy ny miaina am-pilaminana sy am-pitiavana miaraka amin'ny fanekena izay voarakitry ny tantara sy izay efa neken'ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo rahateo, fa taorian'ilay Mpaminany(s.a.s) dia i Abou Bakr sy i Omar ary i Othmân no nifandimby nitazona ny toeran'ny khilâfat. Isika dia tokony hiara-monina toy ny mpirahalahy sy hanaiky ny fahambonian'i ‘Alî amin'ny lafiny fahalalany, ireo asany sy ny fihavanana manokana mampifandray azy amin'ilay Mpaminany(s.a.s). Sahala amin'ny fitambaranay antokom-pinoana efatra, ireo "Chiites" ihany koa dia tokony hitambatra miaraka aminay.

Izahay dia tsy mandà velively ny fahambonian'ny fahalalana sy ny toetra ananan'i ‘Alî, kanefa ianao dia tokony hanaiky, amin'ny ara-taona, ara-pahamatorana eo amin'ny politika, ara-piaretana sy fandeferana teo anatrehan'ny fahavalo, fa tena marina dia i Abou Bakr no ambonin'i ‘Alî. Noho izany antony izany no nipetrahany teo amin'ny sezan'ny khilâfat, miampy ny fanambarana niombonan'ny vahoaka. ‘Alî dia mbola tanora tamin'izany fotoana izany ka tsy mbola nahasoroka ireo andraikitry ny khilâfat. Na dia efa 25 taona taty aoriana aza, rehefa izy no nibaby ny khilâfat dia maro ireo korontana niseho voakatry ny tsy fahampian'ny traikefa nananany eo amin'ny maha-olona mpitantana azy.

## Ny "Bay'at"[73] nataon'ny Imâm ‘Alî(a.s) tamin'ireo khalîfat dia antery

**Chîrâzî** : Voalohany indrindra dia niteny ianareo fa i ‘Alî dia nanao fanekem-pankatoavana an-tsitrapo tamin'ireo khalîfat telo ireo. Izany dia ahatsiarovako sombin-tantara iray, izay mifanaraka tsara amin'izao ady hevitra ataontsika izao.

[73] Fanekem-pankatoavana

Fahiny, ireo araben'ny iraniana dia mampidi-doza amin'ny fifamoivoizana. Ireo mpanao fivahinianana masina (mandeha mitsidika ny fasana nilevenan'ireo olo-masin'ny Islâm) dia tsy maintsy nisedra mafy ireo olana nandritra ny dia lavitra nataon'izy ireo. Nisy tokoa ny andiana mpandeha izay lasibatr'ireo tontakely izay nandrava izay rehetra nananan'izy ireo. Rehefa nizara ny rembiny ireto tontakely ireto dia nisy iray tamin'izy ireo no nandray lambam-paty ka nanontany hoe : "**An'iza ity lambam-paty ity ?** ". Namaly ny iray tamin'ireo mpanao fivahiniana masina hoe : "**Ahy izy io**". Nilteny ilay tontakely hoe : "**Izaho dia tsy manana lambam-paty mihitsy. Raha sitrakao dia omeo ahy ny anao mba ho ara-dalàna ny fampiasako azy**". Namaly ilay mpanao fivahiniana masina hoe : "**Ento avokoa izay rehetra hananako fa kosa avereno aty amiko io lambam-paty io. Izaho manko dia tsy ho ela velona intsony ary tena sarotra amiko ny hahazoako io lamba io any ankoatra. Izy io no tena sarobidy amiko**". Nisisika ihany ilay tontakely nefa ilay mpanao fivahiniana masina dia mbola namerina hatrany ny valinteniny fa tsy hamela izany ho an'ny hafa na iza na iza. Noraisin'ilay tontakely ny sabany ka nokapohiny ilay mpanao fivahiniana masina teo amin'ny tarehiny sy teo amin'ny lohany sady nilaza taminy fa tsy hitsahatra amin'ny fikapohana izy raha tsy efa manaiky ny fangatahany inty farany ka miteny  hoe: "Halâl aminao izy".

Ilay mpanao fivahiniana masina nahazo kapoka betsaka ka nony farany dia niantsoantso nanao hoe : "**Tompoko ! Halâl ! Halâl ! Halâl ! Tena halâl mihoatra ny rononon-dreny amin'ny zanany !** ".

Hamela ahy ianareo amin'ity fivilian-kevitra ity, fa izaho dia te hisintona ny sainareo mikasika ny tiako hazavaina. Hadinonareo angaha ny zavatra efa noporofoiko, nandritra ireo alim-pivoriana teo aloha ? Izaho dia nanambara tranga ara-tantara nisy marina, izay namarinin'Ibn Abî al-Hadîd, i Jaouhari, i Tabari, i Balathouri, Ibn Qoutaybah, i al-Mas'oundî sy ireo manam-pahaizana hafa avy amin'ny antokom-pinoanareo, ary voalaza ao amin'izany fa nisy nampihorohoro handoro ny tranon'i 'Alî(a.s), notaritarihina izy nankany amin'ny Moske ary noterena ny sabatra eo amin'ny tenda, mba hanao ny fanekam-pankatoavana raha tsy te ho tapa-doha. Azo lazaina ve izany fa fanekem-pankatoavana an-tsitrapo ?

Tsy tokony hatao ny “manaraka an-jambany” amin’ny Finoana

Faharoan’izany, vao tsy ela aho niteny fa isika dia tsy tokony hanaraka “an-jambany” ireo fampianarana lazain’ny sasany. Araka ny hevitrareo, satria ny tantara no maneho amintsika fa ireo khalîfat efatra ireo no nifandimby nandray ny fahefana, dia tokony hanaraka ny fomban’ireo zokibentsika isika sy hino azy ireo. Kanefa ny saina salama sy ireo hadith dia milaza amintsika fa ny fananam-pinoana dia tokony hifototra amin’ny porofo.

Averiko eto indray fa ireo mpahay tantara eo aminareo sy eo aminay dia samy nanoratra fa ny vahoaka dia nizara roa taorian’ny nahafatesan’ilay Mpaminany[s.a.s]. Etsy andaniny, misy milaza fa i Abou Bkar no tokony harahina; etsy ankilany kosa ny hafa dia milaza i ‘Alî[a.s] no tokony hankatoavina. Ilay Mpaminany[s.a.s] dia nilaza hoe : “**Fankoatavana an’i ‘Alî dia fankatoavana ahy; tsy fankatoavana an’i ‘Alî dia tsy fankatoavana ahy**”. Noho izany, ny fankatoavana an’i ‘Alî[a.s], araka io baikon’ilay Mpaminany[s.a.s] io dia antery. Koa manana adidy ny tsirairay ao amin’ireto antokom-pinoantsika anankiroa ireto mba hihaino ireo porofo avy amin’ny andaniny sy ny ankilany ka hisafidy izay lala-mahitsy.

Ny fananam-pinoana dia tokony hiankina amin’ny porofo sy ny fahitsiana

Ny finoako an’i ‘Alî dia miankina amin’ny saina. Izaho dia namakafaka boky maro avy amin’ireo antoko sy finoana samihafa. Izaho dia manaiky fa i Mouhammad no Iraka farany noho ny porofo fa tsy noho ny fakan-tahaka an-jambany ireo zokibeko taloha. Izaho dia nandalina ireo boky miisa anjatony avy amin’ireo antokom-pinoana roa tonta, indrindra moa fa ny an’ireo “sunnites” izay manolotra mazava ireo porofo mikasika ny Imâmat sy ny Khilâfat fitondran’ny Amîr-oul-Mou’minîn ‘Alî[a.s]. Ianareo dia manao fijery ratsy an’ireo andininy sy ireo hadith izay midera an’ny Imâm ‘Alî[a.s] amin’ny alalan’ny fanazavana azy ireo amin’ny fomba mahatsikaiky !

Fahatelo, ianareo dia milaza foana fa izahay dia tokony hanaiky ny filaharan'ireo khalîfat ireo ara-tantara : i Abou Bakr, i Omar, i Othmân ary i 'Alî. Izany dia hevin-dravina. Ny fahambonian'ny olombelona eo anatrehan'ireo biby dia noho ny fananany fahalalana sy fahendrena. Izahay dia tsy afaka hanaraka an-jambany ireo zokibentsika.

Araka ny voalazan'ireo manam-pahaizanareo, i 'Alî(a.s) dia manana fahalalana ambony noho ireo hafa. Araka izany, ny zony ho khalîfat voalohany dia tokony hoekena ihany koa. Izy no ilay Vavahadin'ny fahalalan'ilay Mpaminany(s.a.s). Ny fitsipahana azy dia fitsipahana ny lala-mahitsy.

Ekenay fa taorian'ny nahafaty an'ilay Mpaminany(s.a.s) dia i Abou Bakr no khalîfat nandritra ny roa taona sy telo volana, nanaraka azy i Omar nandritra ny folo taona ary i Othmân nandritra ny roa ambin'ny folo taona. Nefa izany tranga izany dia tsy manafoana velively ny anjara asan'ny saina sy ireo hadith. Ny tantara dia tsy afaka manaisotra ilay "Vavahadin'ny fahalalan'ilay Mpaminany(s.a.s) amin'ny zony.

Firdaous Dailami, i Abou Nâ'im Ispahani, Is'hâq Mouttalabi, mpanoratr'ilay Maghazi, i al-Hâkim, i Hamwaini, i al-Khatib al-Khawârizmî sy Ibn al-Maghâzilî dia nitantara araka ny fanambaran'Ibn Abbâs, sy i Sa'id Khoudari ary Ibn Mas'ound, izay samy nanambara izy rehetra ireo fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe :

"**Izy ireo dia mbola hanontaniana mikasika ny wilaya (khilâfat) fanarahana an'i 'Alî Ibn Abî Tâlib**".

## Fizarana fahatelo

Didin'ilay Mpaminany(s.a.s) mba hankatoavana an'ny Imâm 'Alî(a.s)

Milaza i Allâh ao amin'ny Kor'âny hoe :

«**Raiso izay omen'ilay Iraka ho anareo ; ary avelao izay andraràny anareo** »[74].

Araka io andininy io, isika dia tokony hankato ireo didin'ilay Mpaminany(s.a.s). Rehefa isika no mandinika ireo fampianaran'ilay Mpaminany(s.a.s), dia hitantsika (voarakitra ao amin'ireo bokinareo mahafatoky) fa amin'ireo vahoaka rehetra dia i 'Alî(a.s) irery ihany no nolazain'ilay Mpaminany fa "vavahadin'ny fahalalana" ary nodidiany isika mba hankato azy. Indrindra moa fa nilaza tamintsika izy fa ny fankatoavana an'i 'Alî(a.s) dia mitovy amin'ny fankatoavana ny tenany ihany.

Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, ny imâm-oul-Haram ao amin'ny Zhakhâ'ir-oul-Ouqbâ, i al-Khawârizmî ao amin'ny Manâqib, i Soulaymân al-Hanafî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat, i Mouhammad Yousouf Ganjî Châfi'î ao amin'ny Kifâyat-out-Tâlib sy ireo manam-pahaizana hafa dia samy nitantara ny tenin'ilay Iraka(s.a.s) hoe :

"**Ry Ansâr (mpanavotra) ! Tianareo ve ny fanehoako aminareo ny olona izay tokony hatokisanareo sady tsy hitarika anareo mihitsy any amin'ny fahaverezana ?** ". Namaly ny vahoaka hoe : "**Eny ! Ampahafantaro anay izy**". Niteny àry ilay Mpaminany(s.a.s) hoe : "**Tsy iza izany fa i 'Alî. Mifankatiava aminy ianareo, hajao izy ary manaraha azy. Marina dia marina fa izy dia miaraka amin'ny Kor'âny ary ny Kor'âny dia miaraka aminy. Izy no hitarika anareo amin'ny lala-mahitsy, tsy hamela anareo ho very izy. Izany voalazako izany dia hafatra nampitain'ilay Anjely Gabriel tamiko**".

---

[74] Kor'âny 59/7

Manampy izany, araka ny notantarain'ireo manam-pahaizanareo ihany, ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny tamin'i Ammar Ibn Yasir nanao hoe: "**Na dia ny olombelona rehetra aza mankany etsy ankilany ary i 'Alî etsy andaniny, dia manaraha ny làlan'i 'Alî fa avelao ireo hafa**".

Toraka izany koa, tamin'ireo fotoana sy toerana maro samihafa, ilay Mpaminany dia nilaza hoe : "**Izay mankato an'i 'Alî dia mankato ahy, ary izay mankato ahy dia mankato an'i Allâh**".

Tsy misy mihitsy hadith na dia iray aza ka manambara an'ireo khalîfat hafa ireo ho "Mpitarika ny vahoaka" na "Vavahadin'ny fahalalana".

Tsy misy na dia hadith anankiray, ao amin'ireo bokinareo (sunnites), ka nilazan'ilay Mpaminany(s.a.s) fa i Abou Bakr, i Omar na i Othmân : "**avy aoriako, no hitarika anareo amin'ny lala-mahitsy**" na "**vavahadin'ny fahalalako**" na koa "**ho mpandimby ahy sy ho khalîfat**". Sa moa ve ianareo afaka mitantara hadith tahaka izany, ankoatra ireo izay noforonin'ireo "**Khârijites**" sy ireo "**Oumayyades**" ?

Kanefa ianareo dia mbola mahasahy miangavy anay (Chiites) mba hampihataka an'i 'Alî(a.s) ho any amin'ny laharana khalîfat fahaefatra, na dia izy aza no ilay "**vavahadin'ny fahalalana**", "**ilay mpandimby sy khalîfat**" misolo toeran'ilay Mpaminany(s.a.s), raha tanisaina ireo teny nolazain'ny tenan'ilay Mpaminany(s.a.s), ka hanaraka ireo izay ny fahefana ananan'izy ireo dia tsy mba nifototra tamin'ny ara-dalàna akory ? Ny fanekena ny fangatahanareo ve dia tsy midika ho fanoherana an'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s) ?

Ankoatra izany, ianareo dia miangavy anay mba hitambatra miaraka aminareo, izay misy antoko efatra (Hanafite, Mâlikite, Hanbalite sy Châfi'ite), kanefa ianareo ihany miantso anay ho "Chiites Râfidhites", mpanompo sampy sy kâfir. Ny mpanompo sampy sy ny mpino ve afaka mitambatra? Na izany aza anefa dia vonona izahay hiaraka amin'ireo

rahalahinay sunnites ireo raha toa izahay ka homena fahalalahana miaro ny finoanay.

Tahaka ireo antokom-pinoana efatra izay malalaka amin'ireo fombany, ireo mpanara-dian'ireo taranak'ilay Mpaminany ihany koa dia tokony halalaka hanatanteraka izay fomba finoany sy araka ny lalàna navoakan'ireo manam-pahaizany. Amin'ireo antokom-pinoanareo ireo, dia ahitana ireo fahasamihafana ka mahatonga azy ireo mifanome tsiny ho tsy mpino sy ho mpanota. Na dia eo aza izany hamafin'ny fifanoherana izany, dia mihevitra azy ireo ho silamo hatrany ianareo sady mamela azy ireo ankalalahana manatanteraka ny finoany. Fa kosa eo am-panendrikendrehana ireo "chiites" ho mpanompo sampy sy tsy mpino ianareo dia tsy mba mihevitra azy ireo akory ho toy ny silamo no sady tsy mamela malalaka azy ireo hanatanteraka ny finoany. Amin'ny fomba ahoana àry no hanananay fanantenana amin'ny fitambarana sy firaisana ?

## Ny fiankohofana eo amin'ny vovoka ataon'ireo Chiites dia toherin'ireo antokom-pinoanareo tsy amin'antony

Ohatra raisintsika dia ny fiankohofanay eo amin'ny vovoka (avy amin'ny tany). Izany fanafintohinana ataonareo mikasika ny vovoka sy ny "tourba", ilay vaingan-tanimanga avy any Karbala izay ametrahanay ny handrinay eo am-piankohofana ! Ianareo dia milaza fa miendrika fanompoan-tsampy izany ! Ianareo dia miantso anay noho izany ho mpanompo sampy, na dia nahazo alalana avy tamin'i Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s) aza izahay manao izany. Ireo andinin'ny Kor'âny dia mandidy antsika mba hiankohoka ka ny fiankohofana dia ny fametrahana ny handrina eo amin'ny tany. Mazava ho azy aloha fa misy ny fahasamihafana eo amintsika mikasika ireo zavatra izay eo amboniny no hiankohofana.

**Cheikh** : Koa nahoana àry ianareo no tsy miankohoka sahala amin'ny fanaon'ireo silamo hafa rehetraamin'izay tsy misy intsony ny fahasamihafana ary foana avy hatrany izany fanendrikendrehana izany.

**Chîrâzî** : Voalohany indrindra, dia ampahafantaro anay, azafady, nahoana moa ireo Châfi'îtes no tsy mitovy amin'ireo Mâikites sy ireo Hanbalites amin'ny lafiny fanatanterahana ireo andrin'ny rantsam-pinoanareo ? Izy ireo noho izany dia lasa mifanendrikendrika ho mpanota sy ho tsy mpino.Moa ve ianareo tsy tokony hitambatra aloha sy manorina fomba iray iraisana amin'izay ireo fahasamihafana misy eo amianareo no foana tanteraka ?

**Cheikh** : Marina fa misy tokoa ireo fahasamihafana eo amin'ireo manam-pahaizanay kanefa na iza na iza aminay no manaraka anankiray amin'ireo manam-pahaizana mpahay lalàna ireo – toa an'ny imâm al-Châfi'î, ny imâm al-Hanafî, ny imâm Mâlik na ny imâm Ahmad Ibn Hanbal – dia homen'i Allâh valisoa.

<u>Ireo fahasamihafana misy eo amin'ireo antokom-pinoana sunnites dia tsy raharahaina, fa ny an'ireo chiites kosa dia tsy azo leferina !!</u>

**Chîrâzî** : Ianiavana amin'i Allâh ! Aoka re mba hitsara am-pahamarinana ianareo. Ianareo dia tsy manana porofo na iray aza hanarahana an'ireo mpahay lalàna ireo afa-tsy amin'ny mahamanam-pahaizana ara-pinoana ny sasany amin'izy ireo. Ianareo dia manaraka azy ireo an-jambany fotsiny. Ianareo dia tarihina amin'ny tendron-korona nefa mbola milaza foana ianareo fa hahazo valisoan'ny asanareo, na dia eo aza ny fahamasihafana izay mampisaraka anareo amin'ny lafiny fanatanterahana sy ny rantsam-pinoana. Izahay dia manaraka ireo fampianaran'ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s), izay voalazan'ny tenan'ilay Iraka(s.a.s) ihany sy ireo manam-pahaizanareo, fa olona manam-pahalalana nefa ianareo miantso anay ho tsy mpino ! Ianareo dia tokony hanaiky fa ireo fifankahalana eo aminareo sy aminay, dia tsy avy amin'ireo tsy fitoviana fomba fijery velively akory fa kosa avy amin'ny fitiavanay ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s) noho ireo fahavalonay izay manam-pialonana azy.

Mikasika ireo fahasamihafana misy eo aminareo sy aminay amin'ny lafiny foto-pinoana sy ny rantsany, dia ahitana izany koa eo amin'ireo antokom-pinoanareo efatra ireo. Maro amin'ireo didy sy lalàna

navoakan'ireo imâm sy ireo mpahay lalàna arahinareo no mifanohitra amin'ireo fampianarana mazava voarakitra ao amin'ny Kor'âny. Kanefa ianareo dia tsy mba mitsikera mihitsy an'ireo izay mamoaka "fatwa" tahaka izany na izay manaraka izany. Mifanohitra amin'izany, ireo izay miankohoka eo amin'ny tany madio, araka ireo didin'ny Kor'âny, dia raisinareo ho tsy mpino !

Ohatra amin'ireo "Fatwa sunnite" mifanohitra amin'ny Kor'âny masina

**Cheikh** : Iza amin'ireo manam-pahaizanay amin'ny lalàna amin'izy efatra ireo no namoaka lalàna mifanohitra amin'ny Kor'âny masina ?

**Chîrâzî** : Saika izy rehetra ireo no matetika namoaka didy izay mifanohitra amin'ny lalànan'ny Kor'âny masina sy ny hevitra iombonan'ny vahoaka. Maro amin'ireo manam-pahaizanareo no nanoratra boky maromaro mikasika ireo fahasamihafana misy eo amin'ireo antokom-pinoanareo efatra ireo. Raha te hahafantatra izany, dia miangavy anareo aho mba hamaky ny boky "al-Khilâf fil-Fiqh" nosoratan'ny al-Allâmah Abî Ja'afar Ibn Mouhammad al-Hassan al-Tousî, lehiben'ny vahoaka "chiite Imâmite".

Na izany aza anefa, dia holazaiko aminareo ny sasantsasany amin'ireo didy mifanohitra amin'ny lalànan'ny Kor'âny masina ireo.

**Cheikh** : Eny, omeo ohatra iray izahay.

**Chîrâzî** : Ianareo dia tokony hahalala fa ny fidiovana masina dia fombam-pivavahana manana ny lanjany tokoa eo amin'ny Islâm. Arakaraka ny tranga miseho, no hanadiovana ny vatana manontolo (manao ghousl) na ny ampahany ihany (manao woudhou').

**«Ô ry mpino ! Rehefa hitsangana hanatanteraka ny fanompoam-pivavahana ianareo, dia sasao ny tavanareo sy ireo tananareo hatreo amin'ny kiho....»**[75].

Araka izany, isika dia tokony hanao ny fidiovana masina amin'ny alalan'ny rano madio; fa raha tsy afaka mampiasa rano isika dia tokony hanao tayammoum araka ilay andininy milaza hoe :

**«...koa raha tsy nahita rano ianareo, dia mampiasà vonjy maika tany (madio), ka safoy amin'izany ny tavanareo sy ireo tananareo»**[76].

Isika dia tokony hanao ny tayammoum amin'ny alalan'ny tany madio. Fa ny fomba voalohany rehefa isika no afaka mampiasa rano, dia ny fanaovana ny fidiovana masina (woudhou') no tsy maintsy atao. Ny fomba faharoa, rehefa isika no tsy afaka mampiasa rano na noho ny antony hafa mahatery (eny am-panaovana dia lavitra na ao an-trano), dia ny tayammoum no tokony hataontsika, amin'ny alalan'ny fisafoana ireo tanana sy ny tava amin'ny vovo-tany madio ho solon'ny woudhou'. Ireo mpahay lalàna islamika rehetra dia miombon-kevitra amin'izany, na ireo "chiites" mpanaraka ireo Imâm miisa roa ambin'ny folo, na ireo Ash'arites, Mâlikites, Châfi'ites na Hanbalites. Nefa ilay imâm lehibenareo, i Abou Hanifa dia nihizingizina nilaza fa rehefa eny am-pandehanana lavitra na rehefa tsy misy ny rano, dia tokony hanatanteraka ny ghousl sy ny woudhou' isika amin'ny alalan'ny "nabîzh" (divay). Ny rehetra anefa dia mahalala fa ny nabîzh dia karazana ranom-boankazo vita amin'ny antrendry ary tsy azo atao ny manao fidiovana masina amin'ny alalan'ny rano efa mifangaro.

Ilay andinin'ny Kor'âny dia mandidy antsika mba hanatanteraka ny fidiovana masina amin'ny alalan'ny rano madio tsy mifangaro rehefa hanao fanompoam-pivavahana. Raha tsy afaka mampiasa rano dia ny tayammoum no tsy maintsy ataontsika. Ny imâm al-A'zam Abou Hanifa

[75] Kor'âny 5/6
[76] Kor'âny 4/43

dia nilaza fa azo atao ny manao ghousl na woudhou' amin'ny alalan'ny ranom-boankazon'antrendry. Izany dia mifanohitra tanteraka amin'ny fampianaran'ny Kor'âny. Ankoatra izany, i Boukhari ao amin'ny bokiny Sahîh dia nanoratra hoe : "**Tsy ara-dalàna ny manao fidiovana masina amin'ny alalan'ny ranom-boankazon'antrendry na zava-pisotro mahamamo**".

**Hâfiz** : Ny tenako dia mpanaraka ny antokom-pinoana Châfi'ite ka manaiky tanteraka io voalazanao io aho. Rehefa tsy misy ny rano dia tokony hanao tayammoum isika fa tsy azo atao ny manao fidiovana masina amin'ny ranom-boankazo. Io didy io dia nentina niampangana diso an'ny imâm Abou Hanifa noho ny fananany vahoaka maro manaraka azy.

**Chîrâzî** : Ny fiarovanao an'i Abou Hanifa dia resaka vinavina fotsiny ka tsy mitombina. Ilay didy navoakan'i Abou Hanifa taty aoriana dia notantarain'ireo manam-pahaizanareo maro.Tantaraiko aminareo ny voalazan'ny imâm Fakhr-oud-Dîn al-Razî ao amin'ny bokiny famakafakana Mafâtihoul-Ghayb boky faha-III, p.553 mikasika ny andininy milaza ny tayammoum, sy ny boky "Olana" faha-V nosoratan'ny imâm al-Châfi'î izay manambara fa ny "woudhou'" amin'ny alalan'ny ranom-boankazon'antrendry dia tsy ara-dalàna, fa i Abou Hanifa dia milaza izany ho ara-dalàna rehefa eo am-panaovana dia lavitra".

Fanampin'izany, Ibn Rachîd dia nanoratra ihany koa io didy io ao amin'ny bokiny Hidâyat-oul-Moujtahid.

**Cheikh** : Ahoana no ahafahanao milaza fa io Fatwâ io dia mifanohitra amin'ny Kor'âny? Misy ireo hadith sasany manaporofo ny maha-ara-dalàna izany araka ireo fihetsika nataon'ilay Mpaminany(s.a.s).

**Chîrâzî** : Afaka mitantara hadith tahaka izany aminay ve ianao ?

**Cheikh** : Ao amin'ny hadith iray nolazain'i Abdoullâh Ibn Mas'ound, notantarain'i Abou Zaid, ilay andevon'i 'Amr Ibn Hourayth, dia nanontany azy ilay Mpaminanin(s.a.s)'ny Islâm tamin'ny alina nisehoan'ireo "jiny" (alina izay nandraisan'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo jiny

mba hanao fanekem-pankatoavana azy) nanao hoe : “**Manana rano ve ianao ?** ” Namaly izy (Abou Zaid) hoe : “**Tsia, divay kely ihany no misy**”. Niteny àry ilay Mpaminany(s.a.s) hoe : “**Ny antrendry dia madio, ny ranony dia madio ihany koa**”. Tamin’izany indrindra, dia nanao fidiovana masina izy.

Misy hadith iray hafa izay notantarain’i ‘Abbâs Ibn Walid Ibn Sabihoul-Halal al-Dimashqî avy tamin’i Marwân Ibn Mouhammad al-Dimashqî izay nitantara izany avy tamin’i Abdoullâh Ibn Lahî’ah izany nitantara izany koa avy tamin’i Abdoullâh Ibn Mas’ound : “**Tamin’ny alina nisehoan’ireo jiny, ilay Mpaminany(s.a.s) nanontany ahy hoe : Manana rano ve ianao ? Hoy aho taminy hoe : Tsia, fa kosa misy divay ao amin’ilay barika kely. Niteny àry ilay Mpaminany(s.a.s) hoe : Ny antrendry dia madio ary ny ranony koa dia madio. Ahidino eto amiko izany. Nahidiko teo aminy izany ka nanao fidiovana masina tamin’izany izy**”.

Mazava anefa fa ireo fihetsika nataon’ily Mpaminany(s.a.s) dia fakan-tahaka izay tokony harahintsika. Tsy misy fampianarana na porofo mihoatra ireo fihetsiny ireo. Izany no antony nanaovan’ilay lehibenay, imâm al-A’azam ny maha-ara-dalàna izany.

**Chîrâzî** : Aleo kokoa ianareo nangina tsy niteny. Ireto rahalahinay “sunnites” ireto dia hahafantatra ankehitriny fa ireo lehiben’izy ireo dia ao anatin’ny fahadisoana. Ireo imâm rehetra ireo dia namoaka fatwâ niankina tamin’ny vinavinan-kevitra fotsiny.

Aoka aloha mba hodinihintsika akaiky ireo mpitantara ireo hadith anankiroa ireo. Voalohany, i Abou Zaid, ilay andevon’i ‘Amr Ibn Hourayth dia olona tsy fantatra ary araka ireo mpitahiry lovan-tsofina dia tsy azo ekena izy, toy ny notantarain’i Tirmizhî sy ireo hafa. Al-Zhahabî ao amin’ny bokiny Mizân-oul-I’tidâl dia mitantara momba azy toy izao: “**Ity lehilahy ity dia olona tsy fantatsika ka io hadith notantarain’i Abdoullâh Ibn Mas’ound io dia tsy marina**”. Al-Hâkim nanamarika hoe: “**Tsy misy hadith iray ka notantarain’ity lehilahy tsy fantatra ity**”. Al-Boukharî dia nilaza azy ihany koa ho mpitantara tsy azo antoka. Izany no antony nahatonga an’i Qastalanî sy ny Cheikh Zakariyya al-Ansarî nanoratra ao amin’ireo fanazavana ny boky Sahîh Boukharî fa “**ny**

**woudhou' (fidiovana masina) dia tsy ara-dalàna raha atao amin'ny alalan'ny ranom-boankazon'antrendry na zava-pisotro mahamamo**". Nolazain'ireo fa ilay hadith voalaza teo aloha dia maivana ara-kevitra.

Ilay hadith faharoa dia tsy azo ekena ihany koa.

Voalohany indrindra dia tsy misy manam-pahaizana afa-tsy Ibn Majah ihany, no nitantara izany amin'ny fomba toy izany.

Faharoan'izany, ireo manam-pahaizana dia tsy nampiditra izany ao amin'ny Sounan bokin'izy ireo, satria ny fitohitohizan'ireo mpitantara izany dia tsy matanjaka. Zhahabî ao amin'ny bokiny Mizanoul-I'tiqad dia nilaza hadith maromaro manaporofo fa i Abbâs Ibn Walid dia tsy azo itokisana.Araka izany, ireo tsikera sy ireo fanazavanareo dia tsy azo ekena. Mikasika an'i Marwan Ibn Mouhammad Tahiri, izy indray dia ao anatin'ny vondron'ny Marhaba iray very làlana. Ibn Hazm sy Zhahabî dia nanambara momba azy fa mpitantara iray tsy azo itokisana izy. Toraka izany koa i Abdoullah Ibn Lahî'ah dia voatsikeran'ireo manam-pahaizanareo sy ireo mpanao tafsîr. Noho izany, rehefa ny fitohitohizan'ireo mpitantara ny hadith iray no mampisalasala ka nahatonga ireo manam-pahaizanareo nitsipaka azy, dia midika izany fa tsy misy lanjany io hadith io.

Fahatelon'izany, ny foto-kevitr'ilay hadith izay notantarain'ireo manam-pahaizanareo avy tamin'i Abdoullâh Ibn Mas'ound, tamin'ny alina nisehoan'ireo jiny nanao fanekem-pankatoavana, dia manambara fa tsy nisy olona akory niaraka tamin'ilay Iraka(s.a.s)! Abou Daoud ao amin'ny bokiny Sounan toko ny "Woudhou'" sy i Tirmizhî ao amin'ny bokiny Sahîh dia nitantara araka ny voalazan'i al-Qama fa nisy nanontany an'i Abdoullâh Ibn Mas'ound hoe: "**Iza taminareo no niaraka tamin'ilay Mpaminany tamin'ny alina nanaovan'ireo jiny fanekem-pankatoavana?**" Namaly izy hoe: "**Tsy nisy taminay akory no tafaraka taminy**".

Fahefatra, io andro alina (nisehoan'ireo jiny) io dia nitranga tao Makkat nialohan'ny Hidjrat (fifandra-monina), kanefa ireo mpanao tafsîr

rehetra dia samy mitantara daholo fa ilay andininy mikasika ny tayammoum dia nampidinina tao Madînat. Ity didy tonga farany dia manafoana avy hatrany ilay teo aloha. Izany porofo izany dia voalazan'ireo mpahay lalàna lehibe eo aminareo toa an'ny imâm Châfi'î sy ny imâm Mâlik ary ireo hafa mba hanambarana azy ho tsy ara-dalàna.

Mahagaga raha olona Cheikh no manolotra hadith tsy azo itokisana eo anatrehan'ny Kor'âny mba hanaporofoana sy hiarovana ny fanambaran'i Abou Hanifa.

<u>Ny fanasana ireo tongotra amin'ny Woudhou' (rehefa manao fidiovana masina) dia mifanohitra amin'ny Kor'âny masina</u>

Ankoatra ireo fitsipika mifehy ny fanaovana woudhou' voalaza ao amin'ilay andininy tetsy ambony, dia ny ampahany amin'ny loha sy ireo tongotra hatreo amin'ireo kitrokely no tsy maintsy safoina, aorian'ny fanasana ny tava sy ireo tanana. Ilay andinin-tsoratra masina dia milaza mazava hoe : "**...ary safoy ny ampahany (bi-rou'ousikoum) amin'ny lohanareo sy ireo tongotrareo hatreo amin'ireo kitrokely**". Kanefa ireo manam-pahaizanareo rehetra amin'ny lafiny lalàna no milaza amim-pahalianana fa ireo tongotra dia tsy maintsy sasaina. Izany dia mifanipaka ihany koa amin'ny Kor'âny. Misy fahasamihafana mazava ny fanasana sy ny fisafoana !

**Cheikh** : Misy hadith maro anie milaza fa ireo tongotra dia tsy maintsy sasaina.

**Chîrâzî** : Ireo hadith rehetra izay mifanaraka amin'ireo andinin'ny Kor'âny no azo ekena. Mazava ho azy, fa ny fanafoanana ny andinin'ny Kor'âny iray mazava amin'ny alalan'ny hadith iray dia tsy manara-dalàna.

Ilay andininy dia mandidy mazava tsara mba hisafoana fa tsy hanasana ireo tongotra. Raha mba mandinika kely fotsiny ianareo dia hahatsapa fa ilay andininy fehezanteny iray manontolo dia manana hevitra iray ihany. Izy dia manomboka amin'ny baiko hoe "**Sasao ny tavanareo sy ireo tanana**". Ilay teny mpampitohy "**sy**" dia maneho fa aorian'ny

fanasana ny tava isika dia tsy maintsy ihany koa manasa ireo tanana. Ao amin'ny baiko faharoa hoe : "**ary safoy ny ampahany amin'ny lohanareo sy ireo tongotrareo hatreo amin'ireo kitrokely**", ny fisafoana ny loha sy ireo tongotra dia mifandray ihany koa amin'ny alalan'ny teny mpampitohy "**sy**". Izany no manaporofo mazava tsara fa aorian'ny fisafoana ny loha, dia ireo tongotra ihany koa no tsy maintsy safoina. Tsy ilaina intsony ny manazava fa ny fanasana dia tsy azo soloina ho fisafoana. Ny fanasana ny tava sy ireo tanana dia tsy maintsy atao toy izany koa ny fisafoana ny loha sy ireo tongotra. Tsy mitombina mihitsy ny fisafoana ny loha avy eo indray manasa ireo tongotra. Raha tsy izany dia tsy ilaina akory ny fisian'ilay teny mpampitohy "**sy**".

Ankoatra izany, ny lalàna islamika dia tsy ahitana ireo didy sarotra sy mafy tahaka izany. Ny fanasana ireo tongotra dia tena sarotra noho ny fisafoana. Ny didy ara-pinoana dia mitsinjo ny fanamorana ny fanatanterahana ny woudhou', izany indrindra no tian'ilay andininy hahatongavana.

Ny imâm Fakhr-oud-Dîn al-Razî, mpahay tafsir sunnite iray tena malaza, dia namelabelatra ny fanaporofoana rehetra amin'ny maha-tsy maintsy atao ny fisafoana ireo tongotra amin'ny woudhou'. Ianareo dia tsy isalasalana fa manana fahafahana betsaka tokoa amin'ny famakiana izany.

## Ny fisafoana ireo tongotra tsy misy fanesorana bakiraro dia mifanohitra amin'ireo fampianaran'ny Kor'âny masina

Vao mainka mahagaga mihoatra ny fanasana ireo tongotra ny fisafoana azy atao eo ambonin'ny bakiraro ! Misy tsy fitovian-kevitra eo amin'ireo mpahay lalàna sunnites mikasika ny fahazoana manao izany eny am-panaovana dia lavitra na eo an-tanànany.

Izany didy izany dia mifanohitra amin'ny lalànan'ny Kor'âny izay milaza fa isika dia tokony hanao fisafoana ireo tongotra fa tsy ireo bakiraro. Ity didy ity koa dia mifanohitra amin'ny teo aloha izay lazaina fa sasaina ireo tongotra. Raha tsy ara-dalàna ny fisafoana ireo tongotra, dia nahoana no anekena ny fisafoana ireo bakiraro ?

**Cheikh** : Maro anie ireo hadith manamarina fa ilay Mpaminany dia nisafo ireo bakirarony. Ireo mpahay lalàna dia nandray izany ho porofo maha-ara-dalàna io fomba io.

**Chîrâzî** : Izaho dia milaza imbetsaka eto hatrany fa araka ireo fampianaran'ilay Mpaminany, ny hadith rehetra lazaina fa avy aminy nefa tsy mifanaraka amin'ny Kor'âny masina dia tokony hariana. Ireo mpisoloky sy ireo mpilalao politika dia namorona hadith maro dia maro. Ireo manam-pahaizanareo dia nandà io hadith io.

Ankoatra izany, ireto hadith ireto tsy vitan'ny efa tsy mifanaraka amin'ny Kor'âny masina fa mbola mifanohitra ihany koa izy samy izy ! Ireo manam-pahaizanareo lehibe dia manaiky izany ny tenan'izy ireo.

Ibn Rashîd Andalousî ao amin'ny bokiny Badâyat-oul-Moujtahid wa Nihayât-oul-Mouqtasid boky-I p.15 sy p.16 dia nanambara mikasika ireo fifanoheran-kevitra ireo : "Ny antony mampisy fahasamihafana amin'izy ireo dia noho ireo tantara mikasika azy ireo izay mifanohitra". Hoy koa izy hoe : "Ny antony mampisy fahasamihafana amin'izy ireo dia noho ireo tantara mikasika azy ireo izay tsy marim-pototra".

Noho izany, dia hevi-dravina tokoa ny miantehitra amin'ny fanaporofoana amin'ny alalan'ireo tantara sy ireo hadith izay izy samy izy ihany no mifanipaka ary tsy vitan'izany, fa mifanohitra tanteraka amin'ny lalànan'ny Kor'âny. Tokony ho hainareo fa rehefa ireo hadith no mifanipaka dia izay mifanaraka amin'ny Kor'âny ihany no azo ekena. Fa raha misy hadith na manao ahoana na manao ahoana ka mifanohitra amin'ny Kor'âny masina, dia hariana avy hatrany.

## Fizarana fahefatra

Ny fisafoana ny loha tsy misy fanesorana ny fehilohany dia mifanohitra amin'ireo fampianaran'ny Kor'âny

Ilay andininy dia manambara mazava hoe : "**safoy ny ampahany amin'ny lohanareo**" (aorian'ny fanasana ny tava sy ireo tanana). Araka io didin'ny Kor'âny io, ireo mpahay lalàna chiites, manaraka ny fampianaran'ireo Imâm Mpitarika azy ireo, dia milaza hatrany fa tsy maintsy safoina ny ampahany amin'ny loha rehefa manao woudou'. Ireo mpahay lalàna al-Châfi'î sy ny al-Mâlikî ary ny al-Hanafî dia manaiky izany. Fa ny imâm Ahmad Ibn Hanbal, ny imâm Is'hâq, ny imâm al-Thawriî sy ny imâm Awzâ'î kosa dia milaza fa azo atao ny misafo ny loha eo ambonin'ny fehilohany. Toy izany koa no voalazan'ny imâm Fakhr-oud-Dîn al-Razî ao amin'ny bokiny Tafsîr al-Kabîr. Ny olona rehetra manan-tsaina dia mahatakatra fa ny fisafoana eo ambonin'ny fehiloha dia tsy mitovy mihitsy amin'ny fisafoana ny loha.

Ireo "Chiites" irery ihany no omen-tsiny amin'ireo fahasamihafana ireo

Misy maro ireo fahasamihafana hafa malaza eo amin'ireo mpahay lalàna aminareo sy ireo antokom-pinoana efatra. Na dia ny ankamaroan'izy ireo aza dia hita mazava fa mifanohitra amin'ireo andinin'ny Kor'âny, dia tsy mba manan-kolazaina amin'izany akory ianareo. Ny tsirairay amin'izy ireny dia malalaka manatanteraka izay fombany avy.

Ianareo dia tsy mba miantso an'i Abou Hanifa sy ireo Hanafites ireo ho mpanompo sampy na dia izy ireo aza mamela ny fanaovana woudhou' amin'ny alalan'ny ranom-boankazon'antrendry, indrindra moa fa tsy omenareo tsiny akory ireo fanazavana mifanohitra izay mandika ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny Bokin'i Allâh. Nefa kosa ianareo dia manohitra an'ireo "Chiites" izay manaraka ny taranak'ilay Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh. Ianareo dia miantso ireo mpanara-dian'ity fianakaviana masina ity ho Râfidhî (Mpikomy) sy tsy mpino! Ianareo dia nilaza, matetika, nandritra ireo alim-pivoriana teo aloha, fa ireo fomba

fanaonay dia tsy misy valaka amin'ny fanompoan-tsampy. Ianareo moa dia nanontany ahy mihitsy fa nahoana izahay no tsy manatanteraka ireo fanompoam-pivavahana tahaka ireo silamo ! Kanefa izahay dia manatanteraka izany fanompoam-pivavahana izany toy ny fanaovanareo izany ihany koa : roa rak'ats ho an'ny fajr (vavaka maraina), efatra rak'ats ho an'ny Zohr (vavaka amin'ny atoandro), efatra rak'ats ho an'ny 'Asr (vavaka amin'ny tolak'andro), telo rak'ats ho an'ny maghrib (vavaka hariva) ary efatra rak'ats ho an'ny 'Ishâ (vavaka amin'ny alina).

Mikasika ireo fahasamihafana eo amin'ny fanatanterahana (ireo rantsam-pinoana), dia ahitana izany betsaka ihany koa ao amin'ireo antokom-pinoan'ny Islâm sunnites. Ohatra, misy tsy fitoviana lehibe eo amin'i Aboul-Hassan al-Ash'arî sy i Wâsil Ibn 'Atâ mikasika ny foto-pinoana sy ny rantsam-pinoana. Ireo imâm efatra mpitarika anareo (Abou Hanifa, Mâlik, Châfi'î, sy i Ahmad Ibn Hanbal) sy ireo mpahay lalàna lehibe toa an'i Hassan, Dawoud, Ibn Kathir, al-Awzâ'î, Soufyân al-Thawrî, Hassan al-Basrî ary i Qasim Ibn Salâm dia manana ny tsy fitovian-kevitra. Toraka izany, ireo didy fampirisihana sy fandraràna avy amin'ireo Imâm(a.s) Ahloul-Bayt dia misy fahasamihafana ihany koa ny famoahan'ireo mpahay lalàna eo aminay mikasika izany. Koa raha ilàna fanadihadiana ireo fanazavan'ireo mpahay lalàna, dia nahoana no tsy asiana fitsikerana ihany ireo tsy fitoviana misy eo amin'ireo finoana "sunnites" ? Maro amin'ireo manam-pahaizana sunnites no miaiky ireo fanazavana izay mifanohitra amin'ireo andinin-tsoratra masin'i Allâh kanefa dia mbola mamoaka hevitra mandringa amin'ireo didy tsy azo lavina. Ny sasany amin'ireo mpahay lalàna dia manolotra fanazavana misy fifanoherana. Nefa ianareo dia tsy milaza akory ireo fanazavan'izy ireo na ireo fomba fanaony ho toy ny an'ireo tsy mpino.

## Araka ireo manam-pahaizana "sunnites", dia azo atao ny miankohoka amin'ny diky efa maina

Mikasika ny fiankohofana, ianareo dia manome tsiny mafy ireo chiites ka mihevitra azy ireo ho mpanompo sampy noho izy ireo manome alalana amin'ny fametrahana ny handrina eo ambonin'ny vaingan-tany mandritra ny fanompoam-pivavahana, kanefa ianareo dia mangina fotsiny

mikasika ny fanambaran'ireo manam-pahaizanareo manao ho ara-dalàna ny fiankohofana eo ambonin'ny diky maina.

## Ny fiankohofana eo amin'ny lafika ho solon'ny tany madio dia mifanohitra amin'izay voalazan'ny Kor'âny

Ireo didy navoakan'ireo mpahay lalàna chiites, manaraka ireo Imâm(a.s)Mpitarika azy ireo dia tena mifanaraka tokoa amin'ny Kor'âny masina. Ohatra amin'izany, ireo mpahay lalàna eo aminareo dia mihevitra ny lafika vita amin'ny volon'ondry, landihazo, lasoa sy ireo lamba hafa dia mitovy amin'ny tany. Nefa iaraha-mahalala fa ireo lamba ireo dia tsy tany velively.

Ireo chiites, araka ny voalazan'ireo Imâm(a.s) avy amin'ny Ahloul-Bayt Mpitarika azy ireo, dia milaza fa: "**Ny fiankohofana eo ambony zavatra na inona na inona dia tsy ara-dalàna afa-tsy eo amin'ny tany na izay maniry amin'ny tany ka tsy azo atao sakafo na fitafiana**". Ianareo dia milaza azy ireo ho mpanompo sampy vokatr'izany. Eo anatrehan'izany kosa, ny fiankohofana eo ambony diky maina dia tsy mba fanompoan-tsampy eo aminareo.

Na izany na tsy izany anefa, dia samihafa ny atao hoe miankohoka eo ambony tany (araka ny nandidian'i Allâh) sy ny atao hoe miankohoka eo ambony lafika.

**Cheikh** : Ianareo dia miankohoka eo amin'ireo silaky ny tany avy any Karbala. Ianareo dia mitahiry am-panajana fatratra, ireny vaingan-tany kely ireny. Izany dia fanompoan-tsampy noho ianareo milaza fa antery ny miankohoka eo amboniny. Ny fomba tahaka izany dia mazava ho azy fa mifanohitra amin'ireo lalàna sy ireo fomba fanaon'ireo silamo.

**Chîrâzî** : Lasa toetra raiki-tapisaka eo aminareo ny fanarahana an-jambany ireo zokibenareo, eny fa na dia tsy mendrika amin'ny olona tahaka anareo izao aza, ny mampitovy ny tany madio avy any Karbala amin'ny sampy. Ry namana hajaina! Ny fitsikerana rehetra dia tokony hiankina amin'ny porofo. Raha ianareo no mamaky ireo boky ara-pinoana

an’ireo chiites, dia ho hitanareo ao ny valin’ireo tsikera napetrakareo ka tsy hitarika an’ireo rahalahy sunnites amin’ny fahaverezana intsony ianareo, amin’ny alalan’ireo tsikera diso.

## Ireo Chiites dia tsy mihevitra akory ny fiankohofana amin’ny tanin’i Karbala ho antery

Raha ianareo no afaka manambara aminay hadith iray na filazana avy ao amin’ireo bokinay izay manambara faantery ny fiankohofana eo ambony silaky ny tanin’i Karbala, dia ekenay ny tsikeranareo. Ao amin’ireo bokinay mikasika ny lalàna (fomba fanao ara-pinoana), dia ahitana fampianarana mazava, mifototra amin’ireo lalànan’ny Kor’âny, izay mandidy anay mba hiankohoka amin’ny tany madio. Tafiditra ho anisan’izany ny vovo-tany, ny vato, ny fasika sy ny ahitra, raha toa izany ka tsy anisan’ny mineraly na zava-maniry fihinana. Ny fiankohofana dia azo tanterahina eo ambonin’ireo zavatra avy amin’ny tany, afa-tsy izay azo atao sakafo na fitafiana.

**Cheikh** :Nahoana àry ianareo no mitondra mandrakariva ireo vaingan-tanin’i Karbala miaraka aminareo foana mba hiankohofanareo amin’ny fotoana fivavahana ?

**Chîrâzî** : Ny fiankohofana eo amin’ny tany madio no antery. Ireo fanompoam-pivavahana dia matetika tanterahina ao amin’ireo trano misy lafika karipeta (tapis). Na dia esorina aza io lafika io, ny tany eo ambaniny dia maloto amin’ny ankapobeny ka tsy azo iankohofana. Izany no antony hitehirizanay vaingan-tany miaraka aminay foana mba ahafahanay miankohoka. (Maro amin'ireo Moujtahid no mihevitra ny tsaoka (craie),ny plastera (plâtre), ny sokay (chaux), sy ireo vatosoa tahaka ireo karazam-batomazava (agate), ho azo iankohofana eo amboniny, rehefa tsy misy ny tany na zava-maniry tsy fihinana, fa kosa izy ireo dia manaisotra mba tsy ho ao anatin’izany ireo mineraly voajanahary sy ireo mineraly voadio).

**Cheikh** : Ny zavatra tsikaritray, dia ny fananan’ireo chiites silaky ny tanin’i Karbala ary izy ireo dia mihevitra fa antery ny fiankohofana eo amboniny.

**Chîrâzî** : Marina fa izahay dia miankohoka eo ambonin'ireo silaky ny tanin'i Karbala ireo, nefa tsy milaza izahay fa antery izany. Araka ireo fampianarana voalaza ao amin'ireo bokinay mikasika ny lalàna, dia ny fiankohofana eo ambony tany madio no antery ho anay. Na izany aza anefa, araka ny voalazan'ireo Ahloul-Bayt(a.s), dia ny fiankohofana eo ambony tany madio avy any Karbala (tanàna izay nilevenan'ny Imâm Houssain(a.s)) no tsara kokoa. Mampalahelo fa ny sasany dia mikiribiby miaraka amin'ny fanaratsiana mikasika ny fanajan'ireo chiites an'ny Imâm Houssain(a.s). Amin'ny alalan'izany no ilazan'izy ireo fa ireo chiites dia manatanteraka ny fiankohofan'izy ireo eo amin'ny tany avy any Karbala. Izahay dia tsy mba mivavaka velively amin'i Houssain(a.s) sy i 'Alî(a.s) na i Mouhammad(s.a.s). Allâh no ivavahanay. Izahay dia miankohoka fotsiny eo ambony tany madio, araka ny baikon'i Allâh. Izahay dia tsy mba miankohoka eo anatrehan'ny Imâm Houssain(a.s). Nefa araka ny fampianaran'ireo Imâm(a.s) olo-masina taranak'ilay Mpaminany(s.a.s), dia ny fiankohofana eo amin'ny tany madio avy any Karbala no tena ahazoana tombontsoa lehibe tokoa, na dia tsy antery aza izany.

**Cheikh** : Nahoana ianareo no milaza fa ny tanin'i Karbala no manana toetra manokana sy mendrika kokoa noho ireo hafa ?

**Chîrâzî** : Voalohany indrindra aloha, dia iaraha-mahalala fa ireo toerana rehetra dia samy manana ny toetra mampiavaka azy ireo avokoa. Isaky ny vaingan-tany dia manana ireo toetra manokana izay ireo mpahay momba ny tany ihany no mahalala izany. Isika dia tsy afaka ny hahatakatra ny tsiambaratelon'izany. Faharoan'izany, ireo toetra manokana ananan'ny tanin'i Karbala dia efa fantatra talohan'ireo Imâm(a.s) olo-masina ireo. Karbala dia tany nisy hajany manokana indrindra fa tamin'ny vanim-potoanan'ilay Mpaminany(s.a.s), izay voatantara izany ao amin'ireo bokinareo mahafatoky. Ao amin'ny al-Khasâ'is-oul-Koubrâ bokin'i Jalâl-oud-Dîn al-Souyoutî, dia ahitana hadith maromaro avy tamin'i Oumm Salma, i 'Aïcha, Oumm al-Fadhl, Ibn Abbâs sy i Anas Ibn Mâlik sns, mikasika ny tanin'i Karbala izay notantarain'ireo manam-

pahaizanareo sy mpitantara mahafatoky toa an'i Abou Nâ'im Ispahanî, i Baihaqî sy i Hâkim.

Iray amin'ireo hadith ireo dia manambara toy izao : Hitako i Houssain teo ampofoan'ilay raibeny, ilay Mpaminany, nitazona vaingan-tany mena teny an-tanany. Ilay Mpaminany dia nanoroka io vaingan-tany io sady nitomany. Nanontany azy aho inona io. Namaly izy hoe : "**Gabriel nampahafantatra ahy fa i Houssain(a.s) zanako dia hisy hamono any Irak. Nitondra ho ahy ity vaingan-tanin'i Karbala ity izy. Mitomany amin'izany fahoriana izay tsy maintsy hanjo an'i Houssain(a.s)izany aho**".

Nomen'ilay Mpaminany an'i Oumm Salma io vaingan-tany io sady niteny izy hoe : "**Rehefa mivadika lasa rà ity vaingan-tany ity, dia ho fantatrao amin'izany fa novoina i Houssain(a.s) zanako**".

Oumm Salma nitahiry an'io vaingan-tany io tao anaty tavoahangy ka nanara-maso fatratra izany izy mandra-pivadihany ho rà tamin'ny andro Achourâ 61H. Tamin'izany indrindra no nahafantarany fa lasa maritiora i al-Hossain(a.s) Ibn 'Alî.

Tranga voarakitr'ireo manam-pahaizanareo sy ireo mpahay lalàna eo aminay fa ilay Mpaminanin(s.a.s)'ny Islâm sy ireo Imâm(a.s) dia nanaiky ny fanajana manokana ny tany madion'i Karbala. Taorian'ny naha-maritioran'ny Imâm al-Houssain(a.s), ny Imâm 'Alî Ibn al-Houssain, i Zaynoul-Abidîn(a.s) dia nandray ny silaky ny tanin'i Karbala izay toerana nilevenan'ny Imâm Houssain(a.s), ka nolazainy izy io fa masina sy hotahiriziny am-panajana ao anaty kitapo. Ny Imâm 'Alî Ibn al-Houssain(a.s) dia nanao ny fiankohofany teo amboniny no sady nanamboarany vakana fiderana (tasbîh) izany izay nentiny mitanisa ny fiderana an'i Allâh.

Taoriany dia ireo Imâm(a.s) rehetra izay nandimby azy no nandray an'io tany io ho zava-masina ihany koa, ka nanao azy ho tasbîh sy namolavola azy ho vaingan-tany fiankohofana. Noresen'izy ireo lahatra ireo chiites mba hanao tahaka izany koa fa saingy tsy natao antery nefa ny

valisoa azo avy amin'izany dia lehibe tokoa. Ireo Imâm dia nanamafy tsara fa ny fiankohofana dia tsy maintsy atao eo amin'ny tany madio ka ny tsara kokoa dia ny manao izany eo ambonin'ny tanin'i Karbala.

Ilay manam-pahaizana lehibe, i Hassan Tousî dia nitantara avy tamin'i Abou Ja'afar, i Mouhammad al-Bâqir(a.s) ao amin'ny bokiny Misbâhoul-Moutahajjid fa ny Imâm Ja'afar al-Sâdiq dia nitahiry ao amin'ny tapa-damba (mosoara) mavo ny tany nilevenan'ny Imâm Houssain(a.s) koa rehefa tonga ny fotoam-pivavahana dia sokafany izany mba hanaovany fiankohofana eo amboniny.

Ireo chiites dia mitondra miaraka amin'izy ireo am-panajana io tany io. Ary noho ny fahatahorana sao dia ho very foana ilay tany dia novolavolain'izy ireo izy mba ho lasa vaingan-teny kely na ho vato kilonjy izay antsoina hoe "tourba". Izahay mandray azy io ho zava-masina ary eo am-pivavahana dia iankohofanay eo amboniny noho izany toetrany manokana izany. Fa raha tsy izany, ka tsy misy io tany madio io, dia miankohoka izahay eo ambony tany madio hafa na eo ambony vatolampy madio. Ary dia eo ambonin'izany no hanatontosanay ireo adidinay.

Averiko indray fa, tsy azonay ny mahatonga ny fihetsik'ireo manam-pahaizanareo, izay tsy tezitra akory amin'ireo fatwa sasany misy amin'ireo antokom-pinoana sunnites efatra ireo. Hita izany, fa rehefa ilay imâm al-'Azam (Abou Hanifa) no nanambara fa noho ny tsy fisian'ny rano hanaovana fidiovana masina dia azo atao ny manao ny woudhou' sy ny ghousl amin'ny alalan'ny ranom-boankazon'antrendry, dia tsy nanankolazaina akory ireo Châfi'ites sy ireo Mâlikites ary ireo Hanbalites ireo. Raha ny imâm Ahmad Ibn Hanbal no mino ny fahitana an'i Allâh na milaza fa ara-dalàna ny misafo amin'ny alalan'ireo tanana mando eo amin'ny fehiloha eo am-panaovana ireo fidiovana masina ara-pivavahana, dia tsy misy manohitra izany akory ireo manam-pahaizana avy amin'ireo antokom-pinoana hafa. Tahaka izany koa, izy ireo dia tsy manameloka mihitsy ireo fanambarana mandeha tokana mikasika ny fanambadian'ireo ankizilahy tanora kely (tsy mbola misy somotra) eny am-panaovana dia lavitra, sy ny fiankohofana eo ambony diky na zava-maloto hafa, na koa

ny fahazoana manao firaisana ara-nofo amin'ny reny amin'ny fampiasana ny lamba!!!

Nefa, raha ny taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) no milaza fa tsara atao ny miankohoka eo amin'ny tanin'i Karbala, dia avy hatrany ianareo miantso ireo chiites ireo ho mpanompo sampy.

<u>Ny taona dia tsy mba anisan'ny sivana ho an'ny khilâfat</u>

Ankehitriny, dia hovaliako amin'izay ilay fanontanianareo teny am-piandohana. Mikasika ny taona sy ny fombafomba mahamendrika ny olona iray ho khalîfat , dia nilaza ianareo fa noho ny antony ara-taona no nahatonga an'i Abou Bakr natao ho khalîfat voalohany. Nandritra ireo alim-pivoriana folo no nandavako ny fanazavanareo mikasika ny fombafomba sy ny taona, dia mbola miverina amin'izany foana ianareo tahaka ny tsy mbola niresahantsika mihitsy izany. Na izany aza anefa, dia tsy avelako tsy homena valinteny ianareo.

<u>'Alî no voatendry mba hamaky ilay sourat al-Barâ'ah (fanafahana)</u>

Milaza hatrany ianareo fa i Abou Bakr no voalohany nitazona ny toeran'ny khilâfat noho ny haben'ny taonany sy ny traikefa ara-politika nananany. Fa ahoana moa no mahatonga ireo vahoaka mahafantatra fa ny olona be taona sy manana traikefa ara-politika no mahavita miaro amin'ny hafitsoky ny fahavalo lehibe iray fa i Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy nahatakatra izany ? Tamin'ny fampielezana ireo andininy efapolo voalohany ao amin'ny sourat al-Barâ'ah ho an'ireo vahoakan'i Makkat, dia nosoloin'ilay Mpaminany(s.a.s) olon-kafa i Abou Bakr fa dia i 'Alî(a.s) Ibn Abou Tâlib indray izay mbola tanora no nirahiny hisolo azy.

**Nawwâb** : Andriamatoa hajaina! Aza avela ho manjavozavo izany resaka izany, azafady aminao. Ampahafantaro anay nahoana i Abou Bakr no nasaina niverin-dalana ary i 'Alî no natao ho solony. Rehefa izaho no mba nanontany an'ireto olona ireto (sady notondroiny ireto manam-pahaizana ireto), dia tsy mazava ny namalian'izy ireo ahy tamin'ny

alalan'ny valinteny fa tsy zava-dehibe hono izany. Hazavao amiko izay zava-misy marina mikasika izany, raha sitrakao.

**Chîrâzî** : Ny vahoaka silamo, anisan'izany ireo manam-pahaizana sy ireo mpahay tantara avy amin'ireo antokom-pinoana roa tonta dia manaiky ity tranga ara-tantara ity. Rehefa ireo andininy voalohany ao amin'ny sourat al-Barâ'ah (fanafahana) izay manameloka ireo mpanompo sampy no nampidinina, dia niantso an'i Abou Baakr ilay Mpaminany ka nanankina ireo andininy ireo taminy, nanome baiko azy mba ho any Makkat sy hamaky izany ho an'ireo vahoakan'i Makkat mandritra ny hajj (fivahiniana masina). Mbola tsy lasa lavitra akory i Abou Bakr no tonga i Gabriel (Jibril) niseho tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) ka niteny taminy hoe : "**Ry Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh! Allâh dia mandefa firarian-tsoa ho anao sy mampahafantatra anao fa ireo andinin'ny Kor'âny masina ireo dia tokony haelin'ny tenan'ilay Mpaminaniny ihany na iray amin'ireo havany akaiky**".

Izany no nahatonga an'ilay Mpaminany(s.a.s) niantso an'i 'Alî(a.s) sy nilaza taminy hoe : "**Tratraro haingana i Abou Bakr ary alaivo aminy ireo andinin'ny sourat al-Barâ'ah ka vakio eo amin'ireo mpanompo sampy ao Makkat**".

Teo noho eo i 'Alî(a.s) dia niainga. Nahatratra an'i Abou Bakr tao Zhoul-Halifa izy ary nampita taminy ny hafatr'ilay Mpaminany(s.a.s). Noraisiny ireo andininy ireo ka novakiany teo anatrehan'ireo vahoakan'i Makkat.

**Nawwâb** : Ity tantara ity ve dia mba voarakitra ao amin'ireo bokinay mahafatoky ireo ihany?

**Chîrâzî** : Vao avy nolazaiko teo fa ny vahoaka rehetra dia miombon-kevitra amin'izany. Omeko anareo eto ireo boky vitsivitsy mirakitra izany mba hisaintsainanareo ny maha-zava-dehibe ity tantara ity.

Ireto mpanoratra boky manaraka ireto dia nitantara io tantara io ao amin'ireo bokin'izy ireo avy : i Boukharî ao amin'ny Sahîh, boky faha-IV

sy faha-V, i Abdi ao amin'ny al-Jami' Bayn al-Sihâh al-Sittah fizarana faha-II, i al-Baihaqî ao amin'ny Sounan p.9 sy p.224, i al-Tirmizhî ao amin'ny al-Jâmi' boky-II p.135, i Abou Dâwoud ao amin'ny Sounan, i al-Khawârizmî ao amin'ny Manâqib, i al-Shawkânî ao amin'ny Tafsîr boky-II p.319, i al-Faqih al-Châfi'î ao amin'ny Fadhâ'il, i Mouhammad Talha al-Châfi'î ao amin'ny Matâlib-ous-Sou'oul p.17, ny Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddah toko-18, i Mouhibboud-Dîn al-Tabarî ao amin'ny Riyâdh a-Nadhirah p.147 sy i Zhakhâ'iroul-'Ouqba p.69, i Sibt Ibn al-Jaouzî ao amin'ny Tazhkirat Khawâs al-Oummah p.22, ny imâm Abdoul-Rahmân Nisâ'i ao amin'ny Khasâ'isoul-'Alawî p.14 (dia nitantara an'io hadith io isaky ny fitohitohizan'ireo mpitantara azy), Ibn Kathir ao amin'ny al-Târîkh al-Kabîr boky-V p.38 sy boky-VII p.357, Ibn Hajar Asqalanî ao amin'ny al-Isâbah boky-II p.509, i Jalâloud-Dîn Souyoutî ao amin'ny al-Dourr al-Manthour boky-III p.208 (ao amin'ny fanazavana ireo andininy voalohany ao amin'ny sourat al-Barâ'ah), ny imâm al-Tha'labî ao amin'ny Tafsîr Kashfoul-Bayân, Ibn Kathir ao amin'ny Tafsîr boky-II p.333, i al-Alousî ao amin'ny Rouh-oul-Ma'ânî boky-III p.268, ilay mpankahala mafy ny chiite, Ibn Hajar al-Makki ao amin'ny Sawâ'iq p.19, i al-Haithamî ao amin'ny Majma'ouz-Zawâid boky-VII p.29, i Mouhammad Yousouf Ganjî al-Châfi'î ao amin'ny Kifâyatout-Tâlib p.12 toko faha-62, ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny Mousnad boky-I p.3 sy p.151, boky-IV p.164-165, i al-Hâkim ao amin'ny Moustadrak boky-II, ny Kitâb al-Maghâzî p.51 sy ao amin'io ihany fa boky-II p.331, ny Moulla 'Alî Mouttaqî ao amin'ny Kanz-oul-'Oummâl boky-I p.246-249 ary ny Fadhâil 'Alî boky-I p.154.

**Sayyed 'Alî Ibn Abdoul-Hayy** :Nahoana ilay Mpaminany(s.a.s) izay ny asany rehetra dia fanambarana avy amin'i Allâh no tsy nanankina ity raharaha ity tamin'i 'Alî hatrany am-piandohana?

**Chîrâzî** : Tsy misy antony voasoratra manazava izany, noho izany dia tsy hainay izany. Nefa araka ny hevitro, io fanovana io dia efa nomanina mialoha mba hanehoana ny fahambonian'i 'Alî(a.s). Na izany na tsy izany anefa, izany dia mitsipaka tanteraka ny hevitra fa ny taona na ny tsy fananana traikefa no antony tsy nanendrena an'i 'Alî ho khalîfat. Raha

io adidy io no nankinina tamin'i 'Alî(a.s) hatrany am-piandohana, dia lasa fisehoan-javatra tsotra izany ka tsy afaka nanehoantsika ny fahamboniany. Koa raha ny taonan'i Abou Bakr sy ny fananany traikefa ara-politika no manaporofo ny fahamboniany dia tsy mba nosoloina tamin'io adidy io izy. Ny zava-nisy anefa dia ilay Mpaminany sy ny khalîfat mpandimby azy irery ihany no manan-jo hampiely ireo fanambaran'i Allâh ireo.

**Sayyed** : Araka ny voalazan'ireo hadith hafa, i Abou Houraïra dia nilaza fa i 'Alî no nodidiana niaraka tamin'i Abou Bakr ho any Makkat mba hampianatra ireo Qouraych ny fomba fanaovana Hajj. 'Alî dia tsy maintsy mamaky ireo andinin'ny sourat al-Barâ'ah ireo ho an'ireo vahoakan'i Makkat. Ny fiarahan'izy roa nampiely ny hafatr'ilay Mpaminany(s.a.s) dia maneho fa manana toeram-boninahitra mitovy izy roa.

**Chîrâzî** : Voalohany, ilay hadith izay noresahanareo dia hadith noforonin'ireo mpomba an'i Abou Bakr. Ireo hafa dia tsy mba nitantara izany mihitsy. Faharoa, ny vahoaka manontolo dia samy nanaiky amin'ny fitantarana fa i Abou Bakr dia naverin-dalana ka nosoloina an'i 'Alî(a.s). Izany dia notantaraina an-kalalahana ao amin'ireo boky mahafatoky an'ireo antokom-pinoana roa tonta. Mazava ho azy fa ny faneken'ny vahoaka an'io hadith io dia manambara ny fahamarinany. Raha misy hadith iray no tsy mifanara-kevitra amin'ny hadith iray hafa marina, dia tokony hariantsika izany. Ireo mpitahiry lovan-tsofina rehetra dia mampiasa izany fitsipika izany. Ny fanendrena an'i 'Alî(a.s), ny fiverenan'i Abou Bakr nalahelo sy kivikivy, ny fampiononana nataon'ilay Mpaminany(s.a.s) taminy hamalifaly azy tamin'ny filazana fa izany no sitrapon'i Allâh, dia zava-nisy voatantara avokoa.

Misy porofo hafa manamarina fa ny taona dia tsy toetra laharam-pahamehana amin'ny fitondrana. Ny toetra laharam-pahamehana amin'izany dia ny fahendrena sy ny fitiavam-bavaka. Izahay tena manana fahalalana sy fitiavam-bavaka noho ny hafa no mendrika amin'io toeram-boninahitra io. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe : "**Ny olona rehetra dia tena maty tokoa afa-tsy ireo manam-pahaizana, izy ireo dia velona hatrany**".

Ilay Iraka(s.a.s) dia nanandratra an'i 'Alî(a.s) ho eo amin'ny toerana voalohany teo anatrehan'ireo sakaiza tamin'ny alalan'ny fanambarany milaza hoe : "**'Alî no ilay vavahadin'ny fahalalana**". Ny vavahadin'ny fahalalan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy maintsy ambony mihoatra an'ireo hafa.

Marina fa ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) hafa rehetra izay nankato azy dia olona tsara avokoa. Izahay dia tsy mandà ny fitiavam-bavaka nananan'ireo sakaiza ireo fa kosa ny fahamendrehan'izy ireo dia tsy afaka mitaha amin'ilay "vavahadin'ny fahalalan'ilay Mpaminany(s.a.s)".

Ireo manam-pahaizanareo dia nanoratra antsipiriany ny dia lavitra nataon'ny Imâm 'Alî(a.s) nankany Yémen mba hitari-dalana ireo mponina. Ny imâm Abdoul-Rahmân Nisâ'i dia nanoratra hadith miisa enina mikasika izany ao amin'ny bokiny Khasâis-oul-'Alawî, i Mouhammad Raghib Ispahani ao amin'ny bokiny Mouhadharât-oul-Oudabâ boky-II p.212 sy ireo hafa dia samy nitantara fa rehefa ilay Mpaminany(s.a.s)no niteny tamin'i 'Alî(a.s)mba ho any Yémen hanao ny fampielezana ny Islâm, dia namaly azy i 'Alî fa mbola tanora loatra ny tenany sady natahorany mialoha ny hapetraka ho ambonin'ireo vahoaka be taona noho izy. Namaly azy anefa ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe : "**Marina dia marina fa i Allâh dia hitarika ny fonao sy hanome hafanam-po amin'ny fomba firesahanao**". Raha ny taona no anisan'ny fepetra iray tsy maintsy ilaina amin'ny khilâfat, dia nahoana ilay Irak(s.a.s)'i Allâh, na dia teo ihany aza ireo sakaiza be taona noho i 'Alî (a.s) toa an'i Abou Bakr, no mbola naniraka an'i 'Alî nankany Yémen mba hitari-dalana an'ireo Yémenita ireo ?

## Fizarana fahadimy

Ny Imâm ‘Alî(a.s) no ilay Mpitarika taorian’ilay Mpaminany(s.a.s)

Miresaka amin’ilay Mpaminany(s.a.s) i Allâh no manambara aminy ny ao amin’ny Kor’âny masina manao hoe :

«**Mpampitandrina ihany ianao ary ny vahoaka tsirairay dia misy mpitari-dalana**»[77].

Ny imâm Tha’labî ao amin’ny bokiny Tafsîr Kashfoul-Bayân, i Mouhammad Jarir Tabari ao amin’ny bokiny Tafsîr, i Mouhammad Yousouf Ganjî Châfi’î, ny Kifâyat-out-Tâlib toko-62 bokin’Ibn ‘Asakir, Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin’ny Yanâbi’oul-Mawaddat toko-26 araka ny voatantaran’i Tha’labî, i Hamwainî, i al-Hâkim, i Aboul-Qâsim al-Haskânî, Ibn al-Sabbâgh al-Mâliki, Atoa Sayyed ‘Alî Hamdanî sy ny Manâqib nosoratan’i Al-Khawârizmî, mitantara araka ny voalazan’Ibn Abbâs sy ny Amîr-oul-Mou’minîn ‘Alî(a.s) ary i Abou Bouraid al-Aslami, dia samy nitantara hadith miisa iray ambin’ny folo ka toy izao manaraka izao ny hevi-dehibe fonosin’ireo hadith ireo: rehefa nampidinina io andininy etsy ambony io, dia nataon’ilay Mpaminany(s.a.s) teo amin’ny tratrany ny tanany sady hoy izy hoe : “**Izaho no ilay Mpampitandrina**”. Avy eo, nataony teo amin’ny tratran’i ‘Alî(a.s) indray ny tanany ka hoy izy taminy hoe : “**Any aoriako dia ianao no ilay Mpitari-dalana ho an’ny vahoakako. Ireo izay handray ny hanatrao dia ho voatari-dalana**”.

Nilaza koa ianareo teo fa taorian’ny 25 taona, rehefa izy (‘Alî) no khalîfat, dia nisy ireo vono olona sy ireo ady an-trano vokatry ny tsy fahampian’ny traikefa ara-politika nananany. Tsy dia haiko loatra ahoana moa no fiheveranareo ny atao hoe politika. Raha ny atao hoe politika dia ny fanaovana ny tsy fahamarinana, ny teti-dratsy sy ny tsy fanavahana ny tsara amin’ny ratsy (sahala amin’ny fanaon’ny olona matetika mba hahazoana fahefana), dia manaiky aho amin’izay fotoana izay fa i ‘Alî dia

[77] Kor’âny 13/7

lavitry ny politika tahaka izany. Araka ny hevitro, ny politika dia ny tsy maintsy hanomezan-danja ny rariny, ny famongorana hatrany am-potony ny fahaloavana sy ny fanatanjahana indray ny fahamarinana islamika.

Ny Imâm 'Alî(a.s) dia nanameloka ny kolikoly ara-politika

'Alî(a.s) no ilay fahaveloman'ny fahamarinana ara-tsosialy sy nitandrin-tena tamin'ny kolikoly ara-politika. Araka ny efa nolazaiko teo, rehefa i 'Alî(a.s) no teo amin'ny fitondrana ny khilâfat, dia nesoriny tamin'ny asany avy hatrany ireo manam-boninahitra sy mpiasa tsotra teo aloha. Abdoullâh Ibn Abbâs (zanaky ny rahalahin-drainy) sy ireo hafa dia niteny taminy hoe : "**Tsara kokoa ho anao ny mampihemotra io fanapahan-kevitrao io any aoriana mandra-paneken'ireo mpiasa sy ireo governoram-paritra ny fahefanao. Any aoriana ianao vao afaka manaisotra azy ireo amin'ny asany avy**".

Namaly anefa ilay Imâm(a.s) olo-masina hoe : "**Ianareo dia manoro hevitra ahy hifanaraka amin'ny fombam-panjakana misy ankehitriny ! Nefa tsy fantatrareo fa ny famelana io "politika" io izay ahafahan'ireo governora ratsy mba hitazona ireo asany avy, na dia ao anatin'ny fotoana fohy fotsiny aza, dia ho tompon'andraikitra amin'izany aho eo anatrehan'i Allâh mandritra io fe-potoana io. Hanontaniana ahy izany any amin'ny Andro Fitsarana. Tsy mendrika an'i 'Alî anefa izany**".

Koa mba hampisy haingana indray ny fahamarinana, ny Imâm 'Alî(a.s) dia nanome baiko mba handroahana ireo governora mpanao ratsy ireo. Izany fanapahan-kevitra izany no nahatonga ny fanoherana mafy nasetrin'i Mou'âwiyat, i Talha, Zoubayr sy ireo hafa izay niteraka ny fikomiana sy rotaka lehibe ary ny vono olona teo amin'ny firenena.

Andriamatoa isany hajaina! Ianareo dia mandray vilana ny zava-nisy. Tsy mba nanao fanadihadiana mihitsy ianareo ka very tao anatin'ireo fampielezan-kevitra izay milaza fa ireo fikomiana nandritra ny khilâfat fitondrany dia avy amin'ny tsy fahaizany politika. Tsia, nisy ireo antony hafa nahatonga izany !

## Ireo fikomiana nandritra ny khilâfat fitondran'ny Imâm 'Alî$^{(a.s)}$ dia vokatry ny fankahalan'ireo sasany Azy

Voalohany indrindra, nandritra ny 25 taona, ireo vahoaka dia noteren'ny fanjakana mba hanohitra an'i 'Alî$^{(a.s)}$. Noho izany, dia sarotra tamin'izy ireo ny hankato ny fitondrany sy ny hanaiky ny fananany voninahitra ambony. Ohatra iray tamin'izany fanoherana izany dia ilay nitranga tamin'ny andro voalohany nitondrany: Lehilahy iray nijoro teo am-baravaran'ny Moske, nahita an'ny Imâm 'Alî teo amin'ny polpitra, dia niteny mafy nanao hoe : "**Aoka re ny masoko mba ho jamba ! 'Alî no eo amin'ny polpitran'ny khalîfat Omar !** ".

Faharoa, tsy mety amin'ireto olona mankamamy ny fiainana eto an-tany no hankasitraka ny fampiharan'i 'Alî$^{(a.s)}$ ny rariny, indrindra moa fa afaka nanara-po tanteraka izy ireo tamin'ny fitondran'i Othmân. Noho izany dia nitsangana izy ireo nanohitra azy, amin'izay samy afaka hanatanteraka ny faniriany handray ny fahefana ny tsirairay amin'izy ireo. Ny fitondran'i Mou'âwiyat no namaly ny fanirian'izy ireo. Izany no nahatonga an'i Talha sy Zoubayr izay nanao fanekem-pankatoavana an'i 'Alî tamin'ny voalohany, fa rehefa tsapan'izy ireo fa tsy ho tanteraka ny fikasan'izy ireo hahazo fahefana, dia notapahin'izy ireo ilay fanekem-pankatoavana an'i 'Alî ka nanohitra azy an-kalalahana izy ireo tamin'ilay adin'ny rameva.

## Tompon'antoka lehibe i 'Aicha tamin'ny fikomiana nanoherana an'ny Imâm 'Alî$^{(a.s)}$

Fahatelo, ny tantara no manambara amintsika iza moa no fototr'ireo fanakorontanana hatrany am-piandohan'ny khilâfat. Moa ve tsy i 'Aicha ? Moa ve tsy i 'Aicha (araka ny notantarain'ireo mpitahiry ny lovan-tsofina sunnite sy chiite) no nitaingina ny rameva (nanohitra ny didin'i Allâh sy ilay Mpaminaniny$^{(s.a.s)}$ izay nananatra azy mba tsy hivoaka ny tranony) nankany Bassora ka nanangana ady lehibe ?

Ianareo moa mitompo teny fantatra fa ireo ady an-trano ireo dia noho ny tsy fahampian'ny faharanita-tsaina ara-politika notantin'ny Imâm 'Alî(a.s). Izany filazana izany dia tsy mahavoafitaka olona intsony ! Raha i 'Aicha no tsy nitsangana nanohitra an'i 'Alî, dia tsy nisy olona nahasahy nanohitra azy, satria ilay Mpaminany(s.a.s) dia efa nanambara mazava tsara nanao hoe : "**Miady amin'i 'Alî, dia miady amiko**". 'Aicha anefa dia nitaona ireo olona mba hiady amin'i 'Alî(a.s).

Fa kosa ireo ady notarihin'ny Imâm 'Alî(a.s) (adin'ny Jamal, Siffin sy Nahrwan) dia mitovy amin'ireo ady notarihin'ilay Mpaminany(s.a.s) nanohitra an'ireo kâfir.

## Ireo ady nanoheran'i 'Alî an'ireo mpihatsaravelatsihy tao Bassora, Siffin sy Nahrwan dia mitovy amin'ireo ady nanoheran'ilay Mpaminany an'ireo kâfir tsy mpino

**Cheikh** : Amin'ny fomba ahoana ireo ady nanoherana an'ireo silamo no azo ampitoviana amin'ireo ady nanoherana an'ireo tsy mpino ?

**Chîrâzî** : Ireo malaza amin'ireo manam-pahaizanareo toa an'ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, i Sibt Ibn Jaouzî ao amin'ny Tazh'kirat, i Soulaymân Balkhi ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat, ny imâm Abdoul-Rahmân Nisâ'i ao amin'ny Khasâ'is-oul-'Alawî, i Mouhammad Talha Châfi'î ao amin'ny Matâlib-ous-Sou'oul, i Mouhammad Ibn Talha Ganjî Châfi'î ao amin'ny Kifâyat-out-Tâlib toko faha-37 sy Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahjoul-Balâghat boky-I p.67, dia samy nitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia efa naminany ireo ady hatrehin'i 'Alî(a.s) ho fanoherana an'ireo "**Nâkithîn**" sy ireo "**Qâsitîn**" ary ireo "**Mâriqîn**". Ireo Nâkithîn dia manondro an'i Talha sy i Zoubayr sy ireo namany, ireo Qâsitîn dia i Mou'âwiyat sy ireo ekipany ary ireo Mâriqîn dia ireo Kharijites tao Nahrwan. Izy rehetra ireo dia mpikomy izay azo atao ny mamono azy ireo ary ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanome sazy mitovy ho an'ny rehetra.

Mouhammad Ibn Yousouf Ganji Châfi'î ao amin'ny bokiny Kifâyat-out-Tâlib toko-37 dia nitantara hadith iray avy tamin'i Said Ibn Jabir izay nitantara izany avy tamin'Ibn Abbas ka tamin'izany ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny tamin'i Oumm Salma nanao hoe : "**Indro i 'Alî Ibn Abî Tâlib. Ny nofony dia nofoko, ny ràny dia ràko, ary izy eo amiko dia tahaka an'i Harona eo amin'i Mosesy fa saingy tsy hisy Mpaminany intsony avy aoriako. Ry Oumm Salma, i 'Alî no ilay Lehiben'ireo mpino, lehiben'ireo silamo, ilay nametrahako ny fahalalako, mpandimby ahy sy vavahadin'ny fahalalana. Izy no rahalahiko eto an-tany sy any ankoatra, miaraka amiko ao amin'ireo toerana tena be voninahitra izy, hiady hanohitra an'ireo Nâkithîn sy ireo Qâsitîn ary ireo Mâriqîn izy**".

Taorian'ny fitantarana io hadith io, i Mouhammad Ibn Yousouf dia nanazava hoe : ity hadith ity dia manaporofo fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nampilaza an'i 'Alî(a.s) ireo ady izay hatrehiny hanoherana an'ireo vondrona telo ireo sady naniraka azy mba hiady hanaohitra an'ireto vondrona telo ireto.

Nisy nitantara avy tamin'i Makhnaf Ibn Salim nanao hoe: rehefa i Abou Ayyoub al-Ansarî (izay sakaiza malazan'ilay Mpaminany) no niomana handeha hiady miaraka amin'ny andian-tafika iray, dia nisy niteny taminy nanao hoe : "**Ry Abou Ayyoub ! Toa mahagaga izao ! Ianao ihany ilay niady tamin'ireo mpihatsaravelatsihy teo anilan'ilay Mpaminany, ary indro koa ianao fa vonona hiady amin'ireo silamo !** " Namaly azy àry i Abou Ayyoub nanao hoe : "**Ilay Mpaminany dia nandidy ahy mba hiady hanohitra an'ireo vondron'olona telo : dia ireo Nâkithîn sy ireo Qâsitîn ary ireo Mâriqîn**".

Ny imâm Abou Abdoul-Rahmân al-Nisâ'i ao amin'ny Khasâ'isoul-'Alam, hadith laharana-155 mitantara an'i Abou Sa'id Khoudarî sy i Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny bokiny Yanâbi' p.59 (toko faha-II) mitantara ny Jâmi'oul-Fawâ'id izay nitantara izany avy tamin'i Abou Sa'id: "Izahay dia niara-nipetrapetraka tamin'ireo sakaiza, teo ampiandrasana an'ilay Mpaminany. Rehefa tonga nanatona anay izy dia tsikaritray ny tadin'ny kirarony fa tapaka. Natsipiny tamin'i 'Alî izany ka

namboariny. Tamin'izany ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza taminay nanao hoe: Marina dia marina, fa misy eo aminareo ny olona iray izay hiady amin'ny fanazavana am-pahamarinana ny Kor'âny masina sahala amin'ny niadivako nanohitra an'ireo tsy mpino. Nanontany i Abou Bakr hoe : Ho izaho ve izany olona izany? Namaly ilay Mpaminany hoe: Tsia! Izany dia ilay olona izay manamboatra ny kiraroko". Io hadith io dia manamarina fa ireo ady natrehin'i 'Alî rehetra dia nataony mba ho fanazavana am-pahamarinana ny Kor'âny masina. Noho izany, dia midika fa ireo ady an-trano nisy tamin'ny fitondran'i 'Alî(a.s) dia tsy vokatry ny fahalemeny ara-politika fa kosa vokatry ny fankahalana sy ny fibiriokan'ireo fahavalony.

Hitanareo fa izany no tena mazava kokoa toy izay ny famakiana tsotra an'ireo toromarika izay nalefan'ny Imâm 'Alî(a.s) tamin'ireo governorany sy ireo miaramila manam-boninahitra ary ireo manam-pahefana tsotra. Ohatra, ireo baiko sy ireo toromarika izay nalefany tamin'i Mâlik Ibn Ashtar sy i Mouhammad Ibn Abou Bakr mba hitondra an'i Ezypta, sy tamin'i Othmân Ibn Hounaif sy i Abdoullâh Ibn Abbâs hitondra an'i Bassora ary tamin'i Qoutham Ibn Abbâs hitantana an'i Makkat, dia modely mendrika amin'ny fitantana ny raharaham-bahoaka sy ny fitsarana ara-drariny. Ireto tahirim-pahalalana ireto dia ampahany iray ao amin'ny boky Nahjoul-Balâghat.

## Ny Imâm 'Alî(a.s) no manana fahalalana ny tontolo tsy hita maso

Ilay Imâm(a.s) dia "Imâm-oul-Mouttaqîn" (Lehiben'ireo Tia vavaka). Izy dia mahafehy tsara ny fahalalana momba ny hevitry ny Kor'âny masina. Mahalala ihany koa izy izay resaka mikasika ny tontolo tsy hita maso.

**Cheikh** : Tsy azoko ny tianao hambara amin'ny hoe : " 'Alî mahalala izay resaka mikasika ny tontolo tsy hita maso". Azonao hazavaina kokoa ve izany ?

**Chîrâzî** : Na izany aza dia efa mazava izany. Fahalalana momba ny tontolo tsy hita maso, dia ny fahalalana ireo zava-miafin'ny tontolo, izany dia fahasoavana manokana nomen'i Allâh an'ireo mpaminany(a.s)

rehetra sy ireo mpandimby(a.s) azy ireo. Ny tsirairay amin'izy ireo dia samy manana fahalalana mikasika ny tontolo tsy hita maso izay heverin'i Allâh fa tsy maintsy ilaina mba entina hampitàna ny hafatra avy Aminy. Taorian'ilay Mpaminany(s.a.s), dia ny Amîr-oul-Mou'minîn 'Alî(a.s) no nanana ity fahalalana manokana ity.

**Cheikh** : Tsy azoko ny mahatonga anao manana fomba fijery tena diso tafahoatra toy izany. Tafahoatra loatra ny fiderana ka na dia ireo izay iantefany izany aza dia tsy hankasitraka izany akory. Ny fahalalana ny zafa-miafina dia toetra voatokana ho an'i Allâh ihany; tsy misy zava-boahary na iray aza no mahatakatra izany fahalalana izany.

**Chîrâzî** : Finoana fa mahalala ny zava-miafina ireo Mpaminany sy ireo mpandimby azy ireo ary koa ireo mpanompon'i Allâh hafa mafana fo ireo dia tsy finoana tafahoa-pampana velively. Fa izany dia iray amin'ireo voninahitr'izy ireo manaporofo ny fankatoavany an'i Allâh. Izahay dia manana porofo mazava mikasika izany ao amin'ny Kor'âny masina sy ireo hadith.

**Cheikh** : Ny Kor'âny masina dia manohitra izany hevitrareo izany.

**Chîrâzî** : Azonareo tanisaina va ireo andininy izay manohitra ny hevitro.

**Cheikh** : Misy maro ireo andininy ao amin'ny Kor'âny masina manohana izany hevitro izany. Ohatra, ny Kor'âny masina dia milaza hoe:

«**Izy indrindra no mitana ireo fanalahidin'ny zava-miafina . Tsy misy olona hafa mahafantatra izany afa-tsy Izy. Ary fantany izay ao anatin'ny tany sy ao anatin'ny ranomasina. Ary tsy misy na iray aza ravin-kazo latsaka ka tsy fantany. Ary tsy misy na iray aza voa ao anatin'ny aizin'ny tany, na zava-maitso na zava-maina ka tsy voalaza ao amin'ny boky mazava**»[78]

---

[78] Kor'âny 6/59

Io andininy io dia porofo tsy azo lavina fa tsy misy afa-tsy i Allâh irery ihany no mahalala ny zava-miafina. Finoana fa ny olona iray ho mahalala ny zava-miafina dia manao ireo zava-boahariny hitovy amin'i Allâh.

Ianareo dia milaza fa i 'Alî dia mahalala ny miafina. Izany dia tsy vitany fotsiny fa ianareo dia mampitovy azy amin'i Allâh amin'ny alalan'ny fanomezana azy ny toetra voatokana ho an'i Allâh fa kosa mbola asandratrareo ihany koa izy mihoatra amin'ny toeram-boninahitr'ilay Mpaminany(s.a.s) ? Imbetsaka ilay Iraka(s.a.s) no niteny hoe : "Izaho dia olombelona mitovy aminareo, i Allâh irery ihany no mahalala ny zava-miafina". Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza mazava tsara ny tsy fananany fahalalana momba ny zava-miafina.

Novakianareo ve ilay andinin'ny Kor'âny masina izay milaza hoe :

«**Lazao hoe : "Marina fa ny tenako dia olombelona tahaka anareo ihany. Nambara tamiko fa ny Andriamanitrareo dia Andriamanitra Tokana**»[79].

Izany hoe, ny zavatra tokana mampiavaka azy amintsika dia noho izy mahazo fanambarana avy amin'i Allâh.

Amin'ny pejy hafa, i Allâh dia milaza hoe :

«**Lazao hoe : "Izaho dia tsy mitazona ho an'ny tenako na tombontsoa na fahavoazana, afa-tsy izay sitrak'i Allâh. Ary raha nahafantatra ny miafina aho, dia nanao hatsarana maro ary tsy nisy haratsiana nanjo ahy. Ho an'ireo olona izay mino, dia mpampitandrina sy mpilaza fotsiny ihany aho**»[80].

Na milaza ihany koa hoe:

---

[79] Kor'âny 18/110

[80] Kor'âny 7/188

«**Ary tsy miteny aminareo aho hoe mitazona ny haren'i Allâh, tsy mahalala ny zava-miafina akory aho**»[81].

Ny tenan'ilay Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh mihitsy no nanaiky fa izy dia tsy manana fahalalana ny miafina ary i Allâh irery ihany no mitazona ny fahalalana. Amin'ny fomba ahoana no afahanareo milaza fa i 'Alî dia manana fahalalana tahaka izany ? Izany fomba finoana izany dia fanahiniana hanambarana ny fahambonian'i 'Alî mihoatra an'ilay Iraka(s.a.s) !

Tsy efa nilaza koa ve ny Kor'âny masina hoe :
«**Ary i Allâh dia tsy hampiseho anareo ny tsy hita maso**»[82].

Koa amin'ny fomba ahoana no ahafahanareo mino fa na iza na iza ankoatra an'i Allâh dia mahalala ihany koa ny zava-miafina ?

**Chîrâzî** : Ny fiandohan'ny fomba fanaporofoanareo dia marina. Nefa ny tsoa-kevitra namarananareo azy kosa dia diso. Nolazainareo fa ny fahalalana ny tsy hita maso dia voatokana ho an'i Allâh ihany, ireo fanalahidin'ny zava-miafina dia amin'i Allâh. Ilay Mpaminany(s.a.s) farany, ireo mpaminany(a.s) hafa, ireo mpandimby(a.s) azy ireo sy ireo Imâm(a.s) olo-masina dia mitovy amin'ireo olombelona rehetra. Ara-batana, izy ireo dia nohariana tahaka ny rehetra. Ireo rehetra ireo dia marina ary ny antokom-pinoan'ireo Ahloul-Bayt(a.s) dia manaiky izany rehetra izany.

Ireo andininy voalaza teo ireo dia mifanaraka tanteraka amin'ireo heviny avy. Nefa ilay Mpaminany(a.s) voalaza ao amin'ny sourat Houd dia manondro an'i Nouh(a.s) fa ny andininy faha-50 ao amin'ny sourat al-An'am dia manondro an'ilay Mpaminanintsika(s.a.s). Rehefa ireo tsy mpino no nanontany azy nahoana izy no toa tsy mitazona akory ny harenan'i Allâh na ny fahalalana ny zava-miafina, dia nanambara i Allâh hoe :

[81] Kor'âny 11/31
[82] Kor'âny 3/179

«**Lazao (azy ireo) hoe : " Tsy miteny aminareo aho hoe mitazona ny haren'i Allâh, na koa mahalala ny zava-miafina , ary tsy miteny aminareo aho hoe anjely. Tsy manao afa-tsy ny manaraka izay nambara tamiko aho**»[83]

Io andininy io dia valin'ny fihamboana noho ny tsy fahalalana fa ireo asan'ny Mpaminany(a.s) dia afaka mitarika mankany amin'ny fanomezan-danja ny fiainana eto an-tany.Raha ny momba ny fahalalana ny zafa-miafina indray dia mino izahay fa ireo mpaminany(a.s) sy ireo mpandimby(a.s) azy ireo dia manana izany. Izaho dia tsy mampitovy azy ireo akory amin'ireo toetran'i Allâh. Fa ity fanomezana ity dia anisan'ny Wahy sy ny Ilhâm (Fanambarana sy ny tsindrimandry avy amin'i Allâh) izay manaisotra ny efitry ny habadoana eo imason'izy ireo sy hanambarana amin'izy ireo ny zava-misy marina. Hazavaiko aminareo antsipiriany izany.

Izahay, "chiites" mpanara-dian'ireo Ahloul-Bayt(a.s) dia mino fa ny fahalalana dia misy karazany roa : "**Zhâtî**" sy " **'Ardhî**".

Zhâtî na ny fahalalana voajanahary dia singam-pahalalana avy amin'i Allâh. Isika dia afaka mahatsapa ny fisian'izany fa tsy afaka kosa mahatakatra ny toetoetrany. Na fomba ahoana na manao ahoana, ny fahalalana voajanahary dia tsy takatry ny saintsika olombelona.

'Ardhî na Iktisâbî: fahalalana norantovina dia izay fahalalana tsy nananan'ny olona tamin'ny voalohany, na Mpaminany izy na tsia. Ity fahalalana ity dia mizara roa ihany koa: dia ny "**Tah'sîlî**" sy ny"**Ladounnî**". Tah'sîlî dia fahalalana azo tamin'ny alalan'ny fianarana sy ny traikefa. Ny mpianatra dia mandeha any an-tsekoly ohatra mba handranto fahalalana avy amin'ny profesorany. Raha sitrak'i Allâh, izy dia hahazo fahalalana arakaraka ny asa sy ny fotoana laniany amin'ny fianarana. Ladounnî dia manambara ny fahalalana azo avy amin'i Allâh mivantana. Tsy norantovina tamin'ny alalan'ireo boky na fianarana fa kosa voaray mivantana avy amin'i Allâh. Allâh dia milaza ao amin'ny Kor'âny masina hoe :

[83] Kor'âny 6/50

**«…Sy izay nampianarinay fahalalana avy Aminay»**[84].

Ireo "chiites" dia tsy milaza akory fa ilay Mpaminany(s.a.s) sy ireo Imâm(a.s) dia manana fahalalana voajanahary zhâtî na mahafantatra ny zava-miafina mitovy amin'i Allâh. Ny tianay holazaina, dia ny fahalalan'i Allâh dia tsy mihiboka na voafaritra ao Aminy Irery. Allâh dia afaka manome fahalalana sy hery ho an'izay Sitrany. Indraindray Izy dia manome izany fahalalana izany ho an'ny olona iray amin'ny alalan'ny mpanelanelana dia ny mpampianatra, indraindray mivantana. Ity fahalalana nomeny mivantana ity no antsoina hoe fahalalana zava-miafina na mistery.

**Cheikh** : Ny fanazavanao voalohany dia marina, fa ny sitrapon'i Allâh dia tsy mba manao zavatra hafahafa toy ny fanomezana mivantana ny olona fahalalana miafina, nefa tsy nandalo teo anatrehan'ny mpampianatra.

**Chîrâzî** : Tsia, ianareo sy ireo namanareo dia diso. Ianareo dia zatra manohitra foana fa tsy mba miraharaha ny voalazan'ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo lehibe ireo. Allâh dia nanokana ho an'ireo Mpaminaniny(a.s) sy ireo mpandimby(a.s) azy ireo ny fahalalana ny zava-miafina sy izay rehetra tsy maintsy ilain'izy ireo mba hanatontosana ireo iraka nanirahana azy ireo avy.

**Cheikh** : Eo anatrehan'ireo andinin'ny Kor'âny masina izay mitsipaka ankitsirano ny fiheverana fa ny olona dia afaka hanana fahalalana ny zava-miafina, dia ahoana no ahafahanao manaporofo izany fomba fijerinao izany ?

**Chîrâzî** : Izahay dia tsy mba manohitra ireo andinin'ny Kor'âny masina. Isaky ny andininy ao amin'ny Kor'âny dia nampidinina noho ny antony manokana izay, arakaraka ny zava-niseho, maneho fandavana na fanekena. Noho izany antony izany, no mahatonga ireo andinin'ny

[84] Kor'âny 18/65

Kor'âny sasany manamafy na manazava ny hevitry ny sasany. Ireo tsy mpino dia matetika mitaky ireo fahagagana avy amin'ilay Mpaminany(s.a.s), koa ireo andininy maneho fandavana mikasika zava-miafina, voalaza tetsy ambony dia nampidinina mba ho valin'izany. Fa mba hanaporofoana ny tiana hahatongavana, dia nampidinina ihany koa ireo andininy maneho fanekena, mba hanazavana ny zava-drehetra.

**Cheikh** : Toa hafahafa izy izany! Misy ireo porofo hono ao amin'ny Kor'âny manaiky fa ireo Mpaminany(a.s) dia manana fahalalana ny zava-miafina. Vakio ho anay ireo andininy ireo, azafady.

**Chîrâzî** : Aza gaga ianareo ! Zavatra fantatrareo izany. Ilay Tsitoha dia nanambara hoe :

**« Fa Izy no mahafantatra ny zava-miafina, tsy asehony na amin'iza na amin'iza izany, afa-tsy amin'izay ankasitrahany ho Iraka, ka ampialohavany sy ampanarahiny mpiambina mailo,mba hahafantarany raha nampita ny hafatra avy amin'ny Tompony izy ireo. Voafehiny (amin'ny fahalalany) avokoa izay miaraka amin'izy ireo, ary voaisany tanteraka ny zavatra rehetra.** »[85].

Ireto andininy ireto dia manaporofo fa ireo Irak(a.s)'i Allâh dia nomena manokana ny fahalalana ny zava-miafina. Faharoa manaraka izany, ilay andininy ao amin'ny sourat ny fianakavian'i 'Imrân, izay novakianareo ny tapany, dia manamarina ny hevitro. Toy izao ilay andininy manontolo :

«**Ary tsy i Allâh ihany koa no hampiseho anareo ny tsy hita maso. Saingy i Allâh no misafidy izay ankasitrahiny amin'ireo Irany. Koa aoka ianareo hino an'i Allâh sy ireo Irany. Fa raha mino ianareo no sady manam-patahorana, dia ho azonareo ny valisoa lehibe**»[86].

[85] Kor'âny 72/26-28
[86] Kor'âny 3/179

Ireto andininy ireto dia manaporofo tsy azo lavina fa ireo Irak[(a.s)]'i Allâh dia nomena fahalalana ny zava-miafina (na mistery). Raha tsy misy afa-tsy i Allâh ihany no mahalala ny zava-miafina, dia lasa tsy mipetraka ny hevitr'ilay fehezanteny hoe "**Saingy i Allâh no misafidy izay ankasitrahiny amin'ireo Irany**".

Allâh dia nanambara ao amin'ny sourat Houd :

«**Izany no vaovao sasantsasany amin'ny zava-miafina izay ambaranay anao, tsy nahafantatra izany ianao na ny vahoakanao, talohan'izao. Aoka hanana faharetana ianao. Ho an'ireo manam-patahorana (tia vavaka) anie ny fiafarana sambatra**»[87].

Ao amin'ny sourat al-Chourâ, Izy dia milaza hoe :

**«Ary toy izany no nanambaranay taminao ny fanahy (ny Kor'âny) avy amin'ny alalan'ny baiko avy Aminay. Tsy nanana fahalalana ny amin'ny Boky sy ny finoana mihitsy ianao; saingy nataonay fahazavana hitarihanay izay tianay amin'ireo mpanomponay izany** »[88].

Raha ny fahalalana ny zava-miafina dia tsy misy eto amin'ity tany ity, dia amin'ny fomba ahoana no nahafahan'ireo mpaminany[(a.s)] nanambara ireo zavatra tsy fantatra izay nafenin'ireo vahoakany avy? Moa ve tsy voasoratra ao amin'ny Kor'âny masina ny ady hevitra nifanaovan'i Jesosy sy ireo Banî Israel?

«**Hampahafantatra anareo izay hohaninareo sy izay hangoninareo any an-tokatranonareo ihany koa aho**»[89].

Raha hotanisaiko avokoa ireo andinin'ny Kor'âny masina izay manaporofo izany tranga izany dia mitaky fotoana maharitra izany. Ireo andininy vitsivitsy ireo dia ampy.

---

[87] Kor'âny 11/49

[88] Kor'âny 42/52

[89] Kor'âny 3/49

**Cheikh** : Ny resaka toy izany dia manome vahana ireo izay mpisikidy, mpanandro, mpanao fahitana sy ireo andriamanitra hafa hamitaka ny vahoaka sy hameno ny paosin'izy ireo.

**Chîrâzî** : Ny fikarohana ny fahamarinana dia tsy mitondra mankany amin'ny voka-dratsy. Ny tsy fahalalan'ireo olona ihany no miteraka voka-dratsy ho azy ireo. Raha ireo silamo no nanaraka an'ireo tompom-pahalalana araka ireo fampianaran'ilay Mpaminany(s.a.s), sy tsy nandao an'ilay vavahadin'ny fahalalana hatramin'ny voalohany, sy taorian'ny nahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s), dia tsy mba nisy na iray aza no tafalatsaka ao anatin'ny velam-pandrik'ireto olona ratsy fanahy ireto. Ny Kor'âny dia milaza mazava fa "Na iza na iza dia Izy no nifidy ireo Mpaminany ireo". Ny teny hoe "mpaminany" eto dia manambara mazava fa misy ireo olona voafidin'i Allâh izay mahazo fahalalana ny zava-miafina, mivantana avy Aminy, tsy mitaky fianarana toy ny mahazatra.

Raha misy olona izay tsy mpaminany izy no sady tsy Imâm nefa milaza azy ho mahalala ny zava-miafina amin'ny alalan'ny fanandroana, amin'ny alalan'ny famakiana ireo tsipika eo amin'ny felan-tanana na amin'ny alalan'ny fijerena karatra, dia olona mpandainga izy. Ireo silamo marina izay manaraka ny Kor'âny masina dia tsy mino velively ny olona tahaka izany, sady tsy ho voafitaka amin'izany mihitsy satria izy ireo dia mahalala fa tsy tokony hanaraka afa-tsy ny Kor'âny masina sy ireo tompom-pahalalana sy ireo mpamakafaka ny Boky masina, tsy iza moa izany fa ilay Mpaminany Mouhammad(s.a.s) sy ny taranany(a.s), izay mitovy lanja amin'ny Kor'âny.

Ho famintinana, dia raha ny olon-kafa ankoatra ireo mpaminany(a.s) na ankoatra ireo mpandimby(a.s) azy ireo, no milaza ho manana fahalalana ny zava-miafina ka mihevitra fa afaka maminany ny mbola ho avy, dia olona mpamitaka avy hatrany izany.

## Ireo Lefitr'ireo Mpaminany(a.s) dia manana ihany koa ny fahalalana ny tontolo tsy hita maso

**Cheikh** : Koa satria ireo mpaminany(a.s) dia mahazo fanambarana avy amin'Andriamanitra, dia manana ny fahalalana ny zava-miafina izy ireo araka ireo teninareo. Fa i 'Alî kosa angaha mpaminany ? Fa angaha izy miray faminaniana amin'ilay Mpaminany(s.a.s) raha toa ka hanana fahalalana ny zava-miafina ?

**Chîrâzî** : Voalohany, nahoana ianareo no mitady hanadiso anay amin'ny fitenenana hoe "ireo teninay" ? Nahoana no tsy lazainareo hoe "araka ireo tenin'i Allâh" ? Izaho dia tsy nilaza na inona na inona avy amin'ny hevitro manokana. Ireo andinin'ny Kor'âny no nolazaiko ary izaho dia niankina tamin'ireo fitantaran'ny mpanazava ny Boky masina, ilay Mpaminany(s.a.s), mba hanehoana ny hevitra.

Izaho dia nanaporofo tamin'ny alalan'ireo andinin'ny Kor'âny, fa ireo Mpaminany(a.s) sy ireo Irak(a.s)'i Allâh dia olombelona miavaka izay manana fahalalana ny zava-miafina. Ireo manam-pahaizanareo dia manaiky izany ary nanome ohatra manaporofo fa ilay Mpaminany dia mahalala ny zava-miafina :

Toa an'Ibn Abî al-Hadîd Mou'tazalî ao amin'ny Sharh Nahjoul-Balâghat boky-I p.67 (natonta tao Ezypta) dia mitantara hadith iray nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) mikasika an'i 'Alî(a.s) : "**Any aoriako, ianareo dia hiady hanohitra an'ireo Nâkithîn, ireo Qâsitîn sy ireo Mâriqîn**". Ibn Abî al-Hadîd dia nilaza fa izany dia anisan'ireo porofo amin'ny fahafahan'ilay Mpaminany(s.a.s) haminany ny zavatra ho avy. Ireo trangan-javatra novinaniana dia tanteraka tokoa araka ny voavinavina telopolo taona taty aoriana teo ho eo, manakaikikaiky 30 taona.

Faharoan'izany, ireo "Chiites" dia tsy milaza akory fa i 'Alî(a.s), Amîr-oul-Mou'minîn na ireo Imâm(a.s) olo-masina dia Mpaminany. Isika dia mahalala fa i Mouhammad(s.a.s) no Mpaminany farany sady tsy misy miray faminaniana aminy. Na iza na iza mino tahaka izany dia tsy mpino izy ireo araka ny hevitray. Marina fa izahay dia mino ny maha-Imâm voatendrin'i Allâh an'i 'Alî(a.s) ary izahay dia mino an'i 'Alî(a.s) sy ireo

taranany iraika  ambin'ny folo ho Imâm(a.s) sy mpandimby(a.s) ary khalîfat ara-dalànan'ilay Mpaminany(s.a.s). Izahay dia mino fa Ilay Tsitoha dia nanome azy ireo io fahalalana io tamin'ny alalan'ilay Mpaminany(s.a.s).

Mino izahay fa ny fijerin'ireo olon-tsotra dia voasarona ka tsy mahita afa-tsy zavatra hita maso ihany izy ireo. Tahaka izany koa ireo mpaminany sy ireo lefitr'izy ireo nefa arakaraka ny fotoana dia esorin'i Allâh izany sarona izany, dia i Allâh izay Mahalala ny zava-drehetra no manambara amin'izy ireo ny fahalalana tsara ho fantatra mikasika ny zava-miafina. Ary rehefa tsy dia zava-dehibe amin'izy ireo ny fahafantarana ireo zavatra sasany dia misy voaly indray ny manarona azy ireo.Ilay Mpaminanin(s.a.s)'ny Islâm dia nilaza indray andro nanao hoe : "**Raha izaho no nahalala ny zava-miafina, dia nanana zava-tsoa betsaka aho**". Izany dia midika tsotra fa izy dia tsy manana ny fahalalana voajanahary fa kosa izy dia mahalala ireo zavatra rehefa i Allâh noho ny fahasoavany no manaisotra ilay voaly manarona.

**Cheikh** : Taiza ary ahoana no nanehoan'ilay Mpaminany izany fahalalana ny zava-miafina izany ?

**Chîrâzî** : Amin'ny alalan'ireo andinin'ny Kor'âny masina izay efa nolazaiko teo, dia heverinareo ve i Mouhammad(s.a.s) ho Mpaminany farany, ilay Mourtadhâ (Voahosotra) sy ho tena Mpaminanin'i Allâh tokoa?

**Cheikh** : Mazava ho azy fa ilay Mpaminany dia voahosotra sy farany amin'ireo mpaminany.

**Chîrâzî** : Amin'izay fotoana izay, araka ilay andininy hoe : **«Izy no mahafantatra ny zava-miafina. Tsy asehony na amin'iza na amin'iza izany, afa-tsy izay ankasitrahany ho Iraka ihany**»[90], dia mahafantatra ny zava-miafina ilay Mpaminany(s.a.s). Io andininy io dia milaza mazava fa i Allâh dia manome ny fahalalana ny zava-miafina  ho an'ilay Mpaminaniny(s.a.s), ilay Voahosotra.

---

[90] Kor'âny 72/26-28

**Cheikh** : Ndao heverintsika fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia manana io fahalalana io, fa ahoana kosa no ananan'i 'Alî izany ?

**Chîrâzî** : Averiko indray, raha dinihinareo tsara ireo hadith sy ny "sounna" mahafatoky avy amin'ilay Mpaminany, dia ho takatrareo avy hatrany izany tranga izany sy ny hafa maro ankoatra izany.

**Cheikh** : Saingy voafetra ihany ny fahalalanay, fa ianao noho ny fahasoavan'i Allâh dia nahazo fahalalana sy fahaizana miresaka lehibe. Sitrakay tokoa ny hitantaranao aminay ireo hadith manambara fa i 'Alî dia manana ny fahalalana ny zava-miafina. Raha ny fahalalana ny zava-miafina no ilaina hananan'ireo mpandimby an'ireo mpaminany, dia tsy tokony hisy fanavahana raha izany tokoa no izy. Ireo mpandimby rehetra, indrindra moa fa ireo khalîfat lehibe, dia tokony hanana io fahalalana io, na dia isika aza tsy nahita azy ireo nanambara ny tenany ho manana izany. Izy ireo indray aza dia naneho ny tsy fahalalany, toy izany koa ilay Mpaminany(s.a.s). Nahoana i 'Alî no navahana amin'izany ?

**Chîrâzî** : Izaho dia efa nilaza teo fa ilay Mpaminanin(s.a.s)'ny Islâm dia tsy mba manana ny fahalalana voajanahary. Rehefa niteny izy hoe : "**Raha izaho no nahalala ny zava-miafina, dia nanana zava-tsoa betsaka aho**", dia midika izany fa ny fahalalana ny zava-miafina dia tsy voajanahary ao aminy. Izy dia mahafantatra ireo zava-misy marina miafina rehefa i Allâh no manaisotra ny voaly manarona mba hanambarana izany aminy.

## Fizarana fahenina

### Ireo Imâm(a.s) olo-masina no tena Khalîfat marina ka manana fahalalana ny tontolo tsy hita maso

Mikasika ny filazanareo fa raha i 'Alî no manana io fahalalana io, dia tokony hanana azy io koa ireo khalîfat hafa (Abou Bakr, Omar sy Othmân). Marina dia marina, fa manaiky izany voalaza izany izahay. Izahay manaiky fa ireo tena khalîfat marina mpandimby an'ilay

Mpaminany[s.a.s] voatendrin'i Allâh dia manana fahalalana an'ireo zavatra hita maso miharihary sy ireo miafina. Ireo fahaizana sy ireo toetoetra ananan'ireo khalîfat ireo dia mitovy amin'ireo ananan'ilay Mpaminany[s.a.s] amin'ny lafiny rehetra afa-tsy amin'ny lafiny fananan'ilay Mpaminany[s.a.s] hahazo ny fanambarana (Wahy) mivantana. Nefa, ianareo dia miantso an'ireto olona ireto izay notendren'ireo olona hafa, toa an'i Mou'âwiyat, ho khalîfat mpandimby an'ilay Iraka[s.a.s] kanefa ity farany[s.a.s] dia nanozona azy ireo !!

Ireo khalîfat[a.s] sy ireo mpandimbin[a.s]'ilay Mpaminany[s.a.s] dia ireo izay notendren'ny tenan'ilay Mpaminany[s.a.s] ihany, tahaka ny fomba nanendren'ireo mpaminany[a.s] hafa an'ireo mpandimby azy ireo. Ireo khalîfat sy mpandimby voahosotr'ilay Mpaminany[s.a.s] tamin'ny alalan'ny baikon'i Allâh dia manana ireo toetra tsara rehetra ka anisan'izany ny fahalalana ny zava-miafina. Ireo khalîfat ireo dia miisa roa ambin'ny folo izay voarakitra ao amin'ireo hadith ao aminareo ny anaran'izy ireo. Izy ireo dia avy amin'ny fianakavian'ilay Mpaminany[s.a.s], dia i 'Alî sy ireo iraika ambin'ny folo taranany[a.s]. Ary ny filazana fa ireo hafa dia tsy mendrika ny atao khalîfat dia azo porofoina amin'ny alalan'ireo teninareo ihany, sady nohamarin'ireo manam-pahaizanareo nilaza nanao hoe: ireto khalîfat izay notendren'ny vahoaka ireto dia imbetsaka naneho ny tsy fahalalana ireo zavatra tsotra, indrindra moa fa ny tontolo tsy hita maso !

Farany, ianareo moa mangataka ny porofo amin'ny fananan'ny Amîr-oul-Mou'minîn, i 'Alî[a.s] ny fahalalana ny zava-miafina. Maro ireo hadith mitantara izany tranga izany. Ny iray amin'izy ireo dia "**Ilay hadith Madînat**". Ity hadith ity dia samy hita ao amin'ireo antokom-pinoana roa tonta. Ilay Irak[s.a.s]'i Allâh dia nilaza imbetsaka, fa i 'Alî[a.s] no ilay vavahadin'ny fahalalany : "**Izaho no tanànan'ny Fahalalana ary i 'Alî no vavahadiny. Izay te hitady fahalalana dia tokony hiditra eo amin'ny vavahadiny**".

**Cheikh** : Io hadith io dia tsy marina araka ny voalazan'ireo manam-pahaizanay. Eny, na dia misy aza io hadith io dia tsy voatantara afa-tsy indray mandeha fotsiny ka tsy tokony homena lanja.

**Chîrâzî** : Mampalahelo raha ianareo no mihevitra an'io hadith tsy azo lavina ho an'ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanareo io ho tsy manan-danja sy manana loharano tokana. Ianareo dia tokony hamaky ny Jam'oul-Jawâmi' bokin'i Souyoutî, ny Tahzhîb-oul-Âthâr bokin'i Mouhammad Ibn Jarir al-Tabari, ny Tazhkiratoul-Abrâr bokin'ny Sayyed Mouhammad Boukharî, ny Moustadrak bokin'i al-Hâkim al-Nishapourî, ny Naqd-ous-Sahîh bokin'i Firâzâbâdî, ny Kanz-oul-Oummâl bokin'i 'Alî al-Mouttaqî al-Hindî, ny Kifâyat-out-Tâlib bokin'i Ganjî al-Châfi'î sy ny Tazhkirat-oul-Mawdhou'ât bokin'i Jamâl-oud-Dîn al-Hindî. Izy ireo dia nilaza hoe :

"**Na iza na iza mitsipaka an'io hadith io dia diso tanteraka**".

Tahaka izany koa, ny al-Raoudhat-oul-Nadiyyah bokin'ny Amîr Mouhammad Yamâni, ny Bahr-oul-Asânîd bokin'i al-Hâfiz Abou Mouhammad Samarqandi ary ny Matâlib-ous-Sou'oul bokin'i Mouhammad Ibn Talha Châfi'î, dia samy nanambara ny fahamarinan'io hadith io avokoa.

Io hadith io dia notantaraina amin'ny fomba sy loharano samihafa. Ny ankamaroan'ireo sakaiza sy ireo nanaraka ny sakaiza (tâbi'în) dia nitantara izany avy tamin'ny Imâm 'Alî(a.s), i Abdoullâh Ibn Abbâs, i Jabir Ibn Abdoullâh al-Ansarî, i Abdoullâh Ibn Mas'ound, i Houzhaifah Ibn Yamân, i Abdoullâh Ibn Omar, i Anas Ibn Mâlik sy avy tamin'i Amr Ibn al-'As.

Avy amin'ireo tabi'în (ireo sakaiza taranaka faharoa), dia ireto manaraka ireto no nitantara izany: ny Imâm Zain-oul-Abidin(a.s), ny Imâm Mouhammad al-Bâqir(a.s), i Asbagh Ibn Nabâtah, i Jarir Adh-dhibî, i Hârith Ibn Abdoullâh al-Hamdanî, i Soulaymân Ibn Mihran al-A'mash, i Âsim Ibn Hamza al-Saloulî, i Abdallâh Ibn Othmân Ibn Khisam Ibn al-Qârî al-Makkî, i Abdoul-Rahmân Ibn Othmân, i Abdallâh Ibn 'Asîlah al-Mourâdî, i Abou Abdoullâh Sanabahi sy i Moujâhid Ibn Joubair Abou al-Hajjâj al-Makhzoumî.

## Ireo Manam-pahaizana Sounnites izay nitantara ilay Hadith “Tanànan’ny fahalalana”

Ankoatra ireo manam-pahaizanay izay niombon-kevitra amin’ny fahamarinan’io hadith io, dia maro amin’ireo mpitahiry lovan-tsofina sy ireo mpahay tantara “sunnites” no nitantra azy io ihany koa. Izaho dia manana porofo 200 eo ho eo avy amin’ireo manam-pahaizanareo izay nanoratra azy io ho hadith marina. Hotanisaiko aminareo ny sasantsasany sy ny bokin’izy ireo :

1- Ibn Jarir al-Tabari (maty tamin’ny taona 310 H mpahay tafsîr sy tanatra nandritra ny taon-jato fahatelon’ny hijrat): Tahzhîb-ul-Âthâr

2- Al-Hâkim al-Nishâpoûrî (maty tamin’ny 405H.): al-Moustadrak, boky-III, p.126.128.226.

3- Aboû 'ïsâ Mouhammad Ibn 'îsâ al-Tirmizhî (maty tamin’ny 289H): Sahîh

4- Jalâl-oud-Dîn al-Souyoûtî (maty tamin’ny 911H): Jam'-oul-Jawâmi’ sy al-Jâmi'-ous-Saghîr, boky-I, p. 374.

5- Aboû-l-Qâsim Soulaymân Ibn Ahmad al-Tabarânî (maty tamin’ny 491H ): al-Kabîr sy al-Aousat.

6- Al-Hâfiz Aboû Muhammad Hassan Samarqandî (maty tamin’ny 491H.): Bahr-oul-Asânîd.

7- Al-Hâfiz Aboû Nou’aim Ahmad Ibn Abdoullâh al-Ispahânî (maty.410H) : Ma'rifat-oul-Sahâbah.

8- al-Hâfiz Aboû Amr Yoûsouf Ibn Abdoullah Ibn 'Abd-oul-Bir al-Qourtoubî (maty 463H ) : al-Istî'âb, boky-II,p. 461.

9- Aboûl-Hassan al-Faqîh al-Châfï'i ‘Alî Ibn Mouhammad Ibn Tayyib al-Jalabi Ibn al-Maghâzilî(maty 483 H ): Manâqib.

10- Al-Hâfïz al-Dailamî (maty 509 H.): Firdaous-oul-Akhbâr.

11- Aboû-l-Mou'ayyad al-Khatîb Al-Khawârizmî (maty 568 A.H.): Manâqib, p.49 sy i Maqtal-oul-Housain, boky-I, p.43.

12- Aboûl-Qâsim Ibn 'Asâkir ‘Alî Ibn Hassan al-Damishqî (maty 572H): al-Ta'rîkh al-Kabîr.

13- Aboû-l-Hajjâj Yoûsouf Ibn Mouhammad al-Andalusî (maty 605 H) : Alîf-Bâ boky-I, p. 222.

14- Aboû-l Hassan 'Alî Ibn Mouhammad Ibn al-Athîr al-Jazarî (maty 630H) : Ousoud-oul-Ghâbah, boky-IV, p.22.

15- Mouhib-oud-Dîn Ahmad Ibn 'Abdullâh al-Tabarî al-Chafi'î (maty 694H) : al-Riyâdh al-Nadhirah, boky-I, p. 129 sy ny Zhakha'irou'l-Ouqouba, p.77.

16- Shams-oud-Dîn Ibn Mouhammad Ibn Ahmad al-Zhahabî al-Châfi'î (maty 748 A.H.) : Tazhkirat-oul-Houffâz, boky-IV, p.28.

17- Badr-oud-Dîn Mouhammad al-Zarkashî al-Misrî (maty 749H): Faidh-oul-Qadîr, boky-III, p.47.

18- Al-Hâfiz 'Alî Ibn Abi Bakr al-Haithamî (maty 807H): Majma'-ouz-Zawâ'id, boky-IX, p.114.

19- Kamâl-oud-Dîn Mouhammad Ibn Moûsâ al-Damîrî (maty 808H): Hayât-oul-Haywàn, boky-I, p.55.

20- Shams-oud-Dîn Mouhammad Ibn Mouhammad al-Jazarî (maty 833H): Asnâ-l-Matâlib, p.14.

21- Shahâb-oud-Dîn Hajar Ahmad Ibn 'Alî al-'Asqalânî (maty 852H): Tahthîb-oul-Tahthîb, boky-7, p.337.

22- Badr-oud-Dîn Mahmoûd Ibn Ahmad al-'Aynî al-Hanafî (maty 855H): 'Oumdat-oul-Qârî, boky-7, p.631.

23- 'Alî Ibn Hisâm-oud-Dîn al-Mouttaqî al-Hindî (maty 975H): Kanz al-'Oummâl, bok- 6, p.156.

24- 'Abd-our-Ra'oûf al-Mounâwî al-Châfi'î (maty 1031H): Faidh-oul-Qadîr, Sharh al-Jâmi'-oul-Saghîr, boky-4, p.46.

25- Al-Hâfiz 'Alî Ibn Ahmad al-'Azîzî al-Châfi'î (maty 1070H): al-Sirâj-oul-Mounîr, boky-II, p.63.

26- Mouhammad Ibn Yoûsouf al-Shâmî (maty 942.H.): Souboul-oul-Houdâ Wal-Rashâd fî Asmâ'i Khairoul-'Ibâd.

27- Mouhammad Ibn Ya'qoûb al-Firouzâbâdî (maty 817H.): Naqd-ous-Sahîh.

28- Ny Imâm Ahmad Ibn Hanbal (maty 241H.): al-Manâqib sy Mousnad.

29- Aboû Salîm Mouhammad Ibn Talhah al-Châfi'î (maty 652H.): Matâlib-ous-Sou'oûl, p.22.

30- Sheikh-oul-Islâm Ibrâhîm Ibn Mouhammad al-Hamwainî (maty 722 H.): Farâ 'id-ous-Simtain.

31- Shahâb-oud-Dîn Dowlat Âbâdî (maty 849H.): Hidâyat-ous-Sou'adâ.

32- Seyyed al-'Allâmah al-Samhoûdî Noûr-oud-Dîn al-Châfi'î (maty 911 H.) : Jawâhir-oul-'Iqdain.

33- Al-Qâdhî Fadhl Ibn Roûzbahân al-Chîrâzî: Ibtâl-oul-Bâtil.

34- Noûr-oud-Dîn Ibn al-Sabbâgh al-Mâlikî (maty 855H.) : al-Fousoûl al-Mouhimmah, p. 18.

35- Ibn Hajar Makkî: al-Sawâ'iq al-Mouhriqah.

36- Jamâl-oud-Dîn Atâ'oullâh al-Mouhadith al-Chîrâzî (maty 1000H.): Arba'în.

37- 'Alî al-Qârî al-Harawî (maty 1014 H.): al-Mirqât fi Sharh al-Mishkâat.

38- Mouhammad Ibn 'Alî al-Sabbân (maty 1205 H.) : Is'âf-oul-Râghibîn, p.156.

39- Al-Qâdhî Mouhammad ibn Shoukânî (maty1250 H): al-Fawâ ’id-oul-Majmoû 'ah Fîl-Ahâdîth al-Mawdhoû'ah

40- Shahâb-oud-Dîn Seyyed Mahmoûd al-Aloûsî al-Baghdâdî (maty 1270 H.) : Tafsîr Roûh-oul-Ma'âm.

41- Ny imâm al-Ghazâlî: 'Ihya'-oul-'Ouloûm.

42- Seyyed 'Alî al-Hamadânî al-Faqîh al-Châfi'î: Mawaddat-oul-Qourbâ.

43- Aboû Mouhammad Ahmad Ibn Mouhammad al-'Âsimî : Zain-oul-Fatâ FîSharh Sourat HalAtâ.

44- Shams-oud-Dîn Mouhammad Ibn Abd-our-Rahmân al-Sakh’khâwî (maty 902 H.) : al-Maqâsid al-Hasanah.

45- Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî (maty 1293 H.) : Yanâbî'oul-Mawaddah, took-14.

46- Yoûsouf Sibt Ibn Jaouzî : Tazhkirat Khawâs-oul-Oummah.

47- Sadr-oud-Dîn Seyyed Housain al-Faouzî al-Harawî : Nouzhat-ul-Arwâh.

48- Kamâl-oud-Dîn Housain Maibadî: Sharh al-Diwân.

49- Al-Hâfiz Aboû Bakr Ahmad Bin 'Alî al-Khatîb al-Baghdâdî (maty 463 H.) : Ta'rîkh Baghdâd, boky-2, p.377, boky-4, p. 348, sy boky-7, p.173.

50- Mouhammad Ibn Yoûsouf Ganji al-Châfi'î (maty tamin’ny taona 658H.) : Kifâyat-out-Tâlib, ao amin’ny faran’ny toko-58. Aorian’ny nitantarana hadith marina miisa telo avy amin’ilay Mpaminany(s.a.s), dia hoy izy hoe : Ho famintinana, ireo sakaiza avara-pianarana, ireo taranaka

nanaraka azy ireo sy ireo taranak'ilay Mpaminany, dia niaiky ireo voninahitra sy ny fahalalana tsy azo refesina ary ny fahamarinan'i 'Alî. Tsy nisalasalana fa i Abou Bakr sy i Omar ary i Othmân sy ireo sakaiza hafa dia miantehitra aminy rehefa mamaha ireo olana ara-pinoana sy manaraka ireo toroheviny amin'ny raharaha ara-pitantanana. Izy ireo dia manaiky fa izy dia tafahoatra amin'ny fahalalana sy ny fahendrena.

Ary io hadith io dia tsy mametraka azy ho ambony tafahoatra akory satria ny toerany eo anatrehan'i Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s) ary ireo mpino dia tena lehibe tokoa noho izany.

Ny imâm Ahmad Ibn Mouhammad al-Siddiq al-Maghribî dia nilaza an'io hadith io ao amin'ny bokiny, Fat'houl-al-Malik-oul-'Aliyy bî Sihhat hadith Bâb Madînat-oul-'Ilm (natontan'ny trano printy al-'Ilmiyyah tao Ezypta, 1354H).

Raha mbola tsy afa-po ianareo dia afaka manome porofo ankoatra ireo aho.

## Ny fitantarana ireo voninahitry ny Imâm 'Alî(a.s) dia fanomezam-boninahitra an'i Allâh

**Sayyed 'Adil-Akhtar** : (manam-pahaizana, olon'ny literatiora sy lehiben'ireo sunnites) Izaho dia matetika mamaky ireo hadith nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) fa ny fitantarana ireo voninahitr'i 'Alî dia fanompoana. Ny manam-pahaizana lehibe, Sayyed 'Alî Hamadanî al-Châfi'î, dia nanoratra ao amin'ny bokiny Mawaddatoul-Qourbâ: Nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s) fa ireo anjely dia manara-maso fatratra ireo fivoriana izay itantarana ireo voninahitra sy fahamendrehan'i 'Alî. Izy ireo dia mangataka ireo fahasoavan'i Allâh ho an'ireo izay mitanisa ireo zava-tsoa ireo. Ankoatra izany, fa ny fitantarana fotsiny ireo hadith avy amin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia efa fanompoana. Araka izany, dia miangavy aho mba hitantaranao hatrany ireo hadith antsipiriany, amin'izay izao fivoriana izao dia lasa foiben'ny fanompoana tena lavorary.

Hadith : “IZAHO NO TRANON’NY FAHENDRENA”

**Chîrâzî** : Misy hadith iray izay tsy mampisalasala no notantaraina manaraka izao. Ireo mpitahiry lovan-tsofina avy amin’ireo antokom-pinoana roa tonta dia samy nanoratra izany. Anisan’ireo manam-pahaizanareo nanoratra izany, izay fantatray dia: ny imâm Ahmad Ibn Hanbal (Manâqib, Mousnad), al-Hâkim (Moustadrak), Moulla Ali Mouttaqi (Kanz al-'Oummâl, fizarana-VI, p.401), al-Hâfiz Aboû Nu'aim Isfahani (Hilyat-oul-Awliyâ', boky-I, p.64), Mouhammad Ibn Sabbân al-Misri (Ja'afou'r-Raghibin), Ibn Maghâzilî al-Faqih al-Châfi'î (Manâqib), Jalâl-oud-Dîn Souyoûtî {al-Jâmi'-ous-Saghîr, Jam'oul-Jawâmi' sy ny al-La'âli' al-Masnoû'ah), Aboû 'Isa Tirmizhî (Sahih, boky-II, p.214), i Mouhammad Ibn Talha al-Châfi'î (Matâlib-ous-Sou'oûl), Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî (Yanâbi’oul-Mawaddat), i Mouhammad Ibn Yoûsouf Ganji al-Châfi'î (Kifâyat-out-Tâlib), Sibt Ibn Jaouzi (Tazhkirat-oul-Khawâs-oul-Oumma), Ibn Hajar Makki (Sawâ'iq Mouhriqa, toko-9, Fasl 2, p.75), Mouhibb-oud-Dîn al-Tabarî (Riyâdh al-Nadhirat), Cheikhoul-Islâm Hamwaini (Farâ'id-ous-Simtain), Ibn Sabbâgh al-Mâliki(Fousoûl al-Mouhimmah), Ibn Abi a1-Hadîd Mou'tazali (Sharh Nahjoul-Balâghat) sy ny maro hafa izay nanaiky ny fahamarinan’ity hadith ity : “**Izaho no tranon’ny fahalalana ary i ‘Alî no varavarany, noho izany izay maniry te hanam-pahalalana dia tokony hiditra eo amin’ny varavarany**”.

Mouhammad Ibn Yousouf Ganjî al-Châfi’î dia nanokana ny toko faha-21 ho an’io hadith io. Taorian’ny nanomezana ireo loharano niaviany sy mombamomba azy, dia izy ihany no nanazava azy. Nolazainy fa io hadith io dia tena manan-danja tokoa; i Allâh Ilay Tsitoha, izay Loharanom-pahendrena sy izay mahalala ny zava-drehetra, sy izay nampianatra ny tsara ho tanterahina sy ny ratsy tsy maintsy halavirina tamin’ilay Mpaminany(s.a.s), dia nanome ihany koa ireto zava-tsoa ireto an’i ‘Alî. Izany no nahatonga an’ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe : “**‘Alî dia varavaran’ny fahendreko, raha te hahazo izany ianareo, dia tsy maintsy mitodika mankany amin’i ‘Alî ianareo, amin’izay ireo zava-misy marina no hambara aminareo**”.

Al-Châfi'î dia nitantara ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) hoe : "**Izaho no tanànan'ny fahalalana ary i 'Alî no vavahadiny. Tsy misy tafiditra ao amiko raha tsy mandalo eo amin'ny vavahady**".

Ny mpanoratry ny boky al-Manâqib al-Fâkhirah dia nitantara avy amin'Ibn Abbâs fa ilay Irak(s.a.s)'i Allâh dia nilaza hoe : "**Izaho no tanànan'ny fahalalana ary i 'Alî no vavahadiny. Koa izay te halala ny finoana dia mila mankao amin'ny vavahady**". Avy eo niteny ilay Mpaminany(s.a.s) hoe : "**Izaho no tanànan'ny fahalalana ary ianao ry 'Alî, ianao no vavahadiny. Mamita-tena izay mihevitra fa afaka manatona ahy nefa tsy nandalo teo anatrehanao**".

Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahjoul-Balâghat, i Aboû Ishaq Ibrahim Sa'd-oud-dîn MouhammadHamwaini ao amin'ny Farâ'id-ous-Simtain, i Khatib al-Khawârizmî ao amin'ny Manâqib, Imam-oul-Haram AhmadAbdoullah al-Châfi'î ao amin'ny Thakhâ'ir-oul-Ouqbâ, ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny Mousnad, ny Seyyed 'Alî Hamdani ao amin'ny Mawaddat-oul-Qourbâ ary na dia ilay mpitompo teny fantatra, Ibn Hajar aza, ao amin'ny Sawâ'iq-oul-Mouhriqa, toko-IX, fizarana-11, p.75, hadith faha-9 amin'ireo efapolo izay notantarany mikasika ireo voninahitr'i 'Alî, toraka izany koa i Tabarânî ao amin'ny bokiny Aousat (nitantara izany avy tamin'i Jabir Ibn Abdoullah Ansari, Ibn Adi d'Abdoullah Ibn Omar al-Hâkim) sy Tirmizhî avy tamin'i 'Alî, izy rehetra ireo dia samy nitantara fa ilay Mpaminanin'i Allâh dia niteny hoe : "**Izaho no tanànan'ny fahalalana ary i 'Alî no vavahadiny**".

Nilaza koa izy ireo mikasika an'io hadith io ihany fa ireo tsy ampy fahalalana no misalasala hanaiky an'io hadith io ary ny sasany amin'izy ireo aza dia milaza mihitsy fa hadith noforonina izy io. Nefa, rehefa ilay tompon'ny boky Moustadrak, i al-Hâkim izay fianteherana lehibe eo aminareo, no naheno ny akon'ireo fisalasalana ireo, dia hoy izy hoe : "**Izy io dia hadith iray tena marina**".

Fanazavana ny hadith hoe : "VAVAHADIN'NY FAHALALANA"

Ny tompon'ny boky Abaqat-oul-Anwâr, ny al-'Allâmah Sayyed Hamid Housain Dihlawî dia nanoratra boky roa lehibe maneho ireo loharano sy ny fahamarinan'io hadith io. Isaky ny boky dia manana habe tahaka ny haben'ireo bokin'ny Sahîh Boukharî.

Tsy tsaroako intsony ny isan'ireo loharanom-boky izay nitanisany ireo manam-pahaizana lehibe avy amin'ny antoko "sunnites" mba hanaporofoana fa ireo mpitantara an'io hadith io dia niampitapita tsy misy fitsaharany. Izay mba tsaroako dia, teo am-pamakiana ny bokiny aho no nirotsaka nivavaka ho an'ity lehilahy miavaka tena manam-pahaizana sy nikely aina fatratra tokoa ity, tamin'ny nanaovany ireo asa sorany ireo. Izany boky izany dia nanaporofo ny fananan'i 'Alî(a.s) voninahitra iray manokana eo anatrehan'ireo sakaizan'ilay Mpaminany(s.a.s) ireo.

Ianiavana amin'i Allâh ! Aoka re mba ho marina ianareo ! Moa ve mety ny manidy ny vavahadin'ny fahalalana kanefa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanokatra izany foana ho an'ny vahoakany ? Moa ve manan-jo ireo vahoaka hiditra amin'ny vavahadin'ny olona iray araka ny safidiny izay tsy manana akory fahalalana mitovy amin'i 'Alî(a.s) ?

**Cheikh** : Niresaka ela tokoa isika mikasika ny fahamarinan'io hadith io izay nankasitrahan'ny ankamaroan'ireo manam-pahaizanay. Tsy isalasalana fa misy ny sasany amin'ireo mpitantara no milaza an'io hadith io ho maivan-danja sy tokana loharano nipoirany, fa misy koa ireo hafa milaza fa izy io dia notantaraina tsy an-kijanona. Fa inona moa no fifandraisan'izany amin'ilay "fahalalana ny zava-miafina" izay ananan'i 'Alî, araka ny hevitrareo ?

**Chîrâzî** : Tsy efa nanaiky ve ianareo fa ilay Mpaminany(s.a.s) farany no olona mendrika amin'ny olombelona ? Tsy mazava ve ilay tenin'i Allâh milaza hoe : "Izy no mifidy ireo Mpaminaniny izay sitrany". Nesorin'i Allâh ny voaly nanarona azy ka nomeny fahalalana ny zava-miafina. Ankoatra ireo fahalalana hafa dia manana ny fahalalana ny zava-miafina ihany koa izy.

Fa rehefa ilay Mpaminany(s.a.s) no nanambara hoe : “**Izaho no tanànan’ny fahalalana ary i ‘Alî no vavahadiny**”, dia midika izany fa ny fahalalana rehetra ao amin’ny tanàna dia tsy azo raha tsy amin’ny alalan’ilay “vavahadin’ny fahalalana”. Anisan’ireo fahalalana ireo ny fahalalana ny zava-miafina.

Hâfiz Abou Nâ’im Ispahani ao amin’ny Hilyat-oul Awliyâ boky-I p.65, i Mouhammad Ibn Yousouf Ganji Châfi’î ao amin’ny Kifâyat-out-Tâlib toko-74 sy i Soulaymân al-Balkhi al-Hanafi ao amin’ny Yanâbi’oul-Mawaddat toko-14 p.74, dia nitantara avy tamin’i Abdoullâh Ibn Mas’ound, ilay mpanoratra ny Wahy (fanambarana avy amin’i Allâh) fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia niteny hoe :

“**Marina dia marina fa ny Kor’âny dia nambara tamin’ny alalan’ny litera fito, ny litera tsirairay dia manana ny heviny mivantana sy ny heviny miafina. ‘Alî no ilay mahalala ny hevitry ny Kor’âny mivantana sy ny miafina**”.

Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nampiditra fahalalana miisa 1000 karazany tao am-pon’ny Imâm ‘Alî(a.s).

Ireo manam-pahaizanareo lehibe dia niaiky ao amin’ny bokin’izy ireo mahafatoky fa i ‘Alî(a.s) dia manana fahalalana ny zava-miafina. Taorian’ilay Mpaminany(s.a.s), dia izy no ilay “Mourtadhâ” (Voafidy) teo anatrehan’ny vahoaka silamo (ny Oumma).

Abou Hamid al-Ghazâlî ao amin’ny bokiny Bayân ‘Ilm-oul-Ladounnî dia nitantara avy tamin’i ‘Alî(a.s) niteny hoe :

“**Ilay Iraka dia nampiditra ny lelany tao am-bavako. Avy amin’ny ivin’ilay Mpaminany dia fahalalana 1000 karazany no voaraiko ka isaky ny iray amin’ireo karazany ireo dia mbola nahazoako fahalalana 1000 hafa indray**”.

Ilay lehibenareo malaza, i Soulaymân al-Balkhi al-Hanafi ao amin’ny bokiny Yanâbi’oul-Mawaddat toko-XIV p.77 dia nitantara avy

amin'i al-Asbagh Ibn Nabouta, izay naheno izany avy tamin'ny Imâm 'Alî(a.s) niteny nanao hoe :

"**Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nampianatra ahy fahalalana 1000 karazany, izay ny karazany iray dia niteraka fahalalana 1000 hafa ihany koa, ka lasa iray tapitrisa ny fitambarany. Araka izany, dia haiko izay zavatra efa nitranga sy izay mbola hiseho hatramin'ny Andro Fitsarana**".

Ao amin'io toko io ihany, dia notantarainy ny fitantaran'Ibn Maghâzilî avy tamin'i Abî al-Sabbâh, izay nitantara izany avy tamin'Ibn Abbâs naheno an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe :

"**Ny alin'ny Mi'iraj (fiakarana), rehefa tonga teo anatrehan'i Allâh aho, dia niresaka Taminy tao anatin'ny fahatokisana aho. Izay rehetra reko dia nampitaiko tamin'i 'Alî. Fa izy no vavahadin'ny fahalalako**".

Ao amin'io toko io ihany, izy dia nitantara avy tamin'i al-Mouaffaq Ibn Ahmad al-Khawârizmî izay mitovy amin'ny fitantaran'i Abî al-Sabbâh avy tamin'Ibn Abbâs naheno ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe :

"**Gabriel dia nitondra ho ahy lafika karipeta avy any am-Paradisa. Nipetraka teo amboniny aho ary nentiny nankany amin'ny Tompoko. Nilaza ireo zava-miafina tamiko Izy. Izay reko dia nolazaiko tamin'i 'Alî. Fa izy no vavahadin'ny fahalalako**". Ary dia nantsoin'ilay Mpaminany(s.a.s) i 'Alî(a.s) ka hoy izy taminy : **"Ry 'Alî ! Ny fanekena anao dia fanekena ahy. Izay manohitra anao di manohitra ahy. Ianao no ilay fahalalana izay mampifandray ahy amin'ny vahoaka"**.

Al-Hâfiz Abou Nâ'im al-Ispahani ao amin'ny Hiliat-oul-Awliyâ, ny Moulla 'Alî al-Mouttaqi ao amin'ny Kanz al-'Oummâl boky-VI p.392 sy i Abou Ya'la dia nitantara avy tamin'Ibn Lahia izay nitantara avy tamin'i Hay Ibn Abd Maghafiri izay nitantara avy tamin'i Abdour-Rahmân izay nitantara avy atamin'i Abdoullâh Ibn Omar, fa ilay

Mpaminany(s.a.s) dia niteny teo am-pialany aina hoe : "Ento aty amiko ilay rahalahiko". Rehefa tonga i Abou Bakr, dia nihodina ilay Mpaminany(s.a.s) sady niteny indray hoe : "Ento aty amiko ilay rahalahiko". Tonga i Othmân dia mbola nihodinan'ilay Mpaminany(s.a.s) ihany koa izy. Ireo hadith sasany dia nitantara fa taorian'i Abou Bakr sy Omar dia tonga indray i Othmân.

Nony farany dia nantsoina i 'Alî. Ary dia norakofan'ilay Mpaminany(s.a.s) ny lambany izy ka napetrany teo ampofoany ny lohany. Rehefa nivoaka avy tao i 'Alî, dia nanontany azy ny olona hoe : "**Ry 'Alî ! Inona no nolazain'ilay Mpaminany taminao?**" Namaly ilay Imâm hoe: "**Ilay Irak'i Allâh dia nampianatr'ahy fahalalana 1000 karazany ary isaky ny karazany dia ahitana 1000 karazany hafa**".

Al-Hâfiz Abou Nâ'im Ispahani (maty 430H) ao amin'ny bokiny Hiliyat-oul-Awliyâ boky-I p.65, i Mouhammad Jazari ao amin'ny Asnâ al-Matâlib p.14 sy i Mouhammad Ibn Yousouf Ganji al-Châfi'î ao amin'ny Kifâyat-out-Tâlib toko-48, dia nitantara avy tamin'ireo loharano mahafatoky hoe : "Izahay dia tafaraka tamin'ilay Mpaminany tamin'izy niresaka mikasika an'i 'Alî Ibn Abî Tâlib. Hoy ilay Iraka hoe : "**Ny fahendrena dia voazara ho ampahany folo, ka ny sivy amin'izany no ananan'i 'Alî fa iray kosa no ho an'ny olombelona rehetra**".

Al-Mouaffaq Ahmad al-Khawârizmî ao amin'ny Manâqib, ny Moullah Ali Mouttaqi ao amin'ny Kanz al-'Ummâl, boky-VI, p 156 sy401, Ibn Maghâzilî al-Faqih al-Châfi'î ao amin'ny Fadhâ'il sy i Soulayman Balkhi ao amin'ny Yanâbî'oul-Mawaddataraka ny fitantaran'i Abdallah Ibn Mas'ound, Mouhammad Ibn Talha al-Châfi'î ao amin'ny Matâlib-ous-Sou'oûl, p. 14 sy ireo maro hafa, dia samy nitantara avy tamin'Ibn 'Alqamah fa rehefa nanontaniana ilay Iraka(s.a.s) mikasika an'i 'Alî(a.s), dia hoy izy hoe :

"**Ny fahendrena dia voazara ho ampahany folo ka ny sivy no nomena an'i 'Alî ary ny olombelona kosa dia tsy nahazo afa-tsy ny ampahany iray ihany. Amin'ity ampahany iray ity dia mbola i 'Alî ihany koa no manana ny singa lehibe indrindra**".

Ankoatra izany, ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat toko-14, araka ny tantara ao amin'ny Sharh Risâlat-oul-Fat'houl-Moubîn nosoratan'i Abou Abdoullâh Mouhammad Ibn 'Alî al-Hâkim al-Tirmizhî, dia nilaza izao hadith manaraka izao i Abdoullâh Ibn Abbâs:

"**Ny fahalalana dia voatsinjara ho toko miisa folo, an'i 'Alî avokoa ireo toko miisa sivy ary ny toko iray sisa kosa dia hozaraina amin'ny olombelona rehetra. Amin'ity toko iray ity dia mbola i 'Alî ihany koa no manana ny ampahany lehibe indrindra**".

Manampy izany, i al-Mouttaqi al-Hindi ao amin'ny Kanz al-'Oummâl boky-VI p.153, i al-Khatîb al-Khawârizmî ao amin'ny Manâqib p.49 sy ny Maqtal-oul-Housain boky-I p.43, i al-Dailamî ao amin'ny Firdaous-oul-Akbar sy i Soulaymân al-Balkhî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat toko-III dia samy nitantara an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe :

"**Avy aoriako, amin'ireo vahoako rehetra tsy ankanavaka, ny olona tena manam-pahalalana sy tena manam-pahendrena dia i 'Alî Ibn Abî Tâlib**".

Izahay dia tsy nilaza akory fa i 'Alî(a.s) Ibn Abî Tâlib sy ireo Imâm(a.s) ireo dia mahazo fahalalana ny zava-miafina mivantana avy amin'i Allâh amin'ny alalan'ny Wahy (fanambarana) sahala amin'ny miseho amin'ilay Mpaminany(s.a.s). Fa kosa ity Mpaminany(s.a.s) farany ity no mpanelanelana an'ireo fahasoavan'i Allâh ireo.Ireo zava-tsoa rehetra azon'ireo voahary dia nomen'i Allâh azy ireo avy tamin'ny alalan'ilay Irany(s.a.s).

Ireo fahalalana rehetra, anisan'izany ireo trangan-javatra lehibe efa niseho sy mbola hiseho dia fantatr'izy ireo avokoa tamin'ny andron'ilay Mpaminany(s.a.s). Ny sasany tamin'ireo fahalalana ireo no nampitain'ilay Mpaminany(s.a.s) tamin'izy ireo rehefa handao ity tany ity izy.

Ireo manam-pahaizanareo dia nitantara hadith iray avy tamin'ny Oummoul-Mou'minîn, i 'Aicha toy izao : "**Nantsoin'ilay Mpaminany i**

**'Alî ka nihorohany, norakofany tamin'ny lambany ny lohany. Nanatona akaiky kokoa aho mba hanandrana hihaino izy resak'izy ireo nefa tsy nisy nazava tamiko akory. Rehefa nampitraka ny lohany i 'Alî, dia feno tsemboka ny handriny. Ireo vahoakan'i Makkat nanontany azy hoe : Ry 'Alî ! Inona no nolazain'ilay Mpaminany taminao nandritra io fotoana io ? Namaly i 'Alî hoe: Ilay Mpaminany dia nampianatra ahy fahalalana 1000 karazany ka ny karazany tsirairay dia nahazoana 1000 fahalalana hafa**".

Tamin'nyvoalohandohan'ny fotoana nanatanterahan'ilay Mpaminany(s.a.s) ny asany amin'ny maha-Iraka azy (izay efa nolazaiko tamin'ireo alim-pivoriana teo aloha), ilay Iraka(s.a.s) dia nampisakafo ireo havany akaiky miisa efapolo olona, tao an-tranon'i Abou Tâlib. Taorian'ny nanambarany ny maha-Iraka azy, dia i 'Alî(a.s) no voalohany naneho ny finoany azy. Noraisin'ilay Iraka(s.a.s) izy ka nampidiriny ny iviny tao am-bavany. 'Alî(a.s) dia nitantara ity zava-niseho ity taty aoriana : "**Taorian'izany avy hatrany, dia loharanom-pahalalana maro no niforona tao an-tratrako**". Ireo manam-pahaizanareo no nitantara fa ny Imâm 'Alî dia niteny tao amin'ny toriteniny nanao hoe : "**Anontanianareo aho mikasika izay zavatra tsy mazava aminareo mialohan'ny handaozako anareo. Ny saiko dia feno fahalalana tsy voafetra**". Hoy izy sady nanondro ny kibony : "**Ato no misy ny tahirin'ny fahalalana, ato no misy ny ivin'ilay Mpaminany, ato no misy sakafo namahanan'ilay Mpaminany ahy**".

Nandritra ny fiainany rehetra, ilay Mpaminany dia nanolotra ny fahalalany sy nanambara ireo fahasoavany ho an'i 'Alî(a.s) tamin'ny fomba samihafa. Ny fahalalana rehetra izay nomen'i Allâh ho an'ilay Mpaminany(s.a.s), dia napetrak'ity farany ao am-pon'i 'Alî(a.s).

<u>Al-Jafr al-Jâmi' sy ny natiorany</u>

Iray amin'ireo loharanom-pahasoavan'i Allâh izay voarain'i 'Alî(a.s) avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) dia ny **al-Jafr al-Jâmi'**, boky iray mifono ireo tsiambaratelon'izao tontolo izao. Ireo manam-pahaizanareo dia niaiky fa io boky io sy ireo fahalalana voarakitra ao aminy dia

anisan'ireo fahasaoavana nomena an'i 'Alî(a.s) sy ireo Imâm(a.s) miisa iraika ambin'ny folo taranany. Abou Hamid l-Ghazâlî dia nanoratra hoe : "**Misy bokin'ilay lehiben'ireo mpino, i 'Alî Ibn Abi Tâlib, izay ny anarany dia al-Jafr al-Jâmi' Li-Oumour al-Dounyâ wal-Âkhirat. Izy io dia mifono ireo fahalalana rehetra, ireo zava-misy efa fantatra sy ny mbola tsy fantatra, ireo raharaha mikasika ny zava-miafina, toetoetry ny zavatra sy ny asany, ny toetoetry ny anarana sy ny litera, izay tsy misy mahalala izany afa-tsy i 'Alî sy ireo taranany miisa iraika ambin'ny folo. Izy ireo dia nifandimby nandova ireo zava-miafina ireo avy tamin'ny rain'izy ireo avy**".

Soulaymân al-Balkhi amin'ny pejy 403 ny bokiny Yanâbi'oul-Mawaddat, dia nanao famakafakana antsipiriany mikasika izany, niainga avy tamin'ny al-Dourroul-Mounadh'dham bokin'i Kamâl-oud-Dîn Mouhammad Ibn Talha al-Halabî al-Châfi'î. Hoy izy hoe: al-Jafr al-Jâmi' dia mifono ireo fanalahidin'ny fahalalana ary ahitana pejy miisa 1700; ity boky ity dia fananan'ny Imâm 'Alî tanteraka.

Toy izany koa, ny tompon'ny boky Sharh al-Mawâqif dia nitantara ao amin'ny Târîkh Nigaristan fa ny al-Jafr sy al-Jâmi' dia boky anankiroa izay fananan'i 'Alî tanteraka. Ireo boky roa ireo dia manambara amin'ny alalan'ny fahaizana asa soratra, ireo zavatra hitranga rehetra mandra-pahatonga ny fiafaran'izao tontolo izao. Ireo taranany ireo dia milaza ny zavatra ho avy araka ny voarakitra ao amin'ireo boky ireo.

**Nawwâb** : Lazao aminay bebe kokoa ny mikasika an'io boky io, azafady indindra.

**Chîrâzî** : Ny taona faharoan'ny Hijrat, rehefa niverina avy nanao hajj farany ho azy ilay Irak(s.a.s)'i Allâh, dia tonga taminy i Gabriel nanambara ny hahafatesany. Nanandratra ireo tanany eny amin'ny lanitra ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe : "**Tompo ô ! Ianao dia nampanantena ahy ary Ianao dia tsy mba mivadika mihitsy ny fampanantenanao**". Namaly i Allâh hoe : "**Ento miaraka aminao i 'Alî ary mankanesa ianareo eny amin'ireo vohitr'i Ouhoud, mitodiha amin'ny Qibla, ary antsoy ireo bibidia. Hamaly ny antsonareo izy ireo. Anisan'izy ireo,**

**misy osivavy mena iray manana tandroka lehibe. Iangavio i ‘Alî hamono sy hitetika azy ary hanendaka ny hodiny mba halona. Ho avy i Gabriel miaraka amin’ny penina sy ranomainty tsy mitovy amin’ny misy eto an-tany. Iraho i ‘Alî hanoratra izay hotononin’i Gabriel. Ny soratra ao aminy sy ilay hoditra dia hitoetra tsy hanam-piovana satria tsy ho simba mihitsy. Isaky ny hosokafana izy dia ho vaovao foana**”.

Lasa nankany amin’ireo vohitr’i Ouhoud ka nanatanteraka ireo toromarik’i Allâh. Tonga i Gabriel nitondra ilay penina sy ranomainty ho an’ilay Iraka(s.a.s) izay niangavy an’i ‘Alî mba hiomana hanoratra. Nampitain’i Gabriel tamin’ilay Mpaminany(s.a.s) avokoa ireo raharaha lehibe manerana ny tontolo. Noraiketin’i ‘Alî tamin’ilay hoditra izany. Nosoratany daholo hatramin’ny hoditr’ireo tongotra aloha sy aoriana. Nosoratany avokoa ireo zavatra efa nitranga na mbola hitranga mandra-pahatongavan’ilay Andro Fitsarana. Noraiketiny ireo anaran’ireo taranany izay mbola tsy teraka hatramin’ny taranak’izy ireo sy ireo anaran’ireo sakaizany sy ireo fahavalony. Noraiketiny ihany koa izay hanjo ny tsirairay amin’izy ireo mandra-pahatongavan’ilay Andro Fitsarana. Avy eo, ilay Mpaminany(s.a.s) no nanolotra io boky io sy ny fahalalana ao amin’ny Jafr ho an’i ‘Alî(a.s) izay anisan’ny lovan’ireo Imâm ka ny tsirairay(a.s) dia manome azy io ho an’ilay mandimby azy.

Io boky io ihany koa no nolazain’i Abou Hamid Ghazalî hoe : “**Jafr-e-Jâmi’ dia boky iray izay nomena an’i ‘Alî sy ireo iraika ambin’ny folo taranany. Ny zava-drehetra no ao aminy**”.

**Nawwâb** : Amin’ny fomba ahoana no ahafahan’ireo raharaha rehetra eran’izao tontolo izao ho voarakitra eo amin’ny hoditry ny osivavy iray ?

**Chîrâzî** : Voalohany, voamarika ao amin’ilay hadith fa ilay hoditra dia tsy mba hoditry ny osivavy tsotra toy ny mahazatra. Biby goavana izy io ary nohariana manokana ho an’izany antony izany. Faharoa, ilay soratra dia tsy mba soratra tsotra toy ny mahazatra fahita ao amin’ireny boky hafa ireny. Izy io dia soratra miendrika litera sy famantarana miafina. Efa nambarako taminareo fa ilay nanoratra ny boky

Târîkh Nigaristan dia nitantara ny voalazan'ny boky Sharh-e-Mawâqif fa ny Jafr-e-Jâmi' dia mirakitra litera abidia misy fitsipi-pamantarana sy oha-pamantarana izay manome hevitra. Ilay Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh dia nanolotra ny fanalahidin'io tsiambaratelo io ho an'i 'Alî(a.s) izay araka ny baikon'ilay Iraka(s.a.s), nampita izany ho an'ireo mpandimby(a.s) azy, dia ireo Imâm olo-masina avy amin'ny fianakavian'ilay Mpaminany. Koa ireo izay manana io fanalahidy io ihany no afaka mahalala ireo tsiambaratelo voarakitra ao amin'io boky io. Tsy misy olon-kafa mahalala ny zava-miafina. Ataovy sary an-tsaina fa mpanjaka iray no nanambara ny fitsipi-pamantarana miafina amin'ny minisitra na ireo tandapany izay irahiny ho any amin'ireo faritany. Raha ny fanalahidy ahafantarana ny fitspi-pamantarana no voatahiry ao amin'ilay mpanjaka na ireo minisitra, dia tsy hisy afaka ny hamaky ilay hafatra. Toraka izany koa, tsy misy afa-tsy i 'Alî(a.s) sy ireo taranany(a.s)iraika ambin'ny folo ireo ihany no afaka mahalala ny ao amin'ilay boky Jafr-e-Jâmi'a.

Indray andro, i 'Alî(a.s) Amîr-oul-Mou'minîn no nanolotra io boky io ho an'i Mouhammad Hanifyya zanany teo anatrehan'ireo zanany hafa. Tsy afaka nahafantatra na inona na inona izy na dia mba olona avara-pianarana sy marani-tsaina aza. Ny ankamaroan'ireo didy avoakan'ireo Imâm(a.s) olo-masina ireo na ireo vaovao izay nambaran'izy ireo dia avy ao amin'io boky io. Ireto olo-masina ireto no mahafantatra ireo tsiambaratelo rehetra ary izy ireo dia afaka milaza mialoha ireo zava-tsarotra hanjo azy ireo sy ny taranak'izy ireo ary ireo "Chiites" amin'ny alalan'io boky io.

Ny boky Sharh al-Mawâqif dia nitantara antsipiriany ny fifanarahana teo amin'ilay khalîfat Ma'moun al-Rashid sy ny Imâm al-Ridhâ(a.s). Taorian'ny enim-bolan'ny fifandraisana sy fampitahorana nataon'i Ma'moun, dia noterena ny Imâm al-Ridhâ(a.s) mba handova ny fitondrana aorian'ity voalohany. Nosoratana ny fifanarahana ary nataon'i Ma'moun sonia izany. Io fifanarahana dia manambara fa aorian'ny fahafatesan'i Ma'moun, ny khilâfat fitondrana dia hatolotra ho an'ny Imâm al-Ridhâ(a.s). Rehefa natolotra ho an'ny Imâm al-Ridhâ(a.s) io taratasy io dia nanampy izao fanamarihana izao izy :

"**Izaho, ny Imâm 'Alî al-Ridhâ Ibn Moussâ Ibn Ja'afar, dia manaiky amin'ny alalan'ity taratasy ity fa ilay mpanompon'ireo**

**mpino, i Ma'moun Ibn Rashid (enga anie izy mba ho matotra amin'ny fanapahan-keviny ary hotarihin'i Allâh anie izy) dia nanaiky ny zonay na dia ireo hafa aza tsy nanao toy izany. Midika izany fa izy dia hamatotra indray ny tady tapaka, izy dia nampitondra ny filaminana sy ny fifaliana an'ireo vahoaka voakapoky ny horohoro, izy dia nanome ho azy ireo indray ny fiainana izay efa nofoanan'izy ireo; izy no nampiadana azy ireo fa izy no namalifaly azy ireo tao anatin'ny fiainana feno alahelo ary izany no nataony mba hahazoany ireo fahasoavan'i Allâh, koa marina dia marina fa i Allâh hamaly soa azy tsy ho ela satria i Allâh dia mamaly soa ho an'ireo izay mankasitraka Azy sady tsy mba manaisotra ny valisoany amin'izay manao ny rariny. Marina tokoa izany, satria izy nanao ahy ho mpandova azy sy nanome ahy toerana lehibe raha toa izaho ka mbola velona eo aminy**".

Ho famaranana, ilay Imâm olo-masina dia nanoratra hoe : "Indrisy! Misy zavatra hafa voalaza ao amin'ny al-Jafr al-Jâmi' (izaho dia tsy velona intsony amin'izany) fa ny tenako aza dia tsy mahay ahoana ny hitondrana anareo sy ny tenako. Allâh irery ihany anie no tompon'ny didy ary ny didiny dia mendrika fa Izy no mpitsara mendrika indrindra".

Sa'd Omar Ibn Mas'ound Taftazani ao amin'ny bokiny Sharh al-Maqasid-out-Talibîn, miresaka mikasika ny zava-miafina ao amin'ny Jafr-e-Jâmi' boky nosoratan'ny tanan'ny Imâm(a.s) olo-masina io, dia nanazava fa, araka ny voalazan'ny Imâm sy ny Jafr sy ny Jâmi'a, dia tsy nahatazona ny fampanantenany i Ma'moun ary ny rehetra dia mahalala izay zava-nitranga. Ity taranaka(a.s) , izay tena tian'ilay Mpaminany(s.a.s) ity dia maty maritiora vokatry ny fanomezana azy poizina. Araka izany, ny fahamarinana sy ny fahalalana ananan'ny Imâm(a.s) dia voaporofo, ary izy sy ity fianakaviana masina ity dia mahafantatra ny zava-drehetra, na fantatry ny olona izany na tsy fantatr'izy ireo.

## Fizarana fahafito

Ny Anjely Gabriel dia nitondra boky iray voatombokase ho an'ilay Wasy (Mpandimby voahosotr'-) ilay Mpaminany(s.a.s)

Iray amin'ireo fanomezan'i Allâh voaray nomena an'i 'Alî(a.s) tamin'ny alalan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia ny boky iray voatombokase nentin'ilay Anjely Gabriel(a.s). Ilay manam-pahaizana lehibe sy mpahay tantara, ny 'Allâmah Aboul-Hassan 'Alî al-Houssain Mas'ound izay omen'ireo antokom-pinoana roa tonta haja amam-boninahitra, dia nanoratra ao amin'ny bokiny Ithbât-oul-Wasiyyah : "**Gabriel, notronin'ireo anjely mahafatoky dia nitondra avy any amin'Ilay Tsitoha, boky iray misy fitombokase ho an'ilay Iraka ary nilaza taminy hoe: Ireo rehetra miaraka aminao eto dia tokony hiala eo akaikinao afa-tsy ilay Wasy (mpandimby) anao, mba hahafahako manolotra ho anao ny Kitâboul-Wasiyyah (boky namelan-kafatra farany)**". Ary dia niangavian'ilay Iraka ny rehetra mba hiala eo akaikiny afa-tsy i 'Alî(a.s) Amîr-oul-Mou'minîn sy i Fâtimat(a.s) sy i Hassan(a.s) ary i Houssain(a.s). Avy eo niteny i Gabriel(a.s) hoe : "**Ry Mpaminanin(a.s)'i Allâh! Ilay Tsitoha dia mandefa ny firarian-tsoa ho anao sy nilaza fa ity taratasy ity dia fampanantenan'i Allâh, izay nataony ho anao, ireo Anjeliny no vavolombelona ary Izy rahateo koa dia Vavolombelon'izany**". Nangovingovitra ilay Mpaminany no sady niteny hoe : "**Izy no Fiadanana, ny fiadanana dia avy Aminy ary ny fiadanana dia hiverina Aminy**". Noraisin'ilay boky tamin'i Gabriel ary novakiany ka nomeny an'i 'Alî. Niteny ilay Iraka hoe : "**Ity dia fampanantenana nomen'ny Tompo ahy sy fanomezan-toky nomeny ahy. Izaho dia nanatontosa ny adidiko tamin'ny fampielezana ny hafatr'i Allâh**". Amîr-oul-Mou'minîn, 'Alî kosa nanambara hoe : "**Hanao sorona ny tenany ho anao anie ny ray aman-dreniko ! Vavolombelona koa aho amin'ny fahamarinan'ilay hafatra. Ireo sofiko, ireo masoko, ny nofoko, ny ràko dia vavolombelona ihany koa**". Niteny tamin'i 'Alî ilay Iraka masina nanao hoe : "**Izao no sitrapon'i Allâh. Ekeo izao ary mitondrasa antoka eo anatrehany ianao. Adidiko ny mamita ny iraka**

**naniraha ahy**”. Namaly i ‘Alî hoe : “**Hiantoka an’izany aho ary i Allâh anie hanome ahy ny Fanohanany**”.

Ao amin’io boky io, Amîr-oul-Mou’minîn(a.s) dia niangaviana mba hanatanteraka ireto fampanantenana manaraka ireto : hisakaiza amin’ireo sakaizan’i Allâh, hankahala ireo fahavalon’i Allâh, hanana fiaretana manoloana ny fanagejana, hiaritra sy hitazona ny hatezerany rehefa nalaina an-keriny ireo zony, rehefa hampahoriana sy henjehina tsy ara-drariny.

Niteny Amîr-oul-Mou’minîn ‘Alî(a.s) hoe : Manaiky aho sady mahafaly ahy izany. Eny fa nadia hiharihary aza ny haratsiana, na dia tsy hankatoavina aza ireo hadith, na dia hofoanana aza ireo didy ao amin’ny Kor’âny masina, na dia hofongorina aza ilay Ka’aba ary na dia ho menan’ny rà mikoriana avy amin’ny lohako aza ny somotro, dia hatrehiko amim-piaretana ireo fahoriana rehetra ireo. Gabrielv(a.s) sy Michael(a.s) ary ireo Anjely maro hafa no vavolombelona tamin’io fanambarana nataon’i ‘Alî(a.s) io. Toraka izany, i Hassan(a.s) sy i Houssain(a.s) sy i Fâtimat(a.s) dia manana adidy tahaka izany koa. Avy eo, ireo olana sy ireo toe-draharaha izay hiaretan’izy ireo dia voalaza antsipiriany. Ary dia nasiana tombokase miaraka amin’ny hajia volamena ilay boky ka natolotra ho an’i ‘Alî(a.s). Ny boky dia mifono ireo hadith Qoudsî, ireo fomba fanaon’ilay Mpaminany(s.a.s),ireo fandavan’ireo izay manohitra azy ireo sy izay hanova ireo lalànan’i Allâh ary koa ireo trangan-javatra sy ny fahoriana izay hiseho aorian’ilay Mpaminany(s.a.s). Allâh dia nanambara hoe :

«**Ary dia nisainay ny zava-drehetra ao amin’ny Imâm Moubîn (Imâm mpitarika izany hoe i ‘Alî**»[91].

Raha fintinina dia nampitain’ilay Mpaminany(s.a.s) ny fahalalany ho an’i ‘Alî(a.s) sy ireo taranany, ireo Imâm(a.s) olo-masina ireo. Fa raha tsy izany kosa dia tsy mba nantsoin’ilay Iraka(s.a.s) akory i ‘Alî(a.s) ho “vavahadin’ny fahalalana” na nilaza hoe : “**Raha te hahazo ny fahalalako ianareo dia mankanesa amin’ny vavahady (i ‘Alî)**”.

---

[91] Kor’âny 36/12

Raha tsy nahazo ny fahalalan'ilay Mpaminany(s.a.s) ilay Imâm(a.s) dia tsy mba nanambara mihitsy teo anatrehan'ireo sakaizany sy ireo fahavalony nanao hoe : "**Anontanianareo ahy izay tianareo mialohan'ny handaozako anareo**". Tsy misy afa-tsy i 'Alî(a.s) irery ihany no manana io voninahitra io.

Al-Hâfiz Ibn Abdoul-Barr al-Maghribî al-Andalousî ao amin'ny bokiny al-Istî'ab fî Ma'rifatil-As'hâb, dia nanoratra hoe : "**Izay milaza hoe : *Anontanianareo aho mialohan'ny handaozako anareo,* dia olona mpandainga afa-tsy i 'Alî Ibn Abî Tâlib"**.

Aboûl-Abbâs Ahmad Ibn Khallikân al-Châfi'î ao amin'ny bokiny Wafiyyât al-A'yân sy i al-Khatîb al-Baghdâdî ao amin'ny bokiny Ta'rikh Baghdâd, boky-13, p. 163 dia nitantara fa indray andro, i Mouqâtil Ibn Soulayman, izay anisan'iray amin'ireo manam-pahaizanareo lehibe malaza, miavaka amin'ny fananany fahafahana mamaly haingana ireo fanontaniana sarotra, dia niteny tao anatin'ny fivoriana iray nanao hoe : "**Anontanianareo aho mikasika ny zava-drehetra misy eto ambany lanitra ?** " Olona iray nanontany azy toy izao : "**Tamin'ny fotoana inona ilay Mpaminany Adam no nanatanteraka ny Hajj ? Iza no nanapaka ny volony rehefa nahavita izany izy ?** " Sanganehana i Mouqâtil tsy nahateny. Olon-kafa iray nanontany azy indray hoe : "**Ny vitsika ve manelina ny sakafony ao amin'ny vavony sa ao amin'ny taova hafa ? Raha ao amin'ny vavony dia aiza no misy ny vavoniny sy ireo tsinainy?**" Mbola nangina tsy nahaloam-bava i Mouqâtil. Nony farany dia namaly ihany izy hoe : "**Allâh no nanindrimandry anareo tamin'ireo fanontaniana ireo mba hanalana baraka ny fireharehako ho mahalala ireo zava-drehetra**".

Izay manam-pahafahana mamaly ireo fanontaniana rehetra irery ihany no afaka manao ny fanambarana tahaka izany. Amin'ireo vahoaka silamo rehetra, dia i 'Alî Ibn Abî Tâlib(a.s) irery ihany no manana fahaizana mahatalanjona toy izany.

Amin'ny maha-vavahadin'ny fahalalan'ilay Mpaminany(s.a.s) azy, dia manam-pahalalana amin'ny zavatra rehetra efa fantatra na tsy

fantatr’ireo olona izy. Araka izany dia mendrika ny miteny hoe : “**Anontanianareo aho mialohan’ny handaozako anareo**” ary afaka mamaly haingana amin’ny fomba mahafa-po ireo fanontaniana rehetra. Amin’ireo sakaiza ireo ihany koa dia tsy misy afaka manao ny fanambarana toy izany, afa-tsy i ‘Alî(a.s).

Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin’ny bokiny Mousnad, i al-Mouwaffaq Ibn Ahmad al-Khawârizmî ao amin’ny Manâqib, i Soulayman al-Balkhî al-Hanafî ao amin’ny Yanâbi’oul-Mawaddat, i Baghawî ao amin’ny Mou’jim, i Mouhibb-oud-Dîn al-Tabarî ao amin’ny Riyâdh al-Nadhirat, boky-II p.198 sy Ibn Hajar ao amin’ny Sawa’iq p76, dia samy nitantara araka ny fanambaran’i Said Ibn Mousayyab fa tsy misy afa-tsy i ‘Alî Ibn Abî Tâlib(a.s) no niteny hoe : “**Anontanianareo ahy izay tianareo**”.

## Ny fanambaran’i ‘Alî(a.s) “Salounî” ary ny fitantaran’ireo “sunnites” izany

Maro amin’ireo manam-pahaizanareo lehibe, toa an’Ibn Kathir ao amin’ny bokiny Tafsîr, boky-IV, Ibn Abdoul-Barr ao amin’ny bokiny Istî'âb, i Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin’ny bokiny Yanâbî'oul-Mawaddat, i Mouhyi'd-Dîn al-Khawârizmî ao amin’ny bokiny Manâqib, ny Imâm Ahmad ao amin’ny bokiny Mousnad, Hamwaini ao amin’ny bokiny Farâ'id, Ibn Talha ao amin’ny bokiny al-Dourr-oul-Manzoûm,Mir Seyyed ‘Alî al-Châfi'î ao amin’ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ, al-Hâfiz Aboû Nâ’im Ispahani ao amin’ny bokiny Hilyat-oul-Awliyâ', i Mouhammad Ibn Talha Châfi'î ao amin’ny Matâlib-ous-Sou'oûl, Ibn Abi al-Hadîd ao amin’ny Sharh Nahjoul-Balâgha sy ireo manam-pahaizana “sunnites” maro hafa malaza dia samy nitantara amin’ny fehezanteny saika nitovitovy avy tamin’i Amir Ibn Wâ'ilah, Ibn Abbâs, i Abi Sa'id al-Khoudri, i Anas Ibn Mâlik sy i Abdoullâh Ibn Mas'ound fa ilay Amîr-oul-Mou'minine ‘Alî(a.s) dia nanambara ao amin’ny epistiliny hoe : “**Ry ianareo vahoaka ! Anontanianareo ahy izay sitrakareo mialohan’ny hahafatesako. Ny foko no tahiry ipetrahan’ny fahalalana rehetra. Anontanianareo aho fa izaho no mahafantatra izay efa nandalo sy izay mbola ho avy**”.

Abou Dawoud ao amin'ny bokiny Sounan p.356, ny imâm Ahmad ao amin'ny bokiny Mousnad boky-I p.278, i al-Boukharî ao amin'ny bokiny Sahîh boky-I p.46 sy boky-X p.241, dia nitantara an'i 'Alî niteny hoe : "**Afaka manontany ahy ianareo mikasika izay tianareo hanontaniana, fa izaho no mahalala ny natioran'ny zava-drehetra**".

'Alî(a.s) nanambara fa afaka mitsara ireo trangan-javatra niseho amin'ny alalan'ny Torah sy ny Baiboly

Cheikh Sulaymân al-Balkhî al-Hanafi ao amin'ny Yanâbî'oul-Mawaddat, boky-XIV, p.74 dia nitantara avy tamin'i Mouâffaq Ibn Ahmad Al-Khawârizmî sy ny Cheikhoul-Islâm Hamwaini dia nitantara avy tamin'i Aboû Sa'id Bouhtouri, toy izao : "**Hitako i 'Alî nitafy ny lamban'ilay Mpaminany, nitondra ny sabany sy ny fehilohany. Nanondro ny tratrany izy sady niteny hoe : Anontanianareo ahy izay sitrakareo mialohan'ny hahafatesako fa ny tratrako dia feno fahendrena. Ny vavoniko dia mitahiry ny fahalalana. Tamin'ny alalan'ny ivin'ilay Mpaminany no nahazoako fahalalana. Mianiana amin'i Allâh aho fa izaho no hitarika ireo jiosy amin'ny alalan'ny Torah sy ireo kristiana amin'ny alalan'ny Evanjely mandra-pitenenan'ireo olon'ny boky hanao hoe : Marina no voalazan'i 'Alî, ireto didim-pitsarana ireto dia mifanaraka tsara amin'izay nambara taminay. Rehefa ianareo mamaky ny boky (Kor'âny), dia tsy misy hainareo ny ao aminy afa-tsy zavatra kely monja**".

Cheikh-oul-Islâm Hamwaini ao amin'ny bokiny Farâ'id sy i Mou'ayyid-oud-Dîn al-Khawârizmî ao amin'ny bokiny Manâqib dia nitantara ireto tenin'ny Imâm(a.s) ireto, nolazainy teo ambonin'ny polpitrany : "**Anontanianareo ahy ny mikasika ireo zavatra tsy hainareo mialohan'ny hahafatesako. Mianiana aho amin'i Allâh izay nampizara roa ny voamaina sy nahary ny olona fa raha ianareo no manontany ahy na inona na inona mikasika ny andinin'ny Boky masin'i Allâh, dia holazaiko aminareo avokoa ny momba azy : oviana no nampidinana azy ? Andro sa alina? Teo am-pijanonana sa teny an-dalana ? Teo amin'ny tany lemaka sa teny an-tendrombohitra? Mikasika an'iza no antony nampidinana azy? Olona mpino sa**

**mpihatsaravelatsihy ? Ny tian'i Allâh hambara amin'izany andininy izany ? Ary araka ny mahazatra ve sa miavaka manokana ny filaharan'izany andininy izany ?**"

Araka izany, Ibn Kawwâ, ilay Kharijite, dia nitsangana sy nanontany an'ny Imâm hoe : "Hazavao amiko izay tian'i Allâh hambara amin'ilay teniny hoe : "**Ary ireo izay mino sy izay manao asa soa no olombelona mendrika indrindra**".

Namaly ilay Imâm hoe : "**Io andininy io dia manondro anay (ireo Imâm) sy ireo mpanara-dianay, izay ireo tarehy, ireo tanana sy ireo tongotra dia hamirapiratry ny fahazavana amin'ny Andro Fitsarana. Izy ireo dia fantatra amin'ny alalan'ny handrin'izy ireo**".

Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny Mousnad sy ny Cheikh Soulaymân Balkhî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat, toko-XIV p.74 dia nanoratra ny voalazan'Ibn Abbâs fa i 'Alî dia niteny hoe : "**Anontanianareo ahy mikasika ireo zavatra tsy hainareo mialohan'ny hahafatesako. Tsy misy andininy iray ka tsy haiko mihoatra ny hafa. Izaho dia mahay nanao ahoana sy oviana no nidinany. Anontanianareo ahy mikasika ireo fanakorontanana (fitna), fa tsy misy na iray amin'izany aza ka tsy fantatro ny antony nahatonga izany sy izay niharany**".

Ibn Sa'd ao amin'ny Tabaqât, i Mohammad Ibn Yoûsouf Ganji al-Châfi'î ao amin'ny Kifâyat-out-Tâlib, toko-52 sy i al-Hâfiz Aboû Nâ'im Ispahani ao amin'ny Hilyat-oul-Awliyâ', boky-I, p.68 dia nitantara araka ny loharano azo antoka fa i 'Alî(a.s), Amîr-oul-Mou'minîn dia nilaza hoe : "**Ianiavana amin'i Allâh ! Tsy misy andininy iray nidina ka tsy haiko tsy misy ahiahy ho an'iza no nidinany ary taiza. Allâh dia nanome ahy fahendrena sy fahaizana lehibe miresaka**".

Ao amin'ireo boky ireo ihany, no nisy nitantara avy tamin'ny Amîr al-Mou'minîn, i 'Alî hoe : "**Anontanianareo ahy ny momba ny Bokin'i Allâh. Tsy misy andininy iray ka tsy haiko ny toerana nidinany na teny amin'ny havoana na teny amin'ny tany lemaka**".

Al-Khawârizmî ao amin'ny bokiny Manâqib araka ny fitantaran'i al-A'mash izay nitantara izany avy tamin'i Oubaya Ibn Rab'î: "'**Alî dia nanana fahazarana niteny hoe: Anontanianareo ahy mikasika ireo zavatra tsy hainareo mialohan'ny handaozako anareo. Ianianako amin'i Allâh fa tsy misy saha voaasa na tany efitra, vondron'olona iray mamery andian'olona anjatony na mitarika andian'olona anjatony ka tsy fantatro ny momba izany. Izaho no mahalala kokoa noho ireo izay mitarika ny vahoaka na mitaon-dratsy azy ireo mandra-pahatongavan'ny Andro Fitsarana farany**".

Jalâl-oud-Dîn Souyoûtî ao amin'ny Ta'rikh-oul-Khoulafâ', p.124, i Badr-oud-Dîn al-Hanafi ao amin'ny 'Oumdat-oul-Qârî, i Mouhibb-oud-Dîn al-Tabarî ao amin'ny Riyâdh al-Nadhirat, boky-II, p. 198, Souyoûtî ao amin'ny Tafsîr al-Itqân, boky-II, p.319 sy Ibn Hajar Asqalani ao amin'ny Fat'h-oul-Bârî, boky-VIII, p.485 ary koa ao amin'ny Tahzhib-out-Tahzhib, boky-VII,p.338 dia nitantara an' i 'Alî(a.s) izay niteny hoe: "**Anontanianareo ahy izay tianareo, mianiana amin'i Allâh aho fa ho lazaiko aminareo avokoa ny zava-drehetra izay hiseho hatramin'ny Andro Fitsarana. Raha ianareo no manontany ahy mikasika ny Bokin'i Allâh, dia mianiana amin'i Allâh aho fa tsy misy na dia andininy iray aza ka tsy haiko. Fantatro ny nidinan'izany andininy izany na tamin'ny alina na andro, teny amin'ireo tany lemaka sa teny amin'ny havoana**".

Tsy misy olona mahalala izay afenin'ny tsy hita maso ka afaka manao fanambarana tahaka izany eo anatrehan'ireo sakaizany sy ireo fahavalony !

Faminaniana mikasika an'i Sinân Ibn Anas ho mpamono an'ny Imâm al-Houssain(a.s)

Ibn Abî al-Hadîd Mou'tazalî dia nanoratra ireo tantara ireo ihany koa ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat boky-I p.208. Nolazainy fa nisy olona nanontany nanao hoe : "**Ampahafantaro ahy izay zava-misy eo amin'ny voloko sy eo amin'ny somotro**". Namaly ilay Imâm

hoe : “**Ry rahalahiko, ilay Mpaminany dia nanambara tamiko fa misy anjely iray manozona anao eo amin’ny foto-bolonao tsirairay. Misy devoly isaky ny foto-bolon’ny somotrao izay manangoly anao. Misy zanak’omby ao an-tranonao izay hamono ny zanakalahin’ilay Iraka**”.

Ity lehilahy ity moa dia tsy iza fa i Anas Nakh’iy izay ny zanany lahy antsoina hoe i Sinân no ilay zanak’omby tian’i ‘Alî(a.s) hambara amin’io faminaniany io. Tamin’ny taona 61H, i Sinân no tonga tao Karbala ary izy dia anisan’ireo namono an’ny Imâm Houssain(a.s).

Ireo mpitantara hafa nilaza fa ilay lehilahy nanontany azy dia i Sa’d Ibn Abî Waqas, ka ny zanany (ilay zanak’omby) izay voaozona dia i Amr Ibn Sa’d, ilay lehiben’ny tafik’i Yazid, lehilahy iray nanana ny anjara toerany tao Karbala. Fa mety koa izy roalahy ireo no samy nametraka fanontaniana tao anatin’ny fivoriana samihafa. Na izany na tsy izany, ireo tantara ireo dia manaporofo ny fananan’ny Imâm ‘Alî(a.s)fahalalana ny trangan-javatra mbola ho avy.

Faminaniana mikasika an’i Habib Ibn ‘Ammâr

Ireo manam-pahaizanareo lehibe toa an’ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin’ny Mousnad sy Ibn Abî al-Hadîd ao amin’ny Sharh Nahjoul-Balâghat boky-I p.208 dia nanambara fa nandritra ireo andron’ny khilâfat fitondrany, ny Amîr al-Mou’minîn, i ‘Alî dia niala sasatra tao amin’ny Mosken’i Koufa niaraka tamin’ireo sakaizany, no indro lehilahy iray niteny hoe : “**Khalid Ibn Ouwaita dia maty ao amin’ny Wadiyoul-Qourbâ**”. Namaly ilay Imâm hoe : “**Izy dia tsy maty ary tsy ho faty izy mialohan’ny hahavoatendry azy ho lehiben’ny tafika miverin-dalana. Ny ho mpitondra ny fanevany dia i Habid Ibn Ammâr**”.

Tanora iray nitsangana tao anatin’ny fivoriana ka niteny hoe : “**Izaho no Habib Ibn Ammâr, izaho dia anisan’ireo sakaizanao mahafatoky**”.

Niteny i ‘Alî(a.s) hoe : “**Izaho dia tsy mba nandainga mihitsy no tsy handainga velively. Ny zava-misy dia hitako i Khalid ho**

**lehiben’ity tafika tsy mpino ity ary ianao no ho mpitondra ny fanevany. Ianao dia hiditra ato amin’ity Moske ity avy amin’io varavarana (Bâboul-Fil) io ary ilay fanevan’ny miaramilanao dia ho rovitry ny varavaran’ity Moske ity**”.

Taona maro no lasa. Tamin’ny fitondran’i Yazid, ilay voaozona, i Oubaidoullâh Ibn Ziyad izay governora tao Koufa tamin’izany fotoana izany, dia nandefa miaramila maro makadiribe hiady amin’ny Imâm Houssain(a.s). Indray andro, maro tamin’ireo izay nahare io faminanian’i ‘Alî(a.s) mikasika an’i Khalid sy i Habib Ibn Ammâr io no nipetrapetraka tao amin’ny Moske ka tamin’izay indrindra no nisy tabataban’ireo miaramila sy ny tarigetran’izy ireo no nanakoako eran’ny lalana. Ny vahoaka dia nahatazana an’i Khalid Ibn ‘Arfatah, lehiben’ny tafika very lalana ho any Karbala hiady amin’ny zanak’ilay Mpaminany(s.a.s). Niditra tao amin’ilay Moske izy ireo teo amin’ny varavarana Bâboul-Fil mba hanao fihetsiketsehana fampisehoana. Habib Ibn Ammâr no nitondra ny faneva. Rehefa niditra tao amin’ny Moske i Habib dia rovitry ny varavarana ilay faneva. Ireo faminaniana nataon’i ‘Alî(a.s) araka izany, dia hita fa tanteraka tokoa ary ny haben’ny fahalalan’i ‘Alî(a.s) dia niharihary teo anatrehan’ireo mpihatsaravelatsihy.

Ireo famantarana sy faminaniana ireo ve tsy maneho fa i ‘Alî(a.s) dia manana fahalalana ny zava-miafina ?

Raha ianareo no mandalina fatratra ny Nahjoul-Balâghat, izay boky nanangonana ireo toriteny sy fanambarana, dia ho hitanareo fa misy ireo faminaniana mikasika ireo fahoriana sy korontana amin’ireo raharahan’ireo mpanjaka lehibe, ireo fikomian’ny mponina tao Zanj, ny fifehezan’ireo Mongols, ny fanjakan’i Genghis Khan, ireo teny mandreraka ny fo nataon’ireo khalîfat sy ny fomba nandraisan’izy ireo an’ireo “Chiites”.

Ibn Abî al-Hadîd dia nanazava ireo tranga ireo ao amin’ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat, boky-I p.208-211. Ny manam-pahaizana lehibe, i Balkhî Hanafî ao amin’ny bokiny Yanâbi’oul-Mawaddat, dia manao ady hevitra ihany koa amin’ny fahalalana lalina izay porofoin’ny Imâm ‘Alî ao amin’ireo toriteniny sy ireo faminaniany.

Faminaniana mikasika ny tsindrihazolena nataon'i Mou'âwiyat

Ilay Imâm(a.s) dia naminany ihany koa ny fankatoavan'ireo vahoakan'i Koufa an'i Mou'âwiyat sy ny baiko nomeny azy ireo mba handà azy. Ohatra amin'izany dia niteny i 'Alî(a.s) hoe : "Fotoana vitsy avy aoriako, lehilahy iray izay be tenda sy be vavony no hifehy anareo. Izy dia hihinana izay azony, fa raha tsy mahazo izy dia hanao antery. Araka izany, dia tsy maintsy vonoinareo izy, nefa tsy hanao izany velively ianareo. Hibaiko anareo izy mba hanaratsy ahy sy hanalavitra ahy. Araka izany, dia avelako ianareo hanaratsy ahy satria zavatra eo am-bava fotsiny izany, izay ho ahy dia loharanom-pahadiovana, fa ho anareo dia fiarovan-tena eo anatrehan'ny haratsian'ity lehilahy ity. Nefa ny fanalavirana sy ny fankahalana dia avy amin'ny fo. Aza mampitombo ny fankahalana ahy ianareo. Izaho dia tohanan'i Allâh Tokana sy ny Islâm, izaho no mpitarika ny raharaham-pinoana sy ny hijrat (fifindramonina)".

Ibn al-Hadîd ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat sy ireo manam-pahaizanareo hafa dia nilaza marina fa ilay lehilahy voalaza dia i Mou'âwiyat Ibn Abou Soufyân. Raha nifehy ny fiaraha-monina izy dia nanome baiko ny vahoaka mba hanaratsy an'i 'Alî(a.s). Izany fomba ratsy izany dia naharitra valopolo taona, ary dia naratsiana tao amin'ny Moske ilay Imâm olo-masina nandritra ny toriteny amin'ny fanompoam-pivavahana isaky ny andro Zoma. Rehefa lasa khalîfat i Omar Ibn Abdoul-Aziz dia norarany ny fanaovana io fomba ratsy io.

'Alî(a.s), teo am-paminaniana io fomba manala baraka io, dia mbola manamarina ihany koa fa izy dia manana fahalalana ny zava-miafina. 'Alî(a.s) dia naminany tranga maro hafa izay tanteraka tokoa izany afaka taona maro taty aoriana.

Faminaniana mikasika ny famonoana an'i Zhou-th-Tahadiyya

Nialohan'ilay ady Nahrwân, ilay Imâm(a.s) dia naminany ny famonoana ireo Khawârije ary indrindra fa i Tazmala, fantatra amin'ny

anarana hoe “Zhou-th-Thadiyya”. Naminany ihany koa izy fa tsy hihoatra ny folo amin’ireo Khawarije no sisa velona fa ireo silamo kosa dia tsy hihoatra ny folo no ho faty. Ibn Abi al-Hadîd sy ilay manam-pahaizana lehibe, i Balkhi ary ireo hafa dia nanambara fa ireo faminanian’ny Imâm(a.s) ireo dia tanteraka avokoa.Ibn Abi al-Hadîd ao amin’ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat, boky-I p.425 dia nilaza hoe : “Io hadith io dia anisan’ireto tantara ireto izay notantaraina amin’ny fomba miampitapita. Izy io dia malaza sy voatantara ankalalahana. Heverina izy io ho anisan’iray amin’ireo fahagagana nataon’ilay Imâm”.

Hitanareo amin’izany ny fahasamihafana lehibe misy eo amin’i ‘Alî(a.s) sy ireo “khalîfat” hafa. Raha tsy manana ny fahalalana ny zava-miafina izy, dia amin’ny fomba ahoana no ahafahany maminany ireo zavatra izay hitranga afaka taona maro any aoriany ?

Ohatra, izy dia naminany ny fahafatesan’i Maytham al-Tammour izay novonoin’i Oubaidoullâh Ibn Ziyad, sy ny fahafatesan’i Jouwairiyya sy i Rashid Hajari izay novonoin’i Ziyad, ary koa i Amr Ibn Houmouq novonoin’ireo sakaizan’i Mou’âwiyat. Izy dia naminany ny hahamaritiora ny zanany, ny Imâm al-Houssain(a.s).

## Fizarana fahavalo

### Faminaniana mikasika ny hahamaritiora Azy ary Ibn Mouljim

Izy dia nanambara ihany koa ny hahafaty maritiora azy sady nanambara ny anaran’ilay olona hamono azy, dia i Abdoul-Rahmân Ibn Mouljim Mouradi, na dia ity lehilahy voaozona ity aza, milaza ny tenany ho mpankato sy mpiaro an’ilay Imâm(a.s). Ibn Kathir dia nanoratra ao amin’ny Ousoud-oul-Ghâbah toko-IV p.25 fa tsy nisy olon-kafa ankoatra an’Ibn Mouljim no tonga nijery an’ny Imâm ‘Alî mba hamaky ho azy andalana tononkalo midera azy eo anatrehan’ireo sakaizany. Hoy izy hoe: “Ianao no ilay mpitarika marina, tsy manam-pahadisoana sy fisalasalana. Ianao dia malala-tanana sy tsara fanahy, ilay zanak’ireo razambe manana herim-po toy ny liona izay miavaka amin’ny fananana hafanam-po hatramin’izay. Ry mpandimbin’ilay Mpaminany! Allâh no nanome anao

izany voninahitra izany sy nanaiky ho anao ireo hatsarana voalaza ao amin'ny Kor'âny masina".

Talanjona avokoa ireo sakaiza teo anatrehan'izany fahaizana mandaha-teny sy fitiavana. Tamin'izay, ilay Imâm(a.s) dia mba namaly tamin'ny alalan'ny tononkalo ihany koa : "Izaho dia mananatra anao mba hitia ahy am-pahatsorana, na dia fantatro aza fa ianao dia anisan'ireo fahavaloko".

Ibn Hajar nilaza ao amin'ny bokiny Sawâ'iqoul-Mouhriqa, p.82 fa ilay Imâm(a.s) dia namaly tamin'ny alalan'ny tononkalo an'Ibn Mouljim: "Ilaiko ny fahavelomany na dia te hamono ahy aza izy. Ity namana sandoka ity avy amin'ny fokon'ireo Mourad". Niteny taminy i Abdour-Rahmân hoe : "Ianao angamba nanitatra ny anarako ka mahatonga anao mankahala izany".Notapahin'ilay Imâm tamin'izao teny izao izy : "Tsia, tsy izany akory. Fantatro tsy misy fisalasalana na dia kely akory aza, fa ianao no ho mpamono, ary afaka fotoana fohy, ianao dia handoto ny somotro fotsy amin'ny rà mikoriana avy amin'ny lohako". Niteny avy hatrany Ibn Mouljim hoe: "Raha izany no hiseho dia aoka aho hovonoina dieny izao". Niangavy mba hamonoana azy koa ireo sakaiza. Fa hoy anefa ilay Imâm hoe :

"Tsy mety izany. Ny finoako dia tsy manaiky ny fanasaziana mialohan'ny fahavitan'ny asa ratsy. Haiko tsy amim-pisalasalana fa ianao dia hamono ahy, nefa ny finoana dia mitaky ireo asa hita miharihary. Noho ianao tsy mbola nanatanteraka io asa ratsy io, dia tsy azoko atao ny manome sazy ho anao".

Thomas Carlyle avy any Angletera dia nanoratra ao amin'ny boky "Ireo Mahery fo", fa i 'Alî Ibn Abi Tâlib dia novonoina noho izy olo-marina. Raha nampihatra ny valifaty izy nialohan'ny hahatanteraka ireo faminaniany ireo dia avotra ihany izy. Matetika, tahaka izany no fanaon'ireny mpanjakan'ity tany ity ireny, dia ny mamono avy hatrany na iza na (na dia ao anatin'ny fianakaviana aza) ahiahiana ho fahavalon'izy ireny.

Ity tranga ity dia porofo fanampiny fa tsy misy manana fahalalana ny zavatra misitery ankoatra ny Mpaminany na Imâm “Ma’soum” (madio ara-panahy, tsy manam-pahotana). Raha tsy madio ara-panahy izy, dia afaka manao hadisoana eo am-pahalalana izay zavatra hiseho. Fa ny Mpaminany na ny Imâm izay madio ara-panahy ihany koa, eo am-pahafantarana ny olona hamono azy, dia tsy mba nanao valifaty mialohan’ny fahavitan’ireo asa tanteraka.

Ireo ohatra rehetra ireo ve mbola tsy ampy hanehoana fa ny Imâm(a.s) dia mahalala tanteraka ireo zavatra mbola ho avy ?

Cheikh Soulaymân Balkhi dia nitantara eo amin’ny voalohan’ny Yanâbi’oul-Mawaddat ireo tenin’ny Amîr-oul-Mou’minîn sombintsombin’ny al-Dourr-oul-Mounaz’zam bokin’Ibn Talha al-Châfi’î. Niteny ilay Imâm(a.s) hoe : “Marina dia marina, fa izaho dia manana fahalalana feno hatramin’ny voalohany ary izaho dia toriana ho nanafina fahalalana any amin’ny farany. Izaho no ilay manambara izay rehetra miafina sy sarotra hazavaina. Izaho no manana ireo tantaran’ny ela sy ny ankehitriny.

Izaho dia mahafehy ny zavatra rehetra, madinika na lehibe ary ny fahaizako dia manenika ny tontolo rehetra”. Niteny ihany koa ny Imâm(a.s) ‘Alî hoe : “Izaho dia afaka mameno rameva fitopolo mikasika ny fanazavana ny sourat al-Fâtihat irery fotsiny”.

Ilay Irak’(s.a.s)i Allâh dia niteny hoe : “Izaho no tanànan’ny fahalalana ary i ‘Alî no vavahadiny. Ilay Tsitoha dia niteny ihany koa fa tokony hiditra eo amin’ny vavahady ny olona. Araka izany, izay maniry te hahazo fahalalana dia tsy maintsy miditra eo amin’ilay vavahady”.

Ankoatra ireo tranga hafa, ireto ohatra anankiroa ireto dia ampy hanaporofoana ny fahambonian’i ‘Alî(a.s) izay handimby mivantana an’ilay Mpaminany(s.a.s). Amin’ny ankapobeny, raha ekena fa i ‘Alî(a.s) no tena manam-pahaizana noho ireo sakaiza rehetra, dia hevi-dravina ny fiheverana fa ny tsy ampy fahalalana no afaka misolo azy.

Ibn Abi al-Hadîd ao amin'ny bokiny mikasika ny voalohan'ny toritenin'ny Imâm 'Alî(a.s) dia nanazava toy izao : "Olona ambany voninahitra no lasa mialoha laharana amin'ny olona tena ambony voninahitra". Ity fanamarihana ity dia fanekena ny fahambonian'ny Imâm(a.s), saingy ny fitompoan-teny fantatra no nanery azy nanohy ny teniny nanao hoe : "Tian'i Allâh ny ambany no mahasolo ny ambony".

Io tantara io dia mampalahelo fa avy amin'ny olona iray tahaka an'Ibn Abi al-Hadîd. Ireo olona rehetra manana fo madio dia nanohitra azy avokoa satria izany fanambarany izany dia mifanohitra amin'ny fanaovan'i Allâh ny rariny. Allâh dia manao ny rariny sy hitsiny. Izy dia tsy manaiky mihitsy ny fialohavan'ny olona izay miantehitra amin'ny olona mendrika kokoa. Allâh dia manambara ao amin'ny Kor'âny masina hoe : "Lazao hoe : Moa ve mitovy ireo izay mahalala sy ireo izay tsy mahalala ? "[92] Hoy koa Izy hoe : "Moa ve izay mitari-dalana mankany amin'ny fahamarinana no mendrika arahina sa izay tsy mahatarika akory fa kosa mila ho tarihina ? "[93]".

Ibn Abi al-Hadîd dia manaiky mazava tsara fa i 'Alî(a.s) dia olona izay mendrika ho eo amin'ny fitondrana khilâfat. Hoy izy ao amin'ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat boky-I p.4 : " 'Alî dia ambony noho ny olombelona rehetra taorian'ilay Mpaminanin'i Allâh. Mikasika ny khilâfat, izy dia mendrika izany noho ny mpino silamo hafa rehetra".

## Ilay anarana "Ilay tanànan'ny fahalalana" dia maneho ny zon'ny Imâm 'Alî(a.s) ho khalîfat voalohany

Ankoatra izany, ny fanambaran'ilay Mpaminany(s.a.s) dia manamarina ny fahambonian'i 'Alî(a.s): "Izay maniry te hahazo fahalalana dia tsy maintsy miditra eo amin'ilay vavahady". Ilay "vavahady" dia mazava ho azy fa i 'Alî(a.s).

---

[92] Kor'âny39/9

[93] Kor'âny 10/35

Moa ve ilay vavahady fidirana izay nandidian'ilay Mpaminany mba harahintsika no manan-danja kokoa sa ilay nofinidin'ireo vahoaka ? Mazava ny valiny. Ny didin'ilay Mpaminany(s.a.s) no tsy maintsy ankatoavina. Faharoan'izany, ilay Iraka(s.a.s) dia nametraka ihany koa ny fepetran'ny fialohavana sy ny fahamendrehana kokoa, dia ny fahamboniana ara-pahalalana.

**Cheikh** : Raha i 'Alî no tokony hialohan'ireo hafa noho ny fananany fahalalana ambony, dia tokony nolazain'ilay Irak'i Allâh mazava izany, amin'izay ny vahoaka dia mahafantatra fa antery ny fankatoavana azy. Nefa tsy mba toy izany akory ny zava-nisy.

**Chîrâzî** : Izaho dia malahelo mafy maheno resaka toy izany avy aminareo. Mampalahelo fa ianareo dia manam-pahazarana ny hanohitra foana na inona na inona (eny fa na dia efa miharihary aza ny marina) rehefa tsy mifanaraka amin'ny hevitrareo izany. Ry rahalahiko hajaina, izaho dia efa nanambara taminareo hadith tamin'izao alim-pivoriana fahafolo farany izao. Ny vahoaka sy ireo gazety eto an-toerana dia vavolombelona izany. Nefa mbola mikiribiby ianareo milaza fa tsy nahita fanazavana mikasika izany lohahevitra izany. Ireo bokinareo mirakitra hadith mahafatoky dia ahitana fanambarana betsaka mikasika izany, ka tsy misy fanazavana mihoatra izany intsony.

Mamelà ahy ianareo mba hanontany: moa ve ny vahoaka mila fahalalana sy tantaran'ilay Iraka (ireo fomba amam-panaony) ?

**Cheikh** : Mazava ho azy ! Ireo sakaiza rehetra sy ny vahoaka dia mila torohevitra, fahalalana sy fomba amam-panaon'ilay Mpaminany(s.a.s) hatramin'ny Andro Fitsarana.

**Chîrâzî** : Hitso-drano anareo anie i Allâh ! Raha tsy misy noho izany ireo hadith hafa mikasika izany ankoatra ilay Hadith al-Madînat, dia efa ampy izany mba hanohanana ny hevitro. Ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe : "**Izaho no tanànan'ny fahalalana ary i 'Alî no vavahadiny. Izay maniry te hahazo ny fahalalana dia midira eo amin'ilay vavahady**".

## Araka ny voalazan'ilay Mpaminany(s.a.s), ny Imâm 'Alî(a.s) no manam-pahalalana amin'ny lafiny rehetra

Fanambarana manao ahoana no tena mazava kokoa mihoatra ilay hadith izay nilazan'ilay Mpaminany(s.a.s) fa na iza na iza maniry te hahazo ny fahalalan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tokony handalo eo amin'i 'Alî izay vavahadiny (fidirana).

Ankehitriny dia mandiva ho tonga ny maraina. Izaho dia nandany ny tontolon'ny alina nanazavana io lohahevitra io sady nandany koa ny fotoanareo betsaka aho. Nefa nampangatsiaka ny hafanam-poko ianareo. Tahaka ireo razanareo teo aloha, ianareo dia mandà ny hihaino ahy. Vokatr'izany, dia apetrakareo ho hevi-dravina foana ny fanazavako rehetra izay tsy azo lavina ary toherinareo mandrakariva ny fahamarinana.

Fanambarana hafa manao ahoana no afaka ho ambonin'ny fahalalana ? Moa ve misy olona manan-tsaina afaka mitsipaka ny olon-kendry iray ho takalon'ny olona bado ? Marina tokoa fa tsia. Noho izany, ianareo dia tokony hanaiky ny hevitro izay tsy hevitro izaho samirery fa zavatra eken'ireo olombelona manan-tsaina rehetra. 'Alî(a.s) izay miavaka tanteraka amin'ireo hafa rehetra noho ny fahalalany sy ny fahendreny, ny fankatoavana azy dia antery. Araka ny efa nolazaiko, fa ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny bokiny Mousnad, i al-Khawârizmi ao amin'ny Manâqib sy Ibn Hajar Makki (na dia eo aza ny fankahalany fatratra ny finoana chiisme) ao amin'ny Sawâ'iq dia samy nitantara an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe :

"**Ao amin'ny vahoakako, i 'Alî no ambonin'ireo hafa rehetra amin'ny fahalalana**".

Tsy misy mihitsy olona iray ka afaka mitaha amin'i 'Alî(a.s) amin'ny fahalalana.

Ibn Maghâzilî Châfi'î ao amin'ny Manâqib, Mouhammad Ibn Talha ao amin'ny Matâlib-ous-Sou'oûl, Hamwaini ao amin'ny Farâ'id sy ny Cheikh Soulaymân Hanafi ao amin'ny Yanâbî'-oul-Mawaddat, toko-

XIV dia nitantara araka ny voalazan'i Kalb fa ilay manam-pahaizana lehibe teo amin'ny vahoakan'ilay Mpaminany(s.a.s), i Abdoullah Ibn Abbâs dia nilaza hoe : "**Ny fahalalan'ilay Mpaminany dia avy amin'ny fahalalan'i Allâh, ny fahalalan'i 'Alî dia avy amin'ny fahalalan'ilay Iraka. Ny fahalalako sy ny an'ireo sakaiza, raha ampitahaina amin'ny fahalalan'i 'Alî, dia sahala amin'ny teten-drano iray eo anatrehan'ireo ranomasina miisa fito**".

Ao amin'ny Nahjoul-Balâghat, toriteny faha-108, i 'Alî(a.s) dia nilaza hoe : "**Izahay (Imâm madio ara-panahy) no hazon'ny faminaniana, toerana nahazo fanavotana fipetrahan'ny hafatr'i Allâh, toerana fandraisana ireo anjely, fototra fahazoam-pahalalana sy loharanom-pahendrena**".

Ibn Abi al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahjoul-Balâghat, boky-II p.236 dia manazava io toriteny io tahaka izao :

"Alî dia manana ireo toetra ireo tokoa satria ilay Mpaminanin(s.a.s)'i Allâh dia nilaza momba azy hoe : Izaho no tanànan'ny fahalalana ary i 'Alî no vavahadiny, izay maniry te hahazo ny fahalalana dia midira eo amin'ilay vavahady. Nilaza koa ilay Mpaminany(s.a.s) hoe : i 'Alî no mpitsara mendrika indrindra eo aminareo". Nanohy ny fanazavany Ibn Abi al-Hadîd hoe : " Ny fahaizana mitsara dia miankina betsaka tokoa amin'ny fahalalana. Ny haben'ny fahalalany dia tena ambony loatra ka tsy misy afaka mitovy aminy. Araka izany, dia tsy misy olona mahatakatra azy mihitsy. Koa rariny izy raha miteny hoe : **Izahay no fototra fahazoam-pahalalana sy loharanom-pahendrena**. Taorian'ilay Mpaminany(s.a.s), dia tsy misy manan-jo ny hanana ireo voninahitra ireo ankoatra azy".

Ibn Abdoul-Barr ao amin'ny Istî'âb boky-III p.38, i Mouhammad Ibn Talha ao amin'ny Matâlibous-Sou'oul p.23 sy al-Qâdhî al-Hajî ao amin'ny Mawâqif p.276 dia nitantara an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe : "Alî no mpitsara mendrika indrindra eo aminareo". Souyoutî ao amin'ny Târîkhoul-Khoulafat p.115, i Hâfiz Abou Nâ'im ao amin'ny Hilyat-oul-Awliyâ boky-I p.65, i Mouhammad Jazri ao amin'ny Asnâ al-Matâlib

p.14, i Mouhammad Ibn Sa'd ao amin'ny Tabaqât p.459, Ibn Kathir ao amin'ny Târîkhoul-Kabîr boky-VII p.359 ary Ibn Abdoul-Barr ao amin'ny Istî'âb boky-IV p.38 dia nitantara an'i Omar Ibn Khattâb niteny hoe: "Alî no mpitsara mendrika indrindra eo aminareo".

Voatantara ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat fa Ibn Talha, tompon'ilay boky Dourr al-Mounaz'zam dia nilaza hoe : "Aoka ho fantatrareo fa ireo tsiambaratelo rehetra sy ireo misitery rehetra mikasika ireo bokin'i Allâh dia voarakitra ao amin'ny Kor'âny masina. Izay rehetra ao amin'ny Kor'âny dia voalaza ao amin'ny sourat al-Fâtihat ary izay voalaza ao amin'ny sourat al-Fâtihat dia hita ao amin'ilay andininy Bismillâhir-Rahmânir-Rahîm (Amin'ny anaran'i Allâh, Ilay Be Indrafo, Ilay Be Famindrampo) ary izay rehetra ao amin'io andininy io dia voafono ao amin'ny litera "Bâ" amin'ny Bismillâh(Amin'ny anaran'i Allâh) ary izay hita ao amin'ny litera "Bâ" dia voatazona ao amin'ilay teboka eo ambanin'ny litera "Bâ". Ary dia nofaranan'i 'Alî tamin'ny fitenenana nanao hoe : "Izaho no ilay teboka izay eo ambanin'ny litera Bâ amin'ny Bismillâh".

Soulaymân Balkhi ao amin'ny bokiny Yanâbi'oul-Mawaddat dia nitantara ny filazan'ibn Abbâs nanao hoe: "Indray alina, taorian'ny vavaka 'Ishâ, noraisin'i 'Alî ny tanako ary nentiny nankany am-pasana Baqî' aho ary niangavy ahy izy hoe: Abdoullâh! Vakio ny Bismillâhir-Rahmânir-Rahîm. Tamin'izay dia nazavain'ny Imâm 'Alî tamiko ireo tsiambaratelo sy ireo misitery fonosin'ny litera Bâ ao amin'ny Bismillâh mandra-pahatongavan'ny maraina".

Ireo antokom-pinoana roa tonta dia miara-manaiky fa i 'Alî(a.s) dia mitazona toerana miavaka manokana eo anatrehan'ireo sakaiza rehetra. Mouhammad Ibn Talha Châfi'î ao amin'ny MatâlibousSou'oul, i al-Khatib al-Khawârizmî ao amin'ny Manâqib sy i Soulaymân al-Balkhi al-Hanafi ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat, dia nitantara avy tao amin'ny al-Dourr al-Mounaz'zam bokin'Ibn Talhah al-Halabî fa i 'Alî(a.s) dia nanambara hoe :

“**Anontanianareo ahy ny mikasika ny zavatra tsy hita maso sy ireo misitery fa izaho no nandova ny fahalalan’ireo Mpaminany sy ireo Irak’i Allâh**”.

Ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin’ny Mousnad, Ibn Abi al-Hadîd ao amin’ny Sharh Nahjoul-Balâghat sy i Soulaymân Balkhi ao amin’ny Yanâbi’oul-Mawaddat dia nanoratra fa i ‘Alî(a.s) dia nilaza teo ambony polpitra hoe : “Anontanianareo ahy mikasika izay zavatra tsy hainareo mialohan’ny hahafatesako. Anontanianareo ahy mikasika ireo lalana misampana roa satria izaho no mahalala zavatra bebe kokoa mikasika ireto lalana misampana roa eto an-tany ireto”.

‘Alî(a.s) dia nilaza toy izao hatramin’ny ela be, nialohan’ny namoronana ny masolavitra. Ireo vahoaka dia manontany azy matetika mikasika ny kintana any an-danitra sy ireo hatsarany. Izy dia nahavoavaly azy ireo mandrakariva.

<u>Famariparitana ireo faritry ny habakabaka izay mifanaraka amin’ny fahalalana momba ny kintana ankehitriny</u>

Ilay manam-pahaizana lehibe sy mpitahiry lovan-tsofina, ny Cheikh ‘Alî Ibn Ibrahim Qoummî tamin’ny taonjato fahatelon’ny Hijrat, ao amin’ny bokiny famakafakana ny sourat al-Sâffât (laharana-37), ilay manam-pahaizana ambony, ny Cheikh Fakhr-oud-Dîn al-Râzî al-Najafî nalaza tamin’ny fananany fitiavam-bavaka, ao amin’ny bokiny fombam-pitenenana, Majma’oul-Bharain, izay voadika efa ho 300 taona teo ho eo ary ny ‘Allâmah Moullah Mouhammad Baqir Majlisi ao amin’ny bokiny Bihar al-Anwâr boky-XIV dia nitantara an’i ‘Alî(a.s) nilaza nanao hoe : “Ireo kintana dia mameno ireo lanitra toy ireo tanàna eto an-tany”. Ianiana amin’i Allâh, miangavy anareo aho! Aoka ianareo mba hitsara am-pahamarinana ! Tamin’io fotoana io, dia mbola tsy nisy ny fahalalana momba ny kintana ankehitriny. Ny olona dia mino ny fampianarana “ptoléméenne” fa ny tany no ivon’izao tontolo izao. Raha ny olona iray no manambara zava-baovao mikasika ireo planeta ary voaporofo ny fahamarinan’izany an’arivony taona taty aoriana, moa ve tsy azo lazaina fa manana fahalalana ny zava-miafina izany olona izany ?

## Ny Imâm ‘Alî(a.s) dia mahafehy ireo fahalalana rehetra

Ny zava-nisy taorian’ilay Mpaminany(sa.s) dia, i ‘Alî(a.s) no olona tsara hofana amin’ny lafiny filôzôfia sy fitsipi-pitenenana sy fiqh (didy aman-dalàna), sy fahaizana momba ny kintana (astronomia), sy ny fanandroana (astrolozia), sy ny faminaniana (Jafr), sy matematika, sy tononkalo, sy fahaizana mandaha-teny ary ny fahaizana voambolana. Izy dia nampiasa ireo fahalalana rehetra ireo amin’ny fomba mazava tsara ary ireo manam-pahaizana ambony nanao fandalinana taty aoriana dia niantehitra tamin’ireo asany ireo.

Ohatra, nilaza izy tamin’i Abou al-Aswad al-Dou’ali (mpanoratra iray nalaza tamin’ny famoronana ireo zana-tsoratra arabo) fa ny fehezanteny dia mitsinjara ho telo: ny anarana, ny matoanteny (verbe) ary ny teny mpampitohy. Izy koa no nametraka ireo lalànan’ny fitsipi-pitenenana sy ny fomba fandaharan-tenin’ny arabo (syntaxe) ary koa ny antsipirian’ireo fomba fanononana sy ny voambolana. Teo am-pandrafetana ireo fitsipiky ny fanononana marina ny soratra arabo, izy dia niaro ny Kor’âny amin’ny fomba fanazavana diso any aoriana.

Ao amin’ny sasin-tenin’ny Sharh Nahjoul-Balâghat nosoratan’i Ibn Abi al-Hadîd Mou’tazali, dia hahitanareo amin’ny fomba ahoana ity manam-pahaizana ity no mankasitraka sy midera ireo voninahitr’i ‘Alî(a.s) ao amin’ireo lafim-pahalalana rehetra. Hoy izy hoe : “Ahoana no ilazana ny olona izay ireo fahamendrehana rehetra dia miverina any aminy, izay modely tonga lafatra tokony harahin’ny firenena tsirairay ary ny rehetra dia maniry te hitovy aminy avokoa ? Izy no voalohany amin’ny loharanon’ny loharanom-pahamendrehana. Ankoatra azy, na iza na iza mba nahazo fahalalana dia manararaotra azy amin’ny fanarahana ireo diany”.

Ibn Abi al-Hadîd dia nilaza fa ny fahalalan’ireo mpahay lalàna lehibe efatra, i Abou Hanifa, ny imâm Mâlik, ny imâm Châfi’î ary ny imâm Hanbal, dia nipoitra avy tamin’ny fahalalan’i ‘Alî(a.s). Hoy izy hoe :

“Ireto olona manam-pahaizana momba ny lalàna ireto dia nandray izany avy tamin’i ‘Alî”.

Tsy te handany ny fotoanareo aho satria ireo fanambarana mikasika ity lafiny iray itydia tsy ho tapitra akory. Miangavy anareo fotsiny aho mba hamaky ilay sasin-teny ao amin’ny bokiny Sharh Nahjoul-Balâghat. Ho hainareo amin’izany, amin’ny fomba ahoana ity mpahay tantara malaza sy manam-pahaizana ity no mankasitraka ireo voninahitr’i ‘Alî(a.s). Hoy indrindra izy hoe : “Alî dia tena mahagaga. Nandritra ny fiainany manontolo izy dia tsy mbola niteny hoe : Tsy haiko izany. Izy dia mahalala tanteraka ny zava-drehetra”. Amin’ny farany, ilay mpanoratra dia nilaza hoe : “Izany dia azo heverina ho anisan’ny iray amin’ireo fahagagana natokana ho an’ilay Imâm. Ny fahalalana toy izany dia tsy takatry ny sain’olombelona”.

Ny fahaterahan’ny Imâm al-Houssain(a.s) sy ireo fiarahaban’ireo Anjely

Tamin’ny nahaterahan’ny Imâm al-Houssain(a.s), dia tonga ireo olona niarahaba an’ilay Mpaminany(s.a.s). Ny sasany tamin’izy ireo dia niteny hoe : “Ry Mpaminany ! Izahay dia mahatsikaritra zavatra mahagaga eo amin’i ‘Alî ? ” Nanontany ilay Mpaminany hoe : “Inona àry izany ? ” Hoy ilay olona hoe : “Nony mba tonga izahay handray anjara amin’ny fiarahabana anao, dia najanon’i ‘Alî izahay izay nilaza taminay fa misy Anjely miisa 120.000 no nidina avy tany an-danitra ary izy ireo dia miaraka aminao. Amin’ny fomba ahoana no nahafantarany izany sy nahafahany nanisa azy ireo ? ” Nitsiky ilay Iraka sady nanontany an’i ‘Alî ahoana no nahalalany fa misy Anjely maro be no tonga eo aminy. Namaly ilay Imâm(a.s) hoe : “Hanao sorona ho anao anie ny ray aman-dreniko ! Ireo Anjely tsirairay tonga teo aminao dia niarahaba anao amin’ny fiteny samihafa. Teo am-panisana dia tsapako fa misy fiteny miisa 120.000 ka fantatro avy amin’izany fa miisa 120.000 ireo Anjely tonga nitsidika anao”. Niteny ilay Mpaminany(s.a.s) hoe : “Ry Aboul-Hassan ! Allâh anie hampitombo ny fahalalanao sy ny fahatsoranao”. Nony niverina teo amin’ireo olona ireo ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza hoe : “Izaho no tanànan’ny fahalalana ary i ‘Alî no vavahadiny. Tsy misy tranga farany lehibe na famantarana farany lehibe ka tsy ho hainy.  Izy no Imâm

mpitarika ny olona, ilay mendrika amin'ny olombelona, mpitantana avy amin'i Allâh sy ilay fitoeran'ny fahalalako. Izy dia anisan'ireo olon'ny Zhikr izay voalazan'i Allâh ao amin'ny Kor'âny masina hoe : "**Anontanianareo ireo olon'ny Zhikr raha toa ianareo ka tsy mahalala**"[94], izaho no tahirin'ny fahalalana ary i 'Alî no fanalahidiny. Izay maniry te hahazo ity tahiry ity dia mila manana ilay fanalahidy".

Raha ianareo no afaka manambara amiko olona iray avy amin'ireo sakaiza ireo na fanambaran'ilay Mpaminany(s.a.s) afaka mifaninana amin'ireo voninahitra ananan'i 'Alî(a.s) ireo, dia hiondrika tanteraka amin'izany olona izany aho. Fa raha tsy afaka hanao izany ianareo, dia adidinareo eo anatrehan'ny finoana kosa amin'izay fotoana izay, ny manaraka ny fahamarinana tsy ilàna fiahiahiana mikasika izay mety hiheveran'ny olona anareo.

(Chîrâzî nanandratra ireo tanany eny amin'ny lanitra sady niantso an'i Allâh nanao hoe : ) "Ry Allâh ! Ianao no vavolombelona fa izaho dia nanambara mazava tsara ny fahamarinana koa dia nahavita ireo adidiko ara-pinoana aho".

## Ny fidiran'i Nawab amin'ny finoana "Chiisme"

**Nawwâb** : Andriamatoa hajaina, ireto alim-pivoriana farany ireto, no nandrenesanay zavatra betsaka tao anatin'ireo lohahevitra samihafa. Ny sasany teo aminay dia niady hevitra foana na dia mazava amin'izy ireo aza ireo fanazavanao. Isaorako Ilay Tsitoha nanoro anay ny làlana. Ireo fampianarana diso tanteraka avy amin'ireo mpanohitra na namitaka anay. Mazava izao fa ireo Shia' Ithnâ Ash'ari no ao anatin'ny lalana mahitsy.

Ireo avy aminay izay nanatrika ireto fivoriana ireto sy ireo mponina ao an-tanàna izay namaky ireo tatitry ny ady hevitra nataonay ao amin'ireo gazety eto an-toerana, dia nahita ny fahamarinana mikasika ny Islâm. Mazava ho azy fa izy ireo dia tsy ho àry hanambara ampahibemaso avokoa ny finoan'izy ireo, noho ny antony manokana ara-pifandraisan'izy

[94] Kor'âny 16/43

ireo amin'ireo mpanohitra, fa kosa izy ireo dia nanambara izany tamiko tamin'ny fomba mangingina, fa izy ireo dia manaiky ny mahamarim-pototra ny finoana chiite.

Ny sasany aminay kosa dia tsy matahotra na inona na inona avy amin'ny olona ary nikasa ny haneho ny fanekem-pinoany saingy tsy afaka nanatanteraka izany teo noho eo. Ireo teninao dia naharesy lahatra anay ary ny finoanay ankehitriny dia nihamafy.

Mamelà anay ianao mba hanaisotra ny efitra. Aoka anie ireo anaranay mba ho voasoratra ho anisan'ireo Shias (mpanara-dia) ny lehibenay ny Amîr al-Mou'minîn sy ireo Imâm[a.s] miisa roa ambin'ny folo ireo. Izahay dia maniry ny hanambara amin'ireo mpanaraka ny finoana chiite fa izahay dia naman'izy ireo. Aoka ianao no ho vavolombelonay amin'ny Andro Fitsarana manoloana ny Fitsaran'i Allâh sy eo anatrehan'ny raibenao, ilay Irak[s.a.s]'i Allâh, fa izahay dia mino tanteraka an'ireo Imâm[a.s] roa ambin'ny folo ireo ho mpandimby sy lefitr'ilay Mpaminanin[s.a.s]'i Allâh.

**Chîrâzî** : Mahafaly ahy ny fahatsapan'ny sasany aminareo ny fahamarinana. Araka ny voalazan'ny hadith nosoratan'ny imâm Ahmad Ibn Hanbal ao amin'ny Mousnad, Ibn Abî al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahjoul-Balâghatn i Mouhammad Ibn Talha Châfi'î ao amin'ny Matâlibous-Sou'oul, Ibn Maghâzilî ao amin'ny Fadhâ'il, i al-Khawârizmî ao amin'ny Manâqib, i Soulaymân Hanafî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat ary ireo maro hafa, dia niteny ilay Mpaminany[s.a.s] nanao hoe : " Ny làlana izoran'i 'Alî no làlan'ny fahamarinana". Irariako ihany koa ireo rahalahiko hafa ara-pinoana Islâm ireo mba hiala amin'ny fitompoan-teny fantatr'izy ireo.

**Nawwâb** : Izahay dia tena mankasitraka tanteraka ireo fanazavana lehibe feno fahalalana sy halemem-panahy avy aminao. Na izany aza anefa dia misy teboka iray manelingelina anay. Izany dia momba ny Imâmat fitarihan'ireo Imâm[a.s] roa ambin'ny folo sy ny anaran'izy ireo.Tamin'ity alim-pivoriana fahafolo farany ity, dia i 'Alî[a.s] Amîr al-Mou'minîn no foto-dresaka niadiantsika hevitra. Voalohany aloha dia

omeo anay ireo andinin'ny Kor'âny masina manaporofo ny Imâmat fitarihan'ireo roa ambin'ny folo madio ara-panahy(a.s) ireo. Avy eo, moa ve ny anaran'izy ireo dia voarakitra ao amin'ireo bokinay ?

**Chîrâzî** : Izany dia fanontaniana izay efa noresahina nefa mahafaly ahy ny hamaly izany. Efa ho tonga anefa ny maraina ary ny valinteniko dia tsy mba fohy. Rahampitso dia tsingerin-taona nahaterahan'ny zafin'ilay Mpaminany(s.a.s), ny Imâm Houssain(a.s). Ny fianakavian'i Qizilbash dia nikarakara ny fankalazana izany ao amin'ny Risaldar Imambara. Amin'izany fotoana izany no hanararaotako ny hamaliana ny fanontanianareo.

**Nawwâb** : Ekena.

## FIVORIANA FARANY

(Ny alin'ny Alahady faha-04 Cha'abân 1345H[95].)

Fahaterahan'ny Imâm al-Houssain(a.s)

Fetim-pankalazana lehibe no nomanina mba ho fahatsiarovana ny nahaterahan'ny Imâm Houssain(a.s). Ny mpanoratra an'ity boky ity, ny Sayyed Mouhammad Soultanoul-Wâ'izîn Chîrâzî dia nanipy resaka tamin'ireo olona izay vory nanatrika izany. Ity no fandraisam-pitenenany farany ary araka ny efa nampanantenainy tamin'ny alim-pivoriana teo aloha, dia eto izy no hamaly ny fanontaniana mikasika ny Imâmat, sy ny isan'ireo Imâm(a.s) ary ny anaran'izy ireo ao amin'ny Kor'âny masina sy ireo hadith. Nanomboka ny lahateniny izy tamin'ny alalan'izao andininy manaraka izao :

«**Ry ianareo mpino ! Mankatoava ianareo an'i Allâh, ary mankatoava ihany koa ianareo an'ilay Iraka sy ireo mpitarika aminareo. Fa raha misy mampifanolana anareo, dia ento miverina amin'i Allâh sy ny Iraka izany, raha mino an'i Allâh sy ny Andro**

[95]Nifanandrify tany ho any amin'ny daty faha-06 Febroary 1927.

**farany tokoa ianareo.Izany no mendrika kokoa sy fanazavana tsara indrindra**»[96].

**Chîrâzî** : Ny hevitry ny fahalalahana dia hevi-bahoaka hatramin'ny ela. Ny dikany ety ivelany ny manome fahalalahana dia ny fahazoana manao izay tiana hatao, izany dia famaritana izay miteraka ny fitsipahana ny lalànan'i Allâh. Nefa ny tena fahalalahana marina dia ny fankatoavana an'i Allâh, Ilay Mpahary ny zava-drehetra. Ny Kor'âny masina dia mandidy matetika an'ireo mpino mba hankato an'i Allâh sy ireo izay mendrika hankatoavina eo amintsika. Ilay andinin-tsoratra masina izay novakiko teo mba ho fampidirana ny lohahevitry ny toriteniko dia manambara amintsika fa isika dia tokony hankato : an'i Allâh, an'ilay Iraka(s.a.s) ary ireo izay mpitarika eo amintsika. Tsy misy fifanoheran-kevitra eo amin'ireo silamo mikasika ny fankatoavana an'i Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s). Fa tsy mitovy kosa anefa ny hevitra amin'ny fadikana ilay fehezanteny hoe : "**Sy ireo izay mpitarika eo aminareo**".

## Fanazavan'ireo Sunnites ilay fehezanteny hoe "Sy ireo izay mpitarika eo aminareo" (Oulil-Amr)

Ireo rahalahintsika "sunnites" dia mino fa ao amin'io andininy voalaza etsy ambony io, ireo teny "Sy izay mpitarika eo aminareo" (Oulil-Amr) dia manondro an'ireo mpitondra fanjakana ireo. Izany no mahatonga azy ireo mihevitra fa antery ny fankatoavana an'ireo mpanjaka sy ireo governora ireo, na olon-tsara izy ireo na tsy refesi-mandidy. Izany finoana izany diso. Ny tsy fahampian'ny fotoana no tsy mamela antsika hivelatra amin'ity teboka ity.

Iaraha-mahalala anefa fa ireo filoha dia mahazo ny fahefana noho ny antony iray amin'ireto telo ireto: na izy ireo voatendry tamin'ny alalan'ny Ijmâ' (hevitra iombonan'ny vahoaka), na tamin'ny alalan'ny fakana an-keriny ny fahefana na notendren'i Allâh.

[96] Kor'âny 4/59

Raha ny filoha iray no nahazo ny fahalalana tamin'ny alalan'ny fifanarahana iombononan'ny vahoaka (fifidianana demokratika), dia tsy antery akory ny fankatoavana azy satria tsy misy azo ankatoavina afa-tsy i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s). Tsy hain'ireo silamo rehetra ny hisafidy filoha iray olo-marina, na dia hendry sy manan-tsaina aza izy ireo dia tsy afaka ny hitsara afa-tsy amin'ny endrika ety ivelany. Izy ireo dia tsy afaka ny hamaky izay ao am-pony na hitsara ny fananam-pinoany.

## Ny fisafidianan'i Mosesy ireo Filohan'ireo Israely dia heverina ho toy ny zava-poana

Marina tokoa, fa ireo silamo dia tsy afaka ny hilaza fa manana fahaizana ny mamantatra mihoatra an"ilay Iraka Mosesy(a.s) ? Izy dia nifidy lehilahy fitopolo tamin'ireo olo-maro anarivony ary dia nentiny izy ireo nankany an-tendrombohitra Sinay. Nefa dia niharihary ny naha-zava-poana izany taorian'ny fanaraha-maso natao satria, ny finoan'izy ireo dia tsy natanjaka akory. Izany dia voalaza ao amin'ny Kor'âny masina andininy faha-15 ao amin'ny sourat faha-7.

Raha ireo olom-boafidin'ny tenan'i Mosesy(a.s) ireo aza no nanambara tena ho tsy mpino, dia vao mainka mazava izany fa ireo olon-tsotra dia tsy hahavita mihitsy ny hisafidy ireo filoha mendrika hitarika azy ireo. Zavatra mety hitranga fa ireo izay nofidina tamin'ny alalan'ny endrika ety ivelany amin'ny fitiavam-bavaka dia ho hita indray fa olona tsy mpino. Ny fankatoavana an'ireo olona tahaka izany dia hitera-doza araka ny fijerin'ny finoana.

## Ny teny "Oulil-Amr" dia tsy manondro akory an'ireo Mpitarika

Ankoatra izany, i Allâh dia tsy mitaky akory an'ireo mpanompony mba hankato ny mpanota hitovy amin'ny fankatoavana Azy na ilay Mpaminaniny(s.a.s). Manampy izany, raha ny fanendrena an'ireo izay mpitarika no atao tokoa amin'ny alalan'ny hevitra iombonana, dia midika izany fa isaky ny misy ny fanendrena vaovao dia atao amin'ny alalan'ny

hevitra iombonana hatrany. Ireo vahoaka silamo rehetra isaky ny firenena dia tokony hankasitraka ny fifidianana azy.

Nandritra ny 1300 taona, isika dia mahatsikaritra fa taorian'ilay Iraky ny Islâm, ny fomba tahaka izany dia tsy mba voatazona velively. Ary ankehitriny, dia sarotra ny hanatanterahana izany fomba izany satria ny vahoaka silamo dia nizara ho firenena roa, ka isaky ny firenena dia samy manana ny filohany manokana.

Ankoatra izany, raha ny firenena tsirairay no hifidy olona iray mendrika hitarika, dia hisy maro ireo "Oulil-Amr" ao amin'ny fireneny na amin'ireo firenena hafa. Marina tokoa, fa ny resaka mikasika ny fanekempankatoavana dia mipetraka rehefa miseho ny fahasamihafana eo amin'ireo fanjakana samihafa, tahaka izany no nitranga tamin'ity 1300 taona farany ity. Izany no niteraka ny fifamonoan'ireo silamo tamin'ny anaran'ny Islâm. Nefa ny Islâm dia tsy mba mankasitraka toe-javatra toy izany izay mahatonga ny fifamonoan'ireo samy silamo.

Araka izany, dia azo ambara fa izay nahazo fahefana tamin'ny alalan'ny hevitra iombonana dia tsy voatery azo atao ny mankato azy.

Hevi-dravina ihany koa ny filazana fa antery ny fankatoavana ny mpitondra tsy refesi-mandidy izay naka an-keriny ny fahefana. Raha tsy izany dia tsy mba nanameloka ireo filoha sy khalîfat mpanao didy jadona toa an'i Mou'âwiyat sy i Yazid sy ilay olon-dratsy i Ziyad, i Oubaidoullâh, i Hajjaj ...sns, ireo manam-pahaizanareo.

Na iza na iza milaza fa antery ny fankatoavana an'ireo filoha ratsy toetra ireo (ary ny sasany amin'ireo manam-pahaizanareo dia nanao izany) dia manohitra ny fampianaran'ny Kor'âny. Allâh, dia matetika manozona ireo mpanota ao amin'ny Kor'âny masina, Izy dia nandrara an'ireo silamo mba tsy hankato azy ireo. Koa amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ity andininy resahina ity, milaza fa i Allâh dia mandidy antsika mba hankato an'ireo mpanota ireo ? Tsy azo atao ny mametraka ireto fomba fijery anankiroa ireto izay mifanohitra amin'ny toetr'Ilay Tsitoha. Ny imâm Fakhr-oud-Dîn al-Râzî dia nanazava tsara io andininy io hoe: Ireo izay

mpitarika dia tokony hanana toetra lavorary. Raha tsy izany, i Allâh dia tsy nampifandray io adidy fankatoavana io amin'ny fankatoavana Azy Allâh sy ilay Irany.

Araka ny fampianarana chiite, ireo Oulil-Amr dia ireo tsy manam-pahotana sy madio ara-panahy. Noho ny tsy fahafahan'ny olona mahalala ny ao am-pon'ny tsirairay afa-tsy Ilay Tsitoha Irery ihany, dia tsy maintsy Allâh no manendry an'ireo Oulil-Amr ireo. Araka izany, i Allâh izay nandefa an'ireo Mpaminany(a.s) ireo ihany koa no manendry an'ireo "Oulil-Amr" ireo (ireo izay mpitarika eo aminareo). Ireo "Oulil-Amr" dia tsy maintsy manana toetra mitovy amin'ny Mpaminany.

Ao amin'io andininy io, ny matoanteny_ "mankatoava" (atî'ou) dia nampiasaina indroa: voalaza hoe "**Mankatoava ianareo an'i Allâh, ary mankatoava ihany koa an'ilay Iraka**". Tsy nampiasaina intsony ny (verba) matoanteny "mankatoava" (atî'ou) fa avy hatrany dia teny mpampitohy "ary" ho an'ireo "Oulil-Amr". Ireo teny mifamatotra (Allâh, ilay Iraka, ary ireo izay mpitarika) ireo no maneho fa ireo "Oulil-Amr" ireo dia manam-boninahitra mitovy amin'ilay Iraka(s.a.s), afa-tsy izay natokana ho an'ilay Iraka(s.a.s) toy ny fahazoana ny hafatr'i Allâh (Wahy), sy ny voninahitry ny Mpaminany sns. Raha fintinina, dia ireo toetr'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tsy maintsy hita amin'ireo "Oulil-Amr" ihany koa, afa-tsy mazava ho azy, ny voninahitry ny Mpaminany.

Noho izany, ireo "Chiites" dia manaiky fa ireo "Oulil-Amr" dia manondro an'ireo Imâm(a.s) miisa roa ambin'ny folo ireo, izany hoe i 'Alî(a.s) sy ireo iraika ambin'ny folo taranany, fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s). Io andininy io dia iray amin'ireo porofon'ny Imâmat maha-mpitarika an'ireo Imâm(a.s) roa ambin'ny folo madio ara-panahy. Maro ireo andininy izay manohana izany hevitray izany.

Ohatra amin'izany, ny Kor'âny masina dia milaza hoe :

-Hoy i Allâh hoe :

**«Hapetrako ho Imâm mpitarika ny olona ianao. Hoy i Abraham hoe : Ary anisan'izany koa ve ireo taranako? Hoy i Allâh hoe : Ny fampanantenako dia tsy mihatra amin'ireo izay mpanao tsy rariny»**[97].

-Ny Mpaminany no manan-jo kokoa eo amin'ireo mpino izay ananan'izy ireo amin'ny tenan'izy ireo, ary ireo vehivavy vadin'izy ireo no renin'izy ireo. Ireo fifandraisana ara-pihavanana (ao amin'ny fifandimbiasana) no laharam-pahamehana (eo amin'ny fifandraisana) mampifandray ireo mpino (tao Madînat) sy ireo mpifindramonina (avy tao Makkat) araka ny voalazan'ny Bokin'i Allâh (Kor'âny 33:6).

-Ry ianareo mpino! Matahora an'i Allâh ary aoka ianareo hiaraka amin'ireo olo-marina (Kor'âny 9:119).

-Ianao dia mpampitandrina ihany ary isaky ny vahoaka dia manana mpitarika (Kor'âny 13:7)

-Ary indro ny Làlako miaraka amin'ny fahitsiany manontolo, koa arahonareo izany ; ary aza manaraka ireo lalana maro izay mamily anareo amin'ny Làlany (Kor'âny 6:153).

-Amin'ireo izay noharianay, dia misy fikambanana izay mitari-dalana (ireo hafa) araka ny fahamarinana, ary amin'ny alalan'izany no anaovany ny ara-drariny(Kor'âny 7:181).

-Ary aoka ianareo rehetra mba hiara-hamikitra amin'ny tadin'i Allâh ka aza misaratsaraka ; tsarovy ihany koa ny fahasoavan'i Allâh eo aminareo (Kor'âny 3:103).

- Anontanianareo ireo olon'ny Zhikr raha toa ianareo ka tsy mahalala (Kor'âny 16:43).

- Ny hanalavitra ny fahalotoana aminareo no tadiavin'i ALLAH, ry fianakavian'ny Mpaminany, ary ny hanadio anareo tanteraka (Kor'âny 33:33).

---

[97] Kor'âny 2/124

-Tena marina , fa i Allâh no nisafidy an'i Adama, sy i Noa, ary ireo fianakavian'i Abrahama sy ny fianakavian'i Imran ho ambony teo amin'izao tontolo izao(Kor'âny 3:33).

-Dia nataonay mpandova ny Boky ireo izay nofidinay tamin'ny mpanomponay (Kor'âny 35:32).

- Andriamanitra no fahazavan'ny lanitra sy ny tany.
Mitovy amin'ny lavaka izay misy jiro mazava ny Fahazavany.
Ary ny jiro mazava dia ao anatin'ny fitaratra, ka mitovy amin'ny kintana tena mamirapiratra izy io, avy amin'ny hazo masina ny firehetany, hazon'oliva, izay tsy avy any atsinanana, sady tsy avy any andrefana, izay toa manazava ny diloilony (Kor'âny 24:25).

Mbola maro ireo izay azoko ho tanisaina. Maro amin'ireo manam-pahaizanareo no nitantara ny tenin'ilay Mpaminany(s.a.s) nilaza hoe : "**Ny ampahefan'ny Kor'âny dia midera an'ireo Ahloul-Bayt**".

Araka ny voalazan'Ibn Abbâs fa: "Mihoatra ny 300 ireo andininy nampidinina ho fiderana an'i 'Alî".

Hiverenantsika ny hevitro niaingana teny am-piandohana: ireo "Oulil-Amr" dia tsy maintsy madio ara-panahy satria ny fankatoavana azy ireo dia mifandray amin'ny fankatoavana an'i Allâh sy ilay Mpaminaniny(s.a.s).

Ny imâm Fakhr-oud-Dîn al-Râzî ao amin'ny bokiny Tafsîr dia nanaiky fa raha tsy heverintsika ho madio ara-panahy ireo "Oulil-Amr", dia manjary milaza zavatra roa mifanohitra isika.

Ireo manam-pahaizanareo ihany no nanamarina fa ireo toetra ireo dia nanan'ireo Imâm(a.s) roa ambin'ny folo ireo tanteraka. Ilay andininy "Fanadiovana" (Kor'âny 33:33) dia manamarina izany ihany koa.

## Ny fahadiovana ara-panahin'ireo Imâm ireo dia fantatry ny besinimaro

Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny Yanâbi'oul-Mawaddat toko-77 p.445 sy i Hamwaini ao amin'ny Farâ'id-ous-Simtayn dia nitantara avy tamin'Ibn Abbâs nanao hoe: "Izaho dia nahare an'ilay Mpaminany niteny hoe : Izaho, 'Alî, Hassan, Houssain(a.s) ary ireo sivy taranaky ny Imâm Houssain(a.s) dia madio tsy manam-pahotana tanteraka".

Salman al-Farsî dia nitantara fa ilay Mpaminany(s.a.s) dia nitazona ny sorok'i Houssain(a.s) sady niteny hoe : "Izy no imâm, zanaky ny Imâm ary ireo sivy amin'ireo taranany dia ho Imâm avokoa, izy rehetra ireo mpitondra ara-drariny avy amin'i Allâh".

Zayd Ibn Thâbit dia nitantara an'ilay Mpaminany(s.a.s) niteny hoe: "Marina dia marina fa ireo taranaky ny Imâm Houssain(a.s) dia ho Imâm, izy ireo no ho mpitondra ara-drariny, mpitsara lavorary".

Imran Ibn Hasîn dia nitantara ihany koa an'ilay Iraka(s.a.s) izay niteny tamin'i 'Alî(a.s) nanao hoe : "Ianao no mpandovan'ny fahalalako. Ianao no Imâm sy Khalîfat avy aoriako. Ianao no hanambara amin'ireo vahoaka izay tsy hain'izy ireo. Ianao no rain'ny zafiko sy vadin'ny zanako vavy. Avy amin'ny taranakareo no hisian'ireo Imâm madio ara-panahy".

## Ny fahalalan'ireo Ahloul-Bayt

Aboû Is'hâq al-Hamwaini ao amin'ny Farâ'id-ous-Simtayn, al-Hâfiz Aboû Nâ'im Ispahani ao amin'ny Hilyat-oul-Awliyâ' sy Ibn Abi al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahjoul-Balâghat dia nitantara araka ny voalazan'Ibn Abbâs izay nahare izany avy tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe: "**Ny taranako dia nohariana avy amin'ny natiora izay nahariana ahy. Allâh, Ilay Tsitoha dia nanome azy ireo fahalalana sy fahendrena. Loza ho an'izay mitsipaka azy ireo**".

Ibn Abi al-Hadîd ao amin'ny Sharh Nahjoul-Balâghat sy ny mpanoratra ny Sirat-ous-Sahâbat dia nanoratra araka ny tantaran'i Houzhaifa Ibn Yamân sy i Ousaid fa ilay Iraka(s.a.s) dia niteny hoe:

“**Izaho dia mametraka zavatra roa mavesa-danja eo aminareo : ny bokin’i Allâh sy ny taranako. Raha ianareo no mifikitra amin’ireo zavatra roa ireo, dia ho avotra ianareo**”. Tabarânî dia nameno io hadith io toy izao : “**Aza lavinareo ny fahefan’izy ireo fa raha tsy izany dia ho very ianareo. Aoka ianareo hanaja azy ireo fa aza mody atao tsy fantatra izy ireo, fa raha tsy izany dia ho potika ianareo. Aza mikasa ny hampianatra azy ireo fa izy ireo no tena mahay lavitra noho ianareo**”.

Houzhaifa sy i Ousaid dia nitantara ny tenin’ilay Iraka(s.a.s) hoe :

“**Avy aoriako, dia hisy ireo Imâm avy amin’ny taranako. Ny isan’izy ireo dia hitovy amin’ny isan’ny fokon’ireo Israely (izany hoe roa ambin’ny folo), ka ny sivy amin’izy ireo dia taranak’i Houssain(a.s). Allâh dia nanome azy ireo ny fahalalako sy ny fahendreko. Araka izany, dia zava-poana ny hampianatra azy ireo satria izy ireo no mahalala tokoa noho ianareo. Manaraha azy ireo ianareo fa izy ireo no azo antoka miaraka amin’ny fahamarinana ary ny fahamarinana dia miaraka amin’izy ireo**”.

<u>Nahoana ny anaran’ireo Imâm(a.s) ireo no tsy miharihary ao amin’ny Boky masina Kor’âny ?</u>

Fa nahoana àry ny anaran’ireo Imâm(a.s) roa ambin’ny folo ireo no tsy hita ao amin’ny bokin’i Allâh ? Voalohany aloha, ny Kor’âny dia tsy mba be resaka. Izy dia mifono hevitra maro amin’ny ankapobeny fa tsy dia milaza ny antsipiriany loatra fa kosa nankinina amin’ilay lehiben’ny Boky masina, dia ilay Mpaminany(s.a.s) ny famakafakana izany. Allâh dia nanambara hoe : “**Raiso izay omen’ilay Iraka ho anareo ; ary avelao izay andraràny anareo**”[98].

Koa satria ny anaran’ireo Imâm(a.s) miisa roa ambin’ny folo sy ny isan’izy ireo no tsy voalaza ao amin’ny Kor’âny masina, dia tsy mankato

[98] Kor’âny 59/7

azy ireo ny sasany. Fa amin'izay fotoana izay, dia tokony tsy hanaiky ihany koa izy ireo an'ireo khalîfat arahin'izy ireo satria tsy misy na dia andininy iray aza maneho ny anaran'izy ireo. Faharoa, raha toa ka tsy maintsy hotsipahina izay rehetra tsy voalaza mazava tsara ao amin'ny Kor'âny masina, dia tokony hotsipahinareo ihany koa ireo fomba maro izay ampiharinareo satria tsy misy andininy na iray akory no manambara azy ireny antsipiriany.

<u>Tsy misy filazana mikasika an'ireo isan'ny rak'at ao amin'ireo Salât ao amin'ny Kor'âny masina</u>

Ny vavaka fanompoana (salât) no foiben'ny fanompoam-pivavahana eo amin'ny silamo. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanamarika ny maha-zava-dehibe ny fanatanterahana azy am-pitoniana : "**Ny salât no andry sy mpiaro ny finoana. Raha ny salât no ankasitrahana, ireo asa soa hafa dia ankasitrahana ihany koa. Raha tsipahina izy dia tsipahina ihany koa ireo asa soa hafa rehetra**".

Na izany aza anefa dia tsy hita ao amin'ny Kor'âny masina mihitsy ny filazana antsipiriany mikasika ny isan'ireo fiondrehana (rak'at) ampiharina isaky ny salât na ny fomba entina manatanteraka azy. Midika ve izany fa isika dia tokony tsy hanao salât ? Ny Kor'âny anefa dia milaza hoe : "Tanteraho ny Salât (vavaka fanompoana)". Tsy misy fanambarana antsipiriany ihany koa ny mikasika ireo atao an-tsitrapo sy ny tsy maintsy atao. Ireo rehetra ireo moa dia nazavain'ilay Iraka(s.a.s) antsipiriany.

Toraka izany koa, fa be dia be ireo lalàna voalaza ao amin'ny Kor'âny masina izay ireo fombafomba sy ny antsipiriany sy ny fepetra ary ny toromarika fanatanterahana azy ireo dia nazavain'ilay Mpaminany(s.a.s).

Toy izany koa ny Imâmat sy ny khilâfat, ilay Kor'âny masina dia nanambara hoe : "**Mankatoava ianareo an'i Allâh, ary mankatoava ihany koa ianareo an'ilay Iraka sy ireo mpitarika aminareo**". Ary isika dia noterena mba hanaraka ireo didin'ilay Mpaminany(s.a.s)araka izany, mitovy amin'ny fomba fanarahantsika ireo toromarika mikasika ireo vavaka fanompoana ireo.

Ireo mpahay tafsîr, na “sunnites” na “chiites”, dia tsy afaka maneho ny hevitr’izy ireo manokana amin’ny famakafakana ny Kor’âny masina. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza hoe : “**Izay manazava ny Kor’âny masina araka ny heviny manokana dia ny Afobe no toerana hisy azy**”.

Noho izany, ny silamo tsirairay dia tsy maintsy mitodika mankany amin’ny mpamakafaka marina ny Kor’âny masina, dia ilay Mpaminany(s.a.s). Nandritra ireo taona maro, no nandalinako ireo tafsîr avy amin’ny sunnites sy ny chiites ary koa ireo hadith fa tsy mbola nahita mihitsy aho hadith tsotra izay nilazan’ilay Mpaminany(s.a.s) fa ireo “Oulil-Amr” ireo dia manondro an’ireo filoham-panjakana. Ny mifanohitra amin’izany kosa, dia tsy tambo isaina ireo porofo voarakitra ao amin’ireo boky “chiites” sy “sunnites” izay mitantara fa ilay Iraka(s.a.s) dia niangaviana mba hanazava ny dikan’ny “Oulil-Amr” ary namaly izy fa io teny io dia manondro an’i ‘Alî(a.s) sy ireo taranany(a.s)iraika ambin’ny folo. Ny sasantsasany amin’ireo hadith marobe ireo ihany izay voasoratra ao amin’ireo boky eken’ny “sunnistes” no holazaiko eto.

## Ny “Oulil-Amr” dia manondro an’ny Imâm ‘Alî(a.s) sy ireo Imâm Ahloul-Bayt(a.s)

Abou Is’hâq nanoratra ao amin’ny Farâ’id-ous-Simtayn hoe : “Ilay Mpaminany dia nilaza taminay fa ireo Oulil-Amr dia i ‘Alî sy ny taranak’ilay Mpaminany”.

Isa Ibn Yousouf Hamadani dia nitantara avy tamin’i Abou al-Hassan sy avy tamin’i Salim Ibn Qais izay nitantara avy tamin’i ‘Alî(a.s) fa ilay Iraka(s.a.s) dia niteny hoe : “**Ireo namako dia ireo izay ny fankatoavana azy ireo dia nampifamatoran’i Allâh amin’ny fankatoavana Azy manokana. Izy ireo no tian’i Allâh hambara rehefa niteny Izy hoe : Ireo izay mpitarika eo aminareo**”. Antery aminareo ny tsy fanoherana izay lazain’izy ireo. Ianareo dia tsy maintsy mankato azy ireo sy manaraka ireo didiny”. Amîr al-Mou’minîn ‘Alî dia nanontany : “**Ry Mpaminany, ampahafantaro anay iza ireo Oulil-Amr ireo ?** ”

Namaly ilay Mpaminany(s.a.s) hoe : “**Ry ‘Alî ! Ianao no voalohany amin’izy ireo**”.

Mouhammad Mou’min Chîrâzî, iray amin’ireo manampahaizanareo ambony, dia nanoratra ao amin’ny bokiny Risâlat al-I’tiqâdât: Rehefa ilay Iraka(s.a.s) nanendry an’ny Amîr al-Mou’minîn(a.s) ho solontenany tao Madînat dia nidina ilay andininy “Oulil-Amr minkoum” izay manondro an’i ‘Alî Ibn Abî Tâlib(a.s).

Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin’ny Yanâbi’oul-Mawaddat toko-38 dia nitantara avy tao amin’ny Manâqib araka ny voalaza ao amin’ny Tafsîr Moujahid fa io andininy io dia nampidinina hanondroana an’ny Amîr al-Mou’minîn tamin’ny fotoana nanendren’ilay Mpaminany(s.a.s) azy ho solontenany tao Madînat. Nanontany azy ilay Imâm hoe : “Ry Mpaminanin’i Allâh ! Ianao dia nanendry ahy ho khalîfat ho ambonin’ireo vehivavy sy ireo ankizy ? ” Ary dia nanontany azy koa ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe : “**Tsy mahafaly anao ve ny eo anatrehako tahaka an’i Harona eo anatrehan’i Mosesy ?** ”

Cheikhoul-Islâm Hamwaini dia nitantara araka ny voalazan’i Salim Ibn Qais hoe: Nandritra ny khilâfat fitondran’i Othmân, hitako ny sasany amin’ireo Mouhâjirs (Mpifindramonina) sy ireo Ansârs (Mpamonjy) niara-nivory mba hidera an’i ‘Alî. ‘Alî izay teo anatrehan’izy ireo dia nitoetra nangina. Niangavian’izy ireo i ‘Alî mba hiteny. Hoy àry izy hoe : “Hainareo ve fa ilay Mpaminany dia nilaza hoe: Izaho sy ny taranako dia avy amin’ny hazavana iray izay efa nisy 14.000 taona nialohan’ny nahariana an’i Adam ? Rehefa nahary an’i Adam i Allâh, dia napetrany io hazavana io tao amin’ny taolan-damosiny nony tonga teto an-tany izy. Avy eo i Allâh nametraka io hazavana io tamin’i Noa teo amin’ny sambofiarany, avy eo nafindra tao amin’ny taolan-damosin’i Abraham rehefa izy natsipy tao anaty afo. Izahay dia nifindrafindra tao anatin’ny fotoana naharitra tao amin’ny taolan-damosina madion’ireo ray sy kibo madion’ireo reny izay tsy nisy tamin’izy ireo no teraka tamin’ny fomba tsy ara-dalàna. Ireo izay lohalaharana tamin’ny adin’i Badr sy i Hounayn dia nilaza hoe: Eny, izahay dia efa nahare izany. Niteny àry i ‘Alî hoe: Aoka ianareo ianiana amiko fa ianareo dia mahay fa i Allâh dia nanome

fitiavana kokoa an'ireo voalohany ary amin'ny Islâm, dia tsy misy afaka mitovy amiko amin'ny voninahitra".

Niteny izy ireo hoe : "Eny, izahay dia mankasitraka izany".

Ary dia novakin'i 'Alî ilay andinin'ny Kor'âny masina hoe :

«**Ireo voalohany, dia izy ireo no ho voalohany. Izy ireny no akaikin'i Allâh indrindra**»[99].

'Alî nanohy ny teniny nanao hoe : "Rehefa nampidinina io andininy io, dia nanontany an'ilay Mpaminany ireo sakaiza, iza ireo voalohany. Aoka ianareo ianiana amiko ankehitriny fa ianareo dia mahay fa ilay Iraka no namaly fa nampidinina izy io ho an'ireo Mpaminany sy ireo mpandimby azy ireo ary niteny ilay Iraka hoe : Izaho no voalohany amin'ireo mpaminany rehetra ary i 'Alî izay (wasy) lefitro dia voalohany ihany koa amin'ireo mpandimby rehetra".

Avy eo i 'Alî nanohy ny teniny hatrany hoe: "Ny Kor'âny dia nandidy antsika hoe : "**Mankatoava ianareo an'i Allâh, ary mankatoava ihany koa ianareo an'ilay Iraka sy ireo mpitarika aminareo**" (Kor'âny 4:59) sy ny hoe : "**Tsy manana lehibe afa-tsy i Allâh sy ilay Irany ary ireo mpino izay manatanteraka ny Salât, manome ny Zakât teo ampiondrehana**" (Kor'âny 5:55), ary ny hoe : "**Mihevitra va ianareo fa avela amin'izao, nefa tsy mbola voafaritr'Andriamanitra ireo olona izay nitolona taminareo, sy ireo tsy nitady na iza na iza hitokiana ankoatra an'Andriamanitra sy ilay Irany ary ireo mpino**." (Kor'âny 9:16).

Allâh avy eo dia nandidy an'ilay Mpaminaniny mba hanambara mazava iza ireo Oulil-Amr ireo sahala amin'ny nanazavany ny fanaovana ny salât, ny sawm (fifehezana) ary ny Hajj. Ary koa tao amin'i Ghadir Khoum, ilay Iraka dia nanendry ahy ho ambonin'ireo vahoakany sady nanambara hoe : Ry ianareo vahoaka ! Rehefa i Allâh, Ilay Tsitoha no

[99] Kor'âny 56/10-11

nanendry ahy ho Mpaminany, dia natahotra ny fanoheran'ireo vahoaka aho. Ry ianareo vahoaka ! Hainareo ve fa i Allâh Ilay Lehibe Indrindra no Lehibeko ? Ary izaho no manana fahefana kokoa eo amin'ireo mpino toy izay ny tenan'izy ireo ? "

Rehefa nankasitraka ny rehetra, dia nanambara tamin'izy ireo ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe : "**Izay rehetra nanaiky fa izaho no lehibeny, i 'Alî no lehibeny ihany koa. Ry Allâh ! Aoka Ianao ho sakaizan'izay misakaiza aminy sy ho fahavalon'izay mifahavalo aminy**".

Salman nitsangana sy nanontany hoe : "Ry Mpaminany, inona no tianao holazaina amin'ny Maoula (Lehibe) ? " Ilay Mpaminany namaly hoe : "Ny fahefan'i 'Alî dia mitovy amin'ny fahefako. Izay rehetra nanaiky fa izaho no lehibeny, 'Alî ihany koa no Lehibeny".

Ary andininy iray no nampidinina tamin'io fotoana io : "**Ankehitriny dia nataoko feno tongalafatra ny finoanareo ary notanterahiko aminareo ny fahasoavako. Ary ankasitrahako ho finoanareo ny Islâm**" (Kor'âny 5:3).

Mikasika izany dia niteny ilay Iraka hoe :

"**Allâh no Lehibe Indrindra, Izy no nameno mba ho lafatra ny finoana, nanatanteraka ny fahasoavany teo amiko ary nankasitraka ahy Izy sy nankasitraka an'i Alî ho mpandimby ahy**".

Nanontany an'ilay Iraka ireo vahoaka hoe : "**Ry Mpaminany ! Omeo anay ny anaran'ireo mpandimby anao ireo**".

Koa dia nitanisa ny anaran'izy ireo ilay Iraka: Izany dia i 'Alî(a.s), izay rahalahiko, mpandimby ahy, solontenako ary lehiben'ireo mpino rehetra avy aoriako, avy eo ireo zanany lahy i Hassan(a.s) sy i Houssain(a.s) ary ireo Imâm sivy taranaky ny Imâm Houssain(a.s) nifanarakaraka. Ny Kor'âny masina dia miaraka amin'izy ireo ary izy ireo dia miaraka amin'ny Kor'âny. Izy ireo dia tsy misaraka aminy ary ny Kor'âny tsy

hisaraka amin'izy ireo mandra-piverenan'izy ireo amiko any amin'ny reniranon'i Kawthar".

Io hadith io dia manamarina ireo hadith teo aloha voalaza tamin'ireo alim-pivoariana teo aloha. Izy io dia maneho tsy misy fisalasalana na kely akory aza fa ny teny hoe "Lehibe" (Maoula) dia midika ho fahefana eo anatrehan'ireo hafa.

(Taorian'ny nitantarana an'io hadith io antsipiriany, dia nitantara hadith hafa telo ihany koa izy avy tao amin'ny Manâqib nosoratan'i Salim Ibn Qais, i Isa Ibn Sirri sy i Mou'âwiyat manambara fa ny Oulil-Amr dia manondro an'ireo Imâm(a.s) roa ambin'ny folo avy amin'ny fianakavian'ilay Mpaminany(s.a.s).

Heveriko fa ireo hadith ireo dia ampy mba hanazavana ny hevitry ny Oulil-Amr. Fa mikasika ny isa sy ny anaran'ireo Imâm ireo, dia hotantaraiko ireo hadith nosoratan'ireo manam-pahaizana "sunnites" fa tsy ilaina akory ny voasoratra ao amin'ireo bokin'ny "chiites".

## Ireo anarana sy filaharan'ireo Imâm(a.s) roa ambin'ny folo ireo

Cheikh Soulaymân al-Balkhî al-Hanafî ao amin'ny bokiny Yanâbi'oul-Mawaddat toko-76 dia nitantara avy tao amin'ny Farâ'id-ous-Simtayn bokin'i Hamwaini izay nitantara izany avy tamin'i Moujâhid izay nitantara izany koa avy tamin'Ibn Abbâs fa jiosy iray antsoina hoe Na'thal no tonga nitsidika an'ilay Mpaminany sy nanontany azy mikasika ny Tawhîd (finoana an'Andriamanitra tokana). Namaly ireo fanontaniany ilay Mpaminany ary dia niditra nanaraka ny Islâm ilay jiosy. Ity silamo vaovao ity nanontany azy hoe :"Ry Irak'i Allâh, ny mpaminany tsirairay dia manana ny wasy mpandimby azy. Ny Irakay, i Mosesy dia nanendry an'i Yousha Ibn Noun. Fa iza kosa no mba wasy mpandimby anao ? " Namaly azy ilay Mpaminany hoe : "Ny mpandimby ahy dia i 'Alî Ibn Abî Tâlib, avy aoriany dia i al-Hassan(a.s) sy al-Houssain(a.s), avy eo ny taranak'i al-Houssain(a.s), hisy sivy ireo Imâm(a.s) mpianaka hifandimby".

Nanontanian'i Na'thal ny anaran'ireo Imâm ireo. Nilaza taminy noho izany ilay Mpaminany hoe : "Aorian'i Houssain(a.s), dia hisy zanany lahy i 'Alî, avy eo ny zanany i Mouhammad, avy eo ny zanany i Ja'afar, avy eo ny zanany i Mousâ, avy eo ny zanany i 'Alî, avy eo ny zanany i Mouhammad, manaraka azy ny zanany i Hassan ary aoriany dia handimby azy ilay zanany i Mouhammad Mahdi izay ho Imâm farany. Hisy roa ambin'ny folo ireo Imâm".

Ankoatra ireo anaran'ireo Imâm(a.s) miisa sivy manaraka an'i al-Houssain(a.s), io hadith io dia maneho tsara fa ny Imâm tsirairay dia handimby ny rainy avy. Na'thal nanontany antsipiriany kokoa, ary ilay Mpaminany(s.a.s) dia nanambara ireo toe-javatra izay hahafaty ny tsirairay amin'izy ireo.

Tamin'izay dia niteny i Na'thal hoe : "Mijoro vavolombelona aho fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allâh, fa ianao dia Irany. Mijoro vavolombelona aho fa ireo Imâm roa ambin'ny folo ireo dia mpandimby anao. Izay voalazanao teo dia marina tokoa fa voasoratra ao amin'ireo bokinay sy ao amin'ny testamentan'i Mosesy".

Ary niteny ilay Mpaminany hoe : "Ny Paradisa no ho an'izay mitia azy ireo sy mankato azy ireo. Ny Afobe no ho an'izay mankahala sy manohitra azy ireo".

Tamin'izay i Na'thal dia namaky andalana tononkalo nanao hoe : "Voninahitra anie ho an'i Allâh, harotsany aminao anie ireo fahasoavany ! Ry Mpaminany voahosotra, reharehan'ireo Bani Hachim. Allâh dia nitari-dalana anay tamin'ny alalanao sy ireo Imâm roa ambin'ny folo izay notanisainao teo. Marina dia marina fa i Allâh no nanadio sy niaro azy ireo amin'ny fahalotoana. Izay mitia azy ireo dia tafita. Izay mankahala azy ireo dia very. Ilay Imâm farany no nampitony ny hetahetan'ireo mangetaheta. Izy no ilay handrasan'izao tontolo izao. Ry Mpaminanin'i Allâh! Ny taranakao dia fahasoavana ho ahy sy ho an'ireo mpino rehetra. Izay manome lamosina azy ireo dia hatsipy ao anaty Afobe tsy ho ela".

Ilay manam-pahaizana lehibe, Cheikh Soulaymân Balkhi ao amin'ny bokiny Yanâbi'oul-Mawaddat toko-76 dia nitantara avy tao amin'ny Manâqib bokin'i al-Khawârizmî izay nitantara izany avy tamin'i Wâ'ilah Ibn Asqa Ibn Qarkhab, izay nitantara izany avy tamin'i Jabir Ibn Abdoullâh al-Ansarî, tahaka izany koa i Aboul-Fadhl Shaibani izay nandray izany avy tamin'i Mouhammad Ibn Abdoullâh Ibn Ibrahim al-Châfi'î izay nitantara izany avy tamin'i Jabir Ibn Abdoullâh al-Ansari (iray amin'ireo sakaiza malazan'ilay Mpaminany(s.a.s)) ihany koa : "Joundal Ibn Joundab Ibn Joubair izay jiosy iray no tonga nihaona tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) ka nanontany azy mikasika ny Tawhîd. Taorian'ny nahazoany valinteny, dia lasa niova ho silamo ilay rangahy. Nitantara tamin'ilay Mpaminany(s.a.s) izy fa omaly alina dia nahita an'i Mosesy tamin'ny alalan'ny nofy izy izay nilaza taminy hoe : Manaraha ianao ny Islâm eo am-pelantanan'ilay Mpaminany farany, i Mouhammad ary mifikira ianao amin'ireo mpandimby azy. Nisaotra an'i Allâh izy tamin'ny nanomezany azy ity fahasoavana amin'ny fanarahana ny Islâm ity. Avy eo ilay rangahy niangavy an'ilay Mpaminany(s.a.s) mba hanome azy ny anaran'ireo mpandimby azy. Nanomboka niteny ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe : Ireo mpandimby ahy dia miisa roa ambin'ny folo. Namaly azy ilay rangahy fa izany tokoa no voasoratra ao amin'ny Torah ary niangaviany ilay Mpaminany(s.a.s) mba hanambara aminy ny anaran'izy ireo ka nanohy ny teniny ilay Mpaminany(s.a.s) nanao hoe : Ny voalohany amin'izy ireo dia ilay lehiben'ireo mpandimby ahy, ilay rain'ireo Imâm, i 'Alî Ibn Abî Tâlib, narahin'ireo zanany roalahy, al-Hassan(a.s) sy al-Houssain(a.s). Ry Jabir, ianao dia hahafantatra an'ireto olona telo ireto. Rehefa any amin'ny faramparan'ny fiainanao any, dia ho teraka ny Imâm Zaynoul-'Abidîn ary ny zavatra farany hosotroinao eto an-tany dia ny ronono. Noho izany, dia mifikira amin'izy ireo ianao amin'izay ny habadoana tsy afaka mamitaka anao".

Nanambara taminy ilay rangahy fa efa namaky izany rehetra izany tao amin'ny Torah miaraka amin'ireo anarana, i 'Alî, al-Hassan(a.s) sy al-Houssain(a.s) (Elias, Shabbar sy Shabbir) ao amin'ireo soratra jiosy. Niangaviany ilay Mpaminany mba hitanisa ny anaran'ireo Imâm ambiny. Notanisain'ilay Iraka ireo Imâm miisa sivy sisa miaraka amin'ny anaramboninahitra izy ireo nanao hoe: Ilay farany amin'izy ireo dia i Mouhammad Mahdi; izy dia mbola velona foana fa saingy nanjavona eto

an-tany. Mbola hiverina ho tonga izy any aoriana ka hataony hanenika ny tany ny fahamarinana sy ny rariny satria ny tany amin'izay fotoana izay dia hanjakan'ny haratsiana sy ny heritsetra. Marina dia marina fa ny Paradisa dia ho azon'izay manana fiaretana mandritra ny fanjavonany. Ny Paradisa ho azon'izay mitia azy amin'ny fo madio. Izy ireo indrindra no noderain'i Allâh ao amin'ny Kor'âny sy mahatonga ny Kor'âny ho "mpitarika ho an'izay miaro tena amin'ny haratsiana sy mino izay tsy hita maso". Hoy koa i Allâh hoe : "**Izy ireny no antokon'Andriamanitra. Moa tsy ny antokon'Andriamanitra va no tafita**." (Kor'âny 58:22).

<u>Ny isan'ireo Khalîfat taorian'ilay Mpaminany(s.a.s) dia roa ambin'ny folo</u>

Sayyed 'Alî al-Châfi'î al-Hamadani ao amin'ny bokiny Mawaddat-oul-Qourbâ, (Mawaddat-XIII) dia nitantara avy tamin'i Omar Ibn Qais : "Izahay dia niaraka nipetrapetraka tamin'ny vondron'olona iray izay nahitana an'i Abdoullâh Ibn Mas'ound. Tampoka teo dia nisy Arabo iray tonga sy nanontany hoe: Iza aminareo i Abdoullâh ? Namaly izy hoe : "Izaho izany". Nanontany azy izy hoe: "Abdoullâh! Ilay Mpaminany ve niresaka taminao ireo khalîfat mpandimby azy ? " Namaly i Abdoullâh hoe : "Eny, ilay Iraka niteny hoe: Avy aoriako, dia hisy khalîfat roa ambin'ny folo, mifanaraka amin'ny isan'ireo Imâm amin'ireo Bani Isrâ'il".

Ity hadith ity koa dia voalazan'i Sha'bi, izay nahare izany avy tamin'i Masrouq izay nitantara izany avy tamin'i Shiba Ibn Abdoullâh.

Jourair, i Ash'ath, i Abdoullâh Ibn Mas'ound, i Abdoullâh Ibn Omar sy i Joubair Ibn Samra dia nitantara izy rehetra avy tamin'ilay Mpaminany niteny hoe: "Hisy roa ambin'ny folo ireo Khalîfat avy aoriako. Ny isan'izy ireo dia mifanaraka amin'ny isan'ireo khalîfat mpitarika ireo Bani Isrâ'il". Araka ny tantaran'i Abdoul-Mâlik, ilay Mpaminany dia namarana ny teniny hoe : "Ary izy rehetra ireo dia avy amin'ireo Bani Hachim".

Ny ankamaroan'ireo manam-pahaizana "sunnites" toa an'i Tirmizhî, i Abou Dawoud, i Mouslim, i Sha'bi dia samy nitantara izany avokoa.

Yahya Ibn Hassan, ao amin'ny pejy 446 dia nilaza hoe : "Ny sasany amin'ireo manam-pahaizanay dia nitantara an'io hadith io mba hanehoana ny fahafantaran'ny ankamaroan'ny olona fa ny isan'ireo khalîfat na Imâm aorian'ilay Mpaminany(s.a.s) dia roa ambin'ny folo".Rehefa ilay Mpaminany(s.a.s) no nilaza mazava fa ho roa ambin'ny folo izy ireo, dia fantatry ny rehetra fa izy ireo dia avy amin'ny taranany masina. Filazana fa izany dia manondro an'ireo khalîfat izay sakaizany raha ny marina dia tsy mitombona satria miisa efatra fotsiny izy ireo. Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza koa fa izy ireo dia Bani Hachim, izay midika izany fa tsy tafiditra ao anatiny ireo "Ommayades". Ankoatra izany, ireto "Ommayades" ireto dia miisa telo ambin'ny folo ary izy rehetra ireo, ankoatra an'i Omar Ibn Abdoul-Aziz (na dia naka an-keriny ny khilâfat aza izy sady nametraka ilay Imâm tao amin'ny toerana narahi-maso), dia mpanjaka masiaka.

Noho izany, dia mazava ihany koa fa ireo khalîfat ara-dalànan'ilay Iraka(s.a.s) dia miisa Imâm roa ambin'ny folo, taranak'ilay Mpaminany(s.a.s) izay mihoatra ireo hafa amin'ny fahalalana sy fitiavam-bavaka. Ireo teniko ireo dia namarinin'ity hadith malaza avy amin'ilay Mpaminany(s.a.s) ity : "Izaho dia mametraka ho anareo vesatra roa: ireo zavatra izay tsy hahavery anareo mihitsy mandrakizay any aoriako any.  Marina dia marina fa ireo zavatra roa ireo dia tsy mifandao akory ny andaniny sy ny ankilany mandra-pihaonan'izy ireo amiko any amin'ny reniranon'i Kaouthar. Mifikira ianareo amin'ireo zavatra roa ireo fa tsy ho very velively ianareo".

Ilay Mpaminany(s.a.s) dia nilaza hoe : "Tadiavo ny fahalalana, na dia tsy maintsy handehanana any Chine aza ! "

Isika dia nandany fotoana lava tao anatin'ny alina folo nanaovana ireo ady hevitra lehibe mikasika ny lohahevitra manana ny lanjany: dia ny lalan'ny Islâm. Isika dia nahatsapa ny fahasamihafana betsaka teo amin'ny antokom-pinoana "sunnite" sy ny "chiite". Manantena izahay fa ireo tranga ara-tantara sy ny porofo dia hanazava ny anton'ireo fifanoherana ireo. Raha sitrak'i Allâh, ireo ady hevitra ireo dia handresy lahatra an'ireo izay mikatsaka marina ny fahalalana fa "na iza na iza no tarihin'i Allâh, dia tsy misy afaka mamily lalana azy".

As-Salam Alaykoum !

# Fizahan-takelaka

FAMPIDIRANA .......... 2

FIVORIANA FAHASIVY .......... 4

Fizarana voalohany .......... 4

Aïcha dia nampangaina diso ho nijangajanga .......... 4

Aïcha dia nesorina tamin'ny fiampangana azy ho mpijangajanga .......... 5

Ny mpivady dia tsy voatery ho mira lenta amin'ny fahalavorariana .......... 6

Ny hevitry ny **koufr** nataon'ireo vadin'i Noa sy i Lota .......... 7

Ny tsy finoan'ireo vehivavy dia tsy fahotan'ny vadin'izy ireo .......... 7

Aïcha nampahory an'ilay Mpaminany(s.a.s) imbetsaka .......... 9

Tsy nahitana tantara tahaka izany ny mikasika an'ireo hafa vadin'ilay Mpaminany(s.a.s) .......... 11

Ilay Oumm al-Mou'minîn Souda dia tsy mba nivoaka nanao hajj na 'oumrat akory aza .......... 12

Fizarana faharoa .......... 13

Aïcha nivoaka ny trano mba hiady amin'ny Imâm 'Alî(a.s) .......... 13

Hadith midera an'ireo voninahitra hananan'ny Imâm 'Alî(a.s) .......... 14

Ireo mpanoratra izay nitantara ny hadith nolazain'ilay Mpaminany(s.a.s)fa ireo mpihatsaravelatsihy dia mpankahala an'ny Imâm 'Alî(a.s) .......... 18

Ny famonoana an'ireo sahâbat (sakaiza) sy ireo mpino tsy manan-tsiny tao Basra noho ny baikon'i 'Aïcha .......... 22

Ireo "Chiites" dia milaza marina an'i 'Aïcha araka ny porofoin'ny tantara .......... 22

Tsy misy porofo na iray aza milaza fa i 'Aïcha dia nibebaka .......... 23

'Aïcha dia tsy namela an'ny Imâm al-Hassan(a.s) mba halevina akaikin'ilay Mpaminany(s.a.s) .......... 23

Niankohoka nisaotra an'i Allâh i 'Aïcha rehefa maty novonoina ilay Amîr al-Mou'minîn, 'Alî(a.s) ........ 25
Fizarana fahatelo ........ 26
Filazana mifanohitra avy amin'i 'Aïcha mikasika an'i Othmân ........ 26
Ilay Imâm 'Alî(a.s) izay nanamboatra ireo kiraron'ilay Mpaminany(s.a.s) dia tena porofo matanjaka amin'ny maha-Imâm sy maha-Khalîfat Azy ........ 30
Ny fifanoheran'ny fomba nanendrena an'ireo khalîfat telo voalohany ireo dia manaporofo ny maha-zava-poana izany ........ 31
Ireo porofo hafa manafoana ny fifanarahana iombonana (Ijmâ') ........ 31
Ny fanendrena an'ny Imâm 'Alî(a.s) nataon'ilay Mpaminany(s.a.s) dia nadinoina ary ny an'i Omar nataon'i Abou Bakr dia tsy ara-dalàna ........ 32
Fanoherana ny Majlis al-Shourâ (vondron'olona fakan-kevitra) ........ 33
Fanoherana ny fitsaran'i Abdour-Rahmân Ibn 'Aouf ........ 34
Araka ny voalazan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia ireo hevitry ny Imâm 'Alî(a.s) no tsy maintsy arahina toy izay ny an'ireo hafa rehetra ........ 34
Fizarana fahefatra ........ 41
Mouhammad(s.a.s) sy 'Alî(a.s) dia avy amin'ny fahazavana iray ihany ........ 41
Firazanan'ny Imâm 'Alî(a.s) ara-nofo ........ 43
Azar no Rain'i Abrahama ........ 44
Ireo razan'ilay Mpaminany(a.s) dia mpino an'Andriamanitra Tokana ........ 46
Ireo razan'ny Imâm 'Alî(a.s) ireo dia samy mpino an'Andriamanitra Tokana ihany koa ........ 49
Fanazavana ny hevi-diso mikasika ny fananan'i Abou Tâlib finoana ........ 49
Hevitry ny Chiite mikasika ny fananan'i Abou Tâlib finoana ........ 50
Fanazavana ny hevi-diso mikasika ny Hadith Dhahdhâh ........ 51
Fizarana fahadimy ........ 52

Porofon'ny fananan'i Abou Tâlib finoana .......... 52

Abrahama nanambara ny fahatongavan'ilay Mpaminany sy ny resaka nifanaovany tamin'i Azar .......... 59

Abou Tâlib nitondra ny fanohanany feno an'ilay Mpaminany(s.a.s) sy namaky ihany koa ireo tononkalo midera ny Islâm .......... 60

Abou Tâlib nanohana sy niaro an'ilay Mpaminany(s.a.s) .......... 61

Mou'âwiyat dia tsy mendrika antsoina ho "Khâloul-Mou'minîn" (Anadahindrenin'ireo mpino) .......... 62

Mou'âwiyat nanao Takbîr tamin'ny nahamaritioran'ny Imâm al-Hassan(a.s) .......... 63

Mouhammad Ibn Abî Bakr dia novonoina tao anatin'ny hetaheta sy nodoroina mba ho lasa lavenona noho ny fitiavany an'ireo Ahloul-Bayt ... 63

Mou'âwiyat dia tsy mpanoratra ny Wahy (hafatr'Andriamanitra) .......... 64

Fizarana fahenina .......... 65

Porofo fa i Mou'âwiyat dia kâfir .......... 65

Mou'âwiyat sy Yazid dia olom-boaozona (Porofo ao amin'ny Kor'âny) ...... 65

Famonoana an'ireo sakaiza lehibe toa an'ny Imâm al-Hassan(a.s), i Ammâr, i Hajar Ibn 'Adî, i Mâlik al-Ashtar ary i Mouhammad Ibn Abî Bakr araka ny baikon'i Mou'âwiyat .......... 68

Ny Kor'âny masina dia midera an'ireo Sakaiza tsara sy manameloka ihany koa an'ireo ratsy .......... 76

Abou Tâlib dia mpino iray hiringiriny tokoa .......... 78

Ireo porofo fanampiny mikasika ny fidiran'i Abou Tâlib amin'ny Islâm ...... 78

Abou Tâlib dia nanafina ny Finoany raha toa ka nampiharihary ny Azy ireo kosa i Hamza sy i Abbâs .......... 80

Fizarana fahafito .......... 82

Ny Mout'ah sy ny Hajj-oul-Nisâ dia halâl hatramin'ny vanim-potoanan'i Abou Bakr avy eo nataon'i Omar haram izany ........ 82

Ireo "sunnites" indrindra no "Râfidhites" fa ireo "chiites" no tena "sunnites" marina ........ 83

Ireo porofo mikasika ny maha-ara-dalàna ny Mout'ah ........ 85

Ireo hadith mikasika ny Mout'ah voarakitra ao amin'ireo bokin'ny Sunnite ........ 87

Ny Imâm 'Alî(a.s) dia teraka tao anatin'ny Ka'abah ........ 101

Ny anaran'i 'Alî dia avy any amin'ny Tontolo tsy hitamaso ........ 102

Ny anaran'ny Imâm 'Alî(a.s) dia voasoratra eny amin'ny seza fiandrianan'ny lanitra manarakaraka ny an'i Allâh sy ny an'ilay Mpaminany(s.a.s) ........ 103

Fampitahana ny Wahy (Fanambarana) sy ny Ilhâm (Tsindrimandry) ........ 107

Fizarana fahavalo ........ 108

Abou Tâlib dia notarihin'i Allâh mba hanome ny zanany ilay anarana 'Alî 108

Ny Fanambaran'ny Lawh (Solaitra kely) tamin'i Abou Tâlib ........ 108

Ny fehezanteny "'Alî dia Waliyyoullâh" dia tsy anisan'ny fototry ny Azhân sy ny Iqâmat ........ 110

Ny Fitiavam-bavaky ny Imâm 'Alî(a.s) ........ 111

Fitantaran'i Abdoullâh Ibn Râfi' ........ 111

Fitantaran'i Souwaid Ibn Ghaflah ........ 112

Ny Imâm 'Alî(a.s) dia nifady ny fihinanana ny Halwâ ........ 113

Ireo fitafian'ny Imâm 'Alî(a.s) ........ 114

Fizarana fahasivy ........ 115

Resaka nifanaovan'i Dhourâr sy i Mou'âwiyat mikasika an'i 'Alî(a.s) ........ 115

Ilay Mpaminany(s.a.s) dia niaiky ny fitiavam-bavaky ny Imâm 'Alî(a.s) ........ 116

Allâh sy ilay Mpaminany(s.a.s) no nanome anarambositra an'ny Imâm 'Alî(a.s) ho "Imâm-oul-Mouttaqîn" (Filohan'ireo Tia vavaka) ............................... 117
Na dia Imâm-oul-Mouttaqîn aza ny Imâm 'Alî(a.s) dia tsy mba nitsiriritra fahefana ................................................................................... 119
Ny fandavan'ny Imâm 'Alî(a.s) hanao fanekem-pankatoavana an'i Abou Bakr dia midika fa ny fomba nanendrena an'ity farany ho khalîfat dia tsy marim-pototra ................................................................................... 120
Ny fahanginan'ny Imâm 'Alî(a.s) dia tsy midika ho fankasitrahany ............ 123
Imâm 'Alî(a.s), nampitahaina amin'i Harona............................................. 125
Fizarana fahafolo ................................................................................... 126
Taorian'ny nahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s), ny Imâm 'Alî(a.s) dia niharitra ny mafy mba ho fifalian'i Allâh ............................................................ 126
Ny Taratasin'ny Imâm 'Alî(a.s) ho an'ny vahoakan'i Ezypta mba hanazavana ny fahanginany na dia nahataka tamin'ny khilâfat aza izy ....................... 129
Toritenin'ny Amîr-oul-Mou'minîn(a.s) taorian'ny nahamaritiora an'i Mouhammad Ibn Abi Bakr ...................................................................... 130
Ny toriteny Shaqshaqiyyat dia manazava ny fahanginan'ny Imâm 'Alî(a.s). 131
Fisalasalana mikasika ny toriteny Shaqshaqiyyat .................................... 132
Sayyed al-Sharif al-Radhî no tena mpanangon-tenin'ireo toritenin'ny Imâm 'Alî(a.s) ................................................................................... 132
Ny toriteny Shaqshaqiyyat dia notantaraina taloha lavitry ny nahaterahan'ny Sayyed al-Sharîf al-Radhî ............................................... 133
FIVORIANA FAHAFOLO ............................................................................ 135
Fizarana voalohany ................................................................................ 135
Filazana fa i Omar dia mahay ny Làlana Islamika..................................... 135
Ny famaboana ny vodiondry na dia kely aza dia tsy ara-dalàna ................ 138

Ny fomba fandavan'i Omar ny fahafatesan'ilay Mpaminany(s.a.s) dia manaporofo ny tsy fahalalany andininy maro ao amin'ny Kor'âny masina ........ 139
Omar nibaiko mba hitoraham-bato ireo olona miisa dimy ary ny fanelanelanana nataon'ny Imâm 'Alî(a.s) tamin'izany ........ 140
Omar nibaiko mba hitoraham-bato vehivavy iray bevohoka ary ny fanelanelanana nataon'ny Imâm 'Alî(a.s) tamin'izany ........ 141
Omar nibaiko mba hitoraham-bato vehivavy iray adaladala ary ny fanelanelanana nataon'ny Imâm 'Alî(a.s) tamin'izany ........ 142
Ny tsy fahalalan'i Omar mikasika ny Tayyammoum ........ 145
Fizarana faharoa ........ 148
Ireo fahalalana rehetra dia ananan'ny Imâm 'Alî(a.s) ........ 148
Mou'âwiyat niaro ny voninahitry ny Imâm 'Alî(a.s) ........ 148
Omar niaiky ny habadoany teo anatrehan'ireo toe-javatra sarotra ka nilaza fa raha tsy teo ny Imâm 'Alî(a.s), dia tsy afaka namaha ireo olana izy ........ 149
Ny Imâm 'Alî(a.s) no tena mendrika eo amin'ny toeran'ny khilâfat ........ 152
Ny "Bay'at" nataon'ny Imâm 'Alî(a.s) tamin'ireo khalîfat dia antery ........ 153
Tsy tokony hatao ny "manaraka an-jambany" amin'ny Finoana ........ 155
Ny fananam-pinoana dia tokony hiankina amin'ny porofo sy ny fahitsiana ........ 155
Fizarana fahatelo ........ 157
Didin'ilay Mpaminany(s.a.s) mba hankatoavana an'ny Imâm 'Alî(a.s) ........ 157
Ny fiankohofana eo amin'ny vovoka ataon'ireo Chiites dia toherin'ireo antokom-pinoanareo tsy amin'antony ........ 159
Ireo fahasamihafana misy eo amin'ireo antokom-pinoana sunnites dia tsy raharahaina, fa ny an'ireo chiites kosa dia tsy azo leferina !! ........ 160
Ohatra amin'ireo "Fatwa sunnite" mifanohitra amin'ny Kor'âny masina . 161

Ny fanasana ireo tongotra amin'ny Woudhou' (rehefa manao fidiovana masina) dia mifanohitra amin'ny Kor'âny masina .................................... 166

Ny fisafoana ireo tongotra tsy misy fanesorana bakiraro dia mifanohitra amin'ireo fampianaran'ny Kor'âny masina.............................................. 167

Fizarana fahefatra ............................................................................... 169

Ny fisafoana ny loha tsy misy fanesorana ny fehilohany dia mifanohitra amin'ireo fampianaran'ny Kor'âny ........................................................ 169

Ireo "Chiites" irery ihany no omen-tsiny amin'ireo fahasamihafana ireo . 169

Araka ireo manam-pahaizana "sunnites", dia azo atao ny miankohoka amin'ny diky efa maina ..................................................................... 170

Ny fiankohofana eo amin'ny lafika ho solon'ny tany madio dia mifanohitra amin'izay voalazan'ny Kor'âny............................................................. 171

Ireo Chiites dia tsy mihevitra akory ny fiankohofana amin'ny tanin'i Karbala ho antery ............................................................................................. 172

Ny taona dia tsy mba anisan'ny sivana ho an'ny khilâfat ......................... 176

'Alî no voatendry mba hamaky ilay sourat al-Barâ'ah (fanafahana) ......... 176

Fizarana fahadimy ............................................................................... 181

Ny Imâm 'Alî(a.s) no ilay Mpitarika taorian'ilay Mpaminany(s.a.s)................. 181

Ny Imâm 'Alî(a.s) dia nanameloka ny kolikoly ara-politika ......................... 182

Ireo fikomiana nandritra ny khilâfat fitondran'ny Imâm 'Alî(a.s) dia vokatry ny fankahalan'ireo sasany Azy ................................................................ 183

Tompon'antoka lehibe i 'Aicha tamin'ny fikomiana nanoherana an'ny Imâm 'Alî(a.s) ............................................................................................ 183

Ireo ady nanoheran'i 'Alî an'ireo mpihatsaravelatsihy tao Bassora, Siffin sy Nahrwan dia mitovy amin'ireo ady nanoheran'ilay Mpaminany an'ireo kâfir tsy mpino .......................................................................................... 184

Ny Imâm 'Alî(a.s) no manana fahalalana ny tontolo tsy hita maso ............. 186

Ireo Lefitr'ireo Mpaminany(a.s) dia manana ihany koa ny fahalalana ny tontolo tsy hita maso ........ 195

Fizarana fahenina ........ 197

Ireo Imâm(a.s) olo-masina no tena Khalîfat marina ka manana fahalalana ny tontolo tsy hita maso ........ 197

Ireo Manam-pahaizana Sounnites izay nitantara ilay Hadith "Tanànan'ny fahalalana" ........ 200

Ny fitantarana ireo voninahitry ny Imâm 'Alî(a.s) dia fanomezam-boninahitra an'i Allâh ........ 203

Hadith : "IZAHO NO TRANON'NY FAHENDRENA" ........ 204

Fanazavana ny hadith hoe : "VAVAHADIN'NY FAHALALANA" ........ 206

Al-Jafr al-Jâmi' sy ny natiorany ........ 211

Fizarana fahafito ........ 216

Ny Anjely Gabriel dia nitondra boky iray voatombokase ho an'ilay Wasy (Mpandimby voahosotr'-) ilay Mpaminany(s.a.s) ........ 216

Ny fanambaran'i 'Alî(a.s) "Salounî" ary ny fitantaran'ireo "sunnites" izany 219

'Alî(a.s) nanambara fa afaka mitsara ireo trangan-javatra niseho amin'ny alalan'ny Torah sy ny Baiboly ........ 220

Faminaniana mikasika an'i Sinân Ibn Anas ho mpamono an'ny Imâm al-Houssain(a.s) ........ 222

Faminaniana mikasika an'i Habib Ibn 'Ammâr ........ 223

Faminaniana mikasika ny tsindrihazolena nataon'i Mou'âwiyat ........ 225

Faminaniana mikasika ny famonoana an'i Zhou-th-Tahadiyya ........ 225

Fizarana fahavalo ........ 226

Faminaniana mikasika ny hahamaritiora Azy ary Ibn Mouljim ........ 226

Ilay anarana “Ilay tanànan’ny fahalalana” dia maneho ny zon’ny Imâm ‘Alî(a.s) ho khalîfat voalohany ................................................................. 229

Araka ny voalazan’ilay Mpaminany(s.a.s), ny Imâm ‘Alî(a.s) no manampahalalana amin’ny lafiny rehetra ............................................................ 231

Famariparitana ireo faritry ny habakabaka izay mifanaraka amin’ny fahalalana momba ny kintana ankehitriny ................................................ 234

Ny Imâm ‘Alî(a.s) dia mahafehy ireo fahalalana rehetra ............................. 235

Ny fahaterahan’ny Imâm al-Houssain(a.s) sy ireo fiarahaban’ireo Anjely ... 236

Ny fidiran’i Nawab amin’ny finoana “Chiisme” ........................................ 237

FIVORIANA FARANY ........................................................................... 239

Fahaterahan’ny Imâm al-Houssain(a.s) ..................................................... 239

Fanazavan’ireo Sunnites ilay fehezanteny hoe “Sy ireo izay mpitarika eo aminareo” (Oulil-Amr) ........................................................................ 240

Ny fisafidianan’i Mosesy ireo Filohan’ireo Israely dia heverina ho toy ny zava-poana ................................................................................................ 241

Ny teny “Oulil-Amr” dia tsy manondro akory an’ireo Mpitarika ............... 241

Ny fahadiovana ara-panahin’ireo Imâm ireo dia fantatry ny besinimaro . 246

Ny fahalalan’ireo Ahloul-Bayt ................................................................ 246

Nahoana ny anaran’ireo Imâm(a.s) ireo no tsy miharihary ao amin’ny Boky masina Kor’âny ? ....................................................................................... 247

Tsy misy filazana mikasika an’ireo isan’ny rak’at ao amin’ireo Salât ao amin’ny Kor’âny masina ........................................................................... 248

Ny “Oulil-Amr” dia manondro an’ny Imâm ‘Alî(a.s) sy ireo Imâm Ahloul-Bayt(a.s) .................................................................................................... 249

Ireo anarana sy filaharan’ireo Imâm(a.s) roa ambin’ny folo ireo ............... 253

Ny isan’ireo Khalîfat taorian’ilay Mpaminany(s.a.s) dia roa ambin’ny folo .. 256